

تفسير

سورة الحمد والجزء الثلاثين

TAFSIR

Sourat al-Hamd sy ny Djouz Fahatelopolo



Nozonatan'ny Sheikh Salim Manrouf
(Volana Mouharram 1442H/2020)




Daroul-hikmah

Ambohidratrimo

دار الحكمة

تفسير سورة الحمد و الجزء الثلاثين
Tafsir sourat al-Hamd sy ny Djouz fahatelopolo



Famakafakana nosoratan'ny cheikh Salim Ma'arouf

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

الحمد لله رب العالمين والصلاة والسلام على سيدنا محمد وآله
الطيبين الطاهرين.

Dera sy fisaorana no atolotro an'i Allah Ilay Mendri-piderana nohon'ny nahavitako nanoratra boky vitsivitsy ho an'ny mpino silamo miteny malagasy. Araka ny fahitako dia tsy ho lasa mpino marina ny olona iray raha tsy mahafehy tsara ireo didy amandalànan'i Allah, indrindra fa ireo didy aman-dalàna izay fampiasa andavanandro. Izany no nahatonga ahy nanoratra ny boky voalohany dia ny boky fiqh izay natonta imbetsaka tokoa nohon'ny fitiavana sy ny filàn'ireo mpino azy.

Avy eo aho dia nanoratra boky anankiroa mikasika ny fahamarinan'ny finoana shianh, mitondra ny lohateny hoe « *Fantaro ny fahamarinana dia ho fantatrao izay tompony* » sy ny hoe « *Izahay dia zanaky ny porofo* » izay maneho hevitra ara-tsaina, mora takarina sy mahaliana ny tanora mpikaroka ny fahamarinana ankehitriny, fa maro amin'ireo tanora ireo tokoa manko no tsy mba minomino fahantany raha tsy izay zavatra mifanaraka amin'ny saina na lojika.

Ny fitiavana sy filàn'ireo mpino an'ilay boky fiqh no nahatonga ahy nanavao azy indray sy nanampy ireo toko sy andininy izay tsy nisy tao aminy teo aloha, ka nampitondraiko ny anarana hoe : « *Fiqh notsorina* ».

Ilay boky fiqh natokana ho an'ny vehivavy izay efa nosoratako talohan'izany dia nasiako fanavaozana sy fanampiana tahak'izany koa, ka nomeko anarana hoe : « *Didy aman-dalàna mifehy ny vehivavy silamo* ». Fa teo anelanelan'izany aho dia nahasoratra boky fiqh ihany koa mikasika ny fifehezana (sawm) manokana izay milohateny hoe : « *Kitàb Sawm na Bokin'ny Fifehezana* », ary izany moa dia taorian'ny nanoratako ilay boky

fampianarana finoana islam (na ta'alim al-dine) izay nomeko lohateny hoe : « *Ny islam no finoanay* ».

Misy koa ny boky mirakitra ireo hadith miisa roa ambin'ny fitopolo sy diman-jato mahery, manana lohahevitra samihafa, avy tamin'ny Imàm Ali (a.s), sy mirakitra ihany koa ny lohateny antsoin'ireo manam-pahaizana hoe “al-shaqshaqiyah”, izay ahitana boky roa ka ny iray voadika amin'ny teny malagasy manana ny lohateny hoe : « *Sasantsasany amin'ireo tenin'ny Imàm Ali (a.s)* » ary ny iray kosa dia amin'ny teny frantsay mitondra ny lohateny hoe : « *Quelques unes des paroles de l'Imàm Ali (a.s)* ».

Ary misy koa ny boky tantara vao nivoaka tsy ela izay nampitondraiko ny anarana hoe « *Ny marina amin'ny tantaran'ny Imàm Houssein (a.s) tao Karbalà* ».

Eto aho dia misaotra an'i Allah tamin'ny nanomezany fahombiazana an'ireo boky ireo satria betsaka tokoa ireo nankasitraka, liana sy mikatsaka azy ireo, indrindra moa fa ireo tanora liam-pivoarana sy fahalalana, ka nahatonga ahy namerina nanonta imbetsaka an'ireo boky ireo. Marina tokoa fa ny asa rehetra izay atao amin'ny fahendrena sy amin'ny tanjona tsara dia tsy maintsy omen'i Allah fitahiana sy fahombiazana ... araka ny fiteny izay manao hoe مَا كَانَ لِلَّهِ يَنْمُو izany hoe, izay natao ho an'i Allah dia mahomby, satria ny fahombiazana tena marina dia avy amin'i Allah tsy misy fisalasalana.

Izany fankasitran'ireo mpino an'ireo boky ireo izany no namporisika ahy hatrany hanohy ny asa fanoratana ary tsapako fa toa misy hery izay mandrisika ahy mba hanoratra boky lehibe kokoa mihoatra an'ireo efa vita ireo, toy ny boky tafsir, famakafakana ny Qur'an masina.

Arak'izany dia tapa-kevitra aho ankehitriny, mba hanoratra ny famakafakana ny sourat al-Hamd sy ny Djouz Amma, izay famakafakana miankina amin'ny fahitan'ireo manam-pahaizana

sasany, indrindra moa fa araka ny fahitan'ny cheikh Mouhammad Djawad Moughniyah, ka natomboko izany tamin'ny famakafakana an'ilay sourat al-Hamd izay isaorana an'i Allah Avo Indrindra ny nahavitan'izany tanteraka.

Ary sivy volana eo ho eo taty aoriana, nohon'ny fitahian'i Allah dia indro atolotra anareo mpamaky hajaina indray ny famakafakana ny Djouz Amma fa nampiarahana amin'ilay famakafakana ny sourat al-Hamd teo aloha izay natsaraina sy notovanana momba ny lohahevitra ny andininy notsongaina sahala amin'ny natao tamin'ireo sourat sasany ao amin'ny Djouz Amma.

Koa dia mirary antsika rehetra ny tenako mba hahazoantsika tombontsoa amin'ny famakiana an'ity boky ity. Ary ny faniriako moa dia ny mbola hanohy ny fanoratana ny famakafakana an'ireo Djouz hafa ao amin'ny Qour'an, nefa tsy fantatro, moa ve omen'i Allah tombon'andro iainana sy fahombiazana aho mba hahavitako an'izany sa tsia; tsy misy moa ny mahalala ny ho avy fa apetraka eo am-pelantanan'i Allah ny zava-drehetra ary Izy Irery ihany no angatahana ny fahombiazana sy ny fitahiana.

Ch Salim Ma'arouf

FIZAHAN-TAKELAKA

FIZAHAN-TAKELAKA	8
FAMPIDIRANA	16
Ny fangataham-piarovana	16
Dikan’ny “Al-istiàndhah”	16
Ny antsoina hoe shaïtwàn	17
Ny lalàna mifehy ny “al-istiàndhah”	19
Resaka nifanaovan’Iblis sy i Allah	19
“Al-Basmalah”	27
Fanafohezana ny finoana islam amin’ny alalan’ny teny iray	32
NY SOURAT AL-FATIHAH	36
Ny voninahitry ny surat al-Fàtìhah	36
Ny dikan’ny surat al-Fàtìhah ara-bakiteny	36
Ny toerana nidinan’ny surat al-Fàtìhah	37
Ireo anarana fiantsoana ny surat al-Fàtìhah	37
Famakafakana ny surat al-Fàtìhah	38
Voninahitra manokana ananan’ny surat al-Hamd	48
Fikarohana ny dikan’ireo andininy sasantsasany ao amin’ny surat al-Fàtìhah araka ny voalazan’ireo hadith	49
Mikasika ny làla-mahitsy.....	49
Mikasika ny fanompoana.....	51
Tsiambaratelo ara-tsaina sasany azo avy amin’ny surat al-Fàtìhah Moubarakah	53
Lohahevitra ny andininy faha-3	60
NY SOURAT AL-NABA’	62

Ny voninahitry ny sourat al-Naba'	62
Ny dikan'ny sourat al-Naba' ara-bakiteny	62
Famakafakana ny sourat al-Naba'	66
Lohahevitra ny andininy faha-11	76
NY SOURAT AL-NAZIANTE	78
Ny voninahitry ny sourat al-Nàziànte	78
Ny dikan'ny sourat al-Nàziànte ara-bakiteny	78
Famakafakana ny sourat al-Nàziànte	83
Lohahevitra ny andininy faha-38	93
NY SOURAT ANBASA	96
Ny voninahitry ny sourat Anbasa	96
Ny dikan'ny sourat al-Anbasa ara-bakiteny	96
Famakafakana ny sourat Anbasa	100
Fikarohana ao amin'ny hadith	113
Lohahevitra ny andininy voalohany	117
NY SOURAT AL-TAKWIR	119
Ny voninahitry ny sourat al-Takwīr	119
Ny dikan'ny sourat al-Takwīr ara-bakiteny	119
Famakafakana ny sourat al-Takwīr	122
Lohahevitra ny andininy voalohany	131
NY SOURAT AL-INFITWAR	133
Ny voninahitry ny sourat al-Infitwàr	133
Ny dikan'ny sourat al-Infitwàr ara-bakiteny	133
Famakafakana ny sourat al-Infitwàr	135
Lohahevitra ny andininy faha-4	140

NY SOURAT AL-MOUTWAFFIFINE.....	142
Ny voninahitry ny surat al-Moutwaffifine.....	142
Ny dikan’ny surat al-Moutwaffifine ara-bakiteny.....	142
Famakafakana ny surat al-Moutwaffifine.....	146
Lohahevitra ny andininy faha-14.....	154
NY SOURAT AL-INSHIQAQ.....	156
Ny voninahitry ny surat al-Inshiqàq.....	156
Ny dikan’ny surat al-Inshiqàq ara-bakiteny.....	156
Famakafakana ny surat al-Inshiqàq.....	159
Lohahevitra ny andininy faha-9.....	166
NY SOURAT AL-BOUROUDJ.....	168
Ny voninahitry ny surat al-Bouroudj.....	168
Ny dikan’ny surat al-Bouroudj ara-bakiteny.....	168
Famakafakana ny surat al-Bouroudj.....	171
Lohahevitra ny andininy faha-3.....	177
NY SOURAT AL-TWARIQ.....	179
Ny voninahitry ny surat al-Twàriq.....	179
Ny dikan’ny surat al-Twàriq ara-bakiteny.....	179
Famakafakana ny surat al-Twàriq.....	181
Lohahevitra ny andininy faha-9.....	184
NY SOURAT AL-A’ANLA.....	186
Ny voninahitry ny surat al-A’anlà.....	186
Ny dikan’ny surat al-A’anlà ara-bakiteny.....	186
Famakafakana ny surat al-A’anlà.....	188
NY SOURAT AL-GHASHIYAH.....	195

Ny voninahitry ny surat al-Ghàshiyah.....	195
Ny dikan’ny surat al-Ghàshiyah ara-bakiteny.....	195
Famakafakana ny surat al-Ghàshiyah.....	197
NY SOURAT AL-FADJR.....	203
Ny voninahitry ny surat al-Fadjr.....	203
Ny dikan’ny surat al-Fadjr ara-bakiteny.....	203
Famakafakana ny surat al-Fadjr.....	206
Lohahevity ny andininy faha-12.....	215
NY SOURAT AL-BALAD.....	216
Ny voninahitry ny surat al-Balad.....	216
Ny dikan’ny surat al-Balad ara-bakiteny.....	216
Famakafakana ny surat al-Balad.....	218
Lohahevity ny andininy faha-14.....	223
NY SOURAT AL-SHAMS.....	225
Ny voninahitry ny surat al-Shams.....	225
Ny dikan’ny surat al-Shams ara-bakiteny.....	225
Famakafakana ny surat al-Shams.....	226
NY SOURAT AL-LAYL.....	232
Ny voninahitry ny surat al-Layl.....	232
Ny dikan’ny surat al-Layl ara-bakiteny.....	232
Famakafakana ny surat al-Layl.....	234
Lohahevity ny andininy faha-17.....	242
NY SOURAT AL-LWOUHA.....	244
Ny voninahitry ny surat al-Lwouhà.....	244
Ny dikan’ny surat al-Lwouhà ara-bakiteny.....	244

Famakafakana ny sourat al-Lwouhà.....	245
NY SOURAT AL-SHARH.....	251
Ny voninahitry ny sourat al-Sharh.....	251
Ny dikan'ny sourat al-Sharh ara-bakiteny.....	251
Famakafakana ny sourat al-Sharh.....	252
Lohahevitra ny andininy faha-7.....	256
Anisan'ny tonombavak'ireo Imàm (a.s).....	257
NY SOURAT AL-TĪN.....	259
Ny voninahitry ny sourat al-TĪn.....	259
Ny dikan'ny sourat al-TĪn ara-bakiteny.....	259
Famakafakana ny sourat al-TĪn.....	260
NY SOURAT AL-ANLAQ.....	264
Ny voninahitry ny sourat al-Anlaq.....	264
Ny dikan'ny sourat al-Anlaq ara-bakiteny.....	264
Famakafakana ny sourat al-Anlaq.....	266
NY SOURAT AL-QADR.....	276
Ny voninahitry ny sourat al-Qadr.....	276
Ny dikan'ny sourat al-Qadr ara-bakiteny.....	276
Famakafakana ny sourat al-Qadr.....	277
Famakafakana hafa.....	281
NY SOURAT AL-BAYINAH.....	294
Ny voninahitry ny sourat al-Bayinah.....	294
Ny dikan'ny sourat al-Bayinah ara-bakiteny.....	294
Famakafakana ny sourat al-Bayinah.....	295
NY SOURAT AL-ZILZALAH.....	301

Ny voninahitry ny sourat al-Zilzalah.....	301
Ny dikan'ny sourat al-Zilzalah ara-bakiteny.....	301
Famakafakana ny sourat al-Zilzalah.....	302
NY SOURAT AL-ANDIYATE.....	306
Ny voninahitry ny sourat al-Andiyàte.....	306
Ny dikan'ny sourat al-Andiyàte ara-bakiteny.....	306
Famakafakana ny sourat al-Andiyàte.....	307
NY SOURAT AL-QARI'ANH.....	312
Ny voninahitry ny sourat al-Qàri'anh.....	312
Ny dikan'ny sourat al-Qàri'anh ara-bakiteny.....	312
Famakafakana ny sourat al-Qàri'anh.....	313
Lohahevity ny andininy faha-2.....	315
NY SOURAT AL-TAKATHOUR.....	317
Ny voninahitry ny sourat al-Takàthour.....	317
Ny dikan'ny sourat al-Takàthour ara-bakiteny.....	317
Famakafakana ny sourat al-Takàthour.....	318
NY SOURAT AL-ANSWR.....	321
Ny voninahitry ny sourat al-Answr.....	321
Ny dikan'ny sourat al-Answr ara-bakiteny.....	321
Famakafakana ny sourat al-Answr.....	322
NY SOURAT AL-HOUMAZAH.....	327
Ny voninahitry ny sourat al-Houmazah.....	327
Ny dikan'ny sourat al-Houmazah ara-bakiteny.....	327
Famakafakana ny sourat al-Houmazah.....	328
Lohahevity ny andininy voalohany.....	330

NY SOURAT AL-FĪL.....	334
Ny voninahitry ny surat al-Fīl.....	334
Ny dikan'ny surat al-Fīl ara-bakiteny.....	334
Famakafakana ny surat al-Fīl.....	335
Famintinana ny tantara.....	335
NY SOURAT AL-QOURAYSH.....	339
Ny voninahitry ny surat al-Qouraysh.....	339
Ny dikan'ny surat al-Qouraysh ara-bakiteny.....	339
Famakafakana ny surat al-Qouraysh.....	340
NY SOURAT AL-MA'OUNE.....	343
Ny voninahitry ny surat al-Mà'oune.....	343
Ny dikan'ny surat al-Mà'oune ara-bakiteny.....	343
Famakafakana ny surat al-Mà'oune.....	344
NY SOURAT AL-KAWTHAR.....	347
Ny voninahitry ny surat al-Kawthar.....	347
Ny dikan'ny surat al-Kawthar ara-bakiteny.....	347
Famakafakana ny surat al-Kawthar.....	348
NY SOURAT AL-KAFIROUNE.....	351
Ny voninahitry ny surat al-Kàfiroune.....	351
Ny dikan'ny surat al-Kàfiroune ara-bakiteny.....	351
Famakafakana ny surat al-Kàfiroune.....	352
NY SOURAT AL-NASWR.....	355
Ny voninahitry ny surat al-Naswr.....	355
Ny dikan'ny surat al-Naswr ara-bakiteny.....	355
Famakafakana ny surat al-Naswr.....	356

NY SOURAT AL-MASAD.....	358
Ny voninahitry ny surat al-Masad.....	358
Ny dikan'ny surat al-Masad ara-bakiteny.....	358
Famakafakana ny surat al-Masad.....	359
NY SOURAT AL-IKHLAS.....	363
Ny voninahitry ny surat al-Ikhlàs.....	363
Ny dikan'ny surat al-Ikhlàs ara-bakiteny.....	364
Famakafakana ny surat al-Ikhlàs.....	365
Ny antony nampidinana ny surat al-Ikhlàs.....	368
NY SOURAT AL-FALAQ.....	370
Ny voninahitry ny surat al-Falaq.....	370
Ny dikan'ny surat al-Falaq ara-bakiteny.....	370
Famakafakana ny surat al-Falaq.....	371
NY SOURAT AL-NAS.....	376
Ny voninahitry ny surat al-Nàs.....	376
Ny dikan'ny surat al-Nàs ara-bakiteny.....	376
Famakafakana ny surat al-Nàs.....	377

FAMPIDIRANA

الإِسْتِغَاثَةُ

“Al-istiàndhah”

Ny fangataham-piarovana

Hoy i Allah Avo Indrindra hoe:

"فَإِذَا قَرَأْتَ الْقُرْآنَ فَاسْتَعِذْ بِاللَّهِ مِنَ الشَّيْطَانِ الرَّجِيمِ"

“Raha mamaky ny Qur’an ianao dia mangataha ny fiarovana’i Allah noho ilay satana voaozona”¹.

"وَإِمَّا يَنْزَغَنَّكَ مِنَ الشَّيْطَانِ نَزْعٌ فَاسْتَعِذْ بِاللَّهِ إِنَّهُ سَمِيعٌ عَلِيمٌ"

“Ary raha sanatria ka mitarika anao amin’ny ratsy ilay satana, dia mitadiava fialofana amin’i Allah; fa Izy no maheno sy mahalala ny zava-drehetra”².

Dikan’ny “Al-istiàndhah”

Ny Al-istiàndhah na ny fangataham-piarovana izay namporisihin’i Allah ny fanaovana azy dia tsy voafetra fotsiny amin’ny fitenenana manao hoe *استعذ بالله من الشيطان الرجيم* fa ny hevitr’izany teny izany amin’ny ankapobeny dia mifono ny fahatokisana an’i Allah sy ny fiankinana Aminy ary ny fahatahorana Azy tanteraka, eny fa na dia tsy misy aza ny fitononana an’io teny io, ... arak’izany :

-Izay te hiroso amin’ny fanaovana zavatra rehetra mavesadanja kokoa ka manam-pinoana fa ao an-damosiny dia misy hery matanjaka izay afaka manampy amin’izany.

¹ Souratoun-nahl 16 :98

² Souratoul-aenrâf 7 :200

-Na izay tratran'ny fakam-panahy ratsy ka saika hanao fihetsika haràm nefa nahavita nanakana ny tenany tsy hanao izany izy nohon'ny fankatoavany an'i Allah.

-Na koa izay tojo amin'ny toe-javatra iray nefa tsy fantany moa ve ankasitrahan'i Allah izany sa ankasitrahan'ily satana, koa alohan'ny fanatanterahany azy dia niverina izy amin'ily didy amandalànan'i Allah ka amin'ny alalan'izany no hakany fanapaha-kevitra na izy hiroso na hihemotra.

Koa izy telo ireo tena marina dia samy azo lazaina avokoa ho mpangataka amin'i Allah fiarovana amin'ily satana voahozona.

Eny, tsy misy fomba tena matanjaka hanehoana sy hamaritana ny fangataham-piarovana avy amin'i Allah sy ny fialofana Aminy, mihoatra ny fananan'ny olombelona toky an'Ilay Mpahary azy, sy fananany finoana fa ny mpanompo tahaka'azy dia tsy mahavita manao tsara na manao ratsy aminy, no sady tsy misy na inona na inona afaka maka ny toeran'i Allah amin'ny fanampiany sy ny fiarovany ...

Ny tantara dia efa nampahafantatra fa na iza na iza amin'ny olombelona no mitady voninahitra tsy amin'ny alalan'i Allah dia tsy maintsy ho afa-baraka izy amin'ny farany, sy izay mitady fanampiana tsy amin'ny alalan'i Allah dia tsy maintsy afa-baraka ihany koa, ary ny fanantenana dia tsy azo avy amin'ny fialofana amin'ireo manam-pahefana na avy amin'ireo mpitondra fanjakana na avy amin'ireo mpanan-karena fa izany tena marina dia azo avy amin'i Allah Ilay Andriamanitra Tokana tsy manam-paharoa irery ihany.

Ny antsoina hoe shaïtwàn

Isika dia tsy mahita maso ny shaïtwàn (satana) mivantana fa kosa ny hafatr'i Allah no nampahafantatra ny momba azy ka antery amintsika ny manaiky sy mino ny fisiany, fa tsy voatery kosa isika

ny hikaroka sy hanontany ny momba ny bika aman'endriny, moa ve lava izy sa fohy ary fotsy sa mainty ...sns. Eny, efa notantarain'i Allah ao amin'ny Bokiny fa ilay satana dia miezaka maka fanahin'ny zanak'olombelona sy miezaka mampiala ny olona ao anatin'ny fankatoavana an'i Allah sy ny fanaovana asa soa. Arak'izany, izay zavatra manakana anao mba tsy hankato an'i Allah sy tsy hanao asa soa, fa mamporisika anao mba hanao fahotana sy asa ratsy, ary koa mandrakotra ny haratsiana sy ny fahaverezana amin'ny alalan'ny lamban'ny hatsarana sy ny fahamarinana, na inona izany zavatra izany na inona, toy ny vola na olombelona na zava-boahary hafa ankoatr'ireo, dia azo lazaina ho satana avokoa, ka na izy satana ara-batana na izy satana ara-panahy.

Ary ny tena mahagaga dia ny fahitana ny satana ara-batana amin'ny endrik'olombelona mangataka amin'i Allah mba hiaro azy amin'ilay satana ara-panahy, nefa raha ny marina, izy manao izany dia mangataka fiarovana avy amin'i Allah amin'izy tenany ihany fa saingy tsy tsapany izany; mitovitovy amin'ny olona mamaky ny Qour'an kanefa io Qour'an vakiany io ihany no manozona azy, araka ny voalaza ao amin'ny hadith masina ... izany moa dia nohon'ny Qour'an izay manozona ny mpandainga sy ny mpamitaka ; koa raha mamaky an'ilay Qour'an ny olona manana io toetra io dia efa nanonona ny fanozonan'i Allah ho an'ny tenany avy amin'ny tenany ihany izy. Hoy indrindra i Allah hoe:

أُولَئِكَ عَلَيْهِمْ لَعْنَةُ اللَّهِ وَالْمَلَائِكَةِ وَالنَّاسِ أَجْمَعِينَ

“Izy ireny no iharan'ny ozon'i Allah sy ireo Anjely ary ny olombelona rehetra”³

³ Sourat al-Baqarah 2:161

Ny lalàna mifehy ny “al-istiàndhah”

Ny “al-istiàndhah” atao mialohan’ny famakiana ny Qour’an dia moustahab fa tsy wadjib. Ny fandidiana amin’ny fanaovana izany dia sahala amin’ny fandidiana amin’ny fanasana ny tànana sy ny fanaovana “basmalah” alohan’ny fisakafoanana. Ary raha wadjib ny al-istiàndhah dia tokony ho wadjib ao amin’ny swalàt izy rehefa mamaky ny surat al-Fàtìhah sy ny surat hafa manaraka azy, kanefa ny fitambaran’ireo manam-pahaizana dia miombon-kevitra amin’ny tsy maha-wadjib azy. Niteny ny cheikh Mohammad Djawad al-Mourghniyah fa ny tompon’ilay boky “Miftàh al-kiràmah” مفتاح الكرامة dia milaza manao hoe:

"لَمْ يُخَالِفْ فِي ذَلِكَ إِلَّا ابْنُ الْجَنَّةِ، وَ قَدْ رَمَوْهُ -أَيُّ الْفُقَهَاءِ- بِالشُّذُوزِ وَ
الْعَرَابَةِ"

“Tsy misy manohitra izany afa-tsy ny zanak’i Djounaïd, kanefa ireo -manam-pahaizana- dia mahita izany heviny izany ho hafahafa.”

Resaka nifanaovan’Iblis sy i Allah

Eto dia tsara ny hanehoana ireo toetran’Iblis sasantsasany sy ireo tantarany, satria izany toetra izany dia matetika hita eo amin’ny ankamaroan’ny olombelona indrindra fa amin’izao vanim-potoana izao, toy ny toetry ny olona mpisoloky amin’ny asa rehetra izay manao fikasana hamadihana sy hanafenana ny fahamarinana.

Misy nitantara fa Iblis dia niteny tamin’i Allah hoe:

-Iblis: Tsy mety ny fanasaziano ahy nohon’ny tsy fiankohafako tamin’i Adam.

-Allah: Satria nahoana?

-Iblis: Satria raha mila ny fiankahofako marina Ianao dia nataonao antery tamiko izany.

-Allah: Koa oviana no nahafantaranao fa Izaho dia tsy nitady ny fiankohofanao marina tamin'i Adam? Moa ve fantatrao izany taorian'ny nandidiako anao ka notsipahinao ny didiko sa talohan'izany?

-Iblis: Taorian'ny nandidiana ahy!

-Allah: Noho izany dia tsy manana fialan-tsiny ianao satria ianao ihany no nitsipaka sy nanakana ny tenanao nialohan'ny fahafantaranao fa Izaho no nitady zavatra hafa ankoatr'izay nolazaiko ... ankoatr'izany, raha notereko tamin'ily fiankohofana ianao dia lasa tsy misy dikany intsony ny mahabaiko azy.

Eto dia tsapa fa ity firesak'Iblis ity dia fomba hanazavana amin'ny olona izay mihevitra fa ireo baiko sy andraikitra napetrak'i Allah ireo dia miteraka fasahiranana ... Ny tena marina anefa fa i Allah dia tsy mitondra ireo olombelona amin'ny fitondrana na fomba toy ny hoe “misia dia misy”; fa kosa Izy dia mitondra ny olona amin'ny alalan'ny “toro lâlana” sy “lalàna” izay antsoina hoe “al-amrou wan-nah'yiou” na “fandidiana sy fandràna”.

Misy koa nitantara fa indray andro, Iblis dia nihaona tamin'ny Mpaminany Mouhammad (s.a.w) ka nilaza taminy hoe:

Allah dia nidera Anao ho Mpitarika amin'ny làla-mahitsy ary izaho kosa dia nataony ho mpandrebireby ... kanefa na ny fahitsiana na ny fandrebirebena dia samy eo am-pelatanany avokoa, fa tsy misy zavatra eo am-pelatananao na eo am-pelatanako.

Namaly ilay Irak'i Allah be voninahitra (s.a.w) nanao hoe: tsia dia tsia! Fa ny tena marina dia eo am-pelatanako ny fanazavana ny fahadisoana sy mandrara izany ary mampitandrina amin'ily sazy izay vokatr'izany, fa eo am-pelatananao kosa dia ny fitaka sy ny fitsarambelatsihy ary ny famporisihana hanao fahadisoana; eo am-

pelatanan'ny zanak'olombelona indray dia ny fahafahana sy ny fanavahana ary ny safidy, ka izay tsara safidy dia hahazo tombonsoa ho an'ny tenany fa izay ratsy safidy kosa dia hitera-doza ho an'ny tenany ihany izany.

Misy nitantara ihany koa fa indray andro Iblis no nifanena tamin'ny Mpaminany Inssà (a.s) ka nilaza taminy hoe: tsy ianao ve no niteny fa manana toerana ambony eo anatrehan'i Allah? Koa noho izany, dia milatsaha ianao avy avy eny ambony tendrombohitra eny mba hijerentsika, moa ve hanavotra anao amin'ny fahafatesana Izy.

Namaly ilay Mesia (a.s) hoe: ny tena marina dia i Allah no manan-jo mitsapa ny mpanompony fa tsy ny mpanompo no mitsapa an'Ilay Tompo.

Mbola misy nilaza ihany koa fa Iblis dia nandeha tamin'ny Mpaminany Noh (a.s) taorian'ny safo-drano sy nahamaina ny rano, ary niteny taminy nanao hoe:

-Iblis: Ô ry ilay Mpaminanin'i Allah, tena marina fa ianao dia nanampy ahy, arak'izany dia te hanome valisoa ho anao aho.

-Noh (a.s): Aoka anie i Allah hamela ny heloko, raha mba izaho no hanampy ny toa anao⁴.

-Iblis: Tsy haiko fa izany nolazaiko anao izany no izy.

-Noh (a.s): Fa inona àry no fanampiana nataoko taminao?

-Iblis: Ianao dia nanao “douàn” mba haharendrika an'ireo vahoakanao ka rendrika avokoa izy ireo. Nefa izaho talohan'izany dia sahirana èry nandrebireby sy namilivily azy ireo andro aman'alina ... ary ankehitriny aho, aorian'ny fahafatesan'izy ireo dia nahazo tombony ary mila hanome valisoa ho anao ihany koa.

-Noh (a.s): Inona no valisoa homena ahy?

⁴ Nisy niteny tamin'ny manam-pahaizana iray tena mpanao asa soa hoe: ranona dia midera anao ary izany olona izany dia malaza amin'ny fanaovana vetaveta, fa namaly ilay manam-pahaizana mpanao asa soa hoe: noho izany dia tsy maintsy nisy haratsiana efa nataoko fa raha tsy izany, ny olona toa azy, tena marina dia tsy mba midera ny olona tahak'ahy.

-Iblis: Izaho dia mananatra anao mba tsy ho tezitra; fa ny fahatezeran'ny olombelona dia manamora ny fifehezako azy. Ary aza mitsara eo amin'ny olon-droa fa raha manao izany ianareo dia izaho no fahatelonareo. Aza miaraka amin'ny vehivavy mitokana amin'ny toerana mangingina, fa raha tsy izany dia horebirebeko aminy ianao ary izy koa dia horebirebeko aminao.

Tsapa amin'izany fomba firesaky ny satana izany fa Iblis dia anisan'ny mpanampy amin'ny hisian'ny ady ka izy no mamporisika amin'ny fanamboarana an'ireo fitaovam-piadiana mahery vaika.

Misy nitantara fa indray andro ilay Irak'i Allah (s.a.w) sy ireo mpanara-diany no nandalo teo anatrehan'ny olona iray izay hitan'Izy ireo fa manao roukoun sy soudjoud sady mitalaho amin'i Allah, ka niteny ireo mpanara-dian'ilay Irak'i Allah hoe: ry Irak'i Allah! Endrey izany hatsaran'ny swalât ataon'ity mpanompo ity izany!

Namaly azy ireo anefa ilay Irak'i Allah (s.a.w) hoe: ity no ilay nandroaka ny rainareo niala tao amin'ny Paradisa.

Ireto sombin-tantara voalaza teo ireto dia manana tanjona mba hilazana amin'ny olombelona fa tsy tokony ho mora voarebireby izy ary tsy tokony ho voafitaka amin'ny endriky ny olona ety ivelany amin'ny fanehoana fanompoana sy ny tsy firaharahana ny fiainan'izao tontolo izao.

Misy miteny ihany koa fa indray andro i Moussâ (a.s) nandeha nitalaho tamin'ny Tompony ka nifanena tampoka tamin'Iblis, ary nanontany inty farany hoe:

-Iblis: Ho aiza r'ilay Tenin'i Allah?

-Moussâ (a.s): Handeha ho any amin'ny Tompoko aho mba haka ireo Teny avy Aminy ... ary Izaho dia vonona ny hanelanelana anao ry Iblis amin'i Allah Ilay Avo Indrindra, mba hamela anao raha toa ka mampanantena ahy ianao fa vonona hiala amin'ny asa fandrebirebena sy ny familiviliana ataonao.

-Iblis: Izaho dia tsy mangataka mpanelanelana Aminao na ny ankoatra Anao eo anatrehany; fa Izy Allah no tokony hangataka ny fifaliana avy amiko. *-Astaghfiroullah-*

-Moussà (a.s): Loza ho anao ry mpitsipaka voaozona!

-Iblis: Fa maninona r'ily Tenin'i Allah? Ary inona no fahotako? Izy no niangavy ahy mba hiankohoka amin'i Adam kanefa nohon'ny fahadiovam-poko Taminy dia tsy hiankohoka ho an'ny hafa ankoatr'Azy aho ... ary oviana moa ny fahadiovam-po no manjary fahotana?

-Moussà (a.s): Izany resakao izany dia misafotofoto sy mifono kilalaon-teny izay tsy hahazoanao tombontsoa velively fa ho hitanao ny hahazo anao rahampitso.

-Iblis: Ary Ianao ihany koa dia hahita izay hataoko rahampitso.

-Moussà (a.s): Fa inona no hataonao?

-Iblis: Takiako amin'i Allah ny fampanantenana nataony ka hotazomiko ho porofo ilay Teniny manao hoe:

وَرَحْمَتِي وَسِعَتْ كُلَّ شَيْءٍ

“Fa ny Indrafoko dia manenika ny zava-drehetra”⁵.

Ary izaho dia mba anisan'ny zavatra. Arak'izany dia tsy maintsy manenika amiko ny Indrafony ... fa raha tsy anisan'ny zavatra aho, dia tsy iharan'ny fitsarana na sazy.

-Moussà (a.s): Marina tokoa fa ny Indrafon'i Allah dia manenika ho an'izay manana fahafahana mandray izany; nefa ianao dia tena lavitra an'izany.

-Iblis: Raha izany dia handalo amin'ny làlana hafa aho.

-Moussà (a.s): Fa amin'ny làlana manao akory no handalovanao?

-Iblis: Hantsoiko ireo very làlana, mpitsipaka mpanara-dia ahy ireo ka takiako ilay Avo Indrindra mba hiantso ireo mpino

⁵ Sourat al-A'aràf 7:156

mpanarak’Azy, avy eo dia manao fifidianana izahay ary amin’izay fotoana izay dia fantatra iza aminay no manana mpanara-dia maro an’isa indrindra. Fa raha foanan’i Allah ilay fifidianana dia hijoro aho miaraka amin’ny mpomba ahy hanao fihetsiketsehana lehibe mandra-pahatratrarako ny zavatra ilaiko.

Eny, ireo sombin-tantara ireo dia mila manambara fa ny mpanaraka ny fahadisoana no maro an’isa mihoatra ny mpanaraka ny fahamarinana, satria ny fahamarinana dia mavesatra fa ny lainga sy ny fahadisoana dia maivana, araka ny hadith voalazan’ny Amīroul-Moueminīn (a.s). Koa noho izany, ny olona manan-tsaina dia tsy tokony handray ny tenin’ireo maro an’isa ho fitsipika iray entina hanaporifoana ny fahamarinana, ary tsy tokony ihany koa handray ny tenin’ireo vitsy an’isa ho porofo hanamarinana ny fahadisoana; satria efa voalazan’ny Imām (a.s) ao amin’ny “Nahdjoul-balaghah” fa hoe:

“إِنَّ الْفِرْقَةَ أَهْلُ الْبَاطِلِ وَإِنْ كَثُرُوا وَالْجَمَاعَةُ أَهْلُ الْحَقِّ وَإِنْ قَلُّوا”

“Marina tokoa fa ny fisaratsarahana no tompon’ny fahadisoana na dia maro an’isa aza izy ireo ary ny fivondronana no tompon’ny fahamarinana na dia vitsy an’isa aza izy ireo”.

Voalaza ao amin’ny Qour’an masina ihany koa fa hoe:

وَأَكْثَرُهُمْ لِلْحَقِّ كَارِهُونَ

“Nefa mankahala ny fahamarinana ny ankamaroan’izy ireo”⁶

وَلَكِنَّ أَكْثَرَ النَّاسِ لَا يَعْلَمُونَ

“Nefa kosa ny ankamaroan’ny olona dia tsy mahalala”⁷

بَلْ أَكْثَرُهُمْ لَا يَعْقِلُونَ

“Fa kosa ny ankamaroan’izy ireo dia tsy mba mandinika”⁸

⁶ Sourat al-Mou’minoun 23:70

⁷ Sourat al-Roum 30: 6

⁸ Sourat al-Ankabout 29: 63

وَلَكِنَّ أَكْثَرَ النَّاسِ لَا يُؤْمِنُونَ

“Nefa ny ankamaroan’ny olona dia tsy mba mino”⁹

Ary ny hadith masina dia milaza manao hoe:

"إِذَا اجْتَمَعَ أَعْوَانُ إِبْلِيسَ مَلَأُوا الْخَافِقِينَ"

“Rehefa tafavory ireo naman’Iblis dia feno azy ireo ny atsinanana sy ny andrefana”.

Ny soratra masina tahak’ireto dia misy maro dia maro tokoa izay manambara amintsika fa matetika ny vondrona maro an’isa dia ao anatin’ny fahadisoana sy ny fahaverezana.

Ny shianh mpanaraka an’ireo Ahloul-Bait (a.s) dia miteny fa ny khalifa an’ily Iraka (s.a.w) dia mitovy andraikitra amin’ny Mpaminany ka tsy maintsy i Allah no mifidy sy mametrak’azy ho vavolombena eo amin’ireo mpanompony; fa tsy atao amin’ny alalan’ny safidin’ny olombelona na amin’ny alalan’ny fanaovana fanekem-pankatoavana ... satria ny fanendrena toy izany no antsoina hoe fanendrena mpanjaka fa tsy ho vavolombelon’i Allah na ho khalifa Mpandimby an’ily Mpaminany velively.

Eny, ny “mardjan” mpitondra ny finoana eo amin’ny shianh dia ilay “moudjtahid” izay mahafeno ireo fepetra voalazan’ny Tompon’ny fototry ny “sharian”, fa tsy izay voafidin’ny olona hitarika an’ily finoana, no sady tsy izay notohanana’ily mpitsara ara-panjakana; ahoana moa no mahamety ny zavatra sahala amin’izany, moa ve ny olona mpiliba amin’ny fiainan’izao tontolo izao sy mpanaraka ny sitrapony dia azo omena fitokisana amin’ny fitondrana ny finoan’i Allah ... Raha izany no izy dia ‘ndaoy azy ireo mandeha mifidy ireo Iraka sy ireo Mpaminany sy mandidy an’i Allah ary manery Azy mba hanaiky ny safidin’izy ireo ... Lavitra

⁹ Sourat Ghafir 40: 59

dia lavitra anie i Allah amin'izay voalazan'ireo mpanao tsy rariny ireo ...

Vokatr'izany, araka ny lojika dia ny khalifa an'ilay Iraka (s.a.w) dia tsy mety no sady tsy ho mety mihitsy raha tsy amin'ny alalan'ny fanendrena avy amin'ny tenan'ilay Iraka (s.a.w), ary ny “mardjan” lehibe amin'ny finoana dia izay voalazan'ireo olo-masina ny fahamendrehan'ireo toetrany ... Koa noho izany, izay mipetraka amin'ny toeran'ny “khillâfah” nefa tsy voatendrin'ny Mpaminany (s.a.w) ny anarany na mipetraka amin'ny toeran'ny maha-“mardjan” nefa tsy manana ny toetra mendrika izay nolazain'ireo olo-masina, dia olona mampandainga an'i Allah sy ilay Irany ... ary efa voaetry izay mandainga amin'i Allah sy ilay Irany (s.a.w).

Manarak'izany, marina dia marina fa izay hevitra rehetra na inona na inona, na ilay hevitra mikasika ny “khillâfah” na ilay mikasika ny maha-“mardjan” na ny hafa ankoatr'izany, dia tsy ekena mihitsy raha tsy mifanaraka amin'ny fahamarinana, fa ny fanaovana ny kilalaon-teny dia tsy hanova ny zavatra diso ho lasa marina na ny marina hiova diso sy ny tsy eken'ny saina ho eken'ny saina ... eny, fa na dia manome porofo aza izy ireo mba hiarovan-tena amin'ny alalan'ny fomba fiteny fotsiny fa tsy amin'ny alalan'ny fahamarinana akory. Nefa, raha tahiny ka maharesy lahatra izany porofo omeny izany dia midika fa ny olona izay nitondra izany porofo izany, dia tena mpianatr'Iblis farany mahay tokoa amin'ny lafiny famadihana ny hevitra diso ho lasa marina sy amin'ny fanakonana ny lainga amin'ny lokon'ny fahamarinana.

الْبِسْمَلَةُ

“Al-Basmalah”

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

“Bismillàhir-Rahmànir-Rahim”

Ny “al-Basmalah” dia andinin’ny Qour’an masina izay famantarana manokana ho an’ny silamo, ary amin’ny alalany no anombohana ny resaka sy ny asa rehetra izay atao. Izy io dia mitazona ny laharana faharoa eo anatrehan’ny finoana islam, aorian’ily fanekem-pinoana na chahadah anankiroa: “Là ilàha illallah, Mouhammad Rasouloullah”.

Fa ny finoana hafa ankoatra ny islam, dia atombok’izy ireo ny asan’izy ireo amin’ny fehezanteny toy ny hoe: “Amin’ny Anaranao ry Andriamanitra”, na “Amin’ny Anaran’Ilay Avo Indrindra”, na “Amin’ny Anaran’Ilay Mpamorona sy Mpamerina”, na “Amin’ny Anaran’ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy masina” ...sns.

Efa nesorina ny hamzah “ ! ” amin’ily teny hoe “ إسم ” amin’ny lafiny fanononana sy fanoratana an’ily fehezanteny “basmalah” ka nosoratana toy izao: بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ nohon’ny antony fampiasana matetika azy io, ary nesorina ihany koa ilay hamzah amin’ny fanononana fa tsy amin’ny fanoratana amin’ny fehezanteny hafa ankoatra ny basmalah; toy ny hoe:

اقْرَأْ بِاسْمِ رَبِّكَ الَّذِي خَلَقَ ، وَ أَفْسِمُ بِاسْمِ اللَّهِ.

Ary Ilay anarana Be Voninahitra hoe الله “Allah” dia anarantamirery ho an’Ilay Andriamanitra marina izay tompoina, izay manana toetra feno sy manam-boninahitra rehetra, ary tsy misy na iza na iza mendrika antsoina amin’izany anarana izany afa-tsy Izy Irey ihany.

Ilay manam-pahaizana antsoina hoe cheikh Mouhammad Djawad Moughniyah ao amin'ny bokiny tafsir dia milaza hoe:

Misy amin'ireo manam-pahaizana no mahita fa i Allah dia manana anarana izay antsoina hoe الإسم الأعظم izay adika hoe “*ilay anarana lehibe indrindra*”, ka ny olona izay mahafantatra izany anarana izany dia mahazo ny fahasoavana betsaka ary mahavita manao fahagagana maro ... fa izahay hoy izy, dia mino fa ny anaran'i Allah rehetra dia اسم أعظم lehibe avokoa, satria eto ny fampitahana dia tsy mety mihitsy nohon'ny tsy fisian'ny lafiny faharoa izay mety anaovana fampitahana Aminy ...

Amin'ny fomba fiteny hafa dia toy izao: ny fampitahana dia mahatonga ny fampikambanana sy ny fioharana ... kanefa Ilay tsy misy zavatra mitovy Aminy dia tsy misy zavatra na inona na inona azo akambana Aminy.

Ny teny hoe الرَّحْمَنُ araka ny fototeny dia mpamari-toetra avy amin'ily teny hoe الرَّحْمَةُ, ary ny dikan'izany teny izany raha mikasika an'i Allah dia midika hoe الإحْسَانُ “Fanasoavana”; fa raha mikasika ny hafa ankoatr'i Allah dia midika hoe رِقَّةُ الْقَلْبِ “Fangoraham-po”, ary avy eo dia lasa niely patrana ny fampiasana an'io teny الرَّحْمَنُ io eo amin'ny tenan'i Allah masina ka nahatonga azy ho lasa anisan'ireo anaran'i Allah Tsara Indrindra.

Hoy indrindra i Allah Be Voninahitra hoe:

قُلِ ادْعُوا اللَّهَ أَوْ ادْعُوا الرَّحْمَنَ أَيًّا مَا تَدْعُوا فَلَهُ الْأَسْمَاءُ الْحُسْنَى

“Lazao hoe: Mangataha ianareo amin'i Allah na mangataha amin'Ilay Be Fiantrana na inona na inona anarana izay iantsoanareo Azy dia manana ireo anarana tsara indrindra Izy”¹⁰.

Arak'izany, ilay teny hoe الرَّحْمَنُ amin'ny famakafakana ara-pitsipi-pitenenana dia azo atao ho toetran'i Allah raha ny fototeny no

¹⁰ Sourat al-Isrà 17: 110

jerena ary azo atao koa io teny io ho solon'ilay anarana hoe الله "Allah" raha jerena amin'ny lafiny hadith voaray.

Ny teny hoe الرَّحِيمِ ihany koa araka ny fototeny dia mpamari-toetra avy amin'ny teny hoe الرَّحْمَةُ, izay midika hoe "Fanasoavana" raha mikasika an'i Allah, fa ny ankamaroan'ny mpanao famakafakana ny Qour'an dia nanavaka ny teny hoe الرَّحْمَنُ amin'ilay teny hoe الرَّحِيمِ, izany hoe ny teny الرَّحْمَنُ dia nalaina avy amin'ilay teny hoe الرَّحْمَةُ izay miantefa amin'ny mpino sy ny tsy mpino ; fa ilay teny hoe الرَّحِيمِ kosa dia avy amin'ny fototeny hoe الرَّحْمَةُ ihany koa saingy natokana ho an'ny mpino irery ihany. Arak'izany, dia navahan'izy ireo fotsiny ireo teny anankiroa ireo amin'ny alalan'ny fiteny manao hoe : يَا رَحْمَنَ الدُّنْيَا وَ الْآخِرَةِ sy amin'ny alalan'ny fiteny hoe : يَا رَحِيمَ الْآخِرَةِ . Fa izahay hoy ny cheikh Djawad Moughnyyah, dia miteny hoe: يَا رَحْمَنَ يَا رَحِيمَ الدُّنْيَا وَ الْآخِرَةِ Fa hoy manko i Allah hoe: **"Fa izy ireo ve no mizara ny famindrampon'ny Tomponao?"**¹¹.

Ary ny dikan'ilay teny hoe "بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ" amin'ny ankapobeny dia hoe: *"efa natomboko ny asako tamin'ny fiankianana amin'i Allah izay ny famindrampony dia manenika ny zava-drehetra, nohon'ny fahatokisako fa izay asa atao dia atao amin'ny anaran'i Allah fa tsy amin'ny anaran'ny tenako na amin'ny anaran'ny hafa ankoatr'Azy"*; fa tsy sahala amin'ny fanaon'ireo mpiasa mpanjakana rehefa mikabary amin'ny vahoaka dia miteny manao hoe: *"Amin'ny anaran'ny fanjakana, na amin'ny anaran'ny filoham-pirenena no ijoroako eto anatrehanareo ...sns"*.

Fa takiana amin'izany asa atao izany ny maha-halàl azy fa tsy mila mifangaro mihitsy amin'ny asa haràm ... fa raha haràm izany asa izany kanefa mbola natao amin'ny anaran'i Allah, dia efa nanota indroa ao anatin'ny fotoana iray sy fihetsika iray ianao, ka ny voalohany dia ny maha-haràm ny fototr'ilay asa, ary ny faharoa dia

¹¹ Sourat al-Zoukhrouf 43: 32

noho ianao nanimbazimba ny anarana masin'i Allah *-sanatriavina amin'i Allah anie izany-*.

Ny “basmalah” dia anisan'ny singan'ireo sourat ao amin'ny Qour'an araka ny finoan'ireo shianh mpanaraka an'ireo Imàm miisa roa ambin'ny folo, ka ny manam-pahaizana shianh dia milaza ny maha-wadjib ny famoahana feo amin'ny famakiana ny “basmalah” amin'izay swalàt wadjib ny famoahana feo amin'ny famakiana ny sourat, toy ny amin'ny swalàtous-swoubh sy ny amin'ireo rakaanh roa voalohany amin'ny swalàtoul-maghrib sy ny inshàe, ary moustahab ny famoahana feo ny basmalah amin'ireo swalàt izay tsy amoahana feo ny famakiana ny sourat, toy ny rakaanh roa voalohany amin'ny swalàtoudh-dhouhr sy ny answr, ary azo atao koa ny tsy mamoaika feo amin'izany fa mibitsibitsika fotsiny.

Niteny ireo mpanaraka ny madh'hab Hanafi sy ny Malakī hoe fa azo atao ny mamela ny “basmalah” ao amin'ny swalàt rehetra satria tsy anisan'ny singan'ireo sourat izy io ... Fa ireo mpanaraka ny madh'hab Shafi'i sy ny Hanbalī kosa dia niteny mifanohitra amin'izany fa izy io hoy izy ireo dia singa izay tsy azo avela mihitsy; koa ny mahasamihafa an'ireto madh'hab roa ireto fotsiny dia ny Hanbalī no milaza fa tsy amoahana feo tanteraka ilay “basmalah”; fa ireo mpanaraka Shafi'i kosa dia milaza fa amoahana feo ny “basmalah” amin'ny swalàtous-swoubh sy amin'ny rakaanh roa voalohany amin'ny swalàtoul-maghrib sy ny inshàe, fa ny ankoatr'izany dia tsy amoahana feo ... ary hita fa mifanaraka amin'ny tenin'ireo Shianh mpanaraka an'ireo Imàm miisa roa ambin'ny folo ny tenin'ireo madh'hab Shafi'i sy ny Hanbalī ireo.

Tsara ho marihina fa ny anaran'i Allah Ilay Avo Indrindra sy ireo Toetrany dia tononina sy soratana amin'ny alalan'ireo litera arabo sahala amin'ireo teny hafa ihany. Kanefa na izany na tsy izany, ireo anaran'i Allah sy Toetrany ireo dia manana ny fahamasinany sy lalàna mifehy Azy ireo manokana, ka tsy azo atao ny manoratra Azy ireo eo amin'ny taratasy na solaitra na amin'ny

ranomainty na penina na ny hafa ankoatr'izany izay maloto na nadjis; torak'izany koa dia tsy azo atao ny mikasika Azy ireo afa-tsy izay efa madio na ao anatin'ny twaharah.

Ireo manam-pahaizana shianh moa dia namoaka lalàna mihitsy ny maha-kâfir na ny mampiala ny olona amin'ny mahasilamo azy arak'izao teny manaraka izao:

"مَنْ أَلْقَى الْمُصْحَفَ عَامِداً عَالِماً فِي الْقَادُورَاتِ وَالْقَمَامَةِ، أَوْ ضَرَبَهُ
بِرِجْلِهِ أَوْ مَرَقَهُ إِهَانَةً وَإِعْرَاضاً، وَنَحْوَ ذَلِكَ مِمَّا يَدُلُّ عَلَى الْإِسْتِهْزَاءِ بِالشَّرْعِ
وَالشَّارِعِ"

“Izay manipy ny Mous’haf an-tsitrapo sy amim-pahalalana eo amin’ny loto sy eo amin’ny fanariam-pako, na mandaka azy amin’ny tongony na mandrovitra azy nohon’ny fanambaniana sy ny tsy firaharahiana sy ny tahak’izany amin’izay fihetsika maneho faniratsiràna an’ily finoana sy ny Tompon’ily finoana.”

Misy milaza araka ny voalazan’ny cheikh Djawad Moughniyah, fa ny souratoul-Fâtihah dia mahafono ny hevitra ny Qour’an manontolo tsy misy fanavahana, ary voafono ao amin’ny “basmalah” ihany koa ny hevitra ny souratoul-Fâtihah manontolo, ary ilay litera “ب” eo aminy dia mahafono koa ny hevitra ny “basmalah” manontolo, arak’izany dia io litera “ب” eo amin’ny teny “بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ” io dia mahafono ny hevitra ny Qour’an manontolo.

Fa ny cheikh Djawad Moughniyah (fitahian’i Allah anie ho azy) dia niteny fa ilay nanambara an’io hevitra io dia sahala amin’ny olona te hampiditra izao tontolo izao ao anatin’ny atody nefa ilay atody dia tsy mba halehibeazina na izao tontolo izao dia tsy mba hakelezina.

Fanahohezana ny finoana islam amin'ny alalan'ny teny iray

Nilaza ny cheikh M. Djawad Moughniyah hoe:

Indray andro aho dia namaky ny tao amin'ny gazetina'ny Repoblikan'i Ezypta izay nivoaka tamin'ny daty 21 Aprily 1967 ka nahitako ny lahatsoratra notantarain'i Lwiyà'our-Raïs ضياءُ الرَّيس izay mpanoratra an'io gazety io toy izao manaraka izao:

Izy -i Lwiyà'our-Raïs - dia namaky gazety boky na “magazine” mikasika ny literatiora arabo izay nosoratan'ny mpanoratra arabo malaza, izay milaza hoe:

Ilay mpanoratra arabo tamin'ny nahampikambana azy tao amin'ny iraka manokana iraisam-pirenena tao Angletera dia nanao ady hevitra lehibe teo amin'ny vehivavy kristianina avara-pianarana mikasika ny finoana islam sy ny kristianisma, ka niteny ilay vehivavy kristiana anglisy, izay nifaninana tamin'ny silamo rehetra manoloana an'ilay mpanoratra arabo, nanao hoe: **“Izaho dia afaka manafohy ny fampianarana rehetra fototry ny finoana kristianisma amin'ny alalan'ny teny iray dia ny fitiavana. Koa moa ve vitanao, ry mpino silamo, ny manolotra teny iray izay mahafono ny fototry ny finoana islam?”**

Namaly ilay mpanoratra arabo nanao hoe: **“Eny! Ary izany dia ilay teny “at-tawhīd” na ny fahatokanan'i Allah.”**

Rehefa nandray izany tantara izany i ضياءُ الرَّيس Lwiyà'our-Raïs dia nilaza nanao hoe:

“Tsy mifanaraka amin'ny fanontaniana izany valiteny izany.” Ary nanambara ny antony maromaro izay marina sy ekena izy, manampy ny fitsikerany ny tsy mampifanaraka ilay valim-panontaniana. Ary rehefa vitan'i Lwiyà'our-Raïs ilay fitsikerany sy ny nahatonga azy nanao izany dia nilaza izy nanao hoe: **“Raha napetraka tamiko izany fanontaniana izany dia novaliako fa io teny fanahohezana io dia ny الرَّحْمَةُ, na ny Famindrampo”.**

Ary anisan'ny porofo nentina nanamarina izany valiteniny izany dia ireo andinin'ny Qur'an sy ireo hadith ka natombony izany tamin'ily "بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ" ary nofaranany tamin'ny hoe "وَمَا أَرْسَلْنَاكَ إِلَّا رَحْمَةً لِّلْعَالَمِينَ", izay midika hoe: "Tsy nalefanay ianao raha tsy ho famindrampo'izao tontolo izao."

Marina ny hevitr'i Lwiyà'our-Rais izay milaza fa tsy mitombona ny valiten'ily mpanoratra arabo, fa kosa ilay teny الرَّحْمَةُ "famindrampo" izay nosafidiny, hoy ny cheikh Djawad Moughniyah, dia mbola tsy mitombona ihany koa, satria tsy nanova na dia kely akory aza izy tamin'ny voalazan' ilay vehivavy anglisy, fa ilay teny hoe "fitiavana" ihany no nadikany ho "famindrampo", arak'izany, dia tsy misy ny mahasamihafa ny finoana islam amin'ny finoana kristiana.

Fa raha izaho hoy ny cheikh Djawad Moughniyah, no nanatrika tamin'io fivoriana manokana iraisam-pirenena tao Angletera io dia novaliako amin'ny teny hoe "al-istiḡamah", izany hoe "fizorana amin'ny làla-mahitsy" ilay vehivavy anglisy. Marina tokoa fa io teny "**fizorana amin'ny làla-mahitsy**" io no teny iray manambatra sy manivana sady mahafono ny finoana islam na ny "anḡidah" ka hita ao aminy ilay fahatokanan'Andriamanitra sy ny fanalavirana Azy amin'ily fitovizana amin'ny zava-boahary, torak'izany koa dia voafono ao amin'ily "**fizorana amin'ny làla-mahitsy**" ny lafiny fihetsika sy ny fahalalam-pomba sy ireo lalàna ary ireo sokajin'ny fampianarana islamika rehetra ka anisan'izany ny "**famindrampo**" sy ny "**fitiavana**" ary ny "**fifanampiana**". Eny, marina ihany koa aloha fa ny famindrampo dia anisan'ny fototry ny finoana islam fa izany akory dia tsy mahafono ny islam rehetra. Tahak'izany koa fa ny Tawhīd na ny fahatokanan'Andriamanitra dia fototra iray amin'ireo foto-pinoana fa tsy ny fotony rehetra.

Koa rehefa ny "**istiḡamah**" no manambatra ny "**fitiavana**" sy ny "**famindrampo**" sy ny "**fahatokanan'Andriamanitra**" sy ireo foto-pinoana ary ireo asa soa rehetra sy ireo fahalalam-pomba tsara, ...ary rehefa izy io koa no mizana marina mandanja ny

voninahitra sy ny fahafenoana izay mitondra ny olombelona mankany amin'ny fahasambarana eto an-tany sy any an-koatra, ... dia izany indrindra no nahatonga an'i Allah nandidy antsika mba hamerimberina ao amin'ireo swalât vavaka ataontsika maraina sy hariva ilay teny manao hoe: اهْدِنَا الصِّرَاطَ الْمُسْتَقِيمَ. Ary hoy Ilay Avo Indrindra niresaka tamin'ilay Mpaminany masina (s.a.w) nanao hoe:

فَاسْتَقِمَّ كَمَا أُمِرْتَ وَمَنْ تَابَ مَعَكَ وَلَا تَطْغَوْا إِنَّهُ بِمَا تَعْمَلُونَ بَصِيرٌ

“Mizora amin'ny lâlâ-mahitsy arak'izay nanandiana anao, toy izany koa izay nibebaka ka niaraka taminao. Ary aza mihoa-pefy, fa mahita tsara izay ataonareo Izy.”¹²

Niteny ihany koa Izy Ilay Tsitoha nanao hoe:

إِنَّ الَّذِينَ قَالُوا رَبُّنَا اللَّهُ ثُمَّ اسْتَقَامُوا تَتَنَزَّلُ عَلَيْهِمُ الْمَلَائِكَةُ أَلَّا تَخَافُوا وَلَا تَحْزَنُوا وَأَبْشِرُوا بِالْجَنَّةِ الَّتِي كُنْتُمْ تُوعَدُونَ.

“Marina dia marina fa ireo izay milaza hoe: i Allah no Tomponay ary avy eo mizotra amin'ny lâlâ-mahitsy, dia hidina eo amin'izy ireo, ireo Anjely -ka hiteny hoe- : aza matahotra ianareo, aza malahelo, ary mifalia ianareo amin'ny Paradisa izay nampanantenaina anareo.”¹³

Ary tsy misy porofo tena manamabara fa io “istiqâmah” io no teny tena mahafono azy rehetra, mihoatra ilay tenin'Iblis ilay voaozona izay milaza manao hoe:

لَأَقْعُدَنَّ لَهُمْ صِرَاطَكَ الْمُسْتَقِيمَ.

“Tena marina fa hitoetra aho hanakana azy ireo amin'ilay lâlanao mahitsy.”¹⁴

¹² Sourat Houd 11: 112

¹³ Sourat Fouswilate 41: 30

¹⁴ Sourat al-A'arâf 7: 16

Voalazan'ny hadith masina fa i Soufiàn al-Thaqafi dia niteny nanao hoe:

"يَا رَسُولَ اللَّهِ قُلْ لِي فِي الْإِسْلَامِ قَوْلًا لَا أَسْأَلُ عَنْهُ أَحَدًا بَعْدَكَ. قَالَ رَسُولُ اللَّهِ: قُلْ: آمَنْتُ بِاللَّهِ، ثُمَّ اسْتَقَمَّ"

“Ry Irak’i Allah, ambarao teny iray aho ao amin’ny finoana islam izay tsy misy afaka hanontaniako izany na iza na iza any aorianao. Namaly ilay Irak’i Allah hoe : lazao hoe : Mino an’i Allah aho, avy eo mizotra amin’ny làla-mahitsy.”

Ny famintinana izay voalaza izay dia izao : ny tiana hambara amin’ny fizarana amin’ny làla-mahitsy dia ny fijanonana eo amin’ny fetra nolazain’i Allah fa tsy mila miala amin’ily fetran’ny fahamarinana na mirona mankany amin’ny fahadisoana ary koa mitandrana mba tsy hiala amin’ily fahitsiana na mirona mankany amin’ny fahaverezana, fa isika dia mila mizotra mandrakariva ao anatin’ny finoantsika, fangorahantsika, fitenenantsika sy ireo fihetsika rehetra ataontsika dia ho eo amin’ily làla-mahitsy, izay làlana nanasoavan’i Allah Azy ireo fa tsy ilay làlana izay niharan’ny fahatezerany na ilay an’ireo izay very làlana.

* * * * *

سُورَةُ الْفَاتِحَةِ

NY SOURAT AL-FATIHAH

Ny voninahitry ny surat al-Fàtìhah

قَالَ النَّبِيُّ (ص): "أَيُّمَا مُسْلِمٍ قَرَأَ سُورَةَ الْفَاتِحَةِ كَانَتْمَا قَرَأَ ثُلُثِي الْقُرْآنِ وَأُعْطِيَ مِنَ الْأَجْرِ كَانَتْمَا تَصَدَّقَ عَلَى كُلِّ مُؤْمِنٍ وَ مُؤْمِنَةٍ" - مجمع البيان-

Nilaza ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Na iza na iza silamo namaky ny surat al-Fàtìhah dia sahala amin’ny namaky ny roa ampahatelon’ny Qur’an ary omena valisoa izy sahala amin’ny valisoan’ny olona nanome swadaqah ho an’ny mpino rehetra lahy sy vavy.”

Ny dikan’ny surat al-Fàtìhah ara-bakiteny

1- بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

1- Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

2- الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ

2- Dera sy fisaorana ho an’i Allah Tompon’ireo tontolo rehetra.

3- الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

3- Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

4- مَالِكِ يَوْمِ الدِّينِ

4- Mpanjakan’ilay andro Fitsarana.

5- إِيَّاكَ نَعْبُدُ وَإِيَّاكَ نَسْتَعِينُ

5- Ianao Irery ihany no tompoinay ary Ianao Irery ihany koa no angatahanay fanambinana.

6- اهْدِنَا الصِّرَاطَ الْمُسْتَقِيمَ

6- Tariho anie izahay ho any amin’ny làla-mahitsy.

7- صِرَاطَ الَّذِينَ أَنْعَمْتَ عَلَيْهِمْ غَيْرِ الْمَغْضُوبِ عَلَيْهِمْ وَلَا الضَّالِّينَ

7- Lâlana izay nanasoavan'i Allah Azy ireo fa tsy ilay lâlana izay niharan'ny Hatezerany na an'ireo izay very lâlana.

Ny toerana nidinan'ny sourat al-Fâtihah

Ireo manam-pahaizana dia mifanipa-kevitra amin'ny toerana nidinan'ity sourat ity, misy miteny fa nidina tao Makka izy io ary misy koa milaza fa nidina tao Madîna, ary misy ny fahatelon'izany no milaza fa nidina indroa izy io ka tao Makka ny voalohany ary tao Madîna ny fanindroany. Izany rehetra izany dia manamafy ny mahabe voninahitra an'ity sourat al-Fâtihah ity, saingy ny ankamaroan'ireo manam-pahaizana dia milaza fa nidina tao Makka ity sourat ity.

Cheikh Mohammad Djawad Moughniyah kosa dia milaza fa izany fifanoheran-kevitra izany dia tsy mamokatra no sady tsy misy tombontsoa, satria ity sourat ity dia tsy ahitana andininy izay maneho hevitra tsy mazava raha tsy fantatra ny toerana izay nidinany.

Ireo anarana fiantsoana ny sourat al-Fâtihah

Voalaza fa manana anarana maromaro iantsoana azy ity sourat ity fa ny tena malaza dia ireto anarana manaraka ireto:

1- الفَاتِحَة: noho izy voalohan'ny sourat voasoratra ao amin'ny takelaky ny Qour'an ary koa noho izy tsy maintsy vakiana voalohany ao amin'ny swalât, fanampin'izany ny fampianarana tamin'ny vanim-potoana taloha dia atomboka amin'ny alalan'ny famakiana azy.

2- **الْحَمْدُ**: satria izany “al-Hamd” izany no voalohan-tsoratra masina amin’io sourat io.

3- **أُمُّ الْكِتَابِ وَ أُمُّ الْقُرْآنِ**: noho izy mialoha an’ireo sourat hafa ankoatr’azy na dia amin’ny fanoratana aza ... tahaka ny fialohavan’ny reny amin’ireo zanany, sady koa ireo fototra anankiroa, ny “Roubboubiyah” na ny mahatampo an’Andriamnitra sy ny “Onboudiyah” na ny mahamendrika tompoina Azy, dia voarakotra ao aminy, ka ireo fototra roa ireo no iverenan’ny fampianaran’ny Qur’an masina.

4- **السَّبْعُ الْمَثَانِي**: noho izy manana andininy miisa fito sy vakiana indroa ao amin’ny swalât na noho izy mampitambatra ny fitenanana ny “Roubboubiyah” sy ny “Onboudiyah”. Fa na izany na tsy izany hoy ny cheikh Djawad Moughniyah, ny tena marina, ny fanomezana anarana dia azo atao foana miainga amin’ny fisian’ny famantarana mampivavaka azy na dia kely aza.

Famakafakana ny sourat al-Fâtihah

(بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ)

Ny famakafakana an’ity andininy ity dia efa vita teo ambony ao amin’ny fampidirana ka tsy haverina eto intsony.

(الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ)

Io andinin’ny soratra masina io dia maneho fanambarana izay midika fanehoan-kevitra, satria izay miteny azy dia manampikasana amin’ny fanehoana fa ny fiderana dia ho an’i Allah, fa tsy fanambarana maneho fa ny fiderana dia efa raiki-tampisaka amin’i Allah ... Ary izany andininy izany dia fampianarana avy amin’i Allah ho an’ireo mpanompony mikasika ny fomba fideran’izy ireo

Azy, sahala amin'ny te hilaza Izy Allah amin'ireo mpanompony manao hoe: **“Mitenena ry mpanompoko hoe dera ho an'i Allah”**.

Ary ny hevitra ny teny hoe **الْحَمْدُ لِلَّهِ** dia ny fankalazana an'Ilay Andriamanitra Tonga lafatra amin'ny fanamboniana Azy eo amin'ny sehatra rehetra na dia amin'ny olana mianjady amin'ny tena aza. Hoy indrindra ny Imàm Ali (a.s) ao amin'ny toriteniny sasany ao amin'ny boky Nahdjoul-balàghah hoe:

”نَحْمَدُهُ عَلَى آيَاتِهِ، كَمَا نَحْمَدُهُ عَلَى بَلَايِهِ”

“Isika dia midera Azy amin'ireo fahasoavany, tahaka ny fiderantsika Azy amin'ireo fitsapany.”

Ireo anarana مُحَمَّد Mouhammad sy أَحْمَد Ahmad sy مُحَمَّد Mahmoud sy حَامِد Hàmid sy حَمِيد Hamid ary حَمْدَان Hamdàn, izy rehetra ireo dia nalaina avy amin'ilay teny hoe **الْحَمْدُ** ... Ary indraindray dia mety ho mpamari-toetra amin'izay zavatra mahafaly ilay teny hoe **الْحَمْدُ**. Hoy i Allah hoe:

عَسَى أَنْ يَبْعَثَكَ رَبُّكَ مَقَاماً مَحْمُوداً

“Angamba hatsangan'ny Tomponao ianao amin'ny toerana mendrim-piderana.”¹⁵

Fa ilay teny hoe **رَبِّ** “Tompo” dia azo iantsoana an'izay andriana na izay mpanjaka ary ny tsirairay amin'ny dikany anankiroa ireo dia tafiditra amin'ny hevitra izay tiana ho lazaina eto. Fa kosa ny hevitra tonga ao an-tsaina voalohany amin'ity soratra masina ity dia midika hoe **الْخَالِقُ** “Ilay Mpahary”.

¹⁵ Sourat al-Isràè 17: 79

Ny teny hoe الْعَالَمِينَ dia teny manondro maro (pluriel) avy amin'ily teny hoe الْعَالَمُ, ka io teny io no iantsoana an'ireo karazana vondrona zava-boahary, ohatra toy ny fitenenana milaza manao hoe عَالَمُ الْجَمَادِ “ànlamoul-djamàd” na “tontolon’ny vaingan-javatra” sy ny milaza hoe عَالَمُ النَّبَاتِ “ànlamoun-nabàte” na “tontolon’ny zava-maniry” sy ny hoe عَالَمُ الْحَيَوَانَ “ànlamoul-hayawàne” na “tontolon’ny biby” sy ny عَالَمُ الْإِنْسَانِ “ànlamoul-insàne” na “tontolon’ny olombelona”, ary tsy azo ampiasaina io voambolana عَالَمٌ “ànlam” na “tontolo” io amin’ny zavatra iray (singulier) satria izy io dia anarana ho an’ny zavatra maro ... Ary ny tiana hambara amin’ny hoe الْعَالَمِينَ “al-ànlamīne” eto dia izay rehetra ankoatr’i Allah Ilay Tonga lafatra, ka noho izany dia tafiditra ao anatin’izany ireo vondrona zava-boahary rehetra. Indraindray io teny io dia ampiasaina amin’ny karazana vondron’olombelona rehetra, tahaka ny tenin’i Allah milaza manao hoe: وَهُدًى لِّلْعَالَمِينَ “**Ary tari-dàlana ho an’ny karazan’olombelona rehetra.**”¹⁶

Ary misy sasany amin’ireo mpahay fitsipi-pitenenana arabo dia milaza fa rehefa azo atao ny fanondroana ho maro (pluriel) ilay teny عَالَمٌ amin’ny alalan’ny “ي” mba ho “fameno” na “renimpameno” na misy “kianteny” mialoha azy, dia tokony ho azo atao koa ny fanondroana ho maro (pluriel) azy amin’ny alalan’ny “و” mba ho “enti-milaza” ka vakiana hoe الْعَالَمُونَ “al-ànlamoune” saingy ilay manam-pahaizana, i Abou Hayàn Al-an’doulousi kosa dia nilaza ao amin’ny boky tafsir al-Bahroul-Mouhitw hoe: “**tsy mahazatra anefa izany**”.

Ary ny hevitra ny رَبِّ الْعَالَمِينَ dia hoe “**Ilay Mpaharin’ny zava-drehetra sy Mpandrindra azy ireo**”. Ilay teny hoe رَبِّ ara-

¹⁶ Sourat Al’Imràne 3: 96

pitsipi-pitenenana dia solon'ily teny be voninahitra hoe ﷻ “Lillah”; arak'izany io andininy io dia azo adika amin'ny hevitra manao hoe: **“Izaho dia midera sy misaotra an'i Allah satria Izy no Tompo sy Mpaharin'ny zava-drehetra.”**

Eo amin'ny fiainana eto an-tany, ny olombelona rehetra tsy ankanavaka dia tiany ny ho deraina na ny midera ny hafa, fa ny misongadina amin'ny olona manan-tsaina dia mahatsapa fa izay mendrika ny ho deraina sy homena voninahitra dia tsy miala amin'ny anankiray amin'ireto antony efatra manaraka ireto fa raha tsy izany, dia tsy mendrika deraina velively izy araka ny fahitan'ny finoana islam azy:

Voalohany, izay mendrika deraina sy isaorana dia izay feno amin'ny lafiny rehetra, tsy ahitana kilema na fahambangana eo amin'ny tenany sy ny toetrany manontolo, na dia tsy nanao asa soa taminao aza izy.

Faharoa, dia izay nanao soa taminao.

Fahatelo, dia izay tavandraina na antenaina mba hanome fahasoavana ho anao amin'ny ho avy.

Fahefatra, dia izay atahorana nohon'ny fananany fahefana feno sy hery afaka hanasazy anao.

Ireo antony efatra ireo no mahatonga ny fanomezam-boninahitra sy dera araka ny tokony ho izy, ka i Allah Ilay Be Voninahitra amin'ity sourat masina ity dia mila mampianatra sy mampahatsiahy amin'izay tia midera na te ho deraina ka milaza manao hoe:

-Ry ianao olombelona, raha toa ka marina fa ianao dia mpanome voninahitra nohon'ny fahafenoana amin'ny lafiny rehetra dia aoka ianao hidera Ahy satria Izaho no Allah Ilay Lavarary.

-Ary raha toa ianao ka mpanome voninahitra nohon'ny fanaovan-tsoa sy fanabeazana dia aoka ianao hidera Ahy satria Izaho no Tompon'ireo tontolo rehetra.

-Ary raha toa ianao ka mpanome voninahitra sy mpidera nohon'ny fananana fanantenana hahazo fahasoavana amin'ny ho avy dia aoka ianao hidera Ahy satria Izaho no Ilay Mpamindrafo sy Ilay Be Fahasoavana.

-Fa raha mpanome voninanahitra sy dera ianao nohon'ny fahatahorana ny sazy dia aoka ianao hidera Ahy hatrany satria Izaho no Mpanjakan'ilay andro fitsarana.

(الرَّحْمَنُ الرَّحِيمُ)

Efa nazavaintsika tamin'ny fanazavana mikasika ny “basmalah” io fehezanteny io ka tsy ilaina averina eto intsony.

Fa anisan'ny noresahin'ny Imàm Ali (a.s) mikasika ny fiderana an'i Allah Ilay Tsitoha, dia ilay teniny manao hoe:

... "لَا يُشْغَلُهُ غَضَبٌ عَنْ رَحْمَةٍ، وَلَا تُلْهِئِهِ رَحْمَةٌ عَنْ عِقَابٍ" Toy izao ny filazan'ny cheikh Moughniyah amin'ny fanazavana an'io teny io: ny fahazoako an'ireo fehezanteny anankiroa ireo hoy izy, dia ny hatezaran'i Allah amin'ireo olona mpanota sy ny fanasaziany azy ireo -rahampitso- dia tsy manakana Azy hamindrafo azy ireo amin'ny fiainana eto an-tany izay ahazoan'izy ireo fahafinaretana, ary ny famindrampony ho an'ireo mpino -rahampitso- dia tsy hanakana ny loza na ny olana hianjady amin'izy ireo eto amin'ity fiainana ity.

(مَالِكِ يَوْمِ الدِّينِ)

Ilay teny hoe الدِّينِ dia misy dikany maro samihafa:

Anisan'izany dikany izany dia ny valin'asa, toy ny fitenenana manao hoe: كَمَا تُدِينُ تُدَانُ “**ny natao ihany no hojinjaina**”, ka izany dikany izany no mifanandrify amin'io andininy io satria amin'izany andro izany ny olona tsirairay dia samy hijinja ny valin'ny asany avy ...

Fa misy ny mamaky "مَالِكِ يَوْمِ الدِّينِ" miaraka amin'ny alif mariky ny fitariham-peo eo amin'ny "ميم" tahaka ny fitenenana manao hoe: "فُلَانٌ مَّالِكٌ هَذَا البُسْتَانِ" **“Ranona no tompon’ity zaridaina ity”**, ka lasa midika ho fananana manokana ..., fa misy koa anefa ny mamaky hoe "مَلِكِ يَوْمِ الدِّينِ" amin'ny “lam” mitondra “kasra” tahaka ny fitenena manao hoe: "مَلِكُ البُسْتَانِ" **“Mpanjakan’i Grika”**, izay midika ho fitsarana sy fahefana. Ary ireo famakiana roa ireo dia samy malaza fa ilay voalohany no tena betsaka mpampiasa.

Ny dikany tonga ao an-tsaina avy hatrany amin’ireo famakiana anankiroa ireo dia anankiray ihany, izay manambara fa ny zava-drehetra ankehitriny na rahampitso dia eo ampelan-tanan’i Allah avokoa, satria Izy no Tompo Mpaharin’ny zava-drehetra sy Tompo Mpanjakan’ny andron’ny Fitsarana, ka ny tanjona amin’io andininy io (amin’izany) dia mba hampisy ny fahatahorana amin’ny fahotana sy ny famporisihina amin’ny fankatoavana.

Fa raha miverina amin’ny lafiny fitsipi-pitenenana isika amin’ily fomba famakiana voalohany dia ilay teny مَالِكِ no lasa mpamari-toetran’ily anarana الله fa amin’ily fomba famakiana faharoa dia ilay teny مَلِكِ dia lasa solon’ily anarana.

Voalaza ao amin’ny Nahdjoul-balaghah, ilay tenin’ny Imàm Ali (a.s) izay milaza manao hoe:

"إِنَّا لَا نَمْلِكُ مَعَ اللَّهِ شَيْئًا، وَ لَا نَمْلِكُ إِلَّا مَا مَلَكْنَا، فَمَتَى مَلَكْنَا مَا هُوَ أَمْلَكُ بِهِ مِنَّا كَلْفَنَا، وَ مَتَى أَخَذَهُ مِنَّا وَضَعَ تَكْلِيفَهُ عَلَانَا"

“Isika dia tsy mikambana fananana na inona na inona amin’i Allah, ary isika dia tsy manana afa-tsy izay nomeny, koa rehefa nomeny isika, izay Izy no tena Tompony mihoatra antsika dia midika fa nametraka adidy amintsika Izy, ary rehefa

Izy no nanaisotra izany amintsika dia midika fa nampiala ilay adidy amintsika Izy.”

(إِيَّاكَ نَعْبُدُ وَإِيَّاكَ نَسْتَعِينُ)

Ny teny hoe إِيَّاكَ izay midika hoe “**Ianao Irery ihany**”, araka ny fitsipi-pitenenana arabo dia mpisolo anarana mahaleo tena, ka ny anjara asany ao anatin’ny fehezanteny dia “famenon’ny” matoanteny izay mipetraka eo aoriany, ary napetraka eo aloha io mpisolo anarana io nohon’ny famaritana manokana momba ny fahatokanana ... koa ny hevitra tiany hamabara dia hoe: “**Izahay dia manompo Anao ka tsy manompo ny ankoatra Anao, izahay dia mangataka famonjena Aminao fa tsy amin’ny hafa ankoatra Anao.**”

Ary eto ny mpanompo dia miresaka amin’ny Tompo Andramaniny amin’ny fampiasana ny solontena manondro tokana (singulier), nohon’ny fahadiovam-po eo amin’ny fahatokanana an’i Allah sy manalavitra Azy amin’ny fikambanany amin’ny hafa. Noho izany antony izany no tsy afahana miresaka an’Andriamanitra, Ilay Tokana Ilay tsy refesi-mandidy amin’ny mpisolo anarana manondro maro (pluriel) ... Fa ilay mpisolo anarana hoe “izahay” ao amin’ily fehezanteny hoe “**Ianao Irery ihany no tompoinay sy angatahanay famonjena**” dia manondro an’ily mpiresaka sy izay miaraka aminy fa tsy mari-panajana akory.

Tsara ho marihina fa ny fanompoana dia tanteraka amin’ny alalan’ny fanaovana “swaoum” sy ny “swalât”, ny fandehanana manao hadj, ny famoahana zakât amin’ny alalan’i Allah, ...sns. Fa tanteraka ihany koa izany fanompoana izany amin’ny alalan’ny fanaovana asa mendrika rehetra izay mamaly ny filàn’ireo zanak’olombelona. Efa voalaza ao amin’ny hadith sharif manko ilay teny manao hoe:

"أَهْلُ الْمَعْرُوفِ بِالْدُّنْيَا أَهْلُ الْمَعْرُوفِ فِي الْآخِرَةِ"

“Ireo olon-tsara eto an-tany dia ireo koa no olon-tsara any ankoatra”

Amin’ny hadith hafa dia milaza manao hoe:

"خَيْرُ النَّاسِ أَنْفَعُ النَّاسِ لِلنَّاسِ"

“Ny olona tsara indrindra dia izay tena ahazoan’ny olombelona tombontsoa”

Eny, ny andininy hoe *وَأِيَّاكَ نَعْبُدُ وَإِيَّاكَ نَسْتَعِينُ* dia tsy midika fotsiny fa i Allah no mendrika tompoina ka vita hatreo fa kosa izany dia manambara ihany koa fa ny olombelona no zava-boahary manan-kaja izay nomen’i Allah fahafahana mba tsy hiondrika sy tsy hanompo afa-tsy amin’ny fahamarinana izay ambonin’ny zava-drehetra ary tsy misy na inona na inona mihoatra izany ...Ary mazava ho azy fa ny fahafahana izay tsy voafaritry ny fahamarinana dia tsy maintsy mivadika ho korontana.

Anisan’ny teny novakiko hoy ny cheikh Djawad Moughniyah mikasika an’ity lohahevitra ity dia ny tenin’i Jean Paul Sarter izay nilaza nanao hoe: “Ny fahafahana marina dia ny fametrahan’ny olombelona ny fahafahany sy ny tenany amin’ny fanampiana ny hafa”.

Nisy nilaza fa indray andro olona anankiroa no nitsangatsangana tao an-jaridainam-bahoaka, ary ny anankiray dia nilalao tapa-kazo ka ny lohan’ilay tapa-kazo dia nahakasika ny lohan’ny oron’ilay anankiray, koa rehefa nitaraina izy dia niteny ilay nitazona tapa-kazo hoe: “Izaho anie manana fahafahana”; fa namaly ilay anankiray hoe: “Ny fahafahanao dia misy fetrany ka ny fetrany dia eo amin’ny oroko”.

Niteny ny cheikh Djawad Moughniyah hoe: angamba izaho dia tsy mifahavalo amin'ny fahamarinana raha toa ka ny famaritana ny atao hoe fahafahana dia ny finoana an'i Allah sy ny fanompoana Azy, Izy Irery satria izay manompo ho an'Ilay Marina fa tsy ho an'ily ankoatr'Azy dia afaka amin'ny fahaverezana, ary izay miala amin'ny fanompoana an'Ilay Marina dia tsy maintsy tafiditra amin'ny fanompoan'ny fahaverezana ary tsy mety mihitsy ny miala amin'izany afa-tsy izay te hanakorontana, dia ireo izay tsy mino ny halàl sy ny haràm ary tsy mino na inona na inona mihitsy afa-tsy ny tenany irery ihany.

(إِهْدِنَا الصِّرَاطَ الْمُسْتَقِيمَ)

Ny الصِّرَاطَ amin'ny fomba fiteny dia midika ilay “**làlana fandehanana**”, ary misy fomba roa ny famakiana azy io, dia ny famakiana azy amin'ny alalan'ny س sy amin'ny alalan'ny ص, fa ny famakiana amin'ny lalan'ny س no fototra. Ary ny teny hoe الْمُسْتَقِيمَ dia midika hoe “**mahitsy izay tsy misy mivilivily**” io teny io dia mpamari-toetran'ily الصِّرَاطَ. Koa ny tiana hambara amin'ity mpamari-toetra ity sy ilay teny faritany eto amin'ity fehezanteny ity araka ny voalazan'ny cheikh Moughniyah dia ilay “**fahamarinana**”.

Marihina fa misy teny malaza nolazain'ily Lehiben'ireo mpino, ny Imàm Ali (a.s) izay manao hoe:

“إِعْرِفِ الْحَقَّ تَعْرِفِ أَهْلَهُ”

“**Fantaro ny fahamarinana dia ho fantatrao izay tompony.**”

Eny, ny tiana hambara amin'ily هِدَايَةَ na ilay tari-dàlana dia tsy ilay fahalalana fotsiny fa ny fahalalana izay nahazoana fahombiazana tamin'ny fampiharana'azy, koa noho izany, izay olona

nangataka douàn ho an'ny hafa mba hahazo fahitsiana dia efa nangataka ny hatsarana rehetra ho azy; fa izay nangataka douàn ho an'ny hafa mba hahazo fahalalana dia efa nangataka douan amin'ny hatsarana sasany fotsiny ho azy ... fa ny mahagaga hoy ny cheikh Djawad Moughniah, dia ny mahita ny ankamaroan'ny olona izay mavesatra amin'izy ireo ny manao fangatahana douàn mba hahazo fahitsiana, indrindra fa ireo izay nahita fianarana; kanefa fantatra fa ilay Iraka lehibe (s.a.w) dia namerimberina andro aman'alina ny fangatahana douàn amin'ny hahazoana ny fahitsiana, ao amin'ny swalàt izay ataony na amin'ny fanompoana hafa ankoatr'izany.

Ny cheikh Djawad Moughniah dia nilaza fa tsy mahafantatra ny fahitsiana sy ny fahombiazana lehibe indrindra izy, mihoatra ny fahafahantaran'ny olombelona ireo kilema eo amin'ny tenany, ka hanomezany tsiny ny tenany avy amin'izany ... ary amin'ny alalan'izany fanomezan-tsiny ny tenany izany angamba no mety hahitany fanavotana, (*enga anie i Allah mba hiaro antsika amin'ny fanambonian-tena sy ny voka-dratsiny*).

(صِرَاطَ الَّذِينَ أَنْعَمْتَ عَلَيْهِمْ غَيْرِ الْمَغْضُوبِ عَلَيْهِمْ وَلَا الضَّالِّينَ)

Voalaza ao amin'ny hadith sasany fa ireo nahazo hatezerana dia ireo jiosy, ary ireo very làlana dia ireo kristiana, fa kosa io teny io raha dinihina tsara dia teny maneho hevitra ankapobeny fa tsy voatokana ary tsy misy fanavahana, koa arak'izany, izay mpankato rehetra dia voarakotry ny fahasoavan'i Allah sy ny famindrampony; ary ny mpanota rehetra kosa dia very làlana sy iharan'ny hatezaran'i Allah.

Na izany na tsy izany, tena marina fa ny tanjona amin'ity andininy ity, sy amin'ilay surat al-Fàtìhah manontolo dia ny mba hijoroan'ny mpanompo eo anatrehan'i Allah Ilay Lehibeny,

amin'ny endriky ny olona mino, sy mandala ny mahatokana Azy, sy misaotra, sy mankasitrika, sy manana fo madio, ary mangataka Aminy mba hanomezany fahombiazana hahazo ny hafaliany ara-pahalalana sy arak'asa.

Ary ny olombelona dia hahita eo anatrehan'Ilay Mpahary azy ny asa rehetra izay nataony fa ny fitenenana izany eo am-bava fotsiny dia tsy misy vokany raha tsy misy ny fanakaikhezana amin'ny fankatoavana Azy sy ny fanalavirana amin'ny fanaovana fahotana.

Voninahitra manokana ananan'ny sourat al-Hamd

جَاءَ فِي الْخَبْرِ أَنَّ مَنْ قَرَأَ فَاتِحَةَ الْكِتَابِ كَأَنَّهُ قَرَأَ جَمِيعَ الْكُتُبِ
السَّمَاوِيَّةِ، وَ مَنْ فَهَمَ مَعْنَاهَا فَكَأَنَّمَا فَهَمَ جَمِيعَ الْكُتُبِ السَّمَاوِيَّةِ.

Voalaza ao amin'ny hadith fa izay namaky ny sourat al-Fâtihah dia sahala amin'ny namaky ireo boky rehetra avy amin'i Allah, ary izay mahazo ny heviny dia sahala amin'ny mahazo ny hevitr'ireo bokin'i Allah rehetra.

قَالَ رَسُولُ اللَّهِ (صلى الله عليه وآله): مَنْ قَرَأَ سُورَةَ الْفَاتِحَةِ فَلَهُ مِنَ الثَّوَابِ
كَمِثْلِ قِرَاءَةِ التَّوْرَةِ، وَالْإِنْجِيلِ، وَالزَّبُورِ، وَالْقُرْآنِ، وَ قَالَ أَيْضاً فِي فَاتِحَةِ
الْكِتَابِ شِفَاءً مِنْ كُلِّ دَاءٍ، وَقَالَ: إِذَا قَدَّرَ اللَّهُ الْعَذَابَ عَلَى قَوْمٍ مَا، فَلْيَقْرَأْ أَحَدُ
أَطْفَالِ الْقَوْمِ سُورَةَ الْفَاتِحَةِ فَإِنَّ اللَّهَ تَعَالَى يُبْعِدُ عَنْهُمْ الْعَذَابَ بِبِرْكَةِ هَذِهِ السُّورَةِ
لِمُدَّةِ أَرْبَعِينَ سَنَةً وَقَالَ: أَفْضَلُ آيَاتِ الْقُرْآنِ هِيَ: الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ وَقَالَ:
مَنْ قَالَ الْحَمْدُ لِلَّهِ أَرْبَعَ مَرَّاتٍ فَإِذَا كَانَتِ الْخَامِسَةُ نَادَتْهُ الْمَلَائِكَةُ أُطْلُبْ مِنَ اللَّهِ
مَا تَشَاءُ فَإِنَّهُ مُتَوَجِّهُ إِلَيْكَ. وَقَالَ: مَنْ قَرَأَ فِي بَيْتِهِ سُورَةَ الْفَاتِحَةِ وَالْإِحْلَاصِ
دَفَعَ اللَّهُ الْفَقْرَ وَالْفَاقَةَ وَحَلَّ مَكَانَهُمَا الْخَيْرُ وَ الْبِرْكَةُ.

Niteny ilay Irak'i Allah (s.a.w) hoe: “Izay namaky ny sourat al-Fâtihah dia mahazo valisoa mitovy amin'ny famakiana ny Taoraty sy ny Evanjely sy ny Zabour ary ny Qour'an; nilaza koa Izy

fa ao amin'ny sourat al-Fàtìhah dia misy ny fanasitranana ny aretina rehetra, ary hoy Izy (s.a.w) hoe: raha nalahatran'i Allah ny sazy hanjo ny vahoaka iray, dia aoka ny iray amin'ireo ankizin'ilay vahoaka mba hamaky ny sourat al-Fàtìhah, fa i Allah dia hanaisotra ilay sazy amin'izy ireo mandritra ny efa-polo taona nohon'ny fahasoavan'ity sourat ity.”

Niteny koa Izy (s.a.w) hoe: “Ny tsara indrindra amin'ireo andinin'ny Qour'an dia ny andininy: **الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ**.” Hoy ihany Izy (s.a.w) hoe: “Izay miteny hoe **اللَّحْمَدُ لِلَّهِ** in'efatra, fa rehefa tonga eo amin'ny fahadiminy, dia misy antson'ireo Anjely milaza manao hoe: angataho amin'i Allah izay ilainao fa Izy dia mitodika aminao tokoa.” Hoy hatrany Izy (s.a.w) hoe: “Izay namaky tao an-tranony ny sourat al-Fàtìhah sy ny al-Ikhlàs dia arovan'i Allah amin'ny fahantrana sy ny fahasahiranana ary maka ny toeran'ny fahasoavana sy ny fanambinana izy roa ireo.”

و رُوِيَ عَنْ أَمِيرِ الْمُؤْمِنِينَ عَلِيِّ (ع) أَنَّهُ لَوْ كَتَبَ مَعْنَى فَاتِحَةِ الْكِتَابِ
لَأَعَدَّ حَمَلَ 70 جَمَلًا.

Voaray avy tamin'ny Lehiben'ireo mpino, i Ali (a.s) fa raha Izy no nanoratra ny dikan'ny Fàtìhat al-Kitàb - izany hoe ilay sourat al-Fàtìhah - dia nanomana rameva miisa 70 Izy ampitondraina izany.

Fikarohana ny dikan'ireo andininy sasantsasany ao amin'ny sourat al-Fàtìhah araka ny voalazan'ireo hadith

Mikasika ny làla-mahitsy

Voaray avy ao amin'ny boky al-Faqih sy ny Tafsir al-Aiyàshī avy tamin'ny Imàm Dja'afar al-Swàdiq (a.s) izay niteny nanao hoe :

"الصراط المستقيم أمير المؤمنين (عليه السلام)"

“Ilay làla-mahitsy dia ilay Lehiben’ireo mpino”.

Fa voaray avy Aminy (a.s) koa ao amin’ny boky al-Maàni izay milaza manao hoe:

"هِيَ الطَّرِيقُ إِلَى مَعْرِفَةِ اللَّهِ، وَ هُمَا صِرَاطَانِ صِرَاطٌ فِي الدُّنْيَا وَ صِرَاطٌ فِي الآخِرَةِ، فَأَمَّا الصِّرَاطُ فِي الدُّنْيَا فَهُوَ الإِمَامُ الْمُفْتَرَضُ الطَّاعَةُ، مَنْ عَرَفَهُ فِي الدُّنْيَا وَ اقْتَدَى بِهِدَاهُ مَرَّ عَلَى الصِّرَاطِ الَّذِي هُوَ جِسْرُ جَهَنَّمَ فِي الآخِرَةِ، وَ مَنْ لَمْ يَعْرِفْهُ فِي الدُّنْيَا زَلَّتْ قَدَمُهُ فِي الآخِرَةِ فَتَرَدَّى فِي نَارِ جَهَنَّمَ".

“Izy io dia ilay làlana mankany amin’ny fahafantarana an’i Allah, izay làlana anankiroa, dia ny làlana eto an-tany sy ny làlana any ankoatra, ny làlana eto an-tany dia ny Imàm izay natao antery ny fankatoavana Azy, koa izay mahafantatra Azy eto an-tany no sady manaraka ny fahitsiany dia hiampita amin’ily làlana izay tetezana hiampitana ny gehena any ankoatra, fa izay tsy mahafantatra Azy eto an-tany kosa dia hisolafaka ny faladiany any ankoatra ka ho latsaka ao amin’ny afon’ny gehena izy”.

Ary voalaza ao amin’ny boky al-Maàni ihany koa avy amin’ny Imàm Sadjàd (a.s) ny teny manao hoe :

"أَلَيْسَ بَيْنَ اللَّهِ وَ بَيْنَ حُجَّتِهِ حِجَابٌ، وَلَا لِلَّهِ دُونَ حُجَّتِهِ سِتْرٌ، نَحْنُ أَبْوَابُ اللَّهِ وَ نَحْنُ الصِّرَاطُ الْمُسْتَقِيمُ وَ نَحْنُ عَيْنُهُ عِلْمِهِ، وَ نَحْنُ تَرَاجُمُهُ وَحْيِهِ، وَ نَحْنُ أَرْكَانُ تَوْحِيدِهِ وَ نَحْنُ مَوْضِعُ سِرِّهِ"

“Tsy misy voaly manakona eo anelanelan’i Allah sy ny vavolombelony, ary i Allah dia tsy manana manakona Azy eo amin’ny vavolombelony, Izahay no varavaran’i Allah, Izahay no ilay làla-mahitsy, Izahay no tahirin’ny Fahalalany, sy mpandika ny Hafany, sy andrin’ny Fahatokanany ary izahay no fitoeran’ny Tsiambaratelonny”.

Ireo hadith rehetra ireo dia hita ihany koa ao amin'ny boky Tafsir al-Mizàn ao amin'ny pejy faha-41

Mikasika ny fanompoana

Voalaza ao amin'ny boky Nahdj al-Balaghah fa ny Imàm Ali (a.s) dia niteny nanao hoe:

إِنَّ قَوْمًا عَبَدُوا اللَّهَ رَغْبَةً، فَتِلْكَ عِبَادَةُ النَّجَّارِ، وَ إِنَّ قَوْمًا عَبَدُوا اللَّهَ رَهْبَةً فَتِلْكَ عِبَادَةُ الْعَبِيدِ، وَ إِنَّ قَوْمًا عَبَدُوا اللَّهَ شُكْرًا فَتِلْكَ عِبَادَةُ الْأَحْرَارِ.

“Misy olona manompo an'i Allah nohon'ny faniriana ka izany dia fanompoan'olona mpivarotra, misy koa ny olona manompo an'i Allah nohon'ny tahotra ka izany dia fanompoan'olona andevo, ary misy ihany koa ny olona manompo an'i Allah nohon'ny fankasitrahana ka izany dia fanompoan'olona afaka”

Ao amin'ny boky al-Kàfi avy tamin'ny Imàm al-Swàdiq (a.s) dia milaza manao hoe:

الْعِبَادَةُ ثَلَاثَةٌ: قَوْمٌ عَبَدُوا اللَّهَ خَوْفًا، فَتِلْكَ عِبَادَةُ الْعَبِيدِ، وَ قَوْمٌ عَبَدُوا اللَّهَ طَلْبًا لِلثَّوَابِ، فَتِلْكَ عِبَادَةُ الْأَجْرَاءِ، وَ قَوْمٌ عَبَدُوا اللَّهَ عَزًّا وَ جَلًّا حُبًّا، فَتِلْكَ عِبَادَةُ الْأَحْرَارِ، وَ هِيَ أَفْضَلُ الْعِبَادَةِ.

“Ny fanompoana dia misy anankitelo: misy olona manompo an'i Allah nohon'ny tahotra ka izany dia fanompoan'olona andevo, misy koa ny manompo an'i Allah nohon'ny fitadiavana fahasoavana ka izany dia fanompon'olona mpikarama, ary misy ihany koa ny manompo an'i Allah Ilay Be Voninahitra nohon'ny fitiavana ka izany dia fanompoan'olona afaka ary izany no fanompoana tsara indrindra”.

Ary ny Imàm al-Swàdiq (a.s) ao amin'ny boky hafa dia niteny hoe:

إِنَّ النَّاسَ يَعْبُدُونَ اللَّهَ عَلَى ثَلَاثَةِ أَوْجُهٍ: فَطَبَقَهُ يَعْبُدُونَهُ رَغْبَةً فِي ثَوَابِهِ فَتِلْكَ عِبَادَةُ الْحُرَصَاءِ وَ هُوَ الطَّمَعُ، وَ آخَرُونَ يَعْبُدُونَهُ خَوْفًا مِنَ النَّارِ فَتِلْكَ عِبَادَةُ الْعَبِيدِ وَ هِيَ رَهْبَةٌ، وَ لَكِنِّي أَعْبُدُهُ حُبًّا لَهُ عَزَّ وَ جَلَّ فَتِلْكَ عِبَادَةُ الْكِرَامِ لِقَوْلِهِ عَزَّ وَ جَلَّ: " مَنْ جَاءَ بِالْحَسَنَةِ فَلَهُ خَيْرٌ مِنْهَا وَهُمْ مِنْ فِرْعَ بِيَوْمِئِذٍ آمِنُونَ " وَ لِقَوْلِهِ عَزَّ وَ جَلَّ : " قُلْ إِنْ كُنْتُمْ تُحِبُّونَ اللَّهَ فَاتَّبِعُونِي يُحْبِبْكُمُ اللَّهُ ". فَمَنْ أَحَبَّ اللَّهَ عَزَّ وَ جَلَّ أَحَبَّهُ وَ مَنْ أَحَبَّهُ اللَّهُ كَانَ مِنَ الْأَمِينِينَ، وَ هَذَا مَقَامٌ مَكْنُونٌ لَا يَمْسُهُ إِلَّا الْمُطَهَّرُونَ.

“Marina dia marina fa misy fomba telo ny fanompoan’ny olombelona an’i Allah: misy vondrona manompo Azy nohon’ny faniriana hahazo valisoany ka izany dia fanompoan’ireo olona matimatin-karena ary izany dia nohon’ny fitsiriritana, ny sasany dia manompo Azy nohon’ny tahotry ny Afobe ka izany dia fanompoan’olona andevo ary izany dia nohon’ny horohoro; fa izaho kosa dia manompo Azy nohon’ny fitiavan’Azy Ilay Be Voninahitra, ary izany dia ny fanompoan’olona madio fo arak’ilay tenin’Izy Be Voninahitra milaza hoe: **“Izay tonga mitondra asa tsara dia hahazo tsara mihoatra izany ary izy ireo eo anatrehan’ny tahotra amin’izany andro izany dia mandry fahalemana”**¹⁷ sy arak’ilay tenin’Izy Be Voninahitra ihany koa milaza hoe: **“Lazao azy ireo fa raha mitia an’i Allah tokoa ianareo dia aoka ianareo hanaraka Ahy amin’izay i Allah hitia anareo”**¹⁸ fa izay mitia an’i Allah Ilay Be Voninahitra dia ho tiaviny ary izay tiaviny dia anisan’ireo mandry fahalemana, ka io toerana io dia voaro izay tsy misy mahakasika azy afa-tsy ireo izay voadio”.

¹⁷ Sourat al-Naml 27:89

¹⁸ Sourat Al’Imràn 3:31

Tsiambaratelo ara-tsaina sasany azo avy amin'ny sourat al-Fàtìhah Moubarakah

Fantaro fa ilay andininy hoe الحمد لله dia sahala amin'ny hoe nisy nanontany ka i Allah no namaly izany fanontaniana izany nanao hoe الحمد لله ary izany valiteniny izany dia manondro zavatra roa samihafa:

Voalohany dia ny fisian'i Allah
Faharoa dia ny mahamendrika ideràna an'i Allah

Inona àry no porofon'ny fisiany ary inona koa no porofo amin'ny mahamendrika ideràna Azy?

Rehefa mitombona tokoa ireo fanontaniana anankiroa ireo dia tonga ilay teny mifanandrify amin'ny valin'izany; ka hoy i Allah mikasika ny valin'ilay fanontaniana voalohany milaza manao hoe: رَبُّ الْعَالَمِينَ satria izany no manaporofa ny fisiany; ary hoy ihany koa Izy amin'ilay faharoa manao hoe: الرَّحْمَنُ الرَّحِيمُ مَالِكِ يَوْمِ الدِّينِ satria izany no maneho ny mahamendrika ny iderana Azy tokoa, araka ny fanazavana izay efa hitantsika teo aloha.

Amin'ilay valin'ny fanontaniana voalohany dia ahitana tsiambaratelo samihafa azo tsoahina toy izao:

- Anisan'izany, ny fipetraky ny fiainana eto an-tany, izay ahitana ny fifangaroan'ny hatsarana sy ny haratsiana, ny zavatra tiana sy ny tsy tiana, ary izany moa dia efa mazava amin'ny olona manan-tsaina tsy misy fisalasalana. Eny, fa na dia hita maro aza ny haratsiana miseho amin'ny fiainana dia maro mihoatra izany koa ny hatsarana; na maro aza ny aretina dia maro mihoatra izany ny fahasalamana; ny hanoanana na dia maro aza dia mihoatra izany koa ny fahavokisana. Koa raha izany no fipetraky ny fiainana, ny olona

manan-tsaina rehefa mijery ka mahatsapa io fivadibadihan'ny fiainany voajanahary io, ary hitany fa ny lafim-piainana tsara no maro kokoa, toy ny fahasalamana sy ny voninahitra, ny fifaliana, ny fahafinaretana ...sns, dia azony atao ny milaza fa ireo fivadibadiham-piainana samihafa ireo izay maneho trangan-javatra taorian'ny tsy nisian'izany dia anisan'ny porofo amin'ny fisian'i Allah Ilay Mahefa ny zava-drehetra. Ary rehefa hita araka ny efa voalaza teo aloha fa ny ankamaroan'ireo tranga miseho ireo dia ny lafiny tsara avokoa dia manamporofo ihany koa izany fa i Allah dia Mpamindrafo sy Be Fahasoavana ary Malala-tànana.

Izany fivadibadiham-piainana voajanahary izay manapororofo ny fisian'i Allah nolazaintsika teo izany, dia tsapan'ny olona manan-tsaina, satria mazava ho azy fa ny zava-drehetra nitranga taorian'ny tsy fisiany dia tsy maintsy misy antony. Koa raha ohatra naheno ny olona fa nisy trano naorina taorian'ny tsy fisiany dia tsapany avy hatrany fa tsy maintsy nisy ny namorona izany trano izany. Ary raha misy olon-kafa mila mampisalasala azy amin'izany fahatsapany izany, dia tsy hanaiky izany velively izy.

Eny, fa ilay mpamadibadika ny fiainana eto an-tany dia tsy maintsy Ilay tompon'ny fahafahana tanteraka, izay tsy iza izany fa i Allah.

Ny filazantsika an'i Allah izay Mpamadibadika ny fiainana ho Be Fahasoavana dia noho isika teo aloha efa nanazava fa ny ankamaroan'ny fivadibadiham-piainana dia ny lafiny tsara avokoa toy ny fahasalamana sy ny fahafinaretana ...sns.

Avy amin'izany fahitantsika ny ankamaroan'ny fihetsik'i Allah amin'ny lafiny tsara¹⁹ izany, no antony ilazana Azy fa Be Indrafo sy Be Fahasoavana, koa noho izany Izy dia mendrika deraina sy isaorana ary tiavina.

Rehefa mazava amin'ny olona izany fanazavana izany, dia tsapan'izay mampiasa saina fa antery aminy ny manao fiderana sy ny fisaorana an'i Allah. Izany no antony nampianaran'i Allah an'ireo mpino ilay teny fiderana izay manao hoe: الْحَمْدُ لِلَّهِ.

- Fanampin'izany, dia tsarovy fa ny fahalalana ananan'ny olona dia azo avy amin'ny alalan'ny fikarohana na tongatonga ho azy. Kanefa tsy azo atao ny milaza fa ny fahafantarantsika ny fisian'i Allah dia tongatonga ho azy, satria ny olona manan-tsaina dia mahatsapa fa ny fahafantarany mikasika ny fisian'i Allah dia tsy tongatonga ho azy taminy; ka noho izany dia tsy maintsy amin'ny alalan'ny fikarohana no ahalalany ny fisian'i Allah.

Ny fahalalana vokatry ny fikarohana anefa dia tsy mitombona raha tsy miaraka amin'ny porofo. Ary tsy misy porofo matanjaka manondro ny fisian'i Allah mihoatra an'ity tontolo azo tsapain-tànana ity, izay ahitana ny tany aman-danitra, ny tanety sy ny ranomasina, ny harena an-kibon'ny tany sy ny zava-maniry, sy ireo biby, izay samy mitaky ny mpandrindra mandrindra azy ireo, sy ny mpampisy mampisy azy ireo, ary ny mpanabe manabe azy ireo, sy ny mpampaharitra mampaharitra azy ireo amin'ny fiainana. Koa

¹⁹ Tsara ho marihina fa na dia milaza aza isika eto fa ny ankamaroan'ny fihetsik'i Allah dia hatsarana, dia tsy midika izany fa ny lafiny ratsy mianjady amin'ny olombelona dia avy Aminy; fa kosa navelany hitranga izany nohon'ny fitsapany, toy izany ny hatsarana azonao dia mbola fitsapana ihany koa avy Aminy Ilay Avo Indrindra, koa aoka isika hitandrina tsara.

ny tenin'i Allah manao hoe رَبِّ الْعَالَمِينَ dia porofo mazava manambara ny fisiany.

- Tsara homarihina ihany koa, ankoatr'izany, fa ilay teny الْعَالَمِينَ, dia manondro an'ireo zava-misy rehetra ankoatr'i Allah, noho izany ilay teny hoe رَبِّ الْعَالَمِينَ, dia fanambarana fa ny zava-drehetra dia miankina Aminy, izany hoe ny zava-misy rehetra dia miankina amin'i Allah izay nampisy azy ireo, torak'izany koa ny faharetan'izy ireo dia mbola miankina Aminy. Noho izany, ny zava-drehetra hatramin'ny zavatra tsy azo tsinjaraina toy ny atoma aza, dia porofo mazava manambara ny fisian'i Allah Ilay Tompon'ny Fahendrena sy Mahefa ny zava-drehetra, hoy indrindra Izy Ilay Avo Indrindra hoe:

وَإِنْ مِنْ شَيْءٍ إِلَّا يُسَبِّحُ بِحَمْدِهِ وَلَكِنْ لَا تَفْقَهُونَ تَسْبِيحَهُمْ

“Ary tsy misy na inona na inona ka tsy mankalaza ny voninahiny sy midera Azy, fa tsy hainareo ny fomba fankalazan'izy ireo Azy.”²⁰

-Manarak'izany, i Allah Ilay Be Voninahitra dia tsy nilaza hoe الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ فَالْحَمْدُ لِلَّهِ خَالِقِ الْعَالَمِينَ fa kosa Izy nilaza nanao hoe رَبِّ الْعَالَمِينَ Ahoana ny fanazavana an'izany ?

Ireo manam-pahaizana dia milaza fa ny zava-misy rehetra dia mitaky ny mpampisy azy amin'ny fisiany fa kosa izy ireo dia mifanohitra mikasika ny faharetan'ireo zava-misy ireo, moa ve ireo zava-misy ireo dia mbola mitaky ihany koa ny mpampaharitra azy ireo sa tsia ? Misy amin'izy ireo no mahita fa ny mikasika ny faharetan'ny zavatra dia tsy ilàna ny antony mampaharitra azy; fa ilay mpanabe no mijoro amin'ny fampaharetana an'ilay zavatra sy fikolokoloana azy; koa ilay tenin'i Allah milaza hoe رَبِّ الْعَالَمِينَ dia

²⁰ Sourat al-Isrà, 17 :44

fampahatsiahivana fa ny tontolo rehetra dia mitavandra Azy amin'ny hampaharitra azy ireo, ka ny tiana holazaina amin'io fanazavana io dia hoe : ireo manam-pahaizana rehetra tsy anakanavaka no miombon-kevitra fa ny zava-misy rehetra dia mitaky ny mpampisy azy ireo amin'ny fisian'izy ireo. Fa ny fitakian'izy ireo kosa amin'ny mpampaharitra sy mpanabe azy ireo no ahitana fifanoherana eo amin'ireo manam-pahaizana. Koa eto i Allah dia nampahatsiahy manokana fa ny zava-misy rehetra dia tsy maintsy mitavandra Azy na eo amin'ny fiasin'izy ireo na eo amin'ny faharetany. Izany no nanambarany an'ilay teny hoe رَبِّ الْعَالَمِينَ fa tsy ilay teny hoe خَالِقِ الْعَالَمِينَ. Nefa moa i Allah ihany no mahalala izany bebe kokoa.

Noho izany dia, tsarovy hatrany fa raha mitombona ilay hevitra fa i Allah no Mpampisy sy Mpampaharitra ny zava-drehetra izay sitrany dia manambara marina dia marina izany fa tena mendrika tokoa ny hoderaina sy hankalazaina sy hisaorana tsy misy fiasarany Izy. Ary hita mazava ihany koa arak'ireo fanazavana teo ireo fa ilay tenin'i Allah Ilay Avo Indrindra hoe:

الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ، الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ، مَالِكِ يَوْمِ الدِّينِ izay midika hoe : **“Dera sy fisaorana ho an'i Allah Tompon'ireo tontolo rehetra; Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana; Mpanjakan'ilay andro fitsarana”**, dia mirindra am-pilaminana izay tsy misy olona manan-tsaina mahita teny feno tsara sy lafatra mihoatra an'io teny io; ary efa misy hadith nolazaintsika telo aloha no manamarina izany.

Fantaro ihany koa ry mpahaky hajaina fa, rehefa i Allah no avy nanambara ireo toetrany amin'ny maha-Tompo Azy dia avy hatrany nanambara ihany koa ireo toetra mendrika ho an'ilay mpanompony.

Tadidio fa ny olombelona dia mirafitra vatana sy fanahy ka ny anjara asan'ily vatana araka ny tokony ho izy dia mba ho fitaovana ampiasain'ily fanahy eo amin'ny fitadiavana an'ireo tombontsoa ho azy.

Arak'izany, ny fihetsika tsara indrindra tokony hataon'ny vatana dia ireo asa izay afaka manampy an'ily fanahy amin'ny fahazoany fahasambarana izay maharitra mandrakizay ka ilaina ny vatana mba hanatanteraka ireo fihetsika rehetra izay maneho ny fankatoavana sy fanompoana an'Ilay Tompo. Ary ireo fihetsika ireo no antsoina amin'ny fiteny hoe الْعِبَادَاتُ na “ireo asa fanompoana”. Noho izany, dia tsy misy fihetsika tsara indrindra ataon'ny olombelona amin'ny fiainana eto an-tany mihoatra ny fanompoana an'i Allah. Io no ambaratongam-boninahitra voalohany azon'ny olombelona eo anatrehan'i Allah Tompony; ary izany no tiany hambara amin'ily teny hoe: إِيَّاكَ نَعْبُدُ “**Ianao irery no tompoinay...**”

Koa rehefa ny mpanompo no mitazona am-pitandremana tsara hatrany an'io voninahitra voalohany hananany io mandritra ny fotoana tsy voafaritry dia hahita izy amin'izay fotoana izay, ny fahazavana avy amin'i Allah Ilay Mahalala ny zava-miafina. Izany fahazavana izany dia ny fahatsapan'ily mpanompo fa izy irery dia tsy mahavita manatanteraka ny fanompoana sy ny fankatoavana raha tsy misy ny fanambinan'i Allah sy ny fitahiany. Io kosa no ambaratongam-boninahitra afoavoany eo amin'ny fahalavorariana. Izany no tian'Ilay Avo Indrindra hambara amin'ily teny hoe:

وَأِيَّاكَ نَسْتَعِينُ “**Ianao Irery no angatahanay ny fanambinana**”.

Avy eo, rehefa tafakatra ambonin'io ambaratongam-boninahitra io ilay mpanompo dia mahatsapa fa ny fahitsiana dia tsy

azo mihitsy raha tsy amin'ny alalan'Ilay Tompo Allah. Ary ilay fahazavana izay hahafantarana ireo tsiambaratelo ireo dia tsy ho azo mihitsy ihany koa raha tsy amin'ny alalan'ny fanitsiany. Izany no tiany hampianarina amin'ilay teniny masina milaza manao hoe:

اهْدِنَا الصِّرَاطَ الْمُسْتَقِيمَ “**Tariho anie izahay ho any amin'ny làla-mahitsy.**”

Eto dia misy fanazavana tsara tokony ho fantarina. Izany dia ny firesahan'i Allah ny fisian'ny làlana anankiroa dia ny làlana tsara izay mitarika any amin'ny fahitsiana sy ny làlana ratsy izay mitondra mankany amin'ny fahaverezana.

Ny làlana mitarika any amin'ny fahitsiana dia sahala amin'ny làlana izay nanasoavan'i Allah an'ireo Mpaminany sy ireo Olo-marina. Fa ny làlana ratsy izay mitondra mankany amin'ny fahaverezana kosa dia ilay làlana izay nizoran'ireo olona nanimba ny tenan'izy ireo tamin'ny fankatoavana ny filàn-dratsy ka nahatonga azy ireo niharan'ny hatezeran'i Allah sy izay nizoran'ireo olona nanimba ny tenan'izy ireo tamin'ny faharatsian'ny fomba fihevitra ka namily azy ireo niala tamin'ilay finoana marina.

Allah dia tsy nionona fotsiny tamin'ny fanirahana ny mpanompony mba hangataka Aminy ny fizarana amin'ny làla-mahitsy fa mbola nolazainy ihany koa fa io làla-mahitsy io dia ny làlana izay nanasoavany an'ireo Olo-marina. Izany dia midika fa izay mitady ny fahitsiana dia tsy afaka ho tonga amin'izany toerana ambony izany mihitsy raha tsy misy ny mampahitsy sy manoro làlana ka manalavitra azy amin'ny làlan-dratsy, nohon'ny ankamaroan'ny olombelona dia tsy lavorary ary ny sain'izy ireo dia tsy ampy hahatakatra ny fahamarinana sy ny fanavahana ny fahadisoana ; koa noho izany dia tsy maintsy ilaina ny olona lavorary mba ho mpitarika an'ireo izay tsy lavorary mandra-

pahatanjahan'ny sain'izy ireo amin'ny alalan'ny fahazavan'ilay olona lavorary; amin'izay fotoana izay dia mitombo tsikelikely ny voninahitr'izy ireo mandra-pahatongavana any amin'ny fahafenoana sy ny fahalavorariana tanteraka. Hoy indrindra Ilay Lehiben'ireo mpino, i Ali Ibn Abi Twàlib (a.s) niteny nanao hoe:

أَنَا الصِّرَاطُ الْمُسْتَقِيمُ izay midika hoe: “**Izaho no ilay làla-mahitsy.**”²¹

Eto no hamaranantsika ny famakafakana ny sourat al-Hamd na dia mbola betsaka aza ny tiana hambara sy izay mbola tsy voalaza.

Lohahevitra ny andininy faha-3

الرَّحْمَةُ الْإِلَهِيَّةُ

Ny famindrampon'Andriamanitra.

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): لَنْ يَدْخُلَ الْجَنَّةَ أَحَدٌ إِلَّا بِرَحْمَةِ اللَّهِ قَالُوا: وَلَا أَنْتَ؟
قَالَ: وَلَا أَنَا إِلَّا أَنْ يَتَّعَمِدَنِي بِرَحْمَتِهِ (كنز العمال ج 10407)

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) hoe: “Na iza na iza dia tsy hiditra velively ao am-Paradisa raha tsy amin'ny alalan'ny Famindrampon'i Allah, fa niteny izy ireo hoe: na dia Ianao ve? Namaly Izy hoe: eny na dia izaho aza - dia tsy hiditra am-Paradisa -, raha tsy rakofany amin'ny alalan'ny Famindrampony Aho.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَا خَلَقَ اللَّهُ مِنْ شَيْءٍ وَإِلَّا وَقَدْ خَلَقَ لَهُ مَا يَغْلِبُهُ وَ
خَلَقَ رَحْمَتَهُ تَغْلِبُ عَضْبَهُ (كنز العمال ج 10390)

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) hoe: “Tsy misy zavatra iray noharian'i Allah raha tsy efa nohariany ho azy izay hanjaka eo

²¹ Miverena amin'ilay boky antsoina hoe كشف اليقين في فضائل أمير المؤمنين

amin'ny ary nahary ny Famindrampony Izy mba hanjaka eo amin'ny Hatezerany.”

- قَالَ رَجُلٌ لِلنَّبِيِّ (ص): أَحِبُّ أَنْ يَرْحَمَنِي رَبِّي، قَالَ: إِرْحَمْ نَفْسَكَ
وَأِرْحَمْ خَلْقَ اللَّهِ يَرْحَمَكَ اللَّهُ (كنز العمال ج 44154)

Niteny ny olona iray tamin'ny Mpaminany nanao (s.a.w) hoe: “Tiako mba hamindrafo ahy ny Tompoko”. Namaly Izy hoe: “Mamindràfo amin'ny tenanao sy mamindràfo amin'ny zava-boaharin'i Allah dia hamindrafo aminao i Allah.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): رَحِمَ اللَّهُ إِمْرَاءً أَحْيَى حَقًّا وَ أَمَاتَ بَاطِلًا
وَأَدْحَضَ الْجَوْرَ وَأَقَامَ الْعَدْلَ (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Efa nahazo famindrampon'i Allah ny olona iray izay namelona ny fahamarinana sy namono ny lainga ary nandrava ny fanagejana sy nampijoro ny rariny.”

* * * * *

سُورَةُ النَّبَاِ

NY SOURAT AL-NABA'

Ny voninahitry ny sourat al-Naba'

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ عَمَّ يَتَسَاءَلُونَ لَمْ تَخْرُجْ سَنَّتُهُ إِذَا كَانَ يُدْمِنُهَا فِي كُلِّ يَوْمٍ حَتَّى يَزُورَ بَيْتَ اللَّهِ الْحَرَامِ إِنْ شَاءَ اللَّهُ. - ثَوَابُ الْأَعْمَالِ -

Niteny ny Imàm al-Swàdiq (a.s) hoe:

“Izay namaky ny عَمَّ يَتَسَاءَلُونَ, raha mitohy isan'andro izany dia tsy tapitra akory ny taona namakiany azy io dia hamangy ilay Trano masin'i Allah izy, raha sitrak'i Allah”²²

Ny dikan'ny sourat al-Naba' ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- عَمَّ يَتَسَاءَلُونَ

1- Amin'inona moa no ifanontanian'izy ireo.

2- عَنِ النَّبِيِّ الْعَظِيمِ

2- Mikasika an'ilay vaovao lehibe.

3- الَّذِي هُمْ فِيهِ مُخْتَلِفُونَ

3- Izay izy ireo ao amin'izany dia mifanohi-kevitra (amin'ny mahamarina izany vaovao lehibe izany na tsia).

4- كَلَّا سَيَعْلَمُونَ

4- Tsia, fa mbola ho fantatr'izy ireo izany.

5- ثُمَّ كَلَّا سَيَعْلَمُونَ

5- Tsia dia tsia, fa mbola ho fantatr'izy ireo izany.

²² Miverena ao amin'ny boky antsoina hoe “Thawaboul-amal”

6- أَلَمْ نَجْعَلِ الْأَرْضَ مِهَادًا

6- Moa ve ny tany tsy nataonay ho lamaka.

7- وَالْجِبَالَ أَوْتَادًا

7- Sy ireo tendrombohitra nataonay ho andry (mba ho vatofantsik' ilay tany).

8- وَخَلَقْنَاكُمْ أَزْوَاجًا

8- Ary noharianay ho lahy sy vavy ianareo.

9- وَجَعَلْنَا نَوْمَكُمْ سُبَاتًا

9- Ary nataonay ny torimasonareo ho fialan-tsasatra.

10- وَجَعَلْنَا اللَّيْلَ لِبَاسًا

10- Ary nataonay ny alina ho firakotra.

11- وَجَعَلْنَا النَّهَارَ مَعَاشًا

11- Sy nataonay ny atoandro ho fitadiavam-pivelomana.

12- وَبَنَيْنَا فَوْقَكُمْ سَبْعًا شِدَادًا

12- Ary naorinay eo amboninareo ireo lanitra fito mafy orina.

13- وَجَعَلْنَا سِرَاجًا وَهَاجًا

13- Ary nataonay ny jiro mamirapiratra sady mafana (dia ny masoandro izany).

14- وَأَنْزَلْنَا مِنَ الْمُعْصِرَاتِ مَاءً ثَجَّاجًا

14- Ary nampidininay avy amin'ireo rahona ny rano betsaka (dia ny orana izany).

15- لِنُخْرِجَ بِهِ حَبًّا وَنَبَاتًا

15- Mba hampanirianay avy amin'izany ny voa sy ny ahi-maintso.

16- وَجَنَّاتٍ أَلْفَافًا

16- Sy ny zaridaina mirenty.

17- إِنَّ يَوْمَ الْفُصْلِ كَانَ مِيقَاتًا

17- Tena marina fa ny andro farany dia efa voafaritra.

18- يَوْمَ يُنْفَخُ فِي الصُّورِ فَتَأْتُونَ أَفْوَاجًا

18- Ny andro hitsofana ny anjomara ka ho avy amin'ny andiany ianareo (avy amin'ny fasanareo ho any amin' ilay toerana fivondronana).

19- وَفُتِحَتْ السَّمَاءُ فَكَانَتْ أَبْوَاباً

19- Ary hisokatra ny lanitra ka lasa misy varavarana.

20- وَسِيرَتِ الْجِبَالُ فَكَانَتْ سَرَاباً

20- Ary hihetsika ireo tendrombohitra ka lasa manodoka (ka heverina ho tendrombohitra nefa dia tsy izany akory).

21- إِنَّ جَهَنَّمَ كَانَتْ مِرْصَاداً

21- Tena marina fa ny Gehena dia toerana fiandrasana (fiandrasan'ireo mpanao meloka).

22- لِلطَّاغِيَتِينَ مَأْبأ

22- Hipetrahan'ireo mpandika lalàna.

23- لَا يَبْنِيْنَ فِيهَا أَحْقَاباً

23- Hitoetra ao mandrakizay izy ireo.

24- لَا يَذُوقُونَ فِيهَا بَرْداً وَلَا شَرَاباً

24- Ao izy ireo dia tsy hahatsapa hatsiaka no sady tsy hahita rano fisotro.

25- إِلَّا حَمِيماً وَعَسَاقاً

25- Afa-tsy ny rano mafana be sy ny nana.

26- جَزَاءً وَفَاقاً

26- Izany dia valisoa mifanaraka amin'ny asan'izy ireo. 26- Izany dia valisoa mifanaraka amin'ny asan'izy ireo.

27- إِنَّهُمْ كَانُوا لَا يَرْجُونَ حِسَاباً

27- Tena marina fa izy ireo dia tsy niraharaha ny hotsaraina.

28- وَكَذَّبُوا بِآيَاتِنَا كِذْباً

28- Sy nampandainga izay nentin'ireo Iraka na ny Qour'an avy Aminay ho lainga foana.

29- وَكُلَّ شَيْءٍ أَحْصَيْنَاهُ كِتَاباً

29- Kanefa ny zava-drehetra dia noraiketiny an-tsoratra avokoa.

30- فَذُوقُوا فَلَنْ نَزِيدَكُمْ إِلَّا عَذَاباً

30- Koa andramonareo àry fa Izahay dia tsy hanampy anareo mihitsy afa-tsy ny famaizana ihany.

31- إِنَّ لِلْمُتَّقِينَ مَفَازاً

31- Tena marina fa ireo vontom-pinoana dia mahazo fahombiazana.

32- حَدَائِقَ وَأَعْنَاباً

32- Zaridaina sy karazam-boaloboka.

33- وَكَوَاعِبَ أَتْرَاباً

33- Sy ireo zatovovavy vao mitsomondrara mitovy hatanorana.

34- وَكَأْساً دِهَاقاً

34- Ary tasy feno (toakan'ny Paradisa).

35- لَا يَسْمَعُونَ فِيهَا لَغَوّاً وَلَا كِذَاباً

35- Izy ireo ao (am-Paradisa) dia tsy handre teny tsy maotina sy lainga.

36- جَزَاءً مِنْ رَبِّكَ عَطَاءً حِسَاباً

36- Valisoa avy amin'ny Tomponao sy fanomezana mahafapo mifanandrify amin'ny asan'izy ireo.

37- رَبِّ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَمَا بَيْنَهُمَا الرَّحْمَنُ لَا يَمْلِكُونَ مِنْهُ خِطَاباً

37- Tompon'ireo lanitra sy ny tany sy izay eo anelanelan'izy roa Ilay Be Fiantrana; tsy hahavita hiresaka Aminy izy ireo (raha tsy omeny alalana).

38- يَوْمَ يَقُومُ الرُّوحُ وَالْمَلَائِكَةُ صَفًّا لَا يَتَكَلَّمُونَ إِلَّا مَنْ أذِنَ لَهُ

الرَّحْمَنُ وَقَالَ صَوَاباً

38- Andro izay ijoroan'ily Fanahy sy ireo Anjely milahatra, tsy hisy hiteny izy ireo afa-tsy izay nahazo alalana avy amin'Ilay Be Fiantrana ary hiteny ny marina.

39- ذَلِكَ الْيَوْمَ الْحَقُّ فَمَنْ شَاءَ اتَّخَذْ إِلَىٰ رَبِّهِ مَا بَا

39- Izany no andron'ny fahamarinana koa aoka àry hitady fialofana amin'ny Tompony izay mila miverina Aminy.

40- إِنَّا أَنْذَرْنَاكُمْ عَذَابًا قَرِيبًا يَوْمَ يَنْظُرُ الْمَرْءُ مَا قَدَّمَتْ يَدَاهُ وَيَقُولُ
الْكَافِرُ يَا لَيْتَنِي كُنْتُ ثَرَابًا

40- Tena marina Izahay dia mampitandrina anareo amin'ny famaizana izay akaiky, amin'ny andro hahitan'ny olona izay nataony, ary hiteny ireo mpitsipaka hanao hoe: Indrisy anie aho raha mba nijanona ho vovoka.

Famakafakana ny sourat al-Naba'

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(عَمَّ يَتَسَاءَلُونَ عَنِ النَّبَاِ الْعَظِيمِ الَّذِي هُمْ فِيهِ مُخْتَلِفُونَ)

Fantaro fa ny lehibe amin'ny fototry ny finoana dia miisa telo: dia ny finoana ny mahatokana an'i Allah sy ny finoana ny faminanian'i Mouhammad (s.a.w) ary ny finoana ny andro farany. Fa ny vahoaka tamin'ny vanim-potoanan'ny Mpaminany (s.a.w) dia tsy nino mihitsy an'ireo foto-pinoana telo ireo. Noho izany, dia nifanontany sy talanjona izy ireo tahaka ny voalaza ao amin'ny sourat Swàd andininy faha-5, izay manao hoe :

“Moa ve ireo **Andriamanitra maro dia ataony ho Andriamanitra Tokana, tena zavatra mahagaga tokoa izany !**”

Ary gaga ihany koa izy ireo amin'ny nahatonga an'i Mouhammad (s.a.w) ilay olo-mahantra lasa Mpaminany, ary anisan'ny nolazain'izy ireo ilay teny voalaza ao amin'ny sourat Houd andininy faha-12 manao hoe : “**Nahoana no tsy nampidinina taminy ny harena sarobidy?!**”

Ary mbola talanjona koa izy ireo mikasika ny andron'ny Fitsanganana araka ny voalazan'ny andininy faha-16 ao amin'ny sourat al-Swaffàte manao hoe:

“Rehefa maty izahay ka lasa vovoka sy taolana dia mbola hatsangana indray ve?”

Ireo foto-pinoana telo ireo no ilay “vaovao lehibe” izay nahataonga an’ireo mpanompo sampy nifanontany momba izany. Ary ilay tenin’i Allah milaza hoe هُمْ فِيهِ مُخْتَلِفُونَ dia manambara fa misy amin’izy ireo no mino ao am-po fa tsy miharihary sy misy koa ny mampanainga ao am-pony sy miharihary na misy amin’izy ireo ihany koa ny misalasala mikasika izany.

(كَلَّا سَيَعْلَمُونَ ثُمَّ كَلَّا سَيَعْلَمُونَ)

Ity andininy ity dia tonga mba hanoherana ny fitsipahan’izy ireo sy hampitandrina amin’ny fikomian’izy ireo mikasika ny fahamarinana. Ary nanamafy ny fampitandremana Ilay Avo Indrindra amin’ny alalan’ny famerimberenana an’ily Teniny. Avy eo Izy nanazava ireo porofo maneho ny Fahefany sy ireo famantarana manambara ny Fahendreny. Angamba izany dia hahatonga ireo mpikomy mba hiverina amin’ny fahitsiana sy hatahotra ny Fitsarana amin’ny andro farany izay nampitandreman’ily Iraka azy ireo. Hoy indrindra i Allah Be Voninahitra hoe:

(أَلَمْ نَجْعَلِ الْأَرْضَ مِهَادًا)

Tsy hitanareo ve amin’ny fomba ahoana i Allah nampietry ny tany mba hahazoanareo tombontsoa avy aminy, sy hahafahanareo mipetraka eo aminy tanteraka, mitovitovy amin’ny fipetrahana amin’ny fandrian-jazakely?

(وَالْجِبَالَ أَوْتَادًا)

Ary ireo tendrombohitra eo amin’ny tany dia tahaka ny tsatokazo eo amin’ny tranolay fa raha tsy misy an’ireo tendrombohitra ireo dia mihozongozona ny tany ka mahatonga ny mponina miaina eo amboniny lasa fanina sy mivembena.

(وَحَلَقْنَاكُمْ أَرْوَاجًا)

Ary noharianay ho karazany lahy sy vavy ianareo mba hiarovana ny taranaka sy hanorenana ny fiaraha-monina.

(وَجَعَلْنَا نَوْمَكُمْ سُبَاتًا)

Ary nataonay ny torimasonareo ho fahafatesana satria tena marina ny torimaso dia iray karazana amin'ny fahafatesana. Hoy indrindra i Allah hoe: "أَرَىٰ إِذْ يَتَوَفَّأَكُم بِاللَّيْلِ "Ary Izy no mamono (mampatory) anareo amin'ny alina..."²³

Ny torimaso moa dia tena ilain'ny fanahy sy ny vatana ary tsy afaka mijoro araka ny tokony ho izy ny fahavelomana raha tsy misy ny torimaso; fa ny fatoriana tafahoatra kosa dia tsy ankisatrahana. Hoy indrindra ilay Iraka lehibe (s.a.w) niteny nanao hoe:

"إِيَّاكُمْ وَ كَثْرَةَ النَّوْمِ فَإِنَّ صَاحِبَهُ فَقِيرٌ يَوْمَ الْقِيَامَةِ" **Mitandrema ianareo amin'ny habetsahan'ny torimaso fa ny mpanao izany dia olona mahantra any amin'ny andro farany."**

Eny, hahantra izy satria teto an-tany izy dia anisan'ny olona tsy an'asa. Niteny ny Imàm al-Swàdiq (a.s) hoe:

"إِنَّ كَثْرَةَ النَّوْمِ مُذْهِبَةٌ لِلدِّينِ وَ الدُّنْيَا" **Marina tokoa fa ny habetsahan'ny torimaso dia mandrava ny finoana sy ny fiainana."**

(وَجَعَلْنَا اللَّيْلَ لِبَاسًا)

Noharin'i Allah amin'ny lamba fitafiana ny alina satria manarona ny olombelona amin'ny zavatra tsy tiany hohitan'ny hafa.

²³ Sourat al-An'àm 6: 60

(وَجَعَلْنَا النَّهَارَ مَعَاشًا)

Nataonay ny atoandro mba ho fotoana hihetsiketsehana sy hanaovana asa fivelomana. Amin'ny andininy hafa dia niteny i Allah nanao hoe: **“Ary nataony ho fitsanganana ny atoandro”**²⁴. Koa ny torimaso dia tahaka ny fahatesana ary ny fitsanganana hanao ny asa amin'ny atoandro dia toy ny fitsanganana amin'ny maty. Arak'izany, raha dinihina tsara izany famakafakana izany, ny torimaso ataon'ny olona aorian'ny mangirandratsy izay fiandohan'ny atoandro dia tsy ankasitrahan'ny finoana islam mihitsy satria toy ny ao anatin'ny fahafatesana izy.

(وَبَيْنَنَا فَوْقَكُمْ سَبْعًا شَدَادًا)

Ny cheikh Mouhammad Moughniyah nilaza fa ny tiana hambara amin'ireo fito ireo eto dia ireo kintana fito misosa mihodidina izay efa fantatr'ireo manam-pahaizana fa raha tsy izany ao ambadik'ireo kintana ireo dia mbola misy kintana maro dia maro tsy voatanisa. Allah dia nidera azy ireo ho mafy orina nohon'ny fanamboarana azy ireo izay tena mahatalanjona sy mahagaga tokoa.

(وَجَعَلْنَا سِرَاجًا وَهَّاجًا)

Ny tiana ho lazaina amin'ny hoe سِرَاجًا eto dia ilay masoandro ary amin'ny alalan'ny fahazavany no iasan'ny olombelona amin'ny raharaham-pivelomana.

(وَأَنْزَلْنَا مِنَ الْمُعْصِرَاتِ مَاءً نَّجَّاجًا)

Ny tiana holazaina amin'ny الْمُعْصِرَاتِ eto dia ireo rahona izay fihazan'ny rivotra ka mandatsaka ny ranony betsaka.

²⁴ Sourat al-Fourqan 25: 47

(نُخْرِجْ بِهِ حَبًّا وَنَبَاتًا)

Amin'ny alalan'ny rano no mamelona ny tany indray aorian'ny fahafatesany ary mamoka ny sakafo ho an'ny zavamanan'aina eo aminy. Ary ny mitovy amin'io andininy io dia ny voalaza ao amin'ny sourat TwàHà andininy faha-53-54 milaza manao hoe:

وَأَنْزَلَ مِنَ السَّمَاءِ مَاءً فَأَخْرَجْنَا بِهِ أَزْوَاجًا مِنْ نَبَاتٍ شَتَّى كُلُوا وَارْعَوْا أَنْعَامَكُمْ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ لِأُولِي النُّهَى

“Ary nampidina ny rano avy any an-danitra Izy, hampitsiry ireo karazana zavamaniry samihafa, mihinàna ianareo ary hampihinano ihany koa ireo biby fiompinareo fa tena famantarana ho an'ny olona misaina izany.”

(وَجَنَّاتٍ أُولَافًا)

Ireo hazo izay misandrahaka ny rantsan'izy ireo izany hoe mifampidipiditra ny rantsan'ireo hazo ireo ... Ary tsy misy fisalasalana fa izay nahefa nanao ireo famantarana sy fahagagana rehetra voatanisa teo ireo dia tena mahefa tokoa amin'ny fananganana ny maty aorian'ny fahafatesana ... Maro ireo andininy tahak'izany no miverimberina ao amin'ny Qour'an, toy ny hita ao amin'ny sourat al-A'aràf andininy faha-57 milaza manao hoe:

حَتَّىٰ إِذَا أَقْلَّتْ سَحَابًا ثِقَالًا سُقْنَاهُ لِبَلَدٍ مَيِّتٍ فَأَنْزَلْنَا بِهِ الْمَاءَ فَأَخْرَجْنَا بِهِ مِنْ كُلِّ الثَّمَرَاتِ كَذَلِكَ نُخْرِجُ الْمَوْتَىٰ لَعَلَّكُمْ تَذَكَّرُونَ

“Koa rehefa feno rahona mavesatra izany dia indro fa alefanay any amin'ny tany gazana, ary dia ampidinay avy amin'izany ny rano ka avoakanay avy amin'izany ireo karazana voankazo rehetra; toy izany koa no amoahanay ireo maty amin'izay ianareo hieritreritra.”

(إِنَّ يَوْمَ الْفِصْلِ كَانَ مِيقَاتًا)

Ny andro farany no andro fanavahana ny fahamarinana sy ny fahadisoana, izay andro manana ny fotoany efa voatokana fa kosa tsy misy mahalala izany afa-tsy Izy Ilay Avo Indrindra ihany. Ary amin'izany andro izany dia ho rava ny tontolo, ary hafindra ireo zava-boahary mbola velona eo aminy sy ireo efa maty ho any amin'ny tontolo hafa izay tsy misy fitoviany velively amin'izao tontolo izao, dia ny tontolo tsy mba hahitana fahadisoana na faharavana, tsy hahitana fanaovana asa sy fikomiana ...sns. Tsy misy zavatra hita any afa-tsy ny fahasoavana ho an'izay nanao soa, na fijaliana ho an'izay nanao ratsy. Anisan'ireo famantarana amin'izany andro izany dia izay tondroin'i Allah amin'ilay teny manao hoe:

(يَوْمَ يُنْفَخُ فِي الصُّورِ فَتَأْتُونَ أَفْوَاجًا)

Ny tiana hambara amin'ny الصُّور dia ny anjomara izay mampitombo ny hamafin'ny feo fa ny tena marina dia tsy fantatra moa ve izany dikany izany no tian'i Allah hambara amin'io andininy io sa izany dia teny fanoharana mikasika ny fampitsanganana ny maty avy ao am-pasana? Na izany na tsy izany anefa, i Allah dia tsy nanery antsika amin'ny fikarohana izany fahalalana izany, no sady koa tsy dia misy fifandraisany mihitsy amin'ny fiainantsika na akaiky na lavitra izany ka tsy idirantsika lalina.

(وَفُتِحَتِ السَّمَاءُ فَكَاتَتْ أَبْوَابًا)

Ity dia teny fanoharana ihany koa mikasika ny fahasimban'ny tontolo any ambony sy zava-drehetra misy any ka hikorontana ny filaminan'ireo kintana, ary tsy hipetraka amin'ny laoniny intsony ireo lanitra. Ny cheikh Djawad Moughniyah dia niteny fa ilay manam-pahaizana antsoina hoe cheikh Mouhammad

Abdouh dia nilaza nanao hoe: “Amin’izany andro izany dia mety hisy varavarana maro hivoaha ho antsika eo amin’ny lanitra manoloantsika mba hidirantsika arak’izay sitrak’i Allah.”

(وَسُيِّرَتْ الْجِبَالُ فَكَانَتْ سَرَابًا)

Hopotehina amin’ny toerana misy azy ireo ny tendrombohitra ka lasa vovoka miparitaka toy ny lafarinina maloto ny fahitan’ny maso azy ireo.

(إِنَّ جَهَنَّمَ كَانَتْ مِرْصَادًا لِلطَّاغِينَ مَابًا)

Rehefa avy nanambara ireo famantarana ny Fahefany i Allah dia nampitandrina mafy an’ireo nampandainga ny faminanian’i Mouhammad (s.a.w) sy ny andro Fitsanganana; ka nampitandrina fa ilay Gehena no miandry azy ireo sy fiafaran’izy ireo ary toerana hipetrahan’izy ireo mandrakizay.

(لَا يَشِينُ فِيهَا أَحْقَابًا)

Hipetraka ao amin’ily Gehena izy ireo amin’ny fotoana lava tsy misy fetra, tsy misy farany afa-tsy izay sitrapon’i Allah.

(لَا يَذُوقُونَ فِيهَا بَرْدًا وَلَا شَرَابًا)

Ao amin’ily Gehena izy ireo dia tsy hahatsapa hatsiaka nohon’ny hafanan’ny Afobe no sady tsy hahita rano fisotro hanalan’izy ireo hetaheta. Moa ve mety hitambatra miaraka amin’ny afo ny hatsiaka sy ny rano?

(إِلَّا حَمِيمًا وَعَسَاقًا)

Eto dia manambara hevitra manokana mifampitohy satria ny **الْحَمِيمُ** dia ilay rano mangotraka be eo ambonin’ny Afobe; ary ny **الْعَسَاقُ** dia ilay nana izay mivoaka avy amin’ny vatana main’ny Afobe.

(جَزَاءٌ وَفَاءٌ)

Sazy mifanandrify amin'ny asa sy ny haratsiana nataon'izy ireo tamin'ny fiainan'izy ireo teto an-tany, “**valin'ny haratsiana dia haratsiana mitovy amin'izany**”.

(إِنَّهُمْ كَانُوا لَا يَرْجُونَ حِسَابًا وَكَذَّبُوا بِآيَاتِنَا كِذَابًا)

Marina dia marina fa ny fiainana eto an-tany dia nanome fahafinaretana sy nanajamba ny fo aman-tsain'izy ireo. Koa amin'ny fomba ahoana moa no hanantenan'izy ireo ny hifanena amin'i Allah sy hahitan'izy ireo an'ireo famantarana sy Fahazavan'i Allah.

(وَكُلَّ شَيْءٍ أَحْصَيْنَاهُ كِتَابًا)

Tsy misy zavatra miafina amin'i Allah amin'ny zavatra rehetra ataon'ireo mpanonpo na andro na alina eny fa na dia izay miafina ao am-po sy eritreretin'izy ireo aza.

(فَذُوقُوا فَلَنْ نَزِيدَكُمْ إِلَّا عَذَابًا)

Tsy misy ho azonareo avy amin'i Allah afa-tsy ny sazy ary aza manantena mihitsy afa-tsy ny fitohizan'izany sazy izany sy ny fanamafisana azy.

(إِنَّ لِلْمُتَّقِينَ مَفَازًا)

Tena marina fa ireo vontom-pinoana dia hahazo ny toeran'ny fahombiazana, izany moa dia ny Paradisa, ka hahazo ny fahasoavan'i Allah sy ny fifaliany ary ho avotra amin'ny sazy sy ny hatezerany.

(حَدَائِقَ وَأَعْنَابًا)

Natokan'i Allah ny voaloboka amin'ny mahazava-dehibe azy io amin'ireo olona resahiny tamin'izay fotoana izay.

(وَكَوَاعِبَ أَتْرَابًا)

Dia ireo vehivavin'ny Paradisa izay mitovy taona avokoa izay manana nono mbola misomonjara.

(وَكَأْسًا دِهَاقًا)

Dia ny tasy izay feno ny toakan'ny Paradisa, izay mamy sy matsiro.

(لَا يَسْمَعُونَ فِيهَا لُعْوًا وَلَا كِدَابًا)

Tsy hiteny no sady tsy haheno teny izay tsy misy fotony, tsy mifanaraka amin'ny fahamarinana. Ary izany dia manambara fa ireo olon'ny Paradisa, na dia tsy miasa aza izy ireo any dia tsy hanao resaka fahantany tahaka ny olona eto an-tany tsy manana asa.

(جَزَاءً مِنْ رَبِّكَ عَطَاءً حِسَابًا)

Ny teny hoe جَزَاءً izay nadika hoe “valisoa” dia manambara fa ny tambin'ny asa tsara izay zo tsy maintsy tanterahina, ary ilay teny hoe عَطَاءً dia manambara koa fa i Allah dia hanampy azy ireo amin'ny alalan'ny fahasoavany amin'ny fanampiana ampy arak'izay tiany sy irin'izy ireo.

(رَبِّ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَمَا بَيْنَهُمَا الرَّحْمَنَ لَا يَمْلِكُونَ مِنْهُ خِطَابًا)

Ny solontena amin'ilay teny hoe لَا يَمْلِكُونَ dia manondro zava-boahary izay miverina amin'ny fahatsiarovana an'ireo lanitra sy ny tany satria i Allah no Tompon'izy roa ireo sy izay ao amin'izy ireo, ka ny tiana hambara amin'izany dia ireo zaridaina sy ny ankoatr'izany amin'izay fahasoavana homen'i Allah an'ireo olona vontom-pinoana dia avy amin'Ilay Be Famindrampo sy Fiantrana sy Mpanjakan'ny mpanjaka izay tsy misy na iza na iza afaka miresaka Aminy any amin'ny andro farany mikasika ny fahasoavana sy ny sazy; fa Izy Irery ihany no Tompon'ny Fahefana.

(يَوْمَ يَفُومُ الرُّوحُ وَالْمَلَائِكَةُ صَفًّا لَا يَتَكَلَّمُونَ إِلَّا مَنْ أَدِنَ لَهُ الرَّحْمَنُ
وَقَالَ صَوَابًا)

Misy miteny fa ny tiana hambara amin'ny rûôh eto dia Djabraïl (a.s) satria i Allah no niantso Azy amin'ny anarana manao hoe rûôh al-amin araka ny andininy faha-193 sourat shou'anràe, izay manao hoe نَزَلَ بِهِ الرُّوحُ الْأَمِينُ عَلَى قَلْبِكَ لِتَكُونَ مِنَ الْمُنذِرِينَ. Fa misy manam-pahaizana hafa antsoina hoe cheikh Abdouh no niteny indray fa ny rûôh dia zava-boaharin'i Allah izay tsy fantantsika no sady tsy nodidiana ny fikarohana momba azy. Fa ny tian'ilay andininy hambara dia hoe: ireo Anjely any amin'ny andro farany dia hilahatra sy haneho ny voninahitra am-panajana fatratra izany andro izany ary Izy ireo dia ao anatin'ny fankatoavana sy fanakaikazana tanteraka an'i Allah, tsy hihetsika na dia fihetsika kely aza no sady tsy hiteny na dia teny kely aza Izy ireo afa-tsy amin'ny alalan'ny baikon'i Allah Ilay Avo Indrindra. Ary Izy Allah dia tsy hanome alalana Azy ireo na ny ankoatr'Azy ireo hiteny afa-tsy izay ny fiainany rehetra teo aloha dia fiainana feno fahamarinana sy ny rariny sy ny hitsiny. Ary tsy hiteny koa ilay nahazo alalana afa-tsy izay mifanaraka amin'ny sitrapon'i Allah sy izay tiany.

(ذَلِكَ الْيَوْمُ الْحَقُّ فَمَنْ شَاءَ اتَّخَذْ إِلَىٰ رَبِّهِ مَا بَا)

Ny andro Fitsanganana dia marina tsy misy fisalasalana ny amin'izany, ary ny olombelona amin'izany andro izany dia hizara vondrona roa: dia ny vondrona mankany amin'ny Afobe sy ny fanalavirana an'i Allah sy ny famindrampony ary ny vondrona mankany amin'ny fanakaikazana an'i Allah sy ny Paradisany. Ny làlana mankany dia mazava sy efa fantatra mialoha, tsy inona izany fa ny fanaovana asa soa miaraka amin'ny fahadiovam-po, ary ny olombelona dia afaka manao izay tiany ka tokony hanao ny asa soa amin'ny fo madio mba hidirany ao am-Paradisa.

(إِنَّا أَنْذَرْنَاكُمْ عَذَابًا قَرِيبًا)

Izany dia ilay sazy any amin'ny andro farany satria izay ho avy rehetra dia efa akaiky ary koa izay maty dia efa mahita ny faran'ny androny; ary moa ve misy zavatra tena akaiky ny olombelona mihoatra ny fahafatesana?

(يَوْمَ يَنْظُرُ الْمَرْءُ مَا قَدَّمَتْ يَدَاهُ)

Io no andro hahitan'ny olona izay nataony tamin'ny fiainana teto an-tany na tsara na ratsy, ary mitovy amin'izany ny tenin'i Allah ao amin'ny sourat Al'Imràn andininy faha-30, izay manao hoe: **يَوْمَ تَجِدُ كُلُّ نَفْسٍ مَّا عَمِلَتْ مِنْ خَيْرٍ مُحْضَرًا وَمَا عَمِلَتْ مِنْ سُوءٍ**.

(وَيَقُولُ الْكَافِرُ يَا لَيْتَنِي كُنْتُ تُرَابًا)

Amin'ny andron'ny Fahamarinana dia haniry ireo olondratsy mba ho vovoka hitsakitsahan'ny tongotra nohon'ny fahamafin'ny sazy hitan'izy ireo any sy ny fahakivian'izy ireo tsy hahazo fanavotana ka hiteny ny tsirairay amin'izy ireo hanao hoe: **“Indrisy anie aho raha mba nijanona ho vovoka”**, izany hoe aleo izy tsy namboarina tany ambony tany ka tsy natsangana tamin'izao andro androany izao. Ary torak'izany koa, izay very lâlana rehetra dia lasa feno fanenenana ny fanahin'izy ireo.

Lohahevitra ny andininy faha-11

كَسَبُ الْيَدِ

Ny vokatry ny hatsembohan'ny tava.

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَا أَكَلَ أَحَدٌ طَعَامًا قَطُّ خَيْرًا مِنْ أَنْ يَأْكُلَ مِنْ عَمَلٍ

يَدِهِ وَإِنَّ نَبِيَّ اللَّهِ دَاوُودَ كَانَ يَأْكُلُ مِنْ عَمَلِ يَدِهِ. (كنز العمال ج 9223)

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) hoe: “Tsy nisy nihinana sakafo tena tsara mihitsy na iza na iza mihoatra ny fihinany avy amin'ny

asan'ny hatsembohan'ny tavany ary marina tokoa fa ny Mpaminanin'i Allah, i Davida dia nihinana avy tamin'ny hatsembohan'ny tavany.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): لَا تَكْسَلُوا فِي طَلَبِ مَعَايِشِكُمْ فَإِنَّ آبَاءَنَا قَدْ كَانُوا يَرْكُضُونَ فِيهَا وَ يَطْلُبُونَهَا. (من لا يحضره الفقيه ج 3 ص 95)

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) hoe: “Aza kamo ianareo amin'ny fitadiavana ny fivelomanareo fa tena marina ireo razambenay dia niolomay sy nitady azy.”

* * * * *

سُورَةُ النَّازِعَاتِ

NY SOURAT AL-NAZIANTE

Ny voninahitry ny sourat al-Nàziànte

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ النَّازِعَاتِ لَمْ يَمُتْ إِلَّا رِيَانًا وَلَمْ يَبْعَثْهُ اللهُ إِلَّا رِيَانًا وَلَمْ يَدْخُلِ الْجَنَّةَ إِلَّا رِيَانًا - ثَوَابُ الْأَعْمَالِ -

Niteny ny Imàm al-Swàdiq (a.s) hoe: “Izay namaky ny naziànta dia tsy maty raha tsy afaka hetaheta sy tsy hatsangan’i Allah izy raha tsy afaka hetaheta ary tsy hiditra ao am-Paradisa raha tsy afaka hetaheta.”

Ny dikan’ny sourat al-Nàziànte ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- وَالنَّازِعَاتِ غَرْقًا

1- Mianiana Aho amin’ireo Anjely mpaka fofonain’ireo olona mpikomy izay maka izany ankeriny.

2- وَالنَّاشِطَاتِ نَشْطًا

2- Sy mianiana amin’ireo Anjely mpaka fofonain’ireo mpino izay maka izany ampahalefahana.

3- وَالسَّابِحَاتِ سَبْحًا

3- Sy mianiana amin’ireo Anjely mivezivezy miaka-midina amin’ny lanitra (araka ny baikon’i Allah).

4- فَالَسَّابِقَاتِ سَبْقًا

4- Koa mifaninana ireo Anjely amin’ny fanatanterahana ny baikon’ny Andriamanitra Tompon’izy ireo.

5- فَالْمُدَبِّرَاتِ أَمْرًا

5- Ary koa ireo Anjely miaka-midina amin'ny fandrinrana ny raharaham-piainana eto an-tany.

6- يَوْمَ تَرْجُفُ الرَّاجِفَةُ

6- Andro hisehoan'ny horohoron-tany voalohany ka ny zava-drehetra dia hiozongozona.

7- تَتَّبِعُهَا الرَّادِفَةُ

7- Manarak'izany ny horohoron-tany faharoa (izay mampitsangana ireo olona ao am-pasana).

8- قُلُوبٌ يَوْمَئِذٍ وَاجِفَةٌ

8- Ireo fo amin'izay fotoana izay dia hidobodoboky ny fahatahorana.

9- أَبْصَارُهَا خَاشِعَةٌ

9- Ny fijerin'izy ireo dia malemy (nohon'ny fahatahorana ny zava-miseho mampatahotra hitan'izy ireo).

10- يَقُولُونَ أَنِنَّا لَمَرْدُودُونَ فِي الْحَافِرَةِ

10- Hoy izy ireo hoe: moa haverina amin'ny fahavelomanay voalohany indray ve izahay?!

11- أَيْنَذَا كُنَّا عِظَامًا نَخِرَةً

11- Na dia efa lasa taolana potipotika aza izahay?!

12- قَالُوا تِلْكَ إِذًا كَرَّةٌ خَاسِرَةٌ

12- Niteny izy ireo hoe: ny fiverenanay amin'ny fahavelomana noho izany dia fiverenana feno fatiantoka!

13- فَإِنَّمَا هِيَ زَجْرَةٌ وَاحِدَةٌ

13- Marina dia marina fa ilay horohoron-tany faharoa izay mampitsangana ireo olona ao am-pasana dia feo tokana ihany.

14- فَإِذَا هُمْ بِالسَّاهِرَةِ

14- Fa tonga dia mivoka-belona eo ambonin'ny tany izy ireo (taorian'ny fahafatesan'izy ireo nilevina tao ambanin'ny tany).

15- هَلْ أَتَاكَ حَدِيثٌ مُوسَى

15- Moa ve tonga taminao ny tantaran'i Moussà (ry Mouhammad)?

16- إِذْ نَادَاهُ رَبُّهُ بِالْوَادِي الْمَقَدَّسِ طُوًى

16- Rehefa niantso azy ny Tompony tao amin'ily lohasaha masina Twouwà.

17- اذْهَبْ إِلَى فِرْعَوْنَ إِنَّهُ طَغَى

17- (Ka niteny taminy hoe:) Mandehana any amin'i Firaona fa tena nikomy izy.

18- فَقُلْ هَلْ لَكَ إِلَى أَنْ تَزَكَّى

18- Koa lazao azy hoe: te hadio va ianao? (hadio hiala amin'ny fanoherana an'i Allah).

19- وَأَهْدِيكَ إِلَى رَبِّكَ فَتَخْشَى

19- Ka hotarihiko ianao amin'ny (fahafantarana ny) Tomponao (amin'ny alalan'ny porofo) mba hatahoranao Azy.

20- فَأَرَاهُ الْآيَةَ الْكُبْرَى

20- Fa nampahitany ilay fahagagana lehibe izy (dia ilay tehina sy ilay tànana).

21- فَكَذَّبَ وَعَصَى

21- Nefa nataony lainga izany ka notsipahiny.

22- ثُمَّ أَدْبَرَ يَسْعَى

22- Avy eo izy niamboho (tamin'ny finoana an'i Allah) ka lasa nampielany (ny haratsiana).

23- فَحَشَرَ فَنَادَى

23- Koa navoriny (ireo ombiasa rehetra sy ireo miaramilany) ary nanao fanambarana izy.

24- فَقَالَ أَنَا رَبُّكُمُ الْأَعْلَى

24- Hoy izy hoe: Izaho no tomponareo ilay avo indrindra.

25- فَأَخَذَهُ اللَّهُ نَكَالَ الْأَجْرَةِ وَالْأُولَى

25- Koa novonoin'i Allah izy (tamin'ny alalan'ny faharendrehana) ho sazy noho ilay teniny farany (izay nilaza hoe

izaho tomponareo ilay avo indrindra) sy noho ilay teniny voalohany (nilaza hoe izaho dia tsy mahafantatra anareo manana andriamani-kafa ankoatr'ahy)²⁵.

26- إِنَّ فِي ذَلِكَ لَعِبْرَةً لِمَنْ يَخْشَى

26- Marina fa ao amin'izany resaka izany dia misy lesona ho an'izay matahotra (an'i Allah).

27- أَأَنْتُمْ أَشَدُّ خَلْقًا أَمْ السَّمَاءُ بَنَاهَا

27- Moa ve ianareo (mpitsipaka, tsy mino ny fananganana ny maty aorian'ny fahafatesana) no sarotra fanamboarana sa ilay lanitra izay naorina (izay maneho ahoana ny fomba nanamboarany azy)?!

28- رَفَعَ سَمَكَهَا فَسَوَّاهَا

28- Nataony ho ambony ny valirihany (ny fahitana ny lanitra) ka nataony mitovy tantana (tsy misy kilema).

29- وَأَعْطَشَ لَيْلَهَا وَأَخْرَجَ ضُحَاهَا

29- Ary nataony maizina ny alina ary nasehony ny fahazavan'ny andro.

30- وَالْأَرْضَ بَعْدَ ذَلِكَ دَحَاهَا

30- Ary ny tany taorian'izany dia novelarina.

31- أَخْرَجَ مِنْهَا مَاءَهَا وَمَرْعَاهَا

31- Navoakany avy amin'izany ny ranony (amin'ny alalan'ny fipoiran'ireo renirano) sy ny ahi-maintsony (izay fihinan'ireo biby sy ny olombelona, toy ny voankazo sy ny voamaina...sns).

32- وَالْجِبَالَ أَرْسَاهَا

32- Ary ireo tendrombohitra dia nataony ho andry.

²⁵ Misy miteny fa eo amin'ny teny anankiroa ireo dia nielanelana 40 taona.

33- مَتَاعاً لَكُمْ وَلِأَنْعَامِكُمْ

33- Mba ho fahafinaretana ho anareo sy ho an'ireo biby fiompinareo.

34- فَإِذَا جَاءتُ الطَّامَّةُ الْكُبْرَى

34- Fa rehefa ho avy ilay loza lehibe (ilay andro Fitsanganana).

35- يَوْمَ يَتَذَكَّرُ الْإِنْسَانُ مَا سَعَى

35- Ny andro izay ahatsiarovan'ny olombelona ny ezaka nataony.

36- وَبُرِّزَتِ الْجَحِيمُ لِمَنْ يَرَى

36- Ary aharihary ilay Afo mandoro ho an'izay mahita.”

37- فَأَمَّا مَنْ طَعَى

37- Fa ho an'izay nitsipaka kosa.

38- وَأَثَرَ الْحَيَاةِ الدُّنْيَا

38- Sy nisafidy ny fiainana eto an-tany.

39- فَإِنَّ الْجَحِيمَ هِيَ الْمَأْوَى

39- Dia marina tokoa fa ilay Afo mandoro no fialofana.

40- وَأَمَّا مَنْ خَافَ مَقَامَ رَبِّهِ وَنَهَى النَّفْسَ عَنِ الْهَوَى

40- Fa ho an'izay natahotra ny hiseho eo anatrehan'ny Tompony ka nanakana ny tenany tamin'ny fanirian-dratsy.

41- فَإِنَّ الْجَنَّةَ هِيَ الْمَأْوَى

41- Dia marina tokoa fa ilay Paradisa no fialofana.

42- يَسْأَلُونَكَ عَنِ السَّاعَةِ أَيَّانَ مُرْسَاهَا

42- Manontany anao izy ireo mikasika ilay fotoana, rahoviana izany no hitranga?

43- فِيْمَ أَنْتَ مِنْ ذِكْرَاهَا

43- Ianao (hoy i Allah) dia tsy manana fahalalana mikasika izany.

44- إِلَى رَبِّكَ مُنتَهَاهَا

44- Any amin'ny Tomponao ihany no mahalala ny fitrangan'izany.

45- إِنَّمَا أَنْتَ مُنذِرٌ مَّنْ يَخْشَاهَا

45- Marina tokoa fa ny fampitandremana ataonao dia manome tombon-tsoa ho an'izay matahotra izany.

46- كَانَتْهُمْ يَوْمَ يَرَوْنَهَا لَمْ يَلْبَثُوا إِلَّا عَشِيَّةً أَوْ ضُحَاهَا

46- Amin'ny andro hahitan'izy ireo izany dia sahala amin'ny tsy nitoetra tety izy ireo afa-tsy fotoana kely monja sahala tamin'ny hariva ihany na tamin'ny maraina ihany.

Famakafakana ny sourat al-Nàziante

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(وَالنَّازِعَاتِ غَرْقًا)

Maro ny tenin'ireo manam-pahaizana mikasika an'ity andininy ity sy ireo andininy manarak'azy fa azo fintinina ireo teny ireo, araka ny voalazan'ny cheikh Djawad Moughniyah izay manambara ny hevitra ny cheikh antsoina hoe Mouhammad Abdouh na dia misy fiovana kely nataony aza izany, fa hoy izy hoe : izay mandinika ireo andinin'ny Qour'an masina dia mahita fa i Allah dia mifanta amin'ny fotoana sy amin'ny toerana na amin'ny zavatra hafa, ... ary koa izay mandinika amin'ireo zavatra rehetra nifantan'i Allah ireo dia mahita fa ireo zavatra ireo dia tsinontsinoavin'ireo olombelona ny fisiany na zimbazimbain'izy ireo, na izy ireo tsy nandinika tsara ahoana ny porofo misy amin'ireo zavatra ireo izay maneho ny Fahefana sy ny Fahalehibeazan'i Allah, koa nifanta

amin'ireo zavatra tsinontsinoavina ireo i Allah mba hanaporofoany ny fisiany na mba hanehoany ny fahalehibeazany na mba hampahafantariny sy hampahatsiahivany amin'ny alalan'ireo zavatra ireo ny Fahefany ; koa eto i Allah dia mifanta amin'ireo zava-boahary sasantsasany mba hanehoany hatraiza ny fahaizany amin'ny fanamboarany sy ny tombontsoa lehibe izay misy amin'ireo zava-boahiriny ireo, mba ho fantatr'ireo mampandainga fa izay nahavita nahary an'ireo zavatra ireo dia mora Aminy koa ny mampitsangana ny olona aorian'ny fahafatesany any amin'ny andron'ny Fitsanganana.

Misy milaza hoy izy fa ny النَّازِعَاتِ dia ireo kintana noho izy ireo mandefa tselatra indraindray, toy izany koa ireo anarana manarak'azy dia kintana; nefa ny cheikh M. Djawad Moughniyah dia miteny hoe: isika dia tsy afaka manaiky tanteraka ny teniny na ny ny tenin'olon-kafa izay mahita fa ny النَّازِعَاتِ dia ireo Anjely, tsy misy azo itokisana fa izany tokoa no marina amin'ireo filazana ireo nohon'ny tsy fisian'ny porofo mazava niankinany. Eny, na dia ireo olona nahazo fahalalana raikitra aza dia manaiky ny tsy fahafantarana sy ny tsy fahatakarany ireo ny fahalalana miafina ary tsy miteny afa-tsy izay hainy ihany izy ireo.

(يَوْمَ تَرْجُفُ الرَّاجِفَةُ)

Ny tany no tiany hambara eto satria niteny i Allah hoe:

يَوْمَ تَرْجُفُ الْأَرْضُ وَالْجِبَالُ “Amin'ny andro hampirohoro ny tany sy ny tendrombohitra.”²⁶

Ary ny tiany hambara, amin'ny andro farany ny tany sy ny tendrombohitra dia hihozongozona miaraka amin'ny zava-misy ao aminy ary hirodana sy hosimba.

²⁶ Sourat al-Mouzammil 73:14

(تَتَّبِعُهَا الرَّادِفَةُ)

Ny tiany hambara eto dia ny lanitra sy izay misy ao aminy dia manaraka an'ilay tany amin'ny firodanana sy ny fahasimbana. Niteny i Allah ao amin'ny sourat al-Infitwâr andininy faha-2 hoe:

Rehefa hitresaka ny lanitra ary rehefa hiparitaka ireo kintana.”

(قُلُوبٌ يَوْمِنْدٍ وَاجْفَةٌ أَبْصَارُهَا خَاشِعَةٌ)

Ny tiana hambara eto amin'ireo fo dia ny fon'ireo mpanao meloka satria mahatsapa ireo sazy mangirifiry izay hanjo azy ireo amin'ny andron'ny Fitsanganana izy ireo; ka lasa hiala ny fon'izy ireo nohon'ny fahatahoran'izy ireo ary hiharihary eo imason'izy ireo ny famantarana izany.

(يَقُولُونَ أَنِنَّا لَمَرْدُودُونَ فِي الْحَافِرَةِ)

Ny dikan'ny الْحَافِرَةِ ara-bakiteny dia ny fiverenana amin'ny toetra teo aloha taorian'ny fialan'izany, ka ny tiany hambara dia amin'ny fomba ahoana isika no hiverina amin'ny fahavelomana aorian'ny nialantsika tamin'izany nankany amin'ny fahafatesana? Koa dia mahatalanjona tokoa izany!

(أَنِنَّا كُنَّا عِظَامًا نَحِرَةً)

Moa ve na dia efa lasa taolana potipotika aza izahay dia mbola hiverina amin'ny endrika vaovao?!

(قَالُوا تِلْكَ إِذًا كَرَّةٌ خَاسِرَةٌ)

Izy ireo dia tsy nino ny fitsanganana aorian'ny fahafatesana ka i Allah dia nampitandrina azy ireo amin'ilay sazy mangirifiry, dia namaly amin'ny fiteny fanimbazimbana izy ireo nanao hoe:

إِذَا كَرَّةٌ خَاسِرَةٌ “Noho izany izahay no tena matiantoka amin’ny andro Fitsanganana!!”, ary inona koa moa no mahagaga azy ireo amin’izany, tsy izy ireo ve no nanaraka ny tsy rariny sy ny fahaverezana? Nilaza i Allah ao amin’ny sourat al-Djâthiyah hoe: “وَيَوْمَ تَقُومُ السَّاعَةُ يُومِنُنَّ يَوْمَئِذٍ يَخْسِرُ الْمُبْطِلُونَ” Ary amin’ny andro hahatongavan’ilay fotoana, amin’izany andro izany dia ho matiantoka ireo mpisandoka.²⁷

(فَاتِمَا هِيَ زَجْرَةٌ وَاحِدَةٌ)

Ity teny ity dia famalian’i Allah an’ireo mpampandainga sy mpanimbazimba, ka ny tiany hambara dia hoe: ny fananganana ny maty dia tsotra dia tsotra amin’i Allah. Hoy indrindra Izy ao amin’ny sourat Yâ-Sîn andininy faha-53 miteny manao hoe: “إِنْ كَانَتْ إِلَّا صَيْحَةً وَاحِدَةً فَإِذَا هُمْ جَمِيعٌ لَدَيْنَا مُحْضَرُونَ” **Feo mikiaka tokana ihany dia indreo fa ho entina eo anatrehany izy rehetra.**”

(فَإِذَا هُمْ بِالسَّاهِرَةِ)

Eny, tsy ela akory ny fitrangan’ilay feo mikiaka dia avy hatrany i Allah mampitsangana an’ireo olona eo ambonin’ny tany “lemaka fotsy”. Ary ny cheikh Djawad Moughniyah dia nilaza fa antsoina toy izany ny tany hoy ny cheikh M. Abdouh satria tahak’izany ny endrika fahitan’ny maso azy.

(هَلْ أَتَاكَ حَدِيثُ مُوسَى)

Ity andininy ity dia fampiononana avy amin’i Allah ho an’ny Mpaminany Mouhammad (s.a.w) izay manambara fa i Allah dia hanavotr’Azy amin’ireo fahavalony sahala tamin’ny fanavatonny an’ny Mpaminany Moussâ (a.s).

²⁷ Sourat al-Djâthiyah 45:27

(إِذْ نَادَاهُ رَبُّهُ بِالْوَادِي الْمَقَدَّسِ طُوًى)

Izany dia lohasaha antsoina hoe Twouwà izay hita eo ambanin' ilay vohitr'i Twour Sinà.

(اذهبِ إِلَى فِرْعَوْنَ إِنَّهُ طَغَى)

Nikomy tafahoatra i Firaona ka nahasahy mihitsy nilaza ny tenany ho Tompo Andriamanitra.

(فَقُلْ هَلْ لَكَ إِلَى أَنْ تَزَكَّى)

Lazao aminy hoe: maniry ve ianao mba hadio hiala amin' ilay fanompoan-tsampy sy ny fanaovana haratsiana?

(وَأَهْدِيكَ إِلَى رَبِّكَ فَتَخْشَى)

Fa izay matahotra an'i Allah dia tsy mikomy amin'i Allah no sady tsy manaparitaka ny haratsiana eo ambony tany.

(فَأَرَاهُ الْآيَةَ الْكُبْرَى)

Nanimbazimba an'i Moussà (a.s) i Firaona ka niteny hoe: Ity olona tsinontsinona ity ve dia mila mitarika ny Tompon' izao tontolo izao?! Ka teo noho eo ny Mpaminany Moussà dia nampahita azy ilay fahagagana lehibe. Izany dia fivadihan' ilay tehina ho bibilava.

(فَكَذَّبَ وَعَصَى)

Notsipahin'i Firaona anefa izany fahagagana izany fa nolazainy ho majika.

(ثُمَّ أَدْبَرَ يَسْعَى)

Avy eo izy niamboho mba hanao tetika hamelezana an'ny mpaminany Moussà (a.s).

(فَحَشَرَ فَنَادَى)

Koa navoriny ireo ombiasa rehetra sy ireo mpanampy azy ary nanao fanambarana nanao hoe:

(فَقَالَ أَنَا رَبُّكُمُ الْأَعْلَى)

Tsy fantatro ho manana Andriamani-kafa ankoatr'ahy ianareo ... Ity dia fanazavana ny fanambaran'i Firaona teo amin'ireo ombiasany sy ireo mpanampy azy. Fa ny tena marina, ny ankamaroan'ny olombelona tany aloha na ankehitriny na ny ho avy dia hilaza ny tenan'izy ireo ho Tompo tahak'izany ihany koa raha toa ka mahita ny tenan'izy ireo ho misy mankato.

(فَأَخَذَهُ اللَّهُ نَكَالَ الْآخِرَةِ وَالْأُولَى)

Koa nosazian'i Allah izy tamin'ny alalan'ny faharendrehana anaty rano teto an-tany fa anny ankoatra amin'ny alalan'ny fandroana amin'ny afo.

(إِنَّ فِي ذَلِكَ لَعِبْرَةً لِمَنْ يَخْشَى)

Izany dia anatra ho an'izay matahotra ny fiafarany ary dia mitandrana izy ka ho avotra amin'izany; fa izay manadino izany fiafarany izany kosa dia tsy hahita fandriam-pahalemana.

(أَأَنْتُمْ أَشَدُّ خَلْقًا أَمْ السَّمَاءُ بَنَاهَا رَفَعَ سَمَكَهَا فَسَوَّاهَا)

Ny resahina amin'ilay teny hoe أَنْتُمْ dia ireo izay nampanainga ny andron'ny Fitsanganana, ka ny tiana hambara amin'io andininy io dia hoe: aiza amin'izy roa ireo no tena goavana tokoa: ny famerenana ny olona tahaka ny nanamboarana azy tamin'ny voalohany sa ny fanamboarana an'ity lanitra ity sy ny rindran-damina hita ao aminy? Ary ny mitovy amin'ity andininy ity dia ilay tenin'i Allah milaza manao hoe:

Anontanio izy ireo: moa ve izy ireo no sarotra amboarina sa izay noharianay?”²⁸

Niteny ny cheikh Djawad Moughniyah fa ny ny cheikh M. Abdouh dia nilaza nanao hoe: ny dikan’ny **الْبِنَاءُ** dia ny fampitambarana ireo singa samy singa mba ho lasa zavatra iray miorina. Sahala amin’izany no nanamboaran’i Allah an’ireo kintana sy ireo planeta, izay samy napetrany izy ireo amin’ny toerana mendrika azy ireo avy ary lasa misy fifanintonana sy fifampifikirana eo amin’izy ireo samy izy ireo ka izany fitambaran’izy ireo izany no lasa zavatra iray miorina izay antsoina hoe lanitra. Izany no tian’i Allah hambara amin’ilay andininy faha-28 manao hoe:

رَفَعَ سَمَكَهَا فَسَوَّاهَا izany hoe nampiakariny i Allah ireo kintan’ny lanitra eo ambonin’ny lohantsika ary nalaminy izy ireo tamin’ny fametrahana azy ireo amin’ny toerana mendrik’azy ireo tsirairay avy.

(وَأَغَطَّشَ لَيْلَهَا وَأَخْرَجَ ضُحَاهَا)

Ny dikan’ny **أَغَطَّشَ** dia manamaizina ary ny **أَخْرَجَ** eto dia midika hoe mampamirapiratra, fa ilay solontena tampisaka **هَا** eo amin’ilay teny **لَيْلٍ** sy **ضُحَا** dia manondro ny lanitra satria mipoitra avy amin’io lanitra io ny haizina sy ny hazavana amin’ny alalan’ny filentehan’ny masoandro sy ny fiposahany.

(وَالْأَرْضَ بَعْدَ ذَلِكَ دَحَاهَا)

Natao lamaka ny tany mba ahafahana mipetraka sy mandeha eo aminy, satria talohan’ny lanitra, ny tany dia zava-boahary tsy mbola novelarina ho lasa lamaka, araka ny voalazan’ireo manampahaizana sasany.

²⁸ Sourato al-Swafate 37:11

(أَخْرَجَ مِنْهَا مَاءَهَا وَمَرْعَاهَا)

Ny rano rehetra misy eto an-tany dia avy any an-danitra avokoa arak'ily tenin' i Allah Avo Indrindra manao hoe:

“Ary وَأَنْزَلْنَا مِنَ السَّمَاءِ مَاءً بِقَدَرٍ فَأَسْكَنَاهُ فِي الْأَرْضِ **Ary nampidinay avy any an-danitra ny rano araka ny fetrany. Avy eo dia najanonay tao anatin'ny tany izany.**”²⁹

Rehefa avy eo dia nampiboiboika izany rano izany Izy amin'ny alalan'ny loharano na renirano na sakelin-drano ...sns, ka mampitsiry ireo zavamaniry izay ataon'ny olombelona sy ny biby sakafo.

(وَالْجِبَالِ أَرْسَاهَا)

Nataon'i Allah ho andrin'ny tany ireo tendrombohitra mba hahatonga ny tany sy izay ao aminy tsy hiozongozona, fa hoy indrindra Izy hoe: “Ary وَأَلْقَى فِي الْأَرْضِ رَوَاسِيَ أَنْ تَمِيدَ بِكُمْ **Ary naoriny amin'ny tany ireo tendrombohitra mba tsy hiozongozonany ka hitondrany anareo miaraka aminy.**”³⁰

(مَتَاعًا لَكُمْ وَلِأَنْعَامِكُمْ)

Nataon'i Allah lamaka ny tany sy nampifikiriny mba tsy hiozongozona sy naboiboikany ao amin'ny tany ilay rano ka mampitsiry ireo zavamaniry, izany rehetra izany sy ny hafa ankoatr'izany dia nataon'i Allah ho fahasoavan'ny olombelona sy ny biby. Fa ny fanontaniana mipetraka dia toy izao: moa ve tonga ho azy ireo zava-drehetra ireo sa izay nampisy sy nahary azy ireo tamin'ny fiandohany dia tsy hahavita ny mamerina azy ireo indray?! Niteny i Allah ao amin'ny sourat al-Roum andininy faha-27 hoe:

²⁹ Sourat al-Mou'minoune 23 :18

³⁰ Sourat al-Nahl 16 :15

Ary Izy no nanomboka ny fahariana sy mamerina izany indray ; ary tena mora Aminy izany.”

(فَإِذَا جَاءَتِ الطَّامَّةُ الْكُبْرَى)

Rehefa tonga ilay andron'ny Fitsanganana dia potika ny tontolo rehetra, ny lanitra sy ny tany ao aminy ary tsy misy tavela afa-tsy Ilay Nahary ireo zava-drehetra ...ka izany no antony iantsoana azy hoe loza tena lehibe fa inona koa moa no zavatra tena goavana mihoatr'izany, ary misy fiteny manao hoe: **“Tsy misy loza raha tsy misy loza mihoatr'azy fa kosa ilay andron'ny Fitsanganana dia mihoatra an'ireo loza rehetra.”**

(يَوْمَ يَتَذَكَّرُ الْإِنْسَانُ مَا سَعَى)

Rehefa tafafindra ny olombelona avy amin'ny tontolon'ny faharavana mankany amin'ilay tontolo maharitra mandrakizay dia mahita ny boky mirakitra ireo asa nataony rehetra sy ny valisoany, koa raha tsara ny asa nataony dia hatsarana ho azy izany fa raha ratsy kosa dia haratsiana ho azy. Ary amin'izay fotoana izay vao tsaroan'ny olombelona ny ezaka nataon'ny rehetra tamin'ny fiainany teto an-tany.

(وَبُرِّزَتِ الْجَحِيمُ لِمَنْ يَرَى)

Aharihary ilay afo mandoro ho an'izay mahita ary tsy hisy na inona na inona hanakana amin'ny fahitana azy; tsy vitan'izany fa mbola niteny koa Izy Allah Avo Indrindra nanao hoe:

“Tsy misy aminareo ka tsy handalo amin'ny Afobe, izany dia adidin'ny Tomponao izay tsy maintsy ho tanteraka.”³¹

³¹ Sourat Maryam 19:71

(فَأَمَّا مَنْ طَعَىٰ وَآثَرَ الْحَيَاةَ الدُّنْيَا فَإِنَّ الْجَحِيمَ هِيَ الْمَأْوَىٰ وَأَمَّا مَنْ خَافَ مَقَامَ رَبِّهِ وَنَهَىٰ النَّفْسَ عَنِ الْهَوَىٰ فَإِنَّ الْجَنَّةَ هِيَ الْمَأْوَىٰ)

Ny olona izay manaraka ny fanirian-dratsy dia tsy maintsy miafara any amin'ny faharendrehana, fa izay mandresy ny fanirian-dratsiny kosa dia tsy maintsy mahita ilay làlana hahatongavana any amin'ilay tanjona tsara izay irina ... koa io fanirian-dratsy io no fototry ny antony haratsiana rehetra. Eny, marina tokoa ny tenin'ilay milaza manao hoe: **“Izay mankato ny fanirian-dratsiny dia nanolotra ny tenany amin'ny fahavalony.”** Ary misy hafa koa milaza manao hoe: **“Marina dia marina fa ny maha-olombelona ny olombelona dia ny fanahiny, ka raha ny fanirian-dratsiny no mandresy ny fanahiny dia lasa zava-boahary hafa tsy mitovy amin'ny olombelona izy eo amin'ny lafiny fo sy ny saina.”** Anisan'ny nolazain'ny Imàm Ali (a.s) mikasika ny olona mampitaha ny fahamarinana sy ny sitrapony dia ny teniny milaza manao hoe: **“لَا يَعْرِفُ بَابَ الْهُدَىٰ فَيَتَّبِعُهُ وَلَا بَابَ الْعَمَىٰ فَيَجْتَنِبُهُ فَذَلِكَ مَيِّتٌ الْأَحْيَاءِ”** **“Ny tsy mahafantatra ilay varavaran'ny fahitsiana mba harahiny sy ilay varavaran'ny fahajambana mba halaviriny, dia izany no ilay maty amin'ireo velona.”**

Tsara ny manao fanamarihana fa ny tiana hambara amin'ny **الهُوَى** eto dia izay mifanohitra amin'ny fahamarinana sy ny rariny fa raha tsy izany, tena marina fa fanahin'ny olombelona dia mitsiriritra ny zavatra halàl tahak'azy mitsiriritra ihany koa amin'ny zavatra haràm.

(يَسْأَلُونَكَ عَنِ السَّاعَةِ أَيَّانَ مُرْسَاهَا)

Hanontany anao izy ireo dia ireo mpitsipaka tao Makka, mikasika ilay fotoana, rahoviana izany no hitranga?

(فِيمَ أَنْتَ مِنْ ذِكْرَاهَا إِلَىٰ رَبِّكَ مُنْتَهَاهَا إِنَّمَا أَنْتَ مُنذِرٌ مَنِ يَخْشَاهَا)

Mitaky Anao ry Mouhammad (s.a.w) izy ireo mba hanambara rahoviana marina ilay andron'ny Fitsanganana kanefa izany dia tsy

tafiditra ao anatin'ny fahalalanao na ny asanao fa ny zavatra itakiana Aminao dia ny mampitandrina ny olona amin'ny andron'ny Fitsanganana sy ireo loza hitranga amin'izany andro izany. Fa ny mikasika ny fotoana hitrangan'izany andro izany dia i Allah Irery ihany no mahalala izany; ary tiany araka ny Fahendreny ny hanafina ny fahatongavan'izany andro izany amin'ireo mpanompony na dia amin'ireo Mpaminany sy ireo sakaizany akaiky Azy aza, sady tiany mba ho tonga tampoka amin'ireo mpanompony izany andro izany.

(كَأَنَّهُمْ يَوْمَ يَرَوْنَهَا لَمْ يَلْبَثُوا إِلَّا عَشِيَّةً أَوْ ضُحَاهَا)

Nitsipaka an'ilay andro Fitsanganana izy ireo fa rehefa hitan'izy ireo izany vao manana fahatokisana amin'ny fahamarinany izay tsy misy fisalasalana fa inty no tontolo maharitra fa ny teny ambony tany dia tontolo fandalovana fotsiny, koa rehefa tapitra ny fiainan'olona tety an-tany nohon'ny fahafatesany dia hahatsapa fa toy ny fotoana kely monja toy ny amin'ny hariva na amin'ny maraina ihany no niainany.

Lohahevitra ny andininy faha-38

الدُّنْيَا

Ny fiainana eto an-tany.

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): الدُّنْيَا مَلْعُونَةٌ مَا فِيهَا إِلَّا مَنْ ابْتِغَىٰ بِهِ وَجْهَ اللَّهِ ...

(البحار ج 77 ص 80)

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) hoe: “Ny fiainana eto an-tany dia voaozona izay ao aminy afa-tsy izay nitady azy ho an'i Allah.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَا مِنْ أَحَدٍ مِنَ الْأَوَّلِينَ وَالْآخِرِينَ إِلَّا وَهُوَ يَتَمَنَّيَ يَوْمَ

الْقِيَامَةِ أَنَّهُ لَمْ يُعْطَ مِنَ الدُّنْيَا إِلَّا قُوتًا. (البحار ج 77 ص 54)

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) hoe: “Tsy misy na iza na iza amin’ireo teo aloha sy taty aoriana raha tsy hahita izy amin’ny andron’ny Fitsanganana fa aleony ny tsy nomena tamin’ny fiainana teto an-tany afa-tsy izay entiny mivelona ihany.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ عَظَّمَ صَاحِبَ دُنْيَاً وَأَحَبَّهُ لَطَمَعَ دُنْيَاهُ سَخَطَ اللَّهُ عَلَيْهِ وَكَانَ فِي دَرَجَتِهِ مَعَ قَارُونَ فِي التَّابُوتِ الْأَسْفَلِ مِنَ النَّارِ. (البحار ج 76 ص 360)

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) hoe: “Izay nanome voninahitra ny mpanana sy ny manana ny ampy amin’ny fiainana eto an-tany sy nitia azy nohon’ny fanantenana mba hahazo ny fiainana avy amin’izy ireo dia tezitra aminy i Allah ary ny toerany dia miaraka amin’i Qàroun ao amin’ny efitra farany ambany ao amin’ny Afobe.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): أَخْرَجُوا مِنَ الدُّنْيَا قُلُوبَكُمْ قَبْلَ أَنْ تَخْرُجَ أَبْدَانُكُمْ فَبَيْهَا أُخْتَبِرْتُمْ وَ لِعَيْرِهَا خُلِفْتُمْ. (البحار ج 78 ص 67)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Esory ao amin’ny fiainana eto an-tany ny fonareo mialohan’ny ialan’ny vatanareo, fa ao aminy no hitsapana anareo ary ho an’ny ankoatr’azy no nahariana anareo.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): إِنَّ دُنْيَاكُمْ لِأَهْوَنُ مِنْ وَرَقَةٍ فِي فَمِّ جَرَادَةٍ تَقْضُمُهَا مَا لِعَلِيِّ وَ لِنَعِيمٍ يَفْتَى. (شرح النهج ص 11 ص 246)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Marina dia marina fa ny fiainaareo eto an-tany dia maivana mihoatra ny ravina izay ao ambavan’ny valala izay tsakotsakoiny, inona amin’i Ali moa ny fahasoavana mora rava!”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): إِحْدَرُوا الدُّنْيَا فَإِنَّ فِي حَلَالِهَا حِسَابٌ وَفِي حَرَامِهَا عِقَابٌ .. (البحار ج 78 ص 23)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Mitandrema ianareo amin’ny fiainana eto an-tany, fa ny halàl aminy dia misy fitsarana ary ny haram aminy dia misy sazy.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): إِنَّ الدُّنْيَا كَالشَّبَكَةِ تَلْفُ مَنْ رَغِبَ فِيهَا. (غرر

الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Marina dia marina fa ny fiainana eto an-tany dia sahala amin’ny harato izay manarona an’izay manatona azy.”

- قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): رَأْسُ كُلِّ خَطِيئَةٍ حُبُّ الدُّنْيَا (البحار ج 73 ص 7)

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Ny fototry ny fahadisoana rehetra dia ny fitiavana ny fiainana eto an-tany.”

- قَالَ الْإِمَامُ الْكَاطِمُ (ع): مَنْ أَحَبَّ الدُّنْيَا ذَهَبَ خَوْفُ الْآخِرَةِ مِنْ قَلْبِهِ.

(البحار ج 78 ص 315)

Niteny ny Imàm Kàdhim (a.s) hoe: “Izay mitia ny fiainana eto an-tany dia miala ao am-pony ny fahatahorana ny any ankoatra.”

* * * * *

سُورَةُ عَبَسَ

NY SOURAT ANBASA

Ny voninahitry ny sourat Anbasa

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ سُورَةَ عَبَسَ وَ تَوَلَّى وَإِذَا الشَّمْسُ
كُوِّرَتْ كَانَ تَحْتَ جَنَاحِ اللَّهِ مِنَ الْخِيَانَةِ وَ فِي ظِلِّ اللَّهِ وَكَرَامَتِهِ وَ فِي جَنَانِهِ وَ لَا
يَعْظُمُ ذَلِكَ عَلَى رَبِّهِ إِِنْشَاءَ اللَّهِ - ثَوَابُ الْأَعْمَالِ -

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Izay namaky ny سُورَةُ عَبَسَ ny
كُوِّرَتْ dia ho eo ambany fiarovan’i Allah amin’ny
fitaka sy ho ao amin’ny fialofan’i Allah sy ny Voninahiny ary ho ao
amin’ireo Paradisany, ary izany dia tsy lehibe amin’ny Tompony
raha sitrak’i Allah.”

Ny dikan’ny sourat al-Anbasa ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be
Fiantrana.

1- عَبَسَ وَ تَوَلَّى

1- Niketrona izy ary nampihodina (ny tarehiny).

2- أَنْ جَاءَهُ الْأَعْمَى

2- Nohon’ny fahatongavan’ily jamba teo aminy.

3- وَمَا يُدْرِيكَ لَعَلَّهُ يَزَكَّى

3- Tsy fantatrao akory anefa sao mba te hanadio (ny tenany
amin’ny fahotana) izy.

4- أَوْ يَذَّكَّرُ فَتَنْفَعَهُ الذِّكْرَى (4)

4- Na hahatsiaro tena izy ka hanome azy tombon-tsoa ilay
fampahatsiarovana.

5- أَمَّا مَنْ اسْتَعْنَى

5- Fa izay manan-karena kosa.

6- فَأَنْتَ لَهُ تَصَدَّى

6- Dia manatrika azy ianao.

7- وَمَا عَلَيْكَ أَلَّا يَرْكَبُ

7- Nefa tsy misy tsiny ho anao na dia tsy manadio (ny tenany na tsy mino) aza izy.

8- وَأَمَّا مَنْ جَاءَكَ يَسْعَى

8- Fa izay tonga miolomay manatona anao.

9- وَهُوَ يَخْشَى

9- Ary izy dia matahotra.

10- فَأَنْتَ عَنْهُ تَلَهَّى

10- Fa ianao dia tsy niraharaha azy.

11- كَلَّا إِنَّهَا تَذْكِرَةٌ

11- Tsia (aza manao toy izany) fa ity (sourat na ireto andininy ireto) dia fampahatsiarovana (ho an'ny olombelona).

12- فَمَنْ شَاءَ ذَكَرْهُ

12- Koa izay mankasitraka dia mandray izany (fampahatsiarovana izany).

13- فِي صُحُفٍ مُّكَرَّمَةٍ

13- Ao amin'ny takelaka henim-boninahitra.

14- مَرْفُوعَةٍ مُّطَهَّرَةٍ

14- Nasandratra sy madio (amin'ny fikasan'ny satana).

15- بِأَيْدِي سَفَرَةٍ

15- Eo am-pelatànan'ireo Anjely (amin'ny alalan'ny hafatra avy amin'i Allah mankany amin'ireo Irany).

16- كِرَامٍ بَرَرَةٍ

16- (Izy ireo dia) mpankato sy mpanana fahatahorana (an'i Allah).

17- قُتِلَ الْإِنْسَانُ مَا أَكْفَرَهُ

17- Horingana ny olombelona nohon'ny fitsipahany, nanao ahoana moa izany fitsipahany (ny fahasoavan'Ilay Mpahary azy) izany.

18- مِنْ أَيِّ شَيْءٍ خَلَقَهُ

18- Amin'inona moa nahariana azy?

19- مِنْ نُطْفَةٍ خَلَقَهُ فَقَدَرَهُ

19- Avy amin'ny tsirin'aina no nahariana azy ka voarindra tsara (isaky ny dingam-pivoarany).

20- ثُمَّ السَّبِيلَ يَسَّرَهُ

20- Avy eo nanamora ny fivoahany (avy ao am-bohoka) ary nanazava aminy ny lalana (ny tsara sy ny ratsy).

21- ثُمَّ أَمَاتَهُ فَأَقْبَرَهُ

21- Avy eo koa dia novonoiny izy (mba hahita ny fahasambarana mandrakizay raha toa ka olona mpankato) ary nodidiany mba halevina ao am-pasana izy (mba hiarovana sy hanomezana voninahitra azy).

22- ثُمَّ إِذَا شَاءَ أَنْشَرَهُ

22- Koa raha sitrak'i Allah dia atsangany amin'ny fahafatesana izy.

23- كَلَّا لَمَّا يُفْضِ مَا أَمَرَهُ

23- Marina tokoa fa tsy nanatanteraka ny baikon'i Allah izy.

24- فَلْيَنْظُرِ الْإِنْسَانُ إِلَى طَعَامِهِ

24- Koa aoka ny olombelona handinika ny sakafony (izay fahasoavana avy amin'i Allah).

25- أَنَا صَبَبْنَا الْمَاءَ صَبًّا

25- Izahay no nandrotsaka ilay ranon'orana sesehena (avy amin'ny rahona).

26- تُمْ شَقَقْنَا الْأَرْضَ شَقًّا

26- Avy eo Izahay nampitriatra ny tany (hipoiran'ireo zava-maniry).

27- فَأَنْبَتْنَا فِيهَا حَبًّا

27- Ka nampitsirianay ny voa ao aminy (toy ny tsaramaso, katsaka, varimbazaha...sns).

28- وَعِنْبًا وَقَضْبًا

28- Ary ny voaloboka sy ny ahi-maintso (ho an'ny biby).

29- وَزَيْتُونًا وَتَخْلًا

29- Sy ny oliva sy ny atrendry.

30- وَحَدَائِقَ غُلْبًا

30- Sy ireo zaridaina feno hazomaniry.

31- وَفَاكِهَةً وَأَبًّا

31- Sy ny voankazo sy ny ahi-maintso (ho an'ny biby na vilona).

32- مَتَاعًا لَكُمْ وَلِأَنْعَامِكُمْ

32- (Nohariana) mba ho fahafinaretana ho anareo sy ho an'ireo biby fiompinareo.

33- فَإِذَا جَاءَتِ الصَّاحَّةُ

33- Fa rehefa tonga ny kiakan'ny fitsanganana.

34- يَوْمَ يَوْرُ الْمَرْءِ مِنْ أَخِيهِ

34- Andro handosiran'ny olona ny rahalahiny.

35- وَأُمِّهِ وَأَبِيهِ

35- Sy ny reniny sy ny rainy.

36- وَصَاحِبَتَيْهِ وَبَنِيهِ

36- Sy ny vadiny aman-janany.

37- لِكُلِّ امْرِيٍّ مِنْهُمْ يَوْمَئِذٍ شَأْنٌ يُغْنِيهِ

37- Isaky ny olona tsirairay, izy ireo amin'izany andro izany dia samy hanavotra ny tenany.

38- وَجُوهٌ يَوْمَئِذٍ مُّسْفِرَةٌ

38- Ireo endrika sasany amin'izany andro izany dia hamirapiratra.

39- ضَاكَّةٌ مُّسْتَبْشِرَةٌ

39- Feno tsiky sy miramirana.

40- وَوُجُوهٌ يَوْمَئِذٍ عَلَيْهَا غَبَرَةٌ

40- Ary ireo endrika sasany kosa amin'izany andro izany dia ho maloka.

41- تَرُفُّهَا قَتَرَةٌ

41- Ho rakotry ny haizina (sahala amin'ny setroka mainty).

42- أُولَئِكَ هُمُ الْكُفْرَةُ الْفَجْرَةُ

42- Izy ireny no ireo tsy mpino izay mpanimbazimba.

Famakafakana ny sourat Anbasa

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

Iza moa ilay niketrona?

Miombon-kevitra ireo mpanao tafsir fa ilay jamba voalaza ao amin'ity sourat ity dia Ibn Oummi Maktoum mpanaradian'ilay Irak'i Allah (s.a.w) ary izy io dia zanaky ny dadatoan'i Khadija (vadin'ilay Mpaminany) avy amin'ny reniny, fa mifanohitra kosa mikasika an'ilay olona niketrona. Misy milaza fa izy io dia olona tsy fantatra ary izany filazana izany dia azo ekena satria i Allah amin'io andininy io dia nanambara an'ilay olona niketrona amin'ny alalan'ny solontena manondro olona tsy eo (3è personne du singulier), sady tsy nazavain'i Allah amintsika iza izany olona izany. Marihina fa betsaka ny andininy manana hevitra mitovy amin'izany

ao amin'ny Qur'an, ka anisan'izany ilay andininy faha-33 ao amin'ny surat al-Qiyamah: **ثُمَّ ذَهَبَ إِلَىٰ أَهْلِهِ يَتَمَطَّى** izay milaza manao hoe: **“Avy eo dia lasa any amin'ny fianakaviany izy nandeha am-piavonavonana.”**

Misy koa ny milaza fa izy io dia olona iray avy amin'ny fokon'ny Bani Oumaiyah, izay rehefa nahita an'ilay jamba izy dia narikoriko ka niamboho azy.

Fa ny malaza ao amin'ireo mpanao tafsir sasany dia manambara fa ilay niketrana sy nampitodika ny tarehiny dia ilay Irak'i Allah satria ny antony nanaovany izany hono dia nohon'ny fahatongavan'Ibn Oummi Maktoum tamin'ny tao Makka ary tamin'io fotoana io dia tafaraka tamin'ireo lehiben'ny mpanompo sampy, mpanan-karena toa an'i Ountbah sy Chaïbah izay samy zanak'i Rabi'an sy i Abou Djahl ary i Ibn Moughighah sy ireo hafa ankoatr'azy ireo. Manambara ireto mpanao tafsir ireto fa ilay Irak'i Allah hono dia nisahirana tamin'ireo lehiben'ny mpanompo sampy ireo fa tsy mba niraharaha ny olon-kafa izay tonga teo, ary nampahatsiahy azy ireo mikasika an'i Allah sy nampitandrina azy ireo amin'ny fanaovana haratsiana sy amin'ilay fanompoan-tsampy sy ny fiafaran'izany sady koa nampanantena azy ireo ny fahazoana ny hatsaran'ny fiainana eto an-tany sy ny any ankoatra raha toa izy ireo ka manaiky ny finoana islam. Ny Mpaminany (s.a.w) moa dia nanantena ny fahitsian'izy ireo avy amin'izany mba ho anisan'ny hery sy tanjaka ho an'ilay finoana na farafaharatsiny izy ireo miala amin'ny fankahalana ny finoana islam. Marihina fa tamin'izany fotoana izany ny finoana islam dia mbola nalemy sy nandalo fitsapana mahery vaika nohon'ny hafitsok'ireo mpanompo sampy ireo sy ny fanaratsiana nataon'izy ireo.

Ary tamin'izany fotoana izany no tonga tampoka ilay olona mahantra sy jamba, nanapaka ny resak'ilay Irak'i Allah tamin'ireo andian'olona ireo, ka niangavy Azy nanao hoe:

“عَلَّمَنِي يَا رَسُولَ اللَّهِ شَيْئًا أَنْتَفَعُ بِهِ مِمَّا عَلَّمَكَ اللَّهُ Irak'i Allah ny zavatra hahazoako tombon-tsoa tamin'izay nampianarin'i Allah Anao ...”

Fa ny Mpaminany (s.a.w) -hoy ihany ny fanazavan'izy ireo-dia nanohy hatrany ny resany tamin'ireo andian'olona ireo fa tsy niraharaha an'ilay jamba. Koa nampidin'in'i Allah ireto andininy ireto mba ho fanomezan-tsiny an'izay olona nanao izany fihetsika izany.

Fa mbola ho avy ny fanazavana mikasika ny fahamarinan'izany na tsia rehefa isika manazava ireo hadith momba izany. (**Jereo ao amin'ny pejy faha-113**).

Na izany na tsy izany anefa, ny azo hambara eto dia izao: ny tanjona ao amin'ity surat ity dia ny fanomezan-tsiny amin' izay manome lanja an'ireo manan-katao fa manao tsinontsinona an'ireo malemy sy mahatra avy amin'ireo mpino ka zary lasa manandratra ny olon'izao tontolo izao fa kosa mampietry ny olon'Andriamanitra. Avy eo miresaka koa mikasika ny fomba nanamboarana ny olombelona sy ny fitavandran'ny olombelona ny fandrindràna ny fiainany ary ny fitsipahany miaraka amin'izany koa ireo fahasoavan'ny Tompony sy ny fandrindràna lehibe mombamomba azy; ary ny fehin'ilay surat dia miresaka mikasika ny fitsanganan'ny olona amin'ny andro farany sy ny valin'ny asany mba ho fitandremana.

(عَبَسَ وَتَوَلَّى أَنْ جَاءَهُ الْأَعْمَى)

Ilay jamba araka ny efa voalaza teo dia tsy iza fa Ibn Oummi Maktoum izay tonga tamin'ilay Irak'i Allah (s.a.w) mba hanontany Azy momba ny finoana ka milaza ireo mpanao tafsir sasany fa tsy niraharaha azy noho Izy mbola sahirana tamin'ny zavatra izay tena manan-danja kokoa ... araka ny efa nolazaina teo aloha. Ary io jamba io dia anisan'ny olona nifindramonina voalohany tao Madina sy mpanao adhàn faharoa ho an'ilay Irak'i Allah (s.a.w), ary araka ny voalazan'ny manam-pahaizana sasany dia matetika izy io no notendren'ilay Iraka hitarika ny salàt tao Madina amin'ny fotoana tsy mahaeo Azy. Misy milaza fa izy dia jamba fahakeliny ary ny

tena anarany dia i Abdoullah fa i Allah no niantso azy amin'ny mahajamba azy mba hanehoana ny fialan-tsininy amin'ny fiangaviany tsy misy farany.

(وَمَا يُدْرِيكَ لَعَلَّهُ يَزَكِّي أَوْ يَذَّكَّرُ فَتَنْفَعَهُ الذِّكْرَى)

Inona no zavatra hananao fahalalana amin'ily jamba? Raha ianao mamaly ny fiangaviany ka nomenao ny sasany amin'ireo lalànan'ny finoana izy dia mba nahazoany tombon-tsoa izany ary nampihariny izay azony taminao.

(أَمَّا مَنْ اسْتَعْنَى فَأَنْتَ لَهُ تَصَدَّى)

Tsy noraharahainao izay mahatsapa fa mila izay misy Aminao mikasika ny fahalalana an'i Allah fa niraharaha an'izay mahita ny tenany ho ampy nohon'ny fananany harena amam-boninahitra ka tsy te halala ny momba an'i Allah sy Anao, notavandrainao ny fahitsiany sy ny fiverenany miala amin'ny fahaverezana; koa moa ve Ianao maniry ny fahitsiana izay nojambain'ny fanirian-dratsy sy ny habadoana fa hoy indrindra i Allah ao amin'ny sourat Younous andininy faha-43 hoe : أَفَأَنْتَ تَهْدِي “**Moa ve ianao afaka hitari-dàlana ireo jamba na dia tsy mahita aza izy ireo ?**”

(وَمَا عَلَيْكَ أَلَّا يَزَكِّي)

Tsy misy tsiny ho Anao na ny amin'ny finoana islam ny fitsipahan'ny mpitsipaka sy ny fahaverezany, ary ny mitovy amin'izany dia ilay tenin'i Allah ao amin'ny sourat al-Màidah andininy faha-42 milaza hoe : وَإِنْ تُعْرِضْ عَنْهُمْ فَلَنْ يَضُرُّوكَ شَيْئًا “**Fa raha manalavitra azy ireo Ianao dia tsy afaka manao ratsy Aminao velively izy ireo.**”

(وَأَمَّا مَنْ جَاءَكَ يَسْعَى وَهُوَ يَخْشَى فَأَنْتَ عَنْهُ تَلَهَى)

Ianao dia nisahirana amin'ireo mpanompo sampy nohon'ny fitavandranao azy ireo mha hanraka ny finoana islam sy ny fahitsiana ka navelanao ny mpino izay tonga teo Aminao mba hahazo tombon-tsoa amin'ny fahalalanao nohon'ny fiankinany amin'ny fananam-pinoana -imàn- misy aminy, na dia ny fotoana fampianarana aza malalaka ... Koa avelao ireo mpanageja ireo ho an'i Allah Tokana fa Izy no Mpanaramaso azy ireo, ka manatona an'izay misokatra ny fony ho an'ny fahitsiana sy ny hatsarana.

(كَلَّا)

Marina dia marina fa i Allah dia tsy manavotra ny finoany amin'ny alalan'izay mahita ny tenany ho ampy nohon'ny fananany harena amam-boninahitra ka tsy te halala ny momba an'i Allah sy Anao, fa Izy no hanavotra ny fahamarinana amin'ny alalan'ireo olon-tsara tahaka an'izany jamba izany na dia mahantra sy malemy aza izy ireo.

(إِنَّهَا تَذْكِرَةٌ فَمَنْ شَاءَ ذَكَرْهُ)

Ny solontena tampisaka amin'ilay teny إِنَّ eto dia miverina amin'ireo andinin'ny Qour'an na miverina amin'ny fahitsiana izay ao aminy. Ary ny solontena tampisaka مَن amin'ilay teny ذَكَرْ kosa dia miverina amin'i Allah na amin'ilay Qour'an, ary ny tiany hambara amin'izany dia izao: ity Qour'an ity dia ampy tanteraka hanome fahitsiana ho an'izay mitady izany, fa Ianao ry Mouhammad dia tsy manana na inona na inona afa-tsy ny fampielezana sy ny fampahatsiahivana; koa izay tia dia mino na mitsipaka. Avy eo nanome toetra i Allah amin'ilay fahitsiana ao amin'ny Qour'an sy ny fampianarany ary ireo lalànany, amin'ny alalan'ilay teny hoe:

(فِي صُحُفٍ مُّكْرَمَةٍ)

Ireo rehetra ireo dia manana ny maha-izy azy sy ny voninahitra eo anatrehan'i Allah.

(مَرْفُوعَةٍ مُّطَهَّرَةٍ)

Ambony ny fampianaran'ireo rehetra ireo izay feno tombontsoa tokoa ary ny fahendren'izy ireo tafahoatra dia lavitra amin'ny zavatra tsy misy dikany sy madio amin'ny fahaverezana.

(بِأَيْدِي سَفَرَةٍ كِرَامٍ بَرَرَةٍ)

Ireo takelaka avy amin'i Allah ireo dia ao anatin'ny fiarovana tanteraka entin'ireo Anjely tena akaiky avy amin'Ilay Avo Indrindra mankany amin'ireo mpaminaniny izay madio amin'ny fahadisoana ary izy ireo dia mampiely izany arakaraka ny anjara asan'izy ireo amin'ny olombelona amim-pitandremana sy fahatokisana.

(قُتِلَ الْإِنْسَانُ مَا أَكْفَرَهُ)

Voalaza ao amin'ny tafsīr nosoratan'i Fakhr Razī izay noraisiny avy amin'ny vondrona mpanao tafsīr, fa ny tiana hambara amin'ny hoe الْإِنْسَانُ eto dia ny olona mpanan-karena rehetra izay mieboebo nohon'ny fananany eo anatrehan'ny mahantra. Ary ny cheikh Mouhammad Djawad Moughniyah dia manaiky izay hevitra izany; satria hoy izy, ny zava-misy iainana dia manam-porofo ny fahamarinan'izany. Eny, fa raha tsy nohon'ny haben'ny fanantenana sy ny fitiavana mangoron-karena ataon'ny sasany, dia niaina finaritra tao anatin'ny fandriam-pahalemana ny olombelona. Fa ilay manam-pahaizana cheikh Mouhammad Abdouh dia niteny nanao hoe: “ity fangatahana loza ho an'ny olombelona ity dia manambara fa ny olombelona dia tonga amin'ny haratsiana amin'ny fetra izay tsy mendrika ivelomany mihitsy ary ny fototry ny haratsiany dia ny

fanadinoany ireo fahasoavana izay mety hivadika ao aminy sy noho izy variana amin'izany hatramin'izy rehefa hampahatsiahivana mikasika ny fahamarinana dia tsy te halala an'ilay fahampahatsiahivana akory....” Tsy misy fisalasalana fa ny fahasoavana amin'ny fisian'ny olombelona sy ny fahatsapany sy ny fandrenesany ary ny fahitany, eny izany dia anisan'ny fahasoavana lehibe avy amin'ny Tompo, fa kosa ny fahasoavana amin'ny fisiany, sy ny sisa dia tsy izany no mahatonga ny olona manambony tena sy manao haratsiana satria izany fahasoavana izany dia mandrakotra ny olombelona rehetra; fa ny tena marina ny zavatra mahatonga ny olon-dratsy mioha-pefy sy mamporisika azy manao fanagejana dia ny fahatsapany ny fananany harena sy ny fiavahany amin'ny hafa.

(مِنْ أَيِّ شَيْءٍ خَلَقَهُ مِنْ نُطْفَةٍ خَلَقَهُ فَقَدَرَهُ)

Iza tokoa moa ianao ry olombelona izay marefo ka mahatonga anao miavonavona amin'ny fankatoavana an'i Allah ary mila manjakazaka amin'ireo mpanompo ?! Mba diniho ny amin'ny loharano nipoiranao sy ny amin'ny fifindranao avy amin'ny dingampiforonana iray ao am-bohoka mankany amin'ny dingana iray hafa, ary mba diniho ihany koa ho aiza moa ny fiafaranao ... Koa iza moa no nampisy anao avy tamin'ny tsy fisiana?! Iza no nahary anao tao an-kibon-dreninao, avy amin'ny toe-batana iray aorian'ny toe-batana iray hafa?! Avy eo iza no namoaka anao amin'ny endrika lavorary?! Moa ve ilay kisendrasendra izany no nanao izany rehetra izany?!

(ثُمَّ السَّبِيلَ يَسَّرَهُ)

Namorain'i Allah ho an'ny olombelona ny lalana amin'ny alalan'ny zavatra roa: voalohany dia ny fitarihana sy famporisihana amin'ilay lalana. Faharoa dia ny saina sy ny fahafahana hanatanteraka ny asa. Ary koa namorainy ny lalam-piainana ho azy

amin'ny alalan'ny zavatra roa: voalohany, ny zavatra tsara izay napetrak'i Allah eo amin'ny tontolo iainana dia ampy tokoa hanamora ny fiainan'ny olombelona. Faharoa, ny tanjaka sy ny hery napetrany ao amin'ny olombelona dia ahafahana mamadika ireo natiora ireo arak'izay hitiavany azy.

(ثُمَّ أَمَاتَهُ...)

Avy eo dia novonoin'i Allah ny olombelona aorian'ny fahataperan'ny fotoam-piainany mba hahazo ny fahasambarana mandrakizay raha toa ka olona mpankato izy.

(...فَأَقْبَرَهُ)

Allah dia nibaiko amin'ny fandevenana ny olona aorian'ny fahafatesany ary nandrara amin'ny famelàna azy miampatra amin'ny tany ka hohanin'ireo bibidia sy ireo vorona. Izany rehetra izany dia manambara ny fanajana ny olombelona eo anatrehan'i Allah na dia efa niala aminy aza ny ainy, koa ahoana raha toa ka tamin'izy mbola velon'aina.

(ثُمَّ إِذَا شَاءَ أَنْشَرَهُ)

Namboariny izy avy eo novonoiny ka nodidiany mba halevina ao am-pasana, avy eo hatsangany amin'ny maty tahaka izy tamin'ny fahavelony mba hotsaraina sy homena valisoa... Ary raha tsy izany fitsanganana amin'ny maty izany dia zava-poana ny fisian'ny olombelona. Fa io tenin'i Allah milaza hoe إِذَا شَاءَ io, dia manondro fa i Allah Irery ihany no mahalala rahoviana ny fahatongavan'io andro Fitsanganana io.

(كَلَّا لَمَّا يَقْضِ مَا أَمَرَهُ)

Ilay solontena mpanao amin'ilay matoateny يَقْضِ dia miverina amin'ilay olombelona mpanao tsy rariny, ka ny tiana hambara eto

dia hoe : efa nomenay hery sy ny fiomanana rehetra ny olombelona izay hahatonga azy afaka manao hatsarana sy ny asa soa. Ary tsy navelanay hanana fialan-tsiny izy ; kanefa na izany na tsy izany, ny ankamaroan'ny olombelona dia nanao tsirambina, eny fa ny ankamaroan'izy ireo dia nanao haratsiana sy fanagejana tafahoatra ka noraisin'izy ireo izany fahasoavan'i Allah izany ho fitaovana hanaparitahana ny haratsiana eto an-tany sy hampahoriana an'ireo mpanompo.

(فَلْيَنْظُرِ الْإِنْسَانُ إِلَى طَعَامِهِ)

Aoka ny olombelona handinika ny sakafo izay misy eo aminy mba hahatsapany fa ao amin'io sakafo io no mahavelona azy ka aoka izy hijery izany no sady hanontany ny tenany hoe: iza no nahary ho azy an'ity sakafo ity? Ny natiora ve? Ary iza no nahary izany natiora izany? Ilay kisendrasendra ve? Moa ve ilay kisendrasendra manan-tsaina ahafahany manao zavatra sy mandrindra azy? Moa ve ilay natiora no nampisy ny zava-drehetra misy ao aminy, amin'ireo karazan-javatra iavian'ny sakafo sy ny zava-pisotro...sns, miaraka amin'ireo rindran-damina mahafinaritra ireo?

(أَنَا صَبَبْنَا الْمَاءَ صَبًّا)

Tsia dia tsia ... Eny, i Allah Irery no nampisy ny rano sy nampidina azy avy an-danitra satria Izy no fototra sy antom-pisian'ny zava-drehetra.

(نَمْ شَقَقْنَا الْأَرْضَ شَقًّا فَأَنْبَتْنَا فِيهَا حَبًّا وَعَبْنَا وَقَضَبًّا)

Ireo zavamaniry dia mampitriatra ny tany mba hivoaka avy ao aminy mitovitovy mihitsy amin'ny zana-borona ao anatin'ny atody ka mampitriatra ilay akorany mba hivoahany ao aminy.

(وَرَيْثُونًا وَتَخْلًا وَحَدَائِقَ غُلْبًا)

Ny teny manondro maro (pluriel) amin' ilay teny hoe غُلْبًا dia ny غلباء ka ny dikan'izany dia ny hazo lehibe sy ny hafa ankoatr'izany ary ny tiany hambara dia ireny zaridaina tena lehibe ireny izay ahitana ireo hazo maniry sy ireo voninkazo ary ny aloka, izay maneho endrika tsara sy kanto.

(وَفَاكِهَةً وَأَبًّا مَتَاعًا لَكُمْ وَلِأَنْعَامِكُمْ)

Ny dikan'ny أَبًّا eto dia ny tanim-bilona ary ny مَتَاعًا eto dia ny zavatra izay mahafinaritra ny olombelona sy ny biby. Nilaza ny cheikh Mouhammad Abdouh nanao hoe :

“Nisy nilaza fa i Abou Bakr dia nanontaniana mikasika ny voambolana hoe أَبًّا ka namaly nanao hoe : **Na ny lanitra manao ahoana no manaloka ahy ary na ny tany manao akory no mitondra ahy, raha toa ka izaho no hiteny ny zavatra ao amin'ny bokin'i Allah izay tsy hananako fahalalana.** Nisy nilaza ihany koa fa i Omar Ibn Al-khattàb fa rehefa avy namaky an'io andininy io izy dia nilaza nanao hoe : **Izany rehetra izany dia fantatray nefa inona kosa no mba dikan'ny hoe الأَبُّ ?...** Avy eo izy nanapaka ilay tehina teo am-pelatànany sady niteny hoe: **Ifantàna amin'i Allah fa ity dia zava-manahirana, ary tsy mampaninona anao ry zanaky ny renin'i Omar raha tsy mahalala ny dikan'ny الأَبُّ ? ...** Ary aza mihevitra ianao fa ny lehibenay i Omar dia mandrara amin'ny fanarahana ny hevity ny Qur'an, fa kosa izy dia mila mampianatra anao fa ny antery aminao amin'ny maha-mpino anao dia ny fahatakarana ny heviny ankapobeny fotsiny.”

وَفِي الدَّرِّ الْمَنْثُورِ أَخْرَجَ أَبُو عُبَيْدٍ فِي فَضَائِلِهِ عَنِ إِبْرَاهِيمَ التَّيْمِيِّ
 قَالَ: سَأَلَ أَبُو بَكْرٍ الصِّدِّيقُ عَنْ قَوْلِهِ "وَأَبًا" فَقَالَ: أَيُّ سَمَاءٍ تُظَلِّنِي وَأَيُّ أَرْضٍ
 تُقَلِّنِي إِذَا قُلْتُ فِي كِتَابِ اللَّهِ مَا لَا أَعْلَمُ.

“Ao amin’ny boky ad-dourr al-man’thour dia nanambara i Abou Ounbaïd ao amin’ny bokiny antsoina hoe falwàil, voarainy avy tamin’Ibrahim al-Taïmî izay niteny nanao hoe : Nisy nanontany an’i Abou Bakr mikasika ilay tenin’i Allah hoe وَأَبًا dia hoy izy hoe : **Na lanitra manao ahoana no manaloka ahy ary na tany manao akory no mitondra ahy, raha toa ka izaho no hiteny ny zavatra ao amin’ny bokin’i Allah izay tsy hananako fahalalana.**”

(فَإِذَا جَاءَتْ الصَّاحَّةُ)

Ny dikan’ny الصَّاحَّةُ dia ilay andron’ny Fitsanganana, izay andro mamparenin-tsofina ny fikiakany.

(يَوْمَ يَفِرُّ الْمَرْءُ مِنْ أَخِيهِ وَأُمِّهِ وَأَبِيهِ وَصَاحِبَتِهِ وَبَنِيهِ لِكُلِّ امْرِئٍ
 مِنْهُمْ يَوْمَئِذٍ شَأْنٌ يُغْنِيهِ)

Tsy misy mahalala ny olon-tiana na ny havana amin’ny andron’ny Fitsanganana satria ny olona tsirairay dia samy mamonjy ny tenany sy sahirana mikasika ny tenany manokana fa tsy miraharaha ny hafa... Manarak’izany, ny tsirairay dia manirery. Ary ity andininy ity dia manondro fa ireo izay iandrekatan’ny olombelona teto an-tany ary indraindray dia sahiny ny manao fahotana mba hamonjena azy ireo, dia tsy hifamonjy akory ry zareo any amin’ny andro farany. Amin’ny tafsir sasantsasany dia milaza fa ny fanononana ireo havana ao amin’ily andininy dia mifanaraka amin’ny lamina voajanahary satria ny rahalahy no nolazaina aloha avy eo ny ray aman-dreny avy eo ilay vady izay vao ny zanaka nohon’ny fitiavan’ny olombelona manoloana ny ray aman-dreniny

dia mahery kokoa noho ny amin'ny rahalahiny, ary ny fitiavany manoloana ny vady aman-janany dia mahery kokoa noho ny amin'ny ray aman-dreny. Sahala amin'i Allah te hilaza hoe : ny olona dia andosiran'ny rahalahiny, eny fa na ny reniny sy ny rainy aza indrindra fa na ny vadiny aman-janany aza dia andosirany ihany koa.

وَفِي الْمَجْمَعِ وَرَوَى عَنْ عَطَاءِ بْنِ يَسَارٍ عَنْ سَوْدَةَ زَوْجِ النَّبِيِّ (ص)
 قَالَتْ: قَالَ رَسُولُ اللَّهِ (ص): يُبْعَثُ النَّاسُ حَفَاةَ عَرَاءَ عَرَلًا يُلْجِمُهُمُ الْعِرْقُ وَيَبْلُغُ
 شَحْمَهُ الْأُذُنِ قَالَتْ: قُلْتُ: يَا رَسُولَ اللَّهِ وَأَسْوَأَتَاهُ يَنْظُرُ بَعْضُنَا إِلَى بَعْضٍ إِذَا
 جَاءَ؟ قَالَ: شَغَلُ النَّاسِ عَنْ ذَلِكَ وَتَلَا رَسُولُ اللَّهِ (ص) " لِكُلِّ امْرِئٍ مِنْهُمْ يَوْمَئِذٍ
 شَأْنٌ يُغْنِيهِ "

Voalaza ao amin'ny boky al-Madjma'en, voaray avy tamin'i Antwa'e Ibn Yassar avy tamin'i Sawdah vadin'ny Mpaminany (s.a.w), izay nilaza nanao hoe : Niteny ilay Irak'i Allah (s.a.w) hoe : Hatsangana amin'ny maty tsy amin-kiraro sy tsy mitafy ary tsy voafora ny olona, feno hatsembohana izy ireo ka tonga hatreo am-poto-tsofin'izy ireo, ka niteny izy : hoy aho hoe : ry ilay Irak'i Allah ! Ô izany henatro ô ! Rehefa tonga -izany andro izany- ny sasany amintsika dia mijery ny sasany? Namaly ilay Irak'i Allah hoe: ny olona dia sahirana amin'ny zavatra hafa, avy eo ilay Iraka dia namaky ilay teny manao hoe: **“Isaky ny olona tsirairay, izy ireo amin'izany andro izany dia samy hanavotra ny tenany.”**

(وَجُوهٌ يَوْمَئِذٍ مُّسْفِرَةٌ)

Misy ireo endrika sasany amin'ny andro farany dia hamiratra tahaka ny famirapiratan'ny masoandro vao maraina.

(ضَاكَّةٌ مُسْتَبْشِرَةٌ)

Feno tsiky sy miramirana nohon'ny hafaliana lehibe amin'ilay fampanantenana nomen'i Allah azy ireo mikasika ny toerana manan-kaja sy ny valisoa lehibe.

(وَوَجُوهٌ يَوْمَئِذٍ عَلَيْهَا غَبَرَةٌ)

Misy koa ireo endrika sasany amin'izany andro izany dia ho feno henatra sy fahambaniana.

(تَرَاهُهَا قَتْرَةً)

Sy ho rakotry ny haizin'ny alahelo.

(أُولَئِكَ هُمُ الْكَافِرَةُ الْفَجْرَةُ)

Izy ireny no ireo tsy mpino izay mpanimbazimba. Ary nilaza ny cheikh Djawad Mouhammad Moughnyiah fa ny fanomezana toetra an'ireo mpitsipaka amin'ny teny hoe mpanimbazimba dia midika, fa izay mpanimbazimba, maloto fitondrantena eo anatrehan'i Allah dia mitovy lenta amin'ilay mpitsipaka, eny fa na dia mpanao ny swalât dimy isan'andro aza izy.

Nilaza ny cheikh Djawad M. Moughnyiah fa ny cheikh Mouhammad Abdouh dia manana resaka lava mikasika an'ity andininy ity fa ny famintinana an'izany dia izao manaraka izao: “Ny olona izay mitady ny fahamarinana amin'ny lâlana marina ka nampihatra izany izy na tra-pahafatesana teo am-pitadiavana an'ilay fahamarinana izy (izay olona manana fihetsika tahak'izany amin'ny fiainana eto an-tany) dia izy no ilay feno tsiky sy miramiran-tava amin'ny andro Fitsanganana nohon'ny fahasovan'i Allah. Fa ny olona izay nanao tsinontsinona ny sainy ary nanome vahana hatrany ny fanirian-dratsiny sy variana amin'ny fanomezana fiala-tsiny amin'ireo filân-dratsiny sy mitady fomba foana mba hiarovana ny fahadisoany, tahaka ny nataon'ireo fahavalon'ireo Mpaminanin'i Allah ireo, izany olona izany no ho rakotry ny haizin'ny halahelo ny

tarehiny sy feno henatra sy fahambaniana amin'ny andron'ny Fitsanganana; noho izy anisan'ireo mpitsipaka mpanimbazimba, satria ny finoana dia mandrara ny fanaovana vetaveta kanefa izy dia nanao izany; ny finona koa dia maniraka amin'ny fiarovana ny tombon-tsoan'ny be sy ny maro kanefa izy dia manimba izany. Ny finoana dia mitaky ny olona mpanaraka azy mba handany ny harenany amin'ny fomba mendrika kanefa izy dia mitady ny harena mba handany izany amin'ny fomba ratsy. Ny finoana dia mibaiko amin'ny fanaovana ny rariny kanefa izy no farany tena mpanageja. Ny finoana dia mandidy amin'ny fitenenana ny marina kanefa izy dia mandainga no sady mitia an'ireo mpandainga... Ary izay olona manana fihetsika tahak'izany dia ahoana tokoa ny hanjo azy amin'ny andro hahitana an'Ilay Tsy Refesi-Mandidy sy hisokafan'ilay takona.”

Fikarohana ao amin'ny hadith

فِي الْمَجْمَعِ : قِيلَ: نَزَلَتِ الْآيَاتُ فِي عَبْدِ اللَّهِ بْنِ أُمِّ مَكْتُومٍ وَهُوَ عَبْدُ اللَّهِ بْنِ شَرِيحِ بْنِ مَالِكِ بْنِ رَبِيعَةَ الْفَهْرِيِّ مِنْ بَنِي عَامِرِ بْنِ لُؤْيٍ.
 وَذَلِكَ أَنَّهُ أَتَى رَسُولَ اللَّهِ (ص) وَهُوَ يُنَاجِي عُنْبَةَ بْنَ رَبِيعَةَ وَأَبَا جَهْلٍ
 بْنَ هِشَامٍ وَالْعَبَّاسَ بْنَ عَبْدِ الْمُطَّلِبِ وَأَبِيًّا وَأُمِّيَّةَ بْنَ خَلْفٍ يَدْعُوهُمْ إِلَى اللَّهِ وَ
 يَرْجُو إِسْلَامَهُمْ فَقَالَ: يَا رَسُولَ اللَّهِ أَفْرِنِّي وَ عَلَّمْنِي مِمَّا عَلَّمَكَ اللَّهُ فَجَعَلَ يُنَادِيهِ
 وَ يُكْرِرُ النَّدَاءَ وَ لَا يَدْرِي أَنَّهُ مُسْتَعْلٍ مُقْبِلٌ عَلَى غَيْرِهِ حَتَّى ظَهَرَتِ الْكَرَاهَةُ
 فِي وَجْهِ رَسُولِ اللَّهِ (ص) لِقَطْعِهِ كَلَامَهُ وَقَالَ فِي نَفْسِهِ: يَقُولُ هُوَ لَاءِ الصَّنَادِيدِ
 إِنَّمَا أَتْبَاعُهُ الْعُمَيَّانُ وَالْعَبِيدُ فَأَعْرَضَ عَنْهُ وَأَقْبَلَ عَلَى الْقَوْمِ الَّذِينَ كَانَ يَكْلُمُهُمْ
 فَنَزَلَتِ الْآيَاتُ.

وَكَانَ رَسُولُ اللَّهِ (ص) بَعْدَ ذَلِكَ يُكْرِمُهُ، وَإِذَا رَأَهُ قَالَ: مَرْحَبًا بِمَنْ
 عَاتَبَنِي فِيهِ رَبِّي، وَيَقُولُ لَهُ: هَلْ لَكَ مِنْ حَاجَةٍ؟ وَاسْتَخْلَفَهُ عَلَى الْمَدِينَةِ مَرَّتَيْنِ
 فِي عَزْوَتَيْنِ.

“Voalaza ao amin’ny tafsīr al-Mizàn nosoratan’ny Sayyed Twabâtwabâi fa ao amin’ny boky tafsīr antsoina hoe Madj’maoun al-Bayàn dia nisy niteny nanao hoe: nidina ireo andininy ireo noho i Abdoullah Ibn Oummi Maktoum ary ny anarany dia i Abdoullah Ibn Sharīh Ibn Mâlik Ibn Rabīanh Ibn Al-fahrī izay anisan’ny taranak’i Anmir Ibn Lou’ey.

Ary izany dia nohon’ny fahatongavany tamin’ily Irak’i Allah (s.a.w) tamin’ny fotoana ity farany niresaka nangingina niaraka tamin’i Ountbah Ibn Rabīanh sy Abou Djahl Ibn Hishàm sy Abbàs Ibn Abdoul Mouttwalib sy Oubayah sy Oumayah Ibn Khalf, ka niantso azy ireo Izy mba hino an’i Allah no sady nanantena azy ireo hanaiky ny finoana islam, fa niteny Ibn Maktoum hoe: ry ilay Irak’i Allah, ampamakio sy ampianaro ahy izay nampianarin’i Allah anao ka lasa niantsoantso Azy matetika izy ary nefa hainy fa ilay Irak’i Allah dia mbola eo am-piresahana amin’olon-kafa ankoatr’azy, mandra-pisehoan’ny tsy fifalian’ily Iraka eo amin’ny tarehiny nohon’ny fanapahana ny resany. Koa dia niteny anakampo ilay Irak’i Allah hoe: mbola hiteny ireto lehibe mavitrika ireto hoe ny mpanaradiany dia ireo jamba sy ireo andevo ka lasa tsy niraharaha azy ilay Iraka fa naleony nisahirana foana tamin’ireo olona niresahany teo; ary tamin’izany no nidinan’ireo andininy ireo.

Taorian’izany ilay Irak’i Allah dia nanaja azy ary rehefa hitany izy dia niteny nanao hoe: Arahabaina ianao ry ilay nahazoako tsiny avy amin’ny Tompoko noho izy, no sady niteny taminy hoe: moa ve misy zavatra ilainao? Ary napetrany ho solontenany indroa tao Madina izy nandritra ny fanafihana anankiroa izay nataon’ily Irak’i Allah.”

Ny tompon’ny boky al-Mizàn dia milaza manao hoe: ireto andininy ireto amin’ny fijerena ety ivelany dia tsy miresaka akory

an'ily Mpaminany (s.a.w) fa kosa miresaka olon-kafa izay tsy voafaritra mazava tsara iza izany olona resahina izany, indrindra fa amin'ireo andininy ireo dia misy hevitra maneho fa ny tiany ho resahina dia ny olon-kafa ankoatry ny Mpaminany satria ny fikentohana dia tsy anisan'ny toetrany velively manoloana an'ireo olona fahavalony, koa indrindra moa manoloana an'ireo mpino izay mitady fahitsiana avy Aminy. Avy eo ny filazana fa ny Mpaminany dia nisahirana tamin'ireo mpanan-karena fa tsy niraharaha an'ireo mahantra dia mifanohitra tanteraka amin'ireo toetra tsara izay hanany, araka ny tenin'ny Sayed Al-mourtohdà (hamindrafo aminy anie i Allah).

Fanampin'izany, dia efa nankasitraka sy nanome voninahitra lehibe tafahoatra an'ily Irany (s.a.w) i Allah araka ny teniny manao hoe: *سورة القلم وَإِنَّكَ لَعَلَىٰ خُلُقٍ عَظِيمٍ* izay voarakitra ao amin'ny sourat andininy faha-4, ary ireo manam-pahaizana dia manambara fa io sourat io dia nidina taorian'ny sourat Iqrà talohan'ny *سورة عبس*. Koa amin'ny fomba ahoana no hanekena fa tamin'ny voalohan'ny fahatongavan'ny finoana islam dia nankalaza tsara ny toetran'ny Mpaminany i Allah nefa avy eo dia niverina nanonme tsiny Azy indray, araka ny voalazan'izy ireo.

Ary nilaza koa i Allah nibaiko an'ily Irany mba hanambany ny tenany eo anatrehan'ireo mpino araka ny voalazan'ny Qour'an masina ao amin'ny sourat al-shouànrà andininy faha-215 izay milaza hoe: *“وَإخْفِضْ جَنَاحَكَ لِمَنِ اتَّبَعَكَ مِنَ الْمُؤْمِنِينَ”*, io sourat io dia anisan'ireo sourat nidina tamin'ny voalohan'ny fahatongavan'ny finoana islam ihany koa araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana.

Tsaroako fa misy boky iray novakiko izay misy ady hevitra nifanaovan'ny manam-pahaizana sounnah sy ny shianh ka anisan'ny resaka voarakitra ao amin'izany boky izany dia ny manam-pahaizana shianh antsoina hoe Djamel Dîne izay nanatrika teo dia nanambara mikasika izany tantara izany nanao hoe: nisy ady hevitra niseho teo amiko sy kristiana iray mikasika an'ity sourat ity. Niteny tamiko ilay kristiana nanao hoe: ny mpaminany, i Jesosy dia mendrika indrindra noho ny mpaminaninareo i Mouhammad. Fa hoy aho hoe: satria nahoana? Namaly izy hoe: ny mpaminaninareo dia ratsy fitondrantena, niketrana izy rehefa nahita olona jamba sady nanome lamosina azy; kanefa i Jesosy mpaminaninay kosa dia tsara fitondrantena noho izy nanasitrana ny jamba sy ny boka. Niteny ilay manam-pahaizana shianh hoe: r'ily kristiana, aoka ho fantatrao fa izahay shianh dia nilaza -araka ny fampianarana azo avy tamin'ireo Ahloul-Baït- fa ity sourat ity dia nidina tamin'i Othmàn Ibn Affàn fa tsy tamin'ily Irak'i Allah (s.a.w) velively, ary izahay mino fa io mpaminaninay io dia tsara fitondrantena, manana toetra mendrika rehetra sy noderain'i Allah Ilay Avo Indrindra ao amin'ny Qour'an manao hoe: **وَمَا أَرْسَلْنَاكَ إِلَّا رَحْمَةً لِّلْعَالَمِينَ** sy ao amin'ny andininy manao hoe:

Io sombin-tantara io dia tokony hampieritreritra ny silamo tsirairay izay manana hambom-po amin'ny finoany, ka tsy hiteny zavatra izay hahatonga ny finoana sy ilay Mpaminany ho afa-baraka; koa aoka mba ho samy hahay handinika tsara ny resaka holazaina sy hiaro ny voninahitry ny Mpaminanintsika sy ny finoana islam.

وَعَنِ الصَّادِقِ (ع) : - عَلَى مَا فِي الْمَجْمَعِ - أَتَهَا نُزِلَتْ فِي رَجُلٍ مِنْ بَنِي أُمَيَّةَ كَانَ عِنْدَ النَّبِيِّ (ص) فَجَاءَ ابْنُ أُمِّ مَكْتُومٍ فَلَمَّا رَأَهُ تَقَدَّرَ مِنْهُ وَجَمَعَ نَفْسَهُ وَعَبَسَ وَأَعْرَضَ بِوَجْهِهِ عَنْهُ فَحَكَّى اللَّهُ سُبْحَانَهُ ذَلِكَ وَأَنْكَرَهُ عَلَيْهِ.

“Voaray avy tamin’ny Imàm As-Sàdiq (a.s): - Araka ny voalaza ao amin’ny boky tafsir al-madjma’en - fa izy io dia nidina noho lehilahy iray avy amin’ny fokon’ny taranak’i Oumaiyah izay tao amin’ny Mpaminany (s.a.w) ka rehefa tonga Ibn Maktoum ary rehefa nahita azy izy dia narikoriko sy nadikidiky ary nikenzona sy nampitodika ny tarehiny koa dia nitantara izany i Allah ary tsy nankasitraka azy amin’izany.”

Lohahevitra ny andininy voalohany

البَشَائِشَةُ وَالتَّقْطِيبُ

Ny fahamiramirana sy ny fiketronana

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): حُسْنُ الْبِشْرِ يُذْهِبُ بِالسَّخِيمَةِ (البحار ج 74 ص 172)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Ny hatsaran’ny hamiramiran-tava dia mampiala ny lolom-po.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): أَلْقِ أَخَاكَ بِوَجْهِ مُنْبَسِطٍ (البحار ج 74 ص 171)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Tsenao ny rahalahinao amin’ny hamiramiran-tava.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): الْبَشَائِشَةُ فَخُّ الْمَوَدَّةِ (البحار ج 69 ص 409)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny fahamiramirana dia fandriky ny fitiavana.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): الْبِشْرُ شِيمَةُ الْحُرِّ (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny hamiramiran-tava dia ny fomba fiainan’ny olona afaka.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): أَلْقَهُمْ بِالْبِشْرِ تَمَّتْ أَضْعَانُهُمْ (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Tsenao izy ireo amin’ny alalan’ny hamiramiran-tava dia ho faty ny lolom-pon’izy ireo.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): سَبَبُ الْمَحَبَّةِ الْبَشَرُ (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny mahatonga ny fitiavana dia ny hamiramiran-tava”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): بِشْرُكَ يَدُلُّ عَلَى كَرَمِ نَفْسِكَ (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny hamiramiran-tavanao dia manambara ny hatsaram-panahinao.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): حُسْنُ اللَّقَاءِ يُزِيدُ فِي تَأَكُّدِ الْإِحَاءِ (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny hatsaran’ny fifandraisana dia mampitombo amin’ny hamafin’ny firahalahiana.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): كَانَ رَسُولُ اللَّهِ صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ يَقُولُ: إِنَّ

اللَّهُ يَبْغِضُ الْمُعْبَسَ فِي وَجْهِ إِخْوَانِهِ (مستدرک الوسائل ج 2 ص 61)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Avy nanambara ilay Irak’i Allah tso-dranon’i Allah anie ho Azy sy ireo taranany nanao hoe: marina tokoa fa i Allah dia mankahala an’ilay mpikentrona eo anatrehan’ireo rahalahiny.

* * * * *

سُورَةُ التَّكْوِيرِ

NY SOURAT AL-TAKWIR

Ny voninahitry ny sourat al-Takwîr

قَالَ رَسُولُ اللَّهِ (ص): مَنْ سَرَّهُ أَنْ يَنْظُرَ إِلَى يَوْمِ الْقِيَامَةِ كَأَنَّهُ رَأَى الْعَيْنِ فَلْيُفْرَأْ إِذَا الشَّمْسُ كُوِّرَتْ - مجمع البيان -

Niteny ilay Irak'i Allah (s.a.w) hoe: “Izay faly ny hijery amin'ny andro Fitsanganana toy ny fahitan'ny maso mivantana dia aoka izy mba hamaky ilay sourat كُوِّرَتْ الشَّمْسُ إِذَا.”

Ny dikan'ny sourat al-Takwîr ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- إِذَا الشَّمْسُ كُوِّرَتْ

1- Rehefa norakofana ny masoandro ary nesorina ny hazavany.

2- وَإِذَا النُّجُومُ انْكَدَرَتْ

2- Rehefa hiaraka ny kintana ka hiparitaka ary ho maizina.

3- وَإِذَا الْجِبَالُ سُيِّرَتْ

3- Rehefa hiala amin'ny toerany ireo tendrombohitra.

4- وَإِذَا الْعِشَارُ عُطِّلَتْ

4- Rehefa tsy raharahaina intsony ireo zava-tsarobidy.

5- وَإِذَا الْوُحُوشُ حُشِرَتْ

5- Rehefa hangonina ireo bibidia.

6- وَإِذَا الْبِحَارُ سُجِّرَتْ

6- Rehefa hirehitr'afy ireo ranomasina.

7- وَإِذَا النُّفُوسُ رُوِّجَتْ

7- Rehefa haverina amin'ny vatana ireo fanahy na ireo asany.

8- وَإِذَا الْمَوْءُودَةُ سُئِلَتْ

8- Rehefa hanontaniana ireo zazavavy izay nalevim-belona

hoe:

9- يَا أَيُّ دَنْبٍ قُتِلَتْ

9- Mba inona loatra ny fahotana nataony ka namonoana azy?

10- وَإِذَا الصُّحُفُ نُشِرَتْ

10- Rehefa hovelarina ireo takelaka.

11- وَإِذَا السَّمَاءُ كُشِطَتْ

11- Rehefa hongotana ny lanitra.

12- وَإِذَا الْجَحِيمُ سُعِّرَتْ

12- Rehefa haredareda ny Afobe.

13- وَإِذَا الْجَنَّةُ أُزْلِفَتْ

13- Rehefa hampanatonina ny Paradisa.

14- عَلِمَتْ نَفْسٌ مَّا أَحْضَرَتْ

14-Ny fanahy tsirairay amin'ny fotoana hitrangan'ireo rehetra voalaza ireo amin'ny andro Fitsanganana dia hahafantatra ny zava-bitany na tsara na ratsy.

15- فَلَا أُقْسِمُ بِالْخُنَّسِ

15- Tsia. Mianiana amin'ireo andian-kintana izay tsy hita amin'ny atoandro.

16- الْجَوَارِي الْكُنَّسِ

16- Ireo andian-kintana dimy izay manana toetra miafina amin'ny atoandro na amin'ny sori-paritry ny habakabaka.³²

³² Fa amin'ny hadith voaray avy tamin'ny Imàm Ali (a.s) dia milaza hoe: izy ireo dia ny kintana rehetra izay miafina amin'ny atoandro ka tsy hitamaso fa amin'ny alina izy ireo dia hita eny amin'ny sori-paritry ny habakabany

17- وَاللَّيْلِ إِذَا عَسَسَ

17- Sy ny alina rehefa rakotr'haizina.

18- وَالصُّبْحِ إِذَا تَنَفَّسَ

18- Ary amin'ny vao mangiran-dratsy rehefa manome tarapahazavana.

19- إِنَّهُ لَقَوْلُ رَسُولٍ كَرِيمٍ

19- Tena marina izy io dia tenin'ily (Anjely) iraka izay mana-kaja.

20- ذِي قُوَّةٍ عِنْدَ ذِي الْعَرْشِ مَكِينٍ

20- Ilay matanjaka (ara-pahalalana sy fampiharana), manoloana (an'i Allah) Ilay Tompon'ny fiandrianana be voninahitra.

21- مُطَاعٍ ثَمَّ أَمِينٍ

21- Ilay ankatoavina - amin'ireo Anjeliny - sy azo antoka izy amin'ily hafatra.

22- وَمَا صَاحِبُكُمْ بِمَجْنُونٍ

22- Ny namanareo (i Mouhammad) dia tsy adala akory (araka ny fiheverenareo Azy).

23- وَلَقَدْ رَأَهُ بِالْأُفُقِ الْمُبِينِ

23- Fa efa nahita Azy (Djibràil) teny amin'ny faravodilanitra mazava Izy.

24- وَمَا هُوَ عَلَى الْعَيْبِ بِضَنِينٍ

24- Ary Izy (i Mouhammad) dia tsy mahidy amin'ny fampielezana ilay hafatra.

25- وَمَا هُوَ بِقَوْلِ شَيْطَانٍ رَجِيمٍ

25- Ary izany dia tsy tenin'ny satana voaozona akory.

26- فَأَيَّنَ تَذْهَبُونَ

26- Koa ho aiza àry ianareo.

27- إِنَّ هُوَ إِلَّا ذِكْرٌ لِلْعَالَمِينَ

27- Tsy inona akory izany fa fananarana ho an'izao tontolo izao (dia ireo olombelona sy ny jiny).

28- لِمَنْ شَاءَ مِنْكُمْ أَنْ يَسْتَقِيمَ

28- Ho an'izay te hanaraka ny lalana marina aminareo.

29- وَمَا تَشَاءُونَ إِلَّا أَنْ يَشَاءَ اللَّهُ رَبُّ الْعَالَمِينَ

29- Ary tsy ho tanteraka mihitsy ny fizoranareo amin'ny fahitsiana (ry ianareo mpitsipika) raha tsy sitrak'i Allah ilay Tompon'ireo tontolo rehetra.

Famakafakana ny surat al-Takwîr

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

Ao amin'ny andininy voalohany ka hatramin'ny andininy faha-12, i Allah dia milaza ny zavatra hitranga amin'ny andron'ny Fitsanganana ka hatramin'ny fotoam-Pitsarana. Ary ireto avy ireo zavatra hitranga:

Voalohany:

(إِذَا الشَّمْسُ كُوِّرَتْ)

Dikan'ny sampan-teny التكوير izay voalazan'io andininy io dia fangoronana. Avy amin'izany no teny toy ny hoe fangoronan'ny lamba atao fehiloha; ary ny tiany hambara amin'ny fangoronan'ilay masoandro dia ny tsy fiafenany taorian'izy niseho hitan'ny maso mazava tsara, ka ny antony niafenany dia nohon'ny fahasimbany.

Faharoa:

(وَإِذَا النُّجُومُ انْكَدَرَتْ)

Ny sampan-teny انكدار dia midika hoe fahamatrohana ary ny fahamatrohan'ny zavatra iray dia fivadihany ambony ho ambany.

Ary ny tiany hambara amin'ny famadihana an'ireo kintana dia ny filatsahan'izy ireo sy ny fiparitahany. Ary ao amin'ny andininy faharoa ao amin'ny سورة الإنفطار dia niteny i Allah Ilay Avo Indrindra nanao hoe: وَإِذَا الْكَوَاكِبُ انْتَثَرَتْ “**Rehefa nilatsaka niparitaka ireo kintana**”

Fahatelo:

(وَإِذَا الْجِبَالُ سُيِّرَتْ)

Miongotra miala amin'ny toerany ireo tendrombohitra ka lasa miakatra eny amin'ny habakabaka.

Fahefatra:

(وَإِذَا الْعِشَارُ عُطِّلَتْ)

Ny الْعِشَارُ dia ireo rameva mpitondra vohoka, izay sarobidy tokoa teo amin'ireo Arabo. Ary ny teny عُطِّلَتْ dia midika hoe tsy raharahaina. Izany dia oha-teny maneho ny hamafin'ilay loza amin'ny andro farany sy ny fahaverezan-kevitra ny olona amin'ny zavatra rehetra mitranga amin'izany andro izany.

Fahadimy:

(وَإِذَا الْوُحُوشُ حُشِرَتْ)

Rehefa ireo bibidia no raiki-tahotra nohon'ny fahasimban'ireo tontolo ary maty nohon'ny fahatahorana. Niteny i Ar-ràzī sy ny tompon'ny مجمع البيان ao amin'ny tafsīr nosoratan'izy ireo manao hoe : i Allah dia hanangona ireo bibidia ireo mba hamaly faty amin'izy ireo samy izy ireo, fa ny cheikh Mouhammad Djawad Moughniyah dia mamaly izany teny izany manao hoe : i Allah dia tsy mitsara mialohan'ny fametrahany ny adidy ary tsy mametraka adidy Izy raha tsy efa nanome ny saina ... Ary amin'ny alalan'ny saina no hanomezany ny fahasoavana sy sazy. Raha ohatra ireo biby

no manan-tsaina dia nandà ny olombelona izy ary amin'izay fotoana izay ny biby sy ny olombelona dia mitovy lenta.

Fahenina:

(وَإِذَا الْبِحَارُ سُجِّرَتْ)

Raha miverina amin'ny bokin'ny voamboloana, ny fehezanteny سَجَّرَ الْبِحَارُ dia midika fa tondraka ny rano ka noho izany ilay andininy dia mila manambara fa ireo ranomasina rehetra dia tondraka misavoritaka nohon'ny fahasimban'ny tontolo, tahaka izany koa ny hevitra ny andininy faha-3 ao amin'ny سورة الإنفطار milaza hoe: وَإِذَا الْبِحَارُ سُجِّرَتْ “**Rehefa hitambatra ireo ranomasina.**” Izany hoe rehefa vaky ny fefilohan'ireo ranomasina dia lasa mitambatra ho ranomasina iray izy ireo. Niteny ny cheikh Mouhammad Abdouh fa ny tiany hambara amin'ny fitondrahan'ireo ranomasina dia mety izy ireo mirehitra afo satria ny afo ao ankibon'ny tany dia mipoitra rehefa vakivaky ny tany ka amin'izay fotoana izay dia levona ireo rano ary manjary setroka; koa tsy hisy tavela amin'ireo ranomasina afa-tsy ny afo. Misy amin'ny hadith sasany dia manambara fa ny ranomasina dia lasa fonon'ny Gehena, ary ny fikarohana ara-tsiansa dia manamarina izany ka manam-porofa izany ny fangotrahan'ny volkano sy ny horohorontany.

Fahafito:

(وَإِذَا النُّفُوسُ زُوِّجَتْ)

Izany hoe hiverina amin'ny vatany izay nialany aina ny fanahin'ny olona tsirairay.

Fahavalo:

(بِأَيِّ ذَنْبٍ قُتِلَتْ وَإِذَا الْمَوْءُودَةُ سُئِلَتْ)

Izy io dia ilay ankizivavay kely izay nalevim-belona fa ny tena marina izy dia hantsagan'i Allah amin'ny maty sy hanontaniana

eo anatrehan'izay nandevim-belona azy fa nahoana izy ireo no nandevina anao? Mba ho mafy amin'izay nanao izany fahotana izany.

Fahasivy:

(وَإِذَا الصُّحُفُ نُشِرَتْ)

Rahampitso dia omena ny olona tsirairay ny bokiny izay mirakitra ny asa nataony na tsara na ratsy. Ary izany dia mety ohateny mikasika ny asan'ireo mpanompo amin'ny andro farany izay hiharihay mihitsy tahaka ny nanaovany azy tsy hisy miampy na banga. Fa na izany tsy izany, dia tsy antery amintsika ny mikaroka ny ahafantarana ny tena marina mikasika ny tiany hambara amin'ireo boky na takelaka ireo.

Fahafolo:

(وَإِذَا السَّمَاءُ كُشِطَتْ)

Izany hoe rehefa esorina ireo kintana izay manakana ny tsy hahitana ny ao ambadika, sahala amin'ny fanesorana ny hoditry ny biby novonoina ka hita ny nofo izay tao ambadik'ily hoditra.

Faharaika ambin'ny folo:

(وَإِذَا الْجَحِيمُ سُعِّرَتْ)

Rehefa nampirehetina ilay afo-be.

Faharoa ambin'ny folo:

(وَإِذَا الْجَنَّةُ أُزْلِفَتْ)

Rehefa nampifanatonina ny Paradisa sy ireo tompony, satria ilay Paradisa dia nomanina ho azy ireo. Ary ny mitovy hevitra amin'izany dia ny andininy faha-31ao amin'ny سورة ق izay milaza hoe: وَأُزْلِفَتْ الْجَنَّةُ لِلْمُتَّقِينَ غَيْرَ بَعِيدٍ “Ampanatonina akaikin'ireo matahotra an'i Allah ny Paradisa.”

(عَلِمَتْ نَفْسٌ مَا أَحْضَرَتْ)

Ity andininy ity dia valin'ireo zavatra sy fepetra miisa 12 izay noresahina teo aloha, ka ny tiany hambara dia raha ohatra ka mitranga ireo zavatra na fepetra voalaza ireo dia tonga eo anatrehan'ny Tompony ny olona tsirairay ary hahafantatra ny zavatra nentiny miaraka aminy amin'ireo asa sy ny vatsy na tsara na ratsy. Ary ao amin'ny Nahadj al-Balaghah, ny Imàm Ali (a.s) dia niteny hoe:

"وَأَنَّ قَادِمًا يُقَدِّمُ - عَلَى رَبِّهِ - بِالْفَوْزِ أَوْ الشَّقْوَةِ لِمُسْتَحِقٍّ لِأَفْضَلِ الْعُدَّةِ،
فَنَزَّوْدُوا فِي الدُّنْيَا مِنَ الدُّنْيَا مَا تُجْزُونَ بِهِ أَنْفُسَكُمْ"

Midika hoe : “Ny olona izay tonga manatona (ny Tompony) ka miaraka amin'ny fahatafitana na faharendrehana dia mendrika tokoa ny hahazo ny fampanantenana mendrika, koa noho izany dia mangona vatsy eto amin'ny fiainana eto avy amin'ny tontolo eto izay ho valisoan'ny tenanareo.”

(فَلَا أُقْسِمُ)

Niteny ny cheikh Djawad Moughniyah nanao hoe: ny لا dia teny fanampiny araka ny voalazan'ireo mpanao tafsîr, fa ny sasany amin'izy ireo dia milaza fa ny لا eto dia teny mandà nohon'ny fahazavan'ny resaka eto izay tsy ilàna fifantana... Fa raha jerena ny vokatry ny resak'izy ireo dia hita fa iray ihany. Niteny ny cheikh Mouhammad Abdouh fa ny fehezanteny toy izany dia ampiasaina raha toa ka mila omen-danja ny zavatra ifantàna, fa tsy ilay mpifanta satria Izy Tenany dia efa Lehibe.

(بِالْخُنُسِ الْجَوَارِي الْكُنُسِ)

Ny tiany hambara amin'ny teny hoe الْخُنُسِ sy ny الْكُنُسِ dia ireo kintana rehetra; fa misy milaza azy ireo ho ireo kintana dimy fotsiny dia ny الْعَطَارِيدُ “Mercure” sy ny الرَّهْرَةَ “Vénus” sy ny الْمَرِيخُ “Mars” sy ny الْمُشْتَرِي “Jupiter” ary ny زُحْلُ “Saturne”. Ary izy ireo dia mifanakaiky ny fizotran'izy ireo ; nefa kosa ireo dia manampahaizana dia tsy mitovy hevitra amin'ny fanomezana toetra ny الْخُنُسِ amin'ny الْكُنُسِ. Nilaza ny cheikh M. Abdouh araka ny dikan-teny fa i Allah dia nanome toetra azy amin'ny الْكُنُسِ satria izy dia miafina tsy hita maso rehefa tarafin'ny hazavan'ny masoandro, sahala amin'ny “serfa vavy”³³ miafina ao an-tranony. Ary nomen'i Allah toetra hoe الْخُنُسِ ihany koa izy nohon'ny fahitan'ny maso azy indray rehefa milentika ny masoandro. Mifanaraka izany amin'ilay voalazan'ilay boky tafsīr Madjma'en al-bayān nosoratan'i al-Twabrasī satria hoy izy hoe : **“Izany dia ireo kintana na planeta izay tsy hita amin'ny atoandro fa hita miharihary kosa amin'ny alina.”**

Fa ny mahasamihafa an'ireo famakafakana roa ireo dia ny الْخُنُسِ araka ny voalazan'ny tompon'ny Madjma'en dia midika hoe fiafenana, ary ny الْكُنُسِ dia ny fihariahariana, fa araka ny fahitan'ny cheikh M. Abdouh dia ny mifanohitra amin'izany, ... Na izany na tsy izany, i Allah Avo Indrindra dia mifānta amin'ireo kintana ireo mba hampieritreritra amin'ny fomba nahariana azy ireo izay maneho ireo porofo goavana amin'ny Fahefana sy Fahendren'Ilay Mpahary.

³³ karazam-biby izay tsy mivoaka raha tsy amin'ny alina ihany

(وَاللَّيْلِ إِذَا عَسْعَسَ وَالصُّبْحِ إِذَا تَنَفَّسَ)

Ity dia fifantàna fanandroany avy amin'i Allah Ilay Avo Indrindra, mikasika ny fiambohan'ny alina sy ny fiandrehan'ny andro satria izy io fehezanteny io dia mifampitohy amin'ilay fifantàna teo aloha.

(إِنَّهُ لَقَوْلُ رَسُولٍ كَرِيمٍ ذِي قُوَّةٍ عِنْدَ ذِي الْعَرْشِ مَكِينٍ)

Ity dia valin'ilay fifantàna ary ilay mpisolotena هُ amin'ny teny hoe إِنَّهُ dia miverina amin'ny Qour'an izay fantatra araka ny firafitry ny fehezanteny. Ary ny tiana hambara amin'ny teny hoe رَسُولٍ eto dia i Djibràil (a.s). Inty farany moa dia nataon'i Allah ho famenon'ilay Qour'an noho Izy nitondra sy namindra azy avy amin'i Allah any amin'ilay Irak'i Allah (s.a.w). Djibràil dia manam-boninahitra sy toerana avo eo anatrehan'i Allah. Izy no ilay azo antoka amin'ny fampidinana ny Qour'an, sady mahery amin'ny fanatanterahana azy sy ny asany hafa rehetra izay nankinin'i Allah taminy. Raha te hahafantatra kokoa mikasika izany dia miverena amin'ny tafsīr nosoratan'ny cheikh Mouhammad Djawad Moughniyah mikasika ny andininy faha-6 ao amin'ny sourat al-Nadjm.

(مُطَاعٍ ثَمَّ أَمِينٍ)

Ny teny hoe ثَمَّ eto dia mitovy amin'ny hoe هُنَاكَ izay midika hoe “any”. Ary izany dia fanehoana ny toeram-boninahitra izay ankatoavana an'i Djibràil (a.s), any amin'ny tontolo miafina izay tsy misy mahalala ny tena maha-izy azy izany toerana izany afa-tsy i Allah.

(وَمَا صَاحِبُكُمْ بِمَجْنُونٍ)

Ny iantefan'ny resaka eto dia ireo Qouraïsh mpanompo sampy. Ary ny tiana hambara amin'ny صَاحِبُكُمْ eto dia i Mouhammad (s.a.w). Ny sasany amin'izy ireo dia nanendrikendrika an'ny Mpaminany ho adala araka ny voalazan'ny andininy faha-6 ao amin'ny souratoul-hidjr manao hoe :

“Ary niteny izy ireo: **ianao izay nampidinana ny Qour'an dia tena adala ianao.**”
Nefa nidiovin'i Allah amin'izany endrikendrika izany ny Mpaminany.

(وَلَقَدْ رَأَاهُ بِالْأَفْقِ الْمُبِينِ)

Ianareo ve milaza fa adala i Mouhammad rehefa Izy mitantara aminareo mikasika ny Paradisa sy ny Afobe? Tsia, ny Qour'an dia hafatra avy amin'i Allah, nalefany tamin'ilay Irany tamin'ny alalan'i Djibrâïl izay hitan'i Mouhammad teo amin'ny faravodilanitra izay mazava amin'ilay endriny tena izy amin'ny fahitana marina tsy misy fisalasalana na dia kely aza.

(وَمَا هُوَ عَلَى الْعَيْبِ بِضَنِينٍ)

Ny mpisolotena هُوَ dia manondro an'ilay Irak'i Allah ary ny teny hoe الْعَيْبِ dia ny Qour'an ka ny dikany tiany hambara eto dia hoe : tsy fomban'i Mouhammad ny manafina ny Qour'an, ka mangina tsy haneho ny fahamarinana nohon'ny fahatahorana anareo mpanompo sampy sao dia hiteny fa Izy dia adala. Eny, tsy maintsy hampiharihary izany ampahibemaso Izy no sady tsy matahotra ny fanomezan-tsiny avy amin'ireo mpanome tsiny, eo anatrehan'ny fahamarinana.

(وَمَا هُوَ بِقَوْلِ شَيْطَانٍ رَجِيمٍ)

Ity dia famaliana nohon'ny fiheveran'izy ireo fa izay resaka ataon'ily Iraka dia tsindrimandry avy amin'ny satana...koa moa ve ny satana dia mandefa tsindrimandry amin'ny fahitsiana sy ny hatsarana ary ny fahamarinana sy ny rariny ?

(فَأَيْنَ تَذْهَبُونَ)

Fa ho aiza àry ianareo amin'ny fitsaranareo sy ny fahaverezanreo?

(إِنْ هُوَ إِلَّا ذِكْرٌ لِلْعَالَمِينَ)

Marina dia marina fa ny Qour'an dia mpibaiko amin'ny hatsarana sy mpanakana amin'ny haratsiana, ary ankoatr'izany rehetra izany, ao amin'ny Qour'an dia misy ny fahazavan'ny zava-drehetra, koa ahoana no ilazàna fa izy io dia avy amin'ily satana voaozona.

(لِمَنْ شَاءَ مِنْكُمْ أَنْ يَسْتَقِيمَ)

Ny Qour'an dia fahitsiana sy fanatsarana ho an'izay maniry ho ao amin'ily fahitsiana sy hijoro mahitsy, fa kosa izay te hanohy hatrany ny fahaverezana dia tsy ahazoany tombontsoa amin'ily fampahatsiahivana no sady tsy misy fananarana mandaitra aminy.

(وَمَا تَشَاءُونَ إِلَّا أَنْ يَشَاءَ اللَّهُ رَبُّ الْعَالَمِينَ)

Niteny ny cheikh Djawad Moughniyah fa i Fakhr al-Ràzi dia nilaza ny tafsir mikasik'io andininy io manao hoe : Ity andininy ity dia manambara fa ny olombelona dia terena fa tsy manan-tsafidy ... fa mamaly azy ny ch. Moughniyah nilaza hoe : Ny tian'ily andininy ho lazaina dia i Allah Avo Indrindra no mitaky amin'ny mpanompo mba hijoro mahitsy amin'ny fahamarinana sy ny rariny fa kosa ilay

mpikomy dia mandà izany ary tsy mila afa-tsy ny fahaverezana, ka tsy hahitsy mihitsy izy raha tsy i Allah no manery azy amin'izany ... kanefa izany dia mifanipaka amin'ny rariny fahendren'i Allah sy ilay rariny. Amin'ny fomba fiteny hafa, i Allah dia nahary ny olombelona mba hanana safidy sy hanana saina sy ny sitrapo. Ary amin'ny alalan'izany no nanavahan'i Allah azy amin'ny biby. Avy eo dia nametrahan'i Allah adidy mba hankato Azy. Fa raha tian'i Allah Ilay Mahefa ny zava-drehetra dia vitany ny nanaisotra amin'ny olombelona ny sitrapon'ny saina ka lasa mitovy amin'ny biby izy amin'izay fotoana izay na ratsy mihoatr'azy.

Lohahevitra ny andininy voalohany

جَهَنَّمَ

Gehena

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): إِنَّ نَارَكُمْ هَذِهِ جُزْءٌ مِنْ سَبْعِينَ جُزْءاً مِنْ نَارِ جَهَنَّمَ لِكُلِّ جُزْءٍ مِنْهَا حَرُّهَا (كنز العمال 39477)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Marina dia marina fa ity afonareo ity dia singa iray amin'ireo fitopolo singan'ny Afon'ny Gehena ka isaky ny singa tsirairay dia manana ny hafananany.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): إِنَّهَا نَارٌ لَا يَهْدَأُ زَفِيرُهَا وَلَا يَقُكُّ أَسِيرُهَا وَلَا يَجْبُرُ كَسِيرُهَا حَرُّهَا شَدِيدٌ وَقَعْرُهَا بَعِيدٌ وَمَاؤُهَا صَدِيدٌ (كنز العمال خ 44225)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Marina dia marina fa izy io dia afo izay tsy hangina ny fikitrokotrohany ary tsy afaka izay babony, tsy ho sitrana ny feriny, ny hafanany dia tena mafy sy ny halaliny dia lavitra ary ny ranony dia nana.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): ... فَكَيْفَ أَسْتَطِيعُ الصَّبْرَ عَلَى نَارٍ لَوْ قَدَفْتُ بِشَرَرَةٍ إِلَى الْأَرْضِ لَأَحْرَقَتْ نَبْتَهَا... (البحار ج 77 ص 393)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: "... Fa ahoana no afahako miaritra amin'ilay afo izay raha toa ka manipy ny tselatra iray amin'ny tany dia handoro ireo zava-maniriny..."

أَهْلُ النَّارِ

Olon'ny Afobe

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): أَوَّلُ مَنْ يَدْخُلُ النَّارَ أَمِيرٌ مُتَسَلِّطٌ لَمْ يَعْدِلْ وَذُو ثَرْوَةٍ مِنَ الْمَالِ لَمْ يُعْطِ الْمَالَ حَقَّهُ وَفَقِيرٌ فَخُورٌ (البحار ج 69 ص 394)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: "Ny voalohany miditra ao amin'ny Afobe dia ny mpitondra manjakazaka izay tsy nanao ny rariny sy ny tompon'ny harena izay tsy nanome ilay harena araka ny zony ary ny mahantra mpiavonavona."

* * * * *

سُورَةُ الْإِنْفِطَارِ

NY SOURAT AL-INFITWAR

Ny voninahitry ny sourat al-Infitwàr

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَهَا عِنْدَ نَزُولِ الْغَيْثِ غَفَرَ اللَّهُ لَهُ بِكُلِّ قَطْرَةٍ تَقَطَّرُ - مجمع البيان -

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) : “Izay mamaky an’ity sourat ity amin’ny fotoana irotsahan’ny orana dia voavelan’i Allah izy isaky ny teten’ny orana mirotsaka.”

Ny dikan’ny sourat al-Infitwàr ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- إِذَا السَّمَاءُ انْفَطَرَتْ

1- Rehefa hitresaka ny lanitra.

2- وَإِذَا الْكُوَاكِبُ انْتَبَرَتْ

2- Rehefa hilatsaka hiparitaka ireo kintana.

3- وَإِذَا الْبِحَارُ فُجِّرَتْ

3- Rehefa ho vaky ny fefilohan’ireo ranomasina (ka lasa mitambatra iray izy ireo).

4- وَإِذَا الْقُبُورُ بُعْثِرَتْ

4- Rehefa hofongarina ireo fasana -ka hatsangana ireo faty ao amin’izy ireo-.

5- عَلِمَتْ نَفْسٌ مَّا قَدَّمَتْ وَأَخَّرَتْ

5- Dia ho fantatry ny olona izay rehetra nataony teo aloha sy taty aoriana.”

6- يَا أَيُّهَا الْإِنْسَانُ مَا غَرَّكَ بِرَبِّكَ الْكَرِيمِ

6- Ô ry olombelona, mba inona loatra no nahavoafitaka anao ka tsy nankatoavanao an'Ilay Tomponao Malala-tànana.”

7- الَّذِي خَلَقَكَ فَسَوَّاكَ فَعَدَلَكَ

7- Izay nahary sy namolavola ary nandavorary anao.

8- فِي أَيِّ صُورَةٍ مَا شَاءَ رَكَّبَكَ

8- Tamin'ny endrika izay tiany no namolavolany anao.

9- كَلَّا بَلْ تُكَدِّبُونَ بِالذِّينِ

9- Tsia, fa nolazainareo -mpitsipika- ho lainga ilay andro Fitsarana.”

10- وَإِنَّ عَلَيْكُمْ لَحَافِظِينَ

10- Nefa misy tokoa ireo mpanaramaso anareo.

11- كِرَامًا كَاتِبِينَ

11- Dia ireo (Anjely) mendrika (eo anatrehan'i Allah) mpanoratra (ny asanareo).

12- يَعْلَمُونَ مَا تَفْعَلُونَ

12- Izay mahafantatra ny rehetra ataonareo (na tsara na ratsy).

13- إِنَّ الْأَبْرَارَ لَفِي نَعِيمٍ

13- Marina tokoa fa ireo mpanao tsara dia hianoka ao anatin'ny fahasoavana.

14- وَإِنَّ الْفُجَّارَ لَفِي جَحِيمٍ

14- Ary marina tokoa fa ireo mpanao ratsy kosa dia hiaina ao anatin'ny Afobe.

15- يَصَلُّونَهَا يَوْمَ الدِّينِ

15- Hijalin'ny hafanany izy ireo amin'ny andron'ny Fitsarana.

16- وَمَا هُمْ عَنْهَا بِغَائِبِينَ

16- Ka tsy afaka ny hiala ao na oviana na oviana izy ireo.

17- وَمَا أَدْرَاكَ مَا يَوْمَ الدِّينِ

17- Mba fantatrao moa izany andron'ny Fitsarana izany?

18- ثُمَّ مَا أَدْرَاكَ مَا يَوْمَ الدِّينِ

18- Mba fantatrao tokoa ve izany andro Fitsarana izany.

19- يَوْمَ لَا تَمْلِكُ نَفْسٌ لِنَفْسٍ شَيْئًا وَالْأَمْرُ يَوْمَئِذٍ لِلَّهِ

19- Andro izay tsy hananan'ny olona fahefana amin'ny olon-kafa, fa an'i Allah irery ihany ny didy amin'izany andro izany.

Famakafakana ny sourat al-Infitwâr

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

Ity sourat ity dia mitovitovy amin'ireo sourat teo alohany, izay miresaka mikasika ny sasantsasany amin'ny endrik'ireo zavatra hitranga any amin'ny andron'ny Fitsanganana sy ny aoriany momba ny Fitsarana sy ny fanomezam-balisoa.

(إِذَا السَّمَاءُ انْفَطَرَتْ)

Rehefa hitresaka ny lanitra ary hiaraka ireo kintany, ka ny mitovy hevitra amin'izany dia ny andininy faha-37 ao amin'ny souratour-Rahmân milaza araka ny fanazavana ny dikany manao hoe: **“Ary rehefa hitsonika ny lanitra miaraka amin'ireo kintana misy ao aminy sahala amin'ny fitsoniky ny loko eo ambonin'ny afo ka lasa miloko tahaka ny hamenan'ny vonin-draozy.”** Ny tian'ity fanoharana ity sy ireo andininy rehetra mitovy hevitra aminy hambara dia ny faharavan'ny tontolo tanteraka any amin'ny andro Fitsanganana.

(وَإِذَا الْكُوَاكِبُ انْتَبَرَتْ)

Rehefa hilatsaka sy hlevona ireo kintana.

(وَإِذَا الْبِحَارُ فُجِّرَتْ)

Rehefa miakatra avo ny onjan-dranomasina ka lasa tondraka any atsinanana ka hatrany andrefana. Na rehefa mangotraka ny ranomasina ka mivoaka ny afo avy ao aminy. Miverena amin'ny tafsir ao amin'ny sourat teo aloha mikasik'ily andininy manao hoe وَإِذَا الْبِحَارُ سُجِّرَتْ.

(وَإِذَا الْقُبُورُ بُعْثِرَتْ)

Rehefa hofongarina ireo fasana, ka ny tiany hambara eto dia tsy misy fisalasalana ny fahatongavan'ny andro farany. Hoy indrindra i Allah ao amin'ny sourat al-Hadj andininy faha-7 milaza hoe: **“Fa ho avy tokoa ilay ora tsy misy isalasalana ny amin'izany ary i Allah dia hampitsangana amin'ny maty izay rehetra ao am-pasana.”**

(عَلِمَتْ نَفْسٌ مَّا قَدَّمَتْ وَأَخَّرَتْ)

Ho fantatry ny olona tsirairay izay rehetra nataony sy ny tsy nataony na tsara izany na ratsy, aorian'ny fampitsanganana amin'ny maty.

(يَا أَيُّهَا الْإِنْسَانُ مَا غَرَّبَكَ بِرَبِّكَ الْكَرِيمِ الَّذِي خَلَقَكَ فَسَوَّاكَ فَعَدَلَكَ)

Ô ry olombelona, mba inona loatra no nahavoafitaka anao ka tsy nankatoavanao an'Ilay Tomponao Malala-tànana, izay namolavola anao ka nanome anao ny hery ivelany sy ny hery anatiny izay nahatonga anao ho olombelona feno sy lafatra, narindrany araka ny tokony ho izy ireo rantsam-batanao, fa tsy nataony, ny tànanao iray ohatra lava kokoa noho ny tànanao ilany, na koa ny iray amin'ireo masonao dia kely, na ny sasany amin'ny faritry ny vatanao dia miloko mainty fa ny hafa dia fotsy, ...sns.

Fa tsy mitovy hevitra ireo manam-pahaizana mikasika ny tian'ily teny hoe **الْكَرِيم** ho lazaina; fa inona tokoa moa no tiany hambara amin'izany?

Ny sasany milaza fa eto i Allah dia midera ny Tenany amin'ny falalahan-tànana mba ho fampianarana sy ho valin'ny tenin'ily mpanompo mpanota rahampitso raha hanontaniana izy mikasika ny fahotany ka hiteny hoe: **ny nahavoafitak'ahy dia ny Famindramponao sy ny Falalahan-tànanao** ... Ary niteny ny cheikh Mouhammad Djawad Moughniyah fa ny cheikh Mouhammad Abdouh dia nilaza nanao hoe : izany fanazavan'izy ireo izany dia filalaovana famakafakana sy fanodikodinana ho an'izay mpamakafaka an'ily bokin'i Allah ... Fa ny tena marina, ny mendrika hambara amin'ny teny hoe **الْكَرِيم** eto dia hoe **العظيم** izany hoe Ilay Lehibe Indrindra amin'ny toetrany rehetra, koa raha tahak'izany no izy dia tsy afaka mamela fotsiny ireo mpanompony i Allah ka tsy hametrahana fanontaniana sy tsy homena tambiny, fa kosa tsy maintsy hisy ny fitsarana azy ireo sy fanomezana valisoa ho an'ireo nanao tsara sy sazy ho an'ireo nanao ratsy. Koa noho izany, ny olombelona dia tsy tokony ho variana amin'ny fiainana eto an-tany sy ny fahafinaretany.

Ny Imàm Ali (a.s) dia nanana resaka lava mikasika an'ity andininy ity izay nampidirina ho anisan'ny lahateniny ao amin'ny Nahdj al-Balàghah, raha fintinina amin'ny ankapobeny izany resaka izany dia toy izao: inona no nahasarika anao ry olombelona amin'ny fanaovana fahotana amin'ny Tomponao, kanefa ianao dia miaina eo ambany fialofany, ary milomano ao anatin'ireo fahasoavany? Moa ve ny nahavoafitaka anao Taminy dia ny fanomezany anao ireo fahasoavana ireo, avy eo ianao anefa dia miamboho Azy ary mitodika amin'ny hafa ankoatr'Azy? Tsy

hainao ve fa ny fanomezany anao ireo fahasoavana ireo dia Falalahan-tànanany ho anao sy manome vahana anao mba hiverenanao ho any amin'ny làla-mahitsy ka hiala amin'ny fahaverezana?

Koa noho izany, ny tiana hambara amin'ny “**Falalahan-tànan'i Allah**” amin'ilay andininy dia ny fanomezana vahana ny mpanompony mpanota sy tsy fanasaziany avy hatrany ka adidiny ny mandeha mibebaka haingana sy miverina amin'ny Tompony fa tsy variana amin'ny vahana nomen'i Allah azy.

(فِي أَيِّ صُورَةٍ مَا شَاءَ رَكَّبَكَ)

Niteny ireo mpanao tafsir sasany fa ny tian'io andininy io ho lazaina dia hoe: tsy nataony ianao ry olombelona ho kisoa na ampondra. Fa ny hafa dia miteny toy izao : namboarin'i Allah ianao amin'ny endrika nitiavany azy amin'ny lafiny halavana na amin'ny lafiny volon-koditra. Fa ny cheikh Djawad Moughniyah kosa dia niteny hoe : ny fahazoanay amin'io andininy io dia mila manambara toy izao: mandiniha ianao ry olombelona amin'ny endrika tsara nanaovan'i Allah anao sy ny fomba nandrafetany an'ireo vatanao, mba hotaktrao hatraiza ny fahalehibeazan'i Allah amin'ny famoronana. Koa Ilay nahary anao amin'ny firafitra tsara tamin'ny voalohany dia mahefa mamerina anao indray amin'ny fiainana fanindroany aorian'ny fahafatesana.

(كَلَّا بَلْ تُكذِّبُونَ بِالذِّينِ)

Aoka ianareo hiala amin'ny fahaverezanareo izay tsy manana fototra afa-tsy ny fampandaingàna ny andron'ny Fitsanganana ... Eny, tena marina, fa ianareo dia tsy maintsy ho tsaraina sy hanontaniana amin'izay nataonareo.

(وَإِنَّ عَلَيْكُمْ لَحَافِظِينَ كِرَامًا كَاتِبِينَ يَعْلَمُونَ مَا تَفْعَلُونَ)

Nefa misy tokoa ireo mpanaramaso anareo dia ireo Anjely, izay mendrika, mpanoratra ny asanareo, mahafantatra ny rehetra ataonareo na tsara na ratsy; tsy misy zavatra miafina eo amin'Izy ireo. Ny tiana hamabara amin'ny hoe كِرَامًا eto dia hoe: matanjaka sy azo antoka ireo Anjely ireo ka manatanteraka ny asan'Izy ireo amin'ny fomba tena tsara sy lafatra. Ny tsara ho marihina eto fotsiny dia ny tsy maintsy inoana fa ny asan'ny mpanompo dia tsy very maina fa voatahiry. Fa ny fomba fitehirazana azy kosa dia tsy takatry ny saintsika ary isika dia tsy anontaniana mikasika izany.

(إِنَّ الْأَبْرَارَ لَفِي نَعِيمٍ وَإِنَّ الْفُجَّارَ لَفِي جَحِيمٍ يَصْلَوْنَهَا يَوْمَ الدِّينِ)

Ny الْأَبْرَارَ dia ireo olo-marina izay mpanao asa soa, ny valisoan'izy ireo eo anatrehan'ny Tompon'izy ireo dia ny famelan-keloka sy valisoa sesehena. Ary ny الْفُجَّارَ dia ireo olona mpanamparitaka ny haratsiana eto an-tany, ka ny tambin'izany asan'izy ireo izany dia ny fidirana ao anatin'ny Afobe mamaivay.

(وَمَا هُمْ عَنْهَا بِغَائِبِينَ)

Koa tsy afaka ny hiala ao na oviana na oviana izy ireo fa jembin'alahelo mandrakizay ny mason'izy ireo, miaraka amin'ny loza sy sazy mitohy hatrany hatrany.

(وَمَا أَدْرَاكَ مَا يَوْمَ الدِّينِ)

Marina fa Ianao dia tsy manana fahalalana mikasika ny andro farany ... Amin'izany andro izany dia tsy takatry ny saina ny mieritreritra ny fahatahorana sy ny fahoriana hitranga.

(ثُمَّ مَا أَدْرَاكَ مَا يَوْمَ الدِّينِ)

Ity fehezanteny ity dia fanamafisana sy fanehoana ny havesatry ny loza hitranga amin'izany andro izany.

(يَوْمَ لَا تَمْلِكُ نَفْسٌ لِنَفْسٍ شَيْئاً)

Tsy misy na iza na iza no manana fahefana afaka hampisy tombontsoa ho an'ny tenany na voka-dratsy amin'ny hafa amin'izany andro izany.

(وَالْأَمْرُ يَوْمَئِذٍ لِلَّهِ)

Fa i Allah Irery ihay no tompon'ny didy sy ny fandraharahana. Tsy misy mpamonjy na mpanoro hevitra, eny fa na dia ny mpanelanelana aza dia tsy misy afa-tsy izay nahazo alalana avy amin'Ilay Be Fiantrana ary hiteny ny marina izy.

Lohahevitra ny andininy faha-4

مَا يُسْأَلُ عَنْهُ فِي الْقَبْرِ

Ny zavatra anontaniana azy ao am-pasana

- قَالَ الْإِمَامُ زَيْنُ الْعَابِدِينَ (ع): كَانَ قَدْ أُوفِيَتْ أَجْلُكَ وَفَبِضَ الْمَلَكِ رُوحَكَ، وَصِرْتَ إِلَى مَنْزِلٍ وَحِيداً فَرَدَّ إِلَيْكَ فِيكَ رُوحَكَ، وَاقْتَحَمَ عَلَيْكَ فِيهِ مَلَكَ: مُنْكَرٌ وَنَكِيرٌ لِمَسْأَلَتِكَ، وَشَدِيدٌ امْتِحَانِكَ، أَلَا وَإِنَّمَا يَسْأَلَانِكَ عَنْ رَبِّكَ الَّذِي كُنْتَ (تَعْبُدُهُ) وَعَنْ نَبِيِّكَ الَّذِي أُرْسِلَ إِلَيْكَ وَعَنْ دِينِكَ الَّذِي تَدِينُ بِهِ، وَعَنْ كِتَابِكَ الَّذِي كُنْتَ تَتْلُوهُ، وَعَنْ إِمَامِكَ الَّذِي كُنْتَ تَتَوَلَّاهُ، ثُمَّ عَنْ عُمْرِكَ فِيمَا أَفْنَيْتَهُ، وَمَالِكَ مِنْ أَيْنَ اكْتَسَبْتَهُ، وَفِيمَا أَنْفَقْتَهُ، فَخُذْ حِذْرَكَ وَأَنْظِرْ لِنَفْسِكَ، وَاعِدَّ الْجَوَابَ قَبْلَ الْإِمْتِحَانِ وَالْمَسْأَلَةِ وَالْإِخْتِبَارِ (البحار ج 87 ص 143)

Niteny ny Imàm Zain al-'Abidîne (a.s) hoe: “Tahaka ny efa akaiky ny fahafatesanao ka halain'ilay Anjely ny fanahinao, ary lasa ianao mankany amin'ny toerana manokana sy manirery, fa averina aminao ny fanahinao, ary tonga tsy ampoizina aminao ao ireo Anjelinao anankiroa dia i Mounkar sy i Nakir maba hametraka fanontaniana aminao, sy hanamafy ny fanadinana anao; ka moa ve

tsy hanontany anao tokoa izy ireo mikasika ny Tomponao izay (notompoinao) sy mikasika ny mpaminany izay nalefa taminao sy ny finoanao izay narahinao sy ny bokinao izay novakiana sy ny mpitarika izay nankatoavinao, avy eo dia ny mikasika ny taonao tamin'inona nandaniana azy, sy ny harenanao taiza no nahazoanao azy ary tamin'inona no nandaniana azy, koa mitandrema ianao sy jereo ny tenanao ary miomana amin'ireo valiteny mialohan'ny fanadianana sy ny fanontaniana ary ny fitsapana.”

* * * * *

سُورَةُ الْمُطَفِّفِينَ

NY SOURAT AL-MOUTWAFFIFINE

Ny voninahitry ny sourat al-Moutwaffifine

قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ قَرَأَهَا سَقَاهُ اللَّهُ مِنَ الرَّحِيقِ الْمَخْتُومِ يَوْمَ الْقِيَامَةِ -
مجمع البيان -

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) hoe: “Izay mamaky an’ity sourat ity dia ampisotroin’i Allah toaka madio izay mbola tsy nisy nisantatra any amin’ny andron’ny Fitsanganana.”

Ny dikan’ny sourat al-Moutwaffifine ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- وَيَلِّ لِلْمُطَفِّفِينَ

1- Loza na sazy ho an’ireo mpangala-danja sy famarana.

2- الَّذِينَ إِذَا أَكْتَالُوا عَلَى النَّاسِ يَسْتَوْفُونَ

2- Ireo izay mividy amin’ny famarana amin’ny olona ka mitaky ny zon’izy ireo feno ara-dalàna.

3- وَإِذَا كَالُوهُمْ أَوْ وَزَنُوهُمْ يُخْسِرُونَ

3- Fa rehefa mamatra na mandanja ho an’ny hafa kosa dia mampihena ilay famarana sy ilay mizàna.

4- أَلَا يَظُنُّ أُولَئِكَ أَنَّهُمْ مَبْعُوثُونَ

4- Moa tsy mihevitra ve izy ireo fa mbola hatsangana amin’ny maty.

5- لَيَوْمٍ عَظِيمٍ

5- Amin'ny andro iray lehibe.

6- يَوْمَ يَقُومُ النَّاسُ لِرَبِّ الْعَالَمِينَ

6- Andro izay hitsanganan'ny olona eo anatrehan'Ilay Tompon'izao tontolo izao.

7- كَلَّا إِنَّ كِتَابَ الْفُجَارِ لَفِي سِجِّينٍ

7- Tsia, fa ny raki-tsoratra mitahiry ny asan'ireo mpanao ratsy dia tsy maintsy ho hita ao anatin'ny takelaky ny asa ratsy.

8- وَمَا أَدْرَاكَ مَا سِجِّينٌ

8- Mba fantatrao moa izany takelaky ny asa ratsy izany.

9- كِتَابٌ مَرْفُومٌ

9- Boky misy famantarana maneho ny toetran'ny asa (ratsy).

10- وَيَلُّ يَوْمَئِذٍ لِلْمُكَذِّبِينَ

10- Loza na sazy ho an'ireo izay mampandainga izany andro izany.

11- الَّذِينَ يُكذِّبُونَ بِيَوْمِ الدِّينِ

11- Ireo izay nampandainga ny andro Fitsarana.

12- وَمَا يُكَذِّبُ بِهِ إِلَّا كُلُّ مُعْتَدٍ أَثِيمٍ

12- Nefa tsy misy mampandainga izany afa-tsy ireo mpihoa-pefy sy mpanota ihany.

13- إِذَا تَتْلَى عَلَيْهِ آيَاتُنَا قَالَ أَسَاطِيرُ الْأَوَّلِينَ

13- Koa rehefa vakiana aminy ny fanambarana (Qur'an) avy Amiko dia milaza izy fa anganon'ny fahiny izany.

14- كَلَّا بَلْ رَانَ عَلَى قُلُوبِهِمْ مَا كَانُوا يَكْسِبُونَ

14- Tsia, fa rakotr'ireo asa (ratsy) nataony ny fon'izy ireo.

15- كَلَّا إِنَّهُمْ عَنْ رَبِّهِمْ يَوْمَئِذٍ لَمَحْجُوبُونَ

15- Tsia, fa hisy takona hanakona azy ireo amin'ny - Indrafon'ny- Tompon'izy ireo amin'izany andro izany.

16- ثُمَّ إِنَّهُمْ لَصَالُوا الْجَحِيمِ

16- Avy eo dia -hiditra- hodorana amin'ny Afobe izy ireo.

17- تُمْ يُقَالُ هَذَا الَّذِي كُنْتُمْ بِهِ تُكَذِّبُونَ

17- Koa hambara amin'izy ireo hoe: io àry ilay nampandainganareo.

18- كَلَّا إِنَّ كِتَابَ الْأَبْرَارِ لَفِي عَلَيِّنَ

18- Tsia, fa ny raki-tsoratra mitahiry ny asan'ireo olona mendrika dia ao amin'ny lanitra fahafito na ao amin'ny Paradisa.

19- وَمَا أَدْرَاكَ مَا عَلَيُونَ

19- Mba fantatrao moa izany toerana ao amin'ny lanitra fahafito izany?

20- كِتَابٌ مَرْفُومٌ

20- Boky misy famantarana maneho ny toetran'ny asa (tsara).

21- يَشْهَدُهُ الْمُقَرَّبُونَ

21- Ho vavolombelon'izany ireo (Anjely) akaiky (akaikin'i Allah).

22- إِنَّ الْأَبْرَارَ لَفِي نَعِيمٍ

22- Tena marina fa ireo olon-tsara dia hiaina ao anatin'ny fahasoavana.

23- عَلَى الْأَرَائِكِ يَنْظُرُونَ

23- Eny ambony sezamandry izy ireo dia hitazatazana (ireo fahasoavana).

24- تَعْرِفُ فِي وُجُوهِهِمْ نَضْرَةَ النَّعِيمِ

24- Ho hitanao soritra eny amin'ny endriny ny tarapahasambarana.

25- يُسْقَوْنَ مِنْ رَحِيقٍ مَخْمُومٍ

25- Haroso ho azy ireo ny zava-pisotro avy amin'ny toaka madio izay mbola tsy nisy nisantatra.

26- خِتَامُهُ مِسْكٌ وَفِي ذَلِكَ فَلْيَتَنَافَسِ الْمُتَنَافِسُونَ

26- Namela fofona manitra (rehefa sotroina), ary amin'izany no tokony hifaninana ireo mpifanina.

27- وَمِرَاجُهُ مِنْ تَسْنِيمٍ

27- Ary izay mifangaro aminy dia avy amin'ny loharanon'i Tasnīm (loharano any amin'ny Paradisa).

28- عَيْنًا يَشْرَبُ بِهَا الْمُقَرَّبُونَ

28- Loharano fisotroan'ireo izay akaikin'ny Indrafon'i Allah.

29- إِنَّ الَّذِينَ أُجْرِمُوا كَانُوا مِنَ الَّذِينَ آمَنُوا يَضْحَكُونَ

29- Marina fa ireo mpanao ratsy (amin'ireo Qouraïsh manankatao) dia mpihomehy (noho izy ireo manaraby) an'ireo mahantra mpino.

30- وَإِذَا مَرُّوا بِهِمْ يَتَغَامَزُونَ

30- Koa rehefa mandalo eo anoloan'izy ireo dia mangarika (nohon'ny fanambaniana).

31- وَإِذَا انْقَلَبُوا إِلَىٰ أَهْلِهِمْ انْقَلَبُوا فَكِهِينَ

31- Rehefa mody (ireo mpistipaka) any amin'ny fianakaviany dia mody ampihanihaniana.

32- وَإِذَا رَأَوْهُمْ قَالُوا إِنَّ هَؤُلَاءِ لَضَالُونَ

32- Rehefa mahita (ireo mpino) izy ireo dia miteny hoe: tena very lalana izy ireny.

33- وَمَا أَرْسَلُوا عَلَيْهِمْ حَافِظِينَ

33- Nefa izy ireo (mpitsipaka) dia tsy nalefa mba hiaro ny fiainan'ireo (mpino).

34- فَالْيَوْمَ الَّذِينَ آمَنُوا مِنَ الْكُفَّارِ يَضْحَكُونَ

34- Androany -amin'ny andro Fitsanganana- indray ireo mpino dia hihomehy an'ireo mpitsipaka (rehefa mahita ny fiainan'izy ireo ao anatin'ilay Afobe).

35- عَلَىٰ الْأَرَائِكِ يَنْظُرُونَ

35- Eo ambony sezamandry izy ireo dia hitazatazana.

36- هَلْ تُؤْتِبُ الْكُفَّارُ مَا كَانُوا يَفْعَلُونَ

36- Koa moa nomena valisoa tamin'ny nataony ve ireo mpitsipaka?

Famakafakana ny sourat al-Moutwaffine

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(وَيْلٌ لِّلْمُطَفِّفِينَ)

Ny وَيْلٌ dia midika ho faharendrehana sy ny fanasaziana. Ary ny مُطَفِّفِينَ dia ny vondron'olona matanjaka ara-pahefana izay mividy sy mivarotra amin'ny alalan'ny tanjaka sy ny fahefan'izy ireo ka mividy amin'ny vidiny ambany izy ireo fa kosa mivarotra amin'ny vidiny lafo. Ireo fomba ratsin'izy ireo anankiroa ireo no mahatonga azy ireo mahazo tombony diso tafahoatra sy mampijaly ny olona amin'ny alalan'ny fanaovan'izy ireo ampihimamba ny vokatra na amin'ny alalan'ny fomba hafa izay mahatonga ny olona tsy maintsy miondrika tanteraka amin'izy ireo amin'izany tsindrihazolena ataon'izy ireo izany. Ary mody miala tsiny amin'izany fanaovana tsindrihazolena izany izy ireo amin'ny alalan'ny fanaovana asa ara-barotra malalaka ... Ary mihamivoatra io endriky ny fanararaotana io arakaraka ny toetr'andro sy ny fandrosoana ara-tsiansa sy teknolojia toy ny fipoiran'ny solika sy ny harena an-kibon'ny tany hafa ... Nony farany dia nahita hevitra ireo vondron'olona matanjaka amin'izao fotoana izao ireo mba hanao fihantsiana ady sy ny famoronana ireo fitaovam-piadiana mahery vaika, fa izany no hitan'izy ireo ho fomba mahomby indrindra amin'ny fampitomboana ny harenan'izy ireo haingana sy fiarovana faratampony ny tombontsoan'izy ireo araka ny voalazan'ilay manampahaizana M. Djawad Moughniyah.

Ny tantaran'ny fisolikiana dia manomboka amin'ilay tenin'i Allah izay manao hoe:

(الَّذِينَ إِذَا أَكْتَالُوا عَلَى النَّاسِ يَسْتَوْفُونَ وَإِذَا كَالُوهُمْ أَوْ وَزَنُوهُمْ يُخْسِرُونَ)

Rehefa ireo no mividy amin'ny famarana amin'ny olona dia mitaky ny zon'izy ireo feno ara-dalàna fa rehefa mamatra na mandanja ho an'ny hafa kosa dia mampihena ilay famarana sy ilay mizàna, izany hoe izy ireo dia manana famarana sy mizàna anankiroa ka mandray amin'ny vidiny ambany izy ireo ary manome amin'ny vidiny ambony. Manambara izany fa ireo mpisoloky ireo dia nanana hery ka nahavita nanery ny olona hanaiky izay sitrapon'izy ireo, indraindray izany herin'izy ireo dia amin'ny lafiny harena na amin'ny lafiny fahefana na amin'ny lafiny fanaovana ampihimamba ny vokatra na amin'ny lafiny hafa ankoatr'izany ; fa kosa ny tena zava-dehibe eo amin'izy ireo dia ny fahazoana ny tombom-barotra na amin'ny fomba ahoana no ahazoana izany na amin'ny fomba ahoana ! ... Fa na izany na tsy izany, ny dikan'ny fisolokiana sy ny mpisoloky izay tiana hambara eto dia ny fakana tsy ara-drariny ny zon'ny hafa na ny fanakanana azy mba tsy hahazo ny zony nohon'ny fanagejana sy ny fankahalana.

(أَلَا يَظُنُّ أُولَئِكَ أَنَّهُمْ مَبْعُوثُونَ لِيَوْمٍ عَظِيمٍ يَوْمَ يَقُومُ النَّاسُ لِرَبِّ الْعَالَمِينَ)

Heverintsika ohatra ny olona mihinana ny harenan'ny hafa tsy ara-drariny dia olona tsy mino ny fihaonana amin'i Allah sy ny Afony ary ny Paradisany, fa moa tsy mieritreritra ve izy ireo na miahiahia amin'izany farafaharatsiny ? Ary ilay fiahiahiana fotsiny fa ny olombelona dia hiatrika ny fitsarana eo anatrehan'Ilay Tompon'izao tontolo izao dia efa ampy hanakana ny olona amin'ny fanaovana haratsiana ... Koa ahoana ny olombelona no mitandrana amin'izay ahiahiany fa hiverina aminy ihany ny voka-dratsiny na dia kely aza amin'ny fiainana eto an-tany; kanefa izy dia tsy mitandrana akory amin'izay ahiahiany fa hihaona amin'Ilay Tompony izay tsy

mamela ny fahotana madinika na ny fahotana lehibe raha tsy milaza fanomezana ny sazin'izany ? Raha tsy hoe angaha ny olona izay mandà izany ankitsiranao.

(كَلَّا)

Tsia, izany hoe tsy miahiahy ireo olona mihinana ny harena azo tsy ara-drariny ireo fa hatsangana amin'ny maty amin'ily andro lehibe izay hijoroan'ny olon-drehetra eo anatrehan'i Allah nohon'ny fitsarana sy ny fanomezana valisoa.

Hoy ny cheikh M. Djawad Moughnyah fa ny cheikh Mouhammad Abdouh dia nilaza nanao hoe :

Tsy misy ny fahasamihafana eo amin'ny olona izay mandà ny andro farany sy ny olona izay mahita fialan-tsiny lava amin'ily sazy sy ny fanavotana azy amin'ily fitsarana ; tena marina fa ny fialan-tsiny lava dia tsy hanalavitra azy amin'ny toeran'ily mandà, fa kosa izy roa tonta dia samy ho ao amin'ny Afobe avokoa ary fitoerana tena ratsy ho azy ireo izany.

(إِنَّ كِتَابَ الْفَجَارِ لَفِي سَجِّينِ)

Ny كِتَابَ eto dia fototeny izay midika hoe الكتابة fa mifanohitra ireo manam-pahaizana amin'ny dikany hoe سَجِّينِ. Ny cheikh Djawad Moughnyah dia milaza fa ny tena akaikin'ny fahamarinana amin'ireo dikany, dia ilay dikany hoe : “**anaran'ny raki-tsoratra izay raketina ao aminy ny anaran'ireo olon-dratsy sy ny asan'izy ireo**”, ary toy izany koa no fahitan'ily tompon'ny boky “Madjma'en al-Bayàn”. Fa misy milaza fa ny dikany dia hoe “**fonja**”.

(وَمَا أَدْرَاكَ مَا سَجِّينٌ)

Mba fantatrao moa izany takelaky ny asa ratsy izany? Tena marina fa ny fahalalana an'izany dia eo amin'i Allah Itery ihany.

(كِتَابُ مَرْقُومٍ)

Boky misy famantarana izay manondro ny asan'ireo olondratsy

(وَيَوْمَ يَوْمِنَا لِلْمُكَذِّبِينَ الَّذِينَ يُكَذِّبُونَ بِيَوْمِ الدِّينِ)

Loza na sazy ho an'ireo izay mampanainga izany andro izany. Ary izany dia fampitandremana mafy ho an'izay mampanainga ny andro farany.

(وَمَا يُكَذِّبُ بِهِ إِلَّا كُلُّ مُعْتَدٍ أَثِيمٍ إِذَا تُتْلَىٰ عَلَيْهِ آيَاتُنَا قَالَ أَسَاطِيرُ

الْأُولَئِينَ)

Ny solontena به dia manondro ilay andro Fitsarana. Ary ny tiana hambara amin'ny hoe آيَاتُنَا dia ny Qour'an. Fa ny andro farany dia sazy sy Afobe ho an'ireo mpanageja, mpanao ratsy koa amin'ny fomba izy ireo no hino an'izany?!

Niteny ny cheikh M. Abdouh, hoy ny cheikh M. Moughniyah, hoe: ny olona izay mandala ny rariny amin'ny fahalalam-pomba amam-pihetsiny dia zavatra tsotra aminy ny finoana ny andro farany; fa ny olona manao ny tsy rariny amin'ny hafa kosa dia tsy mila mino mihitsy ny resaka momba an'io andro farany io, satria izany dia fitsarana ny tenany ho olona tsy ampiampy saina sady fitsarana ny tenany koa ho olona mpanageja.

(كَلَّا)

Tsia, izany hoe, ny Qour'an sy ny andro farany dia tsy anganon'ny fahiny tahaka ny fiheveran'ireo mpitsipaka ireo.

(بَلْ رَانَ عَلَىٰ قُلُوبِهِمْ مَا كَانُوا يَكْسِبُونَ)

Fa kosa mihamaro ny fahotana ao amin'ny fon'ireo mpanao ratsy ireo ka nanjary nanajamba ny fon'izy ireo amin'ny fahitana ny fahamarinana.

(كَلَامًا)

Tsia, izany hoe, mitandrema ianareo amin'ny fahotana izay mahajamba anareo amin'ny fahamarinana.

(إِنَّهُمْ عَنْ رَبِّهِمْ يَوْمَئِذٍ لَمَّحْجُوبُونَ)

Efa nanakona azy ireo amin'i Allah ny fahotana, ary nampisaraka azy ireo amin'ny Famindrampon'i Allah.

(ثُمَّ إِنَّهُمْ لَصَالُوا الْجَحِيمِ)

Aorian'ny nandroahana azy ireo avy amin'ny Indrafon'i Allah dia atsipy izy ireo ao amin'ilay Afobe.

(ثُمَّ يُقَالُ هَذَا الَّذِي كُنْتُمْ بِهِ تُكَذِّبُونَ)

Hiteny amin'izy ireo ny Anjelin'ny sazy amin'ny alalan'ity andininy ity miampy ny fampijaliana sy fampitahorana: “io àry ilay nampandainganareo.”

(كَلَامًا)

Tsia, izany hoe, ajanony ny fampandainganareo an'io andro farany io.

(إِنَّ كِتَابَ الْأَبْرَارِ لَفِي عَلْيَيْنَ)

Ny كِتَابَ eto dia ilay takelaka izay mirakitra ireo anaran'olon-tsara sy ny asa soa vitan'izy ireo, ary efa napetraka amin'ny toerana avo any amin'ny lanitra fahafito na ao am-Paradisa izy io arakaraky ny voninahitr'izy ireo.

(وَمَا أَدْرَاكَ مَا عَلْيُونَ)

Eny, tsy takatra amin'ny alalan'ny eritreritra io toerana avo io no sady tsy voafaritry amin'ny alalan'ny saina.

(كِتَابُ مَرْقُومٍ)

Boky maneho ny voninahitra sy ny toetran'ireo asa.

(يَسْهَدُهُ الْمُقْرَبُونَ)

Ity boky ity dia tsy misy fisalasalana ao aminy sy azo tsapain-tànana ary hitan'izay rehetra manakaiky azy; fa misy miteny amin'ny tiana hambara amin'ilay teny hoe الْمُقْرَبُونَ dia ireo Anjely.

(إِنَّ الْأَبْرَارَ لَفِي نَعِيمٍ)

Ity dia fanambarana mikasika ny valisoan'ireo olona mpanao soa.

(عَلَى الْأَرَائِكِ يَنْظُرُونَ)

Ny tiana hambara amin'ny الْأَرَائِكِ dia ireo sezamandry, ary ny amin'ny يَنْظُرُونَ dia ny fahazoan'ny mason'izy ireo fahafinaretana feno amin'ny fijerena ny zavatra tena mahafinaritra.

(تَعْرِفُ فِي وُجُوهِهِمْ نَضْرَةَ النَّعِيمِ)

Ity andininy ity dia manondro soritr'endrik'izy ireo izay manambara fa izy ireo dia olon'ny Paradisa.

(يُسْقَوْنَ مِنْ رَحِيقٍ مَخْتُومٍ خَتَامُهُ مِسْكٌ)

Ny رَحِيقٍ dia ny toaka madio ka ny fitaovana misy azy dia nasiana fitomboka vita amin'ny zava-manitra antsoina hoe “misk” fa tsy vita amin'ny tany.

(وَفِي ذَلِكَ فَلْيَتَنَافَسِ الْمُتَنَافِسُونَ)

Ny fahasoavan'ny Paradisa io no mendrika tokony hifaninana satria maharitra izy io nohon'ny faharetan'i Allah, fa ny fahasoavana eto an-tany dia mankany amin'ny faharavana ary ny velona rehetra ao amin'ny dia mankany amin'ny fahafatesana.

(وَمِرَاجُهُ مِنْ تَسْنِيمٍ عَيْنًا يَشْرَبُ بِهَا الْمُقَرَّبُونَ)

Ny solontena ءُ ao amin'ny teny hoe مِرَاجُهُ dia miverina amin'ily رَحِيقٍ ary io رَحِيقٍ io dia mifangaro amin'ny rano avy amin'ny loharano izay antsoina hoe تَسْنِيمٍ. Nantsoina amin'izany anarana تَسْنِيمٍ izany izy satria ilay rano dia mikoriana avy ambony ka mifanandrify tsara amin'izany anarana iantsoana azy izany, araka ny voalazan'ny cheikh Mouhammad Abdouh. Ary الْمُقَرَّبُونَ dia ireo olon-tsara izay nomanin'i Allah ho azy ireo ny fahasoavana izay nolazainy. Ny tanjona amin'ireto andininy ireto dia ny famporisihina amin'ny fananam-pinoana “imàne” sy ny fanaovana asa soa.

(إِنَّ الَّذِينَ أَجْرَمُوا كَانُوا مِنَ الَّذِينَ آمَنُوا يَضْحَكُونَ)

Aorian'ny firesahan'i Allah mikasika an'ireo olona vontom-pinoana dia niresaka ihany koa Izy mikasika an'ireo mpanao ratsy, fa izy ireo tety an-tany dia manambony ny tenan'izy ireo eo anatrehan'ireo mpino sy manao an'ireo mpino ireo ho fihomezana sy fandrabirabiana... Ny antony anaovan'izy ireo izany dia tsy misy afa-tsy noho ireo mpino ireo tsy mahavita mamaly ny ratsy atao'izy ireo.

(وَإِذَا مَرُّوا بِهِمْ يَتَغَامَزُونَ)

Koa rehefa mandalo eo anoloan'izy ireo dia mangarika nohon'ny fanambaniana sahala amin'ny efa fomba fanaon'ny olona mpanambony tena eo amin'ny olona mahantra.

(وَإِذَا انْقَلَبُوا إِلَىٰ أَهْلِهِمْ انْقَلَبُوا فَكِهِينَ)

Rehefa mody ireo mpistipaka any amin'ny fianakaviany dia mody ampihanianiana nohon'ny fifosafosana sy ny haratsiana nataon'izy ireo.

(وَإِذَا رَأَوْهُمْ قَالُوا إِنَّ هَؤُلَاءِ لَضَالُّونَ)

Rehefa mahita ireo mpino izy ireo dia miteny hoe: tena very lâlana izy ireny. Ary tahak'izany no fomba fanaon'ireo mpamitaka eo anatrehan'ireo olona madio fo sy fanaon'ireo mpanao ratsy manoloana an'ireo olona vontom-pinoana.

Voalaza ao amin'ny boky tafsîr nosortan'ny manampahaizana sounnah antsoina hoe al-Ràzî, fa indray andro ny Imàm Ali (a.s) sy ireo silamo namany no nandalo nanoloana an'ireo vondron'olona mpitsaravelatsihy izay nihomehy sy nanarabiraby azy ireo; avy eo niverina ireo mpitsaravelatsihy tamin'ireo namany sy nilaza nanao hoe : androany izahay nahita an'ilay sola. Ary dia nihomehy izy ireo. Avy hatrany dia nidina ity andininy ity na dia mbola tsy tonga teo amin'ilay Irak'i Allah (s.a.w) aza i Ali (a.s).

(وَمَا أُرْسِلُوا عَلَيْهِمْ حَافِظِينَ)

Ny solontena و amin'ny أُرْسِلُوا dia miverina amin'ireo mpitsipaka fa ny هُمْ amin'ny عَلَيْهِمْ dia miverina amin'ireo mpinoka ny tiana hambara amin'izany dia hoe : i Allah Ilay Avo Indrindra dia tsy nandefa ireo mpitsipaka mba hiaro an'ireo mpino ka hanaramaso ny fifehitsika sy ny zavatra ataon'izy ireo.

(فَالْيَوْمَ الَّذِينَ آمَنُوا مِنَ الْكُفَّارِ يَضْحَكُونَ)

Ny fihomezan'ireo mpino an'ireo olon-dratsy any amin'ny andro farany dia hatsarana sy voninahitra satria fanambaniana an'ireo fahavalon'i Allah fa ny fihomezan'ireo olon-dratsy eto antany dia fahotana mahafaty satria fanambaniana an'ireo sakaizan'i Allah.

(عَلَى الْأَرَائِكِ يَنْظُرُونَ)

Eo ambony sezamandry ireo mpino dia hitazatazana izay hanaovan'i Allah an'ireo fahavalony sy fahavalon'izy ireo sy ny fampijalian'i Allah an'ireo olona nanaraby sy nihomehy azy ireo.

(هَلْ تُؤَبِّبُ الْكُفَّارُ مَا كَانُوا يَفْعَلُونَ)

Ny **تُؤَبِّبُ** dia midika hoe nomena valisoa. Koa noho izany ny fihomezan'ireo mpitsipaka an'ireo mpino teto an-tany, ny valisoany dia nataon'i Allah ireo mpino mba hihomehy an'ireo mpitsipaka any amin'ny andro farany. Izany hoe ity dia valin'ilay iray tety an-tany iny, fa kosa mifanalavitra be izy roa ireo.

Lohahevitra ny andininy faha-14

أَثَارُ الذُّنُوبِ وَمُكْفَرَاتُهَا

Ireo fiantraikan'ny fahotana sy ireo fanonerana azy

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): اتَّقُوا الذُّنُوبَ فَإِنَّهَا مُمَحَقَّةٌ لِلْخَيْرَاتِ، إِنَّ الْعَبْدَ لَيُذْنِبُ الذَّنْبَ فَيَنْسَى بِهِ الْعِلْمَ الَّذِي كَانَ قَدْ عِلِمَهُ. (البحار ج 73 ص 377)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Matahora ianareo an'ireo fahotana fa tena marina izy ireo dia manafonana an'ireo hatsarana, fa mety ny olona manao fahotana ka hanadino amin'ny alalan'izany ny fahalalana izay efa hainy.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): إِنَّ مِنَ الذُّنُوبِ ذُنُوبًا لَا يُكْفَرُهَا صَلَاةٌ وَلَا صَدَقَةٌ (قَبْلَ يَا رَسُولَ اللَّهِ فَمَا يُكْفَرُهَا) قَالَ: الْهُمُومُ فِي طَلْبِ الْمَعِيشَةِ. (البحار ج 73 ص 157)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Tena marina fa misy amin'ireo fahotana tsy fafain'ny swalât na ny swadaqah (ka nisy nanontany: ô r'ilay Irak'i Allah fa inona no mamafa azy?) Namaly Izy: ny fahasahiranana ao amin'ny fitadiavam-pivelomana.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): سَاعَاتُ الْوَجَعِ يُذْهِبْنَ سَاعَاتِ الْخَطَايَا. (البحار ج 67 ص

(244)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Ireo fotoana mampangotsokotsoka dia mampiala an’ireo fotoanan’ireo fahadisoana.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): مَا جَفَتِ الدُّمُوعُ إِلَّا لِقَسْوَةِ الْقَلْبِ، وَمَا قَسَتِ الْقُلُوبُ إِلَّا لِكَثْرَةِ الذُّنُوبِ. (البحار ج 73 ص 354)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Tsy maina ireo ranomaso raha tsy nohon’ny fanana fo vato, ary tsy lasa vato ny fo raha tsy nohon’ny hamaroan’ny fahotana.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): مِنْ كَفَّارَاتِ الذُّنُوبِ الْعِظَامِ إِعَانَةُ الْمَلْهُوفِ وَ التَّنْفِيسِ عَنِ الْكُرُوبِ. (البحار ج 75 ص 21)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Anisan’ireo famafana an’ireo fahotana lehibe dia ny famonjena ny voageja sy ny fanalana ny alahelo.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): إِذَا ابْتَلَى اللَّهُ عَبْدًا سَقَطَ عَنْهُ مِنَ الذُّنُوبِ بِقَدْرِ عِلَّتِهِ. (البحار ج 75 ص 21)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Rehefa notsapain’i Allah ny mpanompo iray dia misy amin’ireo fahotana no miala aminy arakaraka ny lanjan’ny aretiny.”

* * * * *

سُورَةُ الْإِنْشِقَاقِ

NY SOURAT AL-INSHIQAQ

Ny voninahitry ny sourat al-Inshiqàq

روي عن أبي عبد الله (ع) أنه قال: مَنْ قَرَأَ "إِذَا السَّمَاءُ انْفَطَرَتْ، وَإِذَا السَّمَاءُ انشَقَّتْ" ... لَمْ يَحْجِبْهُ اللهُ مِنْ حَاجَتِهِ، وَ لَمْ يَحْجُزْهُ مِنْ اللهِ حَاجِزٌ، وَلَمْ يَزَلْ يَنْظُرُ (إلى الله وينظر) اللهُ إِلَيْهِ حَتَّى يَقْرَعَ مِنْ حِسَابِ النَّاسِ. - ثواب الأعمال -

Voaray avy amin'i Abi Abdillah (ny Imàm Swàdiq) (a.s) fa izay olona mamaky ny sourat إِذَا السَّمَاءُ انْفَطَرَتْ sy mamaky ny sourat إِذَا السَّمَاءُ انشَقَّتْ ... dia tsy takonan'i Allah ho azy ny filàny, sady tsy misy sakana manakana azy amin'i Allah ary izy mijery mandrakariva (an'i Allah fa mijery azy koa) i Allah mandrapahavitan'ny fitsarana ny olombelona.”

Ny dikan'ny sourat al-Inshiqàq ara-bakiteny

بِسْمِ اللهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- إِذَا السَّمَاءُ انشَقَّتْ

1- Rehefa hitriatra ny lanitra.

2- وَأَنْذَنْتُ لِرَبِّهَا وَحَقَّتْ

2- Dia hankato ny Tompony izy ka hanatanteraka izany.

3- وَإِذَا الْأَرْضُ مُدَّتْ

3- Rehefa halamina ny tany ka hitovy tantana na novelarina.

4- وَأَلْقَتْ مَا فِيهَا وَتَخَلَّتْ

4- Ka hamoaka ireo zavatra rehetra ao anatin'ny (ny faty sy ireo harena an-kibon'ny tany) ka ho foana tanteraka.

5- وَأَذِنْتُ لِرَبِّهَا وَحُقَّتْ

5- Dia hankato ny Tompony izy ka hanatanteraka izany.

6- يَا أَيُّهَا الْإِنْسَانُ إِنَّكَ كَادِحٌ إِلَى رَبِّكَ كَدْحًا فَمُلَاقِيهِ

6- Ô ry olombelona! Manatona ny Tomponao miaraka amin'ny fiezahana amin'ny alalan'ny asanao amin'ny fotoana hihaonana Aminy (dia ny fahafatesana).

7- فَأَمَّا مَنْ أُوْتِيَ كِتَابَهُ بِيَمِينِهِ

7- Izay tolорana boky (mirakitra ireo asany) amin'ny tanaana havanana.

8- فَسَوْفَ يُحَاسَبُ حِسَابًا يَسِيرًا

8- Dia hotsaraina amim-pahamorana.

9- وَيَنقَلِبُ إِلَى أَهْلِهِ مَسْرُورًا

9- Ary hiverina hiaina am-pifaliana eo anivon'ny fianakaviany (any am-Paradisa amin'izay homena azy).

10- وَأَمَّا مَنْ أُوْتِيَ كِتَابَهُ وَرَاءَ ظَهْرِهِ

10- Fa izay tolорana ny boky avy ao an-damosiny kosa. Misy miteny fa ny tanaana havanana dia hafatotra miaraka amin'ny vozony ary ny tanaana havia atao an-damosiny ka amin'ny alalany no hanomezana ny bokiny.

11- فَسَوْفَ يَدْعُو ثُبُورًا

11- Dia hiantso ny fahapotehana ho an'ny tenany izy hanao hoe: “Potika aho, potika aho!”.

12- وَيَصْلَى سَعِيرًا

12- Ary hiditra ao amin'ny afo mivaivay izy na homain'ny hafanany.

13- إِنَّهُ كَانَ فِي أَهْلِهِ مَسْرُورًا

13- Satria niaina am-pifaliana teo anivon'ny fianakaviany izy (tety an-tany ka tsy niraharaha ny fisian'ny andro farany).

14- إِنَّهُ ظَنَّ أَنْ لَنْ يَحُورَ

14- Sady nihevitra ny tsy hiverina mihitsy any amin'ny Tompony izy.

15- بَلَىٰ إِنَّ رَبَّهُ كَانَ بِهِ بَصِيرًا

15- Eny, hiverina Aminy izy, tena marina fa ny Tompony dia mahafantatra ny asany ka hanome valisoa ho azy.

16- فَلَا أَفْسِمُ بِالشَّفَقِ

16- Tsia! Mianiana Aho amin'ny faravodilanitra mena any amin'ny filentehan'ny masoandro.

17- وَاللَّيْلِ وَمَا وَسَقَ

17- Sy amin'ny alina sy izay koboniny.

18- وَالْقَمَرِ إِذَا اتَّسَقَ

18- Ary amin'ny volana rehefa fenomanana.

19- لَتَرْكَبُنَّ طَبَقًا عَن طَبَقٍ

19- Fa tsy maintsy mizotra amin'ny ambaratongam-piainana ianareo.

20- فَمَا لَهُمْ لَا يُؤْمِنُونَ

20- Koa nahoana no tsy mino izy ireo.

21- وَإِذَا قُرِئَ عَلَيْهِمُ الْقُرْآنُ لَا يَسْجُدُونَ

21- Ary rehefa vakiana amin'izy ireo ny Qur'an dia tsy miankohoka akory izy ireo.

22- بَلِ الَّذِينَ كَفَرُوا يَكْذِبُونَ

22- Eny, ireo izay mpitsipaka (ny porofo) anefa dia miampanga izany ho lainga.

23- وَاللَّهُ أَعْلَمُ بِمَا يُوعُونَ

23- Saingy fantatr'i Allah tsara izay koboniny (ao an-tratran'ny mikasika ny fitsipahana sy ny fankahalana).

24- فَيَسِّرْهُمْ يَوْمَ أُصْبِحُوا بِعَذَابٍ آَلِيمٍ

24- Koa ambarao azy ireo ny famaizana mamirifiry.

25- إِلَّا الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَهُمْ أَجْرٌ غَيْرُ مَمْنُونٍ

25- Fa ireo mino sy manao asa soa dia hahazo valisoa tsy manan-petra izy ireo.

Famakafakana ny sourat al-Inshiqàq

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

Ity sourat ity dia sahala amin'ilay sourat al-Takwîr sy ny Infitwâr izay manambara ny loza amin'ny andron'ny Fitsanganana sy ny fizaran'ny olombelona ho vondrona roa amin'izany andro izany, dia ny vondron'olona ho any amin'ny Paradisa sy ny vondrona ho any amin'ny Afobe.

(إِذَا السَّمَاءُ انشَقَّتْ)

Hitriatra ny lanitra amin'ny fotoana hanapotehan'i Allah ny tontolo iainantsika izao.

(وَأَذْنَتْ لِرَبِّهَا)

Ny dikan'ny أذِنَ amin'ny fiteny dia ny mihaino, koa noho izany dia midika io andininy io fa ny lanitra dia naheno ny baikon'i Allah, izany hoe i Allah dia Mahefa ny zava-drehetra.

(وَحَقَّتْ)

Izany hoe, mendrika tokoa ho an'ilay tany ny manatanteraka ny baikon'ilay Tompony Ilay Avo Indrindra, satria izy dia zava-boahariny eo ambany fifehezany.

(وَإِذَا الْأَرْضُ مُدَّتْ)

Rehefa tonga ny andro Fitsanganana dia very equilibre ny tany ary rava ny zava-misy ao aminy sy ireo vohitra sy ny ankoatrany ary amin'izay fotoana izany ny tany dia lasa malama.

(وَأَلْقَتْ مَا فِيهَا وَتَخَلَّتْ)

Ka hamoaka ireo zavatra rehetra ao anatin'ny tany amin'ireo maty sy ny ankoatrany, ary ho lasa foana ny ao anatin'ny tany.

(وَأَذْنَتْ لِرَبِّهَا وَحُقَّتْ)

Ary hankato ny Tompony ny tany ka hanatanteraka izany mitovitovy amin'ny lanitra... Eny, fa i Allah Ilay Avo Indrindra dia afaka mampiasa ny tontolo hatramin'ny lanitra sy ny tany amin'ny famoronana sy ny fampaharetana ary ny fanapotohana azy arak'izay tiany hatao.

(يَا أَيُّهَا الْإِنْسَانُ إِنَّكَ كَادِحٌ إِلَىٰ رَبِّكَ كَدْحًا فَمُلَاقِيهِ)

Ny tiana hambara amin'ny كَادِحٌ eto dia ny asan'ny olombelona ho an'ny tenany na tsara izany na ratsy. Midikan'izany fa ny olombelona tsy haharitra mandrakizay amin'ny fiainana eto an-tany ary tsy misy hevitra azony atao afa-tsy ny fiezahany mankany amin'ny Tompony sy mifanena Aminy amin'ny alalan'ny asany. Ary tsy misy manelanelana azy sy ny fihaonany amin'ny Tompony afa-tsy amin'ny alalan'ny fahafatesana. Koa raha toa ka ny fahavelomana navela aoriana fa ny fahafatesana no efa mitsena eo aloha dia midika izany fa tena akaiky ny fihaonana ...Noho izany dia tokony handinika ny mpandinika fa hoe inona no zavatra efa nomaniny ho an'ilay fihaonana amin'i Allah sy ilay Fitsarana?

(فَأَمَّا مَنْ أُوتِيَ كِتَابَهُ بِيَمِينِهِ فَسَوْفَ يُحَاسِبُ حِسَاباً يَسِيراً وَيُنْقَلِبُ إِلَى أَهْلِهِ مَسْرُوراً)

Izay rehetra mino sy manao asa soa dia homena ny bokiny amin'ny tànany havanana, ary ny tiana hambara amin'ny أَهْلِهِ eto dia ireo mpino mpanao asa soa mitovy aminy, noho izy ireo miaraka ao amin'ny Paradisa, mifanatrika eo ambony sezafandriana. Fa ny tiana hambara amin'ny حِسَاباً يَسِيراً kosa dia ilay Fitsarana tsotra sy mora izay tsy ahitana fahasahiranana na dia kely aza. Ary voaray amin'ny hadith sharif ny teny manao hoe :

“Izay mitsara ny tenany amin'ny fiainana eto an-tany dia ho mora aminy ny fitsarana amin'ny andro farany.”

(وَأَمَّا مَنْ أُوتِيَ كِتَابَهُ وَرَاءَ ظَهْرِهِ فَسَوْفَ يَدْعُو ثُبُوراً وَيَصْئُرُ سَعِيراً)

Ny tiana hambara amin'ny وَرَاءَ ظَهْرِهِ dia ilay olona meloka izay mpanao fahotana, ary ny ثُبُوراً dia ny faharendrehana, ny سَعِيراً dia ilay Afo.

Milaza ireo manam-pahaizana sasany fa ny olona meloka mpanao fahotana dia hafatotra ny tànany havanana miaraka amin'ny vozony ary ny tànany havia atao an-damosiny ka amin'ny alalany no hanomezana ny bokiny, ary hiditra ao amin'ny afo mivaivay izy.

Mety misy manontany hoe: niteny i Allah eto fa ny olona meloka dia homena ny bokiny avy ao an-damosiny fa niteny koa anefa Izy ao amin'ny sourat al-Hàqah andininy faha-25 manao hoe: **“Fa izay tolora na ny bokiny amin'ny tanany havia kosa, dia hiteny hoe:**

Indrisy mantsy aho! Naleoko tsy natolotra ahy ny bokiko”; koa inona hevitra hikambanan’ireo andininy anankiroa ireo?

Niteny ny cheikh Djawad Moughniyah fa ny ankamaroan’ireo manam-pahaizana dia namaly toy izao: ny tãnana an-kavanana’ny olona meloka dia fatorana eo am-bozony amin’ny andro fitsanganana fa ny an-kaviany dia atao eo an-damosiny ka amin’ny alalany no handraisany ny bokiny. Fa ny cheikh Mohammad Abdouh indray dia nilaza fa ny fanomezana ny boky avy an-kavanana na an-kavia na avy an-damosina dia teny fanoharana sy oha-teny manambara ny toe-javatra hitranga mikasika ny asany amin’izany andro izany ... ka misy amin’ny olombelona rehefa miseho ho azy ny asany dia ravo sy faly izy ary izany olona izany no homena ilay bokiny amin’ny tãnany havanana, fa misy indray rehefa miseho ho azy ny asany dia mikentrona sy malahelo izy, aleony mihitsy aza mba tsy nampahitana azy izany ary izany olona izany no homena ny bokiny avy an-kavia na avy ao an-damosiny; koa noho izany dia tsy ilaina ny mampikambana an’ireo andininy annakiroa ireo amin’ny fitadiavana ny heviny izay tsy mifanandrify amin’ily Bokin’i Allah sahala amin’ny nataon’ireo mpanao tafsir sasany.

(إِنَّهُ كَانَ فِي أَهْلِهِ مَسْرُورًا)

Izy teo an-tany rehefa teo anatrehan’ny fianakaviany dia milalao sy manao rendrarendra ary tsy miraharaha ny Fitsarana amin’ny andro farany.

(إِنَّهُ ظَنَّ أَنْ لَنْ يَحُورَ)

Nihevitra izy fa tsy hiverina any amin’ny Tompony aorian’ny fahafatesana ary tsy hisy hanontany azy mikasika ireo fahotana vitany.

(بَلَىٰ)

Eny, fa izy dia tsy maintsy hiverina sy hanontaniana ka tsy misy fisalasalana ny amin'izany.

(إِنَّ رَبَّهُ كَانَ بِهِ بَصِيرًا)

Tsy misy zavatra miafina amin'ny Tompony ny mikasika ireo resaka sy ireo asa nataony, ka hotsarina amin'izany izy koa raha tsara izany dia hahazoany valisoa fa raha ratsy kosa dia hahazoany sazy.

(فَلَا أُفْسِمُ بِالشَّفَقِ)

Efa noresahina tao amin'ny sourat al-Takwīr ao amin'ny andininy faha-15 ny mikasika ny teny hoe لَا أُفْسِمُ ... Ary ny tiana hambara amin'ny hoe الشَّفَقِ dia ny tomaratra mena tavela amin'ny faravodilanitra izay mariky ny filentehan'ny masoandro; ary angamba mety ny tanjona amin'ilay fifantàna eto dia ny fampahatsiahivana na fampahafantarana mikasika an'io fotoana io satria izy io no ambaratongam-potoana hialan'ny atoandro sy ny harerahany mankany amin'ny alina sy ny fialany sasatra.

(وَاللَّيْلِ وَمَا وَسَقَ)

Ny alina dia mampikambana amin'ny toerana iray izay nisaratsaraka tamin'ny atoandro. Koa ny tsirairay ao amin'ny fianakaviana iray dia mampivory azy ireo ny alina taorian'ny nisaratsarahan'izy ireo tamin'ny atoandro nohon'ny asa. Ary toy izany koa ireo mpifanolobodirindrina sy ireo namana dia miaramivory rehefa tonga ny alina mba miresadresaka.

Niteny ny cheikh M. Abdouh hoe: tsy miafina fa nisaratsaraka nohon'ny asa tamin'ny atoandro dia tafavory izy ireo amin'ny alina, na dia ny tana aza mihenjana nohon'ny asa atoandro dia tafakambana amin'ny vatana amin'ny alina ... Eny, ny

alina dia mampitambatra ny reny amin'ireo zanaka sy mamerina ireo biby nandeha niremby amin'ny toerana fatorian'izy ireo.

(وَالْقَمَرَ إِذَا اتَّسَقَ)

Ary amin'ny volana rehefa fenomanana. Feno ny hazavan'ny volana amin'ny alin'ny daty faha-13; 14; 15 ka antsoina ireo alina ireo amin'ny teny arabo hoe اللَّيَالِي الْبَيْضُ izany hoe “ireo alina fotsy”.

(لَتَرْكَبَنَّ طَبَقًا عَنْ طَبَقٍ)

Ity andininy ity dia valin'ilay fifantàna. Ary misy amin'ireo manam-pahaizana mamaky ny ب amin'ny لَتَرْكَبَنَّ miaraka amin'ny “harakate fat'hah” ka lasa ny olombelona iray amin'izay fotoana izay no resahina; fa misy koa ny mamaky azy io miaraka amin'ny “harakate dhammah” ary amin'izay fotoana izay kosa ny resahina dia ny olombelona rehetra. Koa ny dikany dia ny olombelona dia tsy maintsy mandalo amin'ny dingam-piainana maromaro toy ny avy amin'ny atodin'aina dia lasa tsaika avy eo miova ho zazakely ka tonga amin'ny fahatanorana sy ny fahamatorana sy ny fahanterana ary mankany amin'ny faran'ny taonany ... Ary koa mahita karazam-piainana maro koa izy toy ny ny fahasalamana sy ny aretina, ny fananan-karena sy ny fahantrana, ny alahelo sy ny hafaliana, ...sns. Mbola tahak'izany koa ny fari-piainana dia ahitana ny fandrosoana sy ny eo an-dàlam-pandrasoana sy ny mbola baribarianina. Toy izany hatrany ny fomba fiainan'ny olombelona eto an-tany izay miovaova avy amin'ny toe-piainana iray mankany amin'ny toe-piainana iray hafa ka miafara any amin'ny fiatrehana an'i Allah ny olombelona rehetra mba hotsaraina sy homena ny valin'asany avy.

(فَمَا لَهُمْ لَا يُؤْمِنُونَ)

Koa nahoana no tsy mino izy ireo, nefa ireo porofo rehetra mahatonga ny olona ho resy lahatra mba hanam-pinoana na “imàne”

dia maro tsy voatanisa izay hita eny amin'ny tontolo rehetra toy ny eny amin'ny lanitra sy eo amin'ny tenan'ny olombelona.

(وَإِذَا قُرِئَ عَلَيْهِمُ الْقُرْآنُ لَا يَسْجُدُونَ)

Ary rehefa vakiana amin'izy ireo ny Qour'an dia tsy miankohoka akory izy ireo, dia ny fiankohofana amin'ny famakiana na fiankohofana ao amin'ny swalât na fiankohofana nohon'ny fanetren-tena; izany hoe izy ireo dia tsy mino an'ilay Qour'an sady tsy mankato mihitsy. Niteny ny cheikh M. Abdouh hoe: aza mihevitra fa ny akon'ny famakiana ny Qour'an dia tsy hamaky ny fanalahidin'ny fon'izy ireo na koa ny feony dia tsy ho tafapaka any amin'ny sain'izy ireo ... Eny, efa tonga ao an-tsaina sy manaiky izy ireo fa kosa nohon'ny fikomiana no manakana azy ireo tsy hino. Koa tsy nohon'ny tsy fahampian'ny porofo no nahatonga azy ireo nampandainga fa kosa nohon'ny fanaovan'ireo iharan'ny porofo tsirambina sy ny fanomezan'izy ireo lamosina ny fahitsiana.

(بَلِ الَّذِينَ كَفَرُوا يَكْذِبُونَ)

Eny, ireo izay mpitsipaka anefa dia miampanga ny fahamarinana ho lainga nohon'ny fanambonian-tena sy ny fikomiana.

(وَاللَّهُ أَعْلَمُ بِمَا يُوعُونَ)

Saingy fantatr'i Allah tsara izay hafenin'izy ireo ao an-tratran'izy ireo amin'ireo tanjon'izy ireo izay tsy inona fa ny fitiavana tafahoatra ny fahefana sy ny tombon-tsoa ho an'ny tenan'izy ireo.

(فَبَشِّرْهُمْ بِعَذَابٍ أَلِيمٍ)

Koa ambarao azy ireo ny famaizana mamirifiry ho valisoa amin'izay nataon'izy ireo.

(إِلَّا الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَهُمْ أَجْرٌ غَيْرُ مَمْنُونٍ)

Fa ireo mino sy manao asa soa kosa dia hahazo valisoa izay tsy manan-petra.

Lohahevitra ny andininy faha-9

السُّرُورُ

Ny hafaliana

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ نَفَسَ عَنْ أَخِيهِ الْمُؤْمِنِ كَرْبَةً مِنْ كَرْبِ الدُّنْيَا،

نَفَسَ اللَّهُ عَنْهُ سَبْعِينَ كَرْبَةً مِنْ كَرْبِ الْآخِرَةِ. (البحار ج 74 ص 312)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Izay nampisava amin’ny rahalahiny mpino ny fahasahiranana iray amin’ireo fahasahiranana’ny fiainana eto an-tany dia ampisavain’i Allah aminy ny fahasahiranana fitopolo amin’ireo fahasahiranana’ny any ankoatra.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): إِنَّ فِي الْجَنَّةِ دَارًا يُقَالُ لَهَا دَارُ الْفَرَحِ لَا يَدْخُلُهَا إِلَّا

مَنْ فَرَّحَ يَتَامَى الْمُؤْمِنِينَ. (كنز العمال ج 6008)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Marina dia marina fa misy trano iray ao am-Paradisa izay antsoina hoe tranon’ny hafaliana ka tsy misy hiditra ao afa-tsy izay nampifaly ny kambotin’ireo mpino.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): إِنَّ فِي الْجَنَّةِ دَارًا يُقَالُ لَهَا دَارُ الْفَرَحِ لَا يَدْخُلُهَا إِلَّا

مَنْ فَرَّحَ الصَّبِيَّانَ. (كنز العمال ج 6009)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Marina dia marina fa misy trano iray ao am-Paradisa izay antsoina hoe tranon’ny hafaliana ka tsy misy hiditra ao afa-tsy izay nampifaly ny ankizy.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): السُّرُورُ يُبْسِطُ النَّفْسَ وَ يُثِيرُ النَّشَاطَ، الْعَمُّ يُفْبِضُ النَّفْسَ وَ يَطْوِي الْإِنْبِسَاطَ . (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny hafaliana dia mampivelatra ny fanahy sy miteraka ny fahazotoana, ny alahelo dia maneritery ny fanahy sy mampihena ny hafaliana.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): أَكْثَرُ سُرُورِكَ عَلَى مَا قَدَّمْتَ مِنَ الْخَيْرِ، وَحَزْنُكَ عَلَى مَا قَاتَ مِنْهُ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ataovy maro ny hafalianao araka ny hatsarana vitanao, sy ny alahelona arak’izay nitambositra (aminao) amin’izany.”

- قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): وَاللَّهِ لِرَسُولِ اللَّهِ (ص) أَسْرٌ بِقَضَاءِ حَاجَةِ الْمُؤْمِنِ إِذَا وَصَلَتْ إِلَيْهِ مِنْ صَاحِبِ الْحَاجَةِ. (البحار ج74 ص 328)

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Mianiana amin’i Allah aho fa tena faly ilay Irak’i Allah (s.a.w) nohon’ny fahazoan’ny mpino ny filàny rehefa voarainy izany, mihoatra ny fifalian’ny tompon’ily filàna.”

- قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): لَا يَرَى أَحَدُكُمْ إِذَا دَخَلَ عَلَى مُؤْمِنٍ سُوراً أَنَّهُ عَلَيْهِ أَدْخَلَهُ فَقَطُّ بَلْ وَاللَّهِ عَلَيْنَا، بَلْ وَاللَّهِ عَلَى رَسُولِ اللَّهِ (ص) ... (البحار ج74 ص 290)

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Aza mihevitra ny iray aminareo rehefa nampiditra ny hafaliana amin’ny mpino iray dia amin’izy irery ihany no nampidirana izany, fa mianiana amin’i Allah aho fa (mampiditra) aminay koa , eny mianiana amin’i Allah aho fa (mampiditra) amin’ily Irak’i Allah ihany koa ...”

* * * * *

سُورَةُ الْبُرُوجِ

NY SOURAT AL-BOUROUDJ

Ny voninahitry ny sourat al-Bouroudj

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ وَ السَّمَاءِ ذَاتِ الْبُرُوجِ فِي فَرَائِضِهِ -
فَإِنَّهَا سُورَةُ النَّبِيِّينَ - كَانَتْ مَحْشَرُهُ وَ مَوْفِقُهُ مَعَ النَّبِيِّينَ وَ الْمُرْسَلِينَ وَ
الصَّالِحِينَ . - ثواب الأعمال -

Nilaza ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: Izay olona mamaky ny sourat سُورَةُ الْبُرُوجِ وَ السَّمَاءِ ذَاتِ الْبُرُوجِ ao amin'ireo swalàt wadjib ataony -noho izy io sourat an'ireo Mpaminany- dia ny toerana ivoriany sy itsanganany dia miaraka amin'ireo Mpaminany sy ireo Iraka ary ireo olona soa.

Ny dikan'ny sourat al-Bouroudj ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- وَالسَّمَاءِ ذَاتِ الْبُرُوجِ

1- Ianiavana amin'ny lanitra misy ireo sori-paritry ny habakabaka.³⁴

2- وَالْيَوْمِ الْمَوْعُودِ

2- Sy amin'ilay andro nampanantenaina (dia ny andron'ny Fitsanganana).

³⁴ Ny tiana hambara amin'izany dia ireo fizaran'ny masoandro sy ny volana ary ireo kintana hafa eny an-danitra ka ireo sori-paritra ireo dia miisa 12. Ny volana dia mizotra ao amin'ny sori-paritra isaky ny roa na telo andro, ary ny masoandro dia mizotra ao anatin'ny iray volana isaky ny sori-paritra.

3- وَشَاهِدِ وَمَشْهُودٍ

3- Ary amin'ny vavolombelona sy amin'ny nijoroana vavolombelona.³⁵

4- قَتَلَ أَصْحَابُ الْأَخْذُودِ

4- Fa ho voaozona anie ireo nandavaka ilay hantsana (izay nampirehetina afo ka nalatsaka ao ireo mpino).

5- النَّارِ ذَاتِ الْوُقُودِ

5- Ireo nampirehitra ny afo miredareda.

6- إِذْ هُمْ عَلَيْهَا قُعُودٌ

6- Ary nipetraka manodidina izany ireo.

7- وَهُمْ عَلَىٰ مَا يَفْعَلُونَ بِالْمُؤْمِنِينَ شُهُودٌ

7- Ary izy ireo, amin'ny nataon'izy ireo tamin'ireo mpino dia vavolombelona.

8- وَمَا نَقَمُوا مِنْهُمْ إِلَّا أَنْ يُؤْمِنُوا بِاللَّهِ الْعَزِيزِ الْحَمِيدِ

8- Nefa tsy nankahala ireo mpino akory izy ireo raha tsy noho ireo mpino ireo nino an'i Allah Ilay Tompon'ny hery sy Mendri-piderana.

9- الَّذِي لَهُ مُلْكُ السَّمَاوَاتِ وَالْأَرْضِ وَاللَّهُ عَلَىٰ كُلِّ شَيْءٍ شَهِيدٌ

9- Izay Azy ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany; ary i Allah dia mahita ny zava-drehetra.

10- إِنَّ الَّذِينَ قَتَلُوا الْمُؤْمِنِينَ وَالْمُؤْمِنَاتِ ثُمَّ لَمْ يَتُوبُوا فَلَهُمْ عَذَابٌ جَهَنَّمَ

وَلَهُمْ عَذَابُ الْحَرِيقِ

10- Hamafisina fa ireo nampijaly an'ireo mpino lahy sy mpino vavy ka mbola tsy nibebaka dia hahazo ny sazin'ny gehena sy hahazo ny sazin'ny afobe.

³⁵ Mifanta amin'ny andro Zoma nohon'ny fahamasinany sy amin'ny andro Arafah noho ireo mpanao hadj sy ireo Anjely, na amin'ireo andro rehetra sy ny Tompony, na amin'i Mouhammad sy ny andro Fitsanganana noho ilay andininy milaza hoe وَإِنَّا أَرْسَلْنَاكَ شَاهِدًا sy وَذَلِكَ يَوْمٌ مَّشْهُودٌ na ny mpaminany tsirairay sy ny vahoakany, na Ilay Mpahary sy ny zava-boahary, na ireo Anjely mpanaramaso sy ireo olona iharan'ny didy, na ireo rantsam-batana sy ny olombelona.

11- إِنَّ الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَهُمْ جَنَّاتٌ تَجْرِي مِنْ تَحْتِهَا
الْأَنْهَارُ ذَلِكَ الْفَوْزُ الْكَبِيرُ

11- Hamafisina fa ireo izay mino sy manao asa soa kosa dia hahazo ireo Paradisa misy renirano mikoriana eo ambaniny, izany no fahatafitana lehibe.

12- إِنَّ بَطْشَ رَبِّكَ لَشَدِيدٌ

12- Marina dia marina fa ny fisamboran'ny Tomponao dia mahery vaika.

13- إِنَّهُ هُوَ يَبْدِي وَيُعِيدُ

13- Izy tokoa no mamorona sy mamerina.

14- وَهُوَ الْعَفْوَ الْوَدُودُ

14- Ary Izy no ilay Mpamela heloka sy Be fitiavana.

15- ذُو الْعَرْشِ الْمَجِيدُ

15- Ilay Tompon'ny seza fiandrianana be voninahitra.

16- فَعَالٌ لِمَا يُرِيدُ

16- Mpanatanteraka izay sitrany.

17- هَلْ أَتَاكَ حَدِيثُ الْجُنُودِ

17- Efa tonga taminao ve ny tantaran'ireo tafika.

18- فِرْعَوْنَ وَتَمُودَ

18- Tafak'i Firaona sy i Thamoud.

19- بَلْ الَّذِينَ كَفَرُوا فِي تَكْذِيبٍ

19- Eny, ireo izay mpitsipaka dia mifikitra amin'ny lainga.

20- وَاللَّهُ مِنْ وَرَائِهِمْ مُحِيطٌ

20- Ary i Allah anefa ao afaran'izy ireo dia Mpanaramaso.

21- بَلْ هُوَ قُرْآنٌ مَجِيدٌ

21- Eny, fa izy io dia ny Qour'an manam-boninahitra.

22- فِي لُوحٍ مَحْفُوظٍ

22- Ao amin'ny tabilao voaaro.

Famakafakana ny sourat al-Bouroudj

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(وَالسَّمَاءِ ذَاتِ الْبُرُوجِ وَالْيَوْمِ الْمَوْعُودِ وَشَاهِدٍ وَمَشْهُودٍ)

Niteny ilay manam-pahaizana ny cheikh Djawad Moughniyah nanao hoe: izay rehetra eo amboninao dia antsoina hoe lanitra; fa mikasika ny الْبُرُوجِ kosa dia misy milaza hoe : izy ireo dia ireo kintana goavana, satria isaky ny kintana iray amin'izy ireo dia tazan'ny maso sahala amin'ny lapa lehibe. Misy koa ny milaza fa izy ireo dia ireo sori-paritra miisa 12 izay fantatr'ireo Arabo ; ka ny hazavan'ny masoandro no manakona azy ireo ao anatin'ny taona iray amin'ny fahitan'ny maso azy ireo ivelany. Ary izy ireo dia ilay sori-paritra Alahamady sy Adaoro sy Adizaoza sy Asorotany sy Alahasaty sy Asombola sy Adimizana sy Alakarabo sy Alakaosy sy Adijady sy Adalo ary Alohotsy... Fa na dia ilay dikany voalohany no tiany hambara na ilay dikany faharoa na ireo dikan'izy roa miaraka, dia ny tena marina, fa ny tanjona amin'izany fanambarana izany dia ny famporisahana amin'ny fandinihana ny fanamboarana goavana an'ireo kintana ireo sy ny tsiambaratelo fonosin'izy ireo mba ho porofo ahafantarantsika ny fisian'ilay Mpahary sy ny Fahalehibeazany. Ary ny tiana hambara amin'ilay andininy hoe : وَالْيَوْمِ الْمَوْعُودِ dia ilay andron'ny Fitsanganana.

Maro ireo hevitra mifanohitra amin'ny dikan'ilay teny hoe : شَاهِدٍ sy ny dikan'ilay teny hoe : مَشْهُودٍ ao amin'ity andininy ity. Ary misy aza ny sasany amin'ny mpanao tafsir no milaza fa mahatratra 48 ireo fifanoheran-kevitra mikasika izany, ka misy 16 no manome ny dikan'ny شَاهِدٍ ary 32 amin'ilay dikan'ny مَشْهُودٍ ... Ary niteny ny cheikh Mouhammad Abdouh fa ny tiana hambara amin'ny شَاهِدٍ eto dia ny zava-drehetra azo tsapain-tànana sy hitamaso ; fa ny tiana hambara amin'ny مَشْهُودٍ kosa dia ny zavatra

azo tsapain-tànana izay iharan'ily fijerena. Ny cheikh moa dia nanaporofa ny fahamarinan'io fanazavany io amin'ny alalan'ireto fomba roa ireto:

Voalohany, tena marina fa izany no fandraisana azy amin'ny dikany ara-bakiteny. Faharoa, ny zavatra nifantàn'i Allah voalohany dia amin'ny alalan'ireo kintan'ny lanitra, ary ao anatin'ireo kintana ireo dia misy zavatra hitamaso sy ny tsy hitamaso. Koa ny hitamaso dia hita amin'ny alalan'ny fahazavana sy ny fizorana sy ny fiposahana sy ny filentehan'izy ireo, fa ny tsy hitamaso amin'ireo zavatra ireo kosa dia ny maha-izy azy ireo sy ny zava-misy amin'izy ireo amin'ireo hery sy ny sisa dia tsy takatra amin'ny alalan'ny fitsapana sy ny fahitana

Avy eo i Allah nifanta amin'ny alalan'ily andro farany izay mbola tsy hitamaso mihitsy, ary tsy azo ifandraisana amin'ny alalan'ny fitsapana na fahitana, akaiky na lavitra.

Avy eo nifanta ihany koa Ilay Avo Indrindra amin'ny alalan'ny **شَاهِدٍ** sy **مَشْهُودٍ**. Izany hoe, nifanta amin'ireo zavatra izay azo tsapain-tànana, koa arak'izany Izy dia nifanta amin'ireo karazana tontolo rehetra, na tontolo tsy hitamaso fotsiny izany na ny hitamaso ihany na izy roa miaraka. Fa ny tanjona lehibe amin'izany, dia i Allah mila mamporisika amin'ny fijerena an'ireo zava-boahary isankarazany ireo mba ahafahan'ily mpijery maka lesona avy amin'izay hitamaso amin'ireo zava-boahary ireo toy ny fanamboarana goavana sy ny filaminana misy amin'izy; ary indrindra koa mamporisika amin'ny fiezahana mafy mba hahafantatra inona no tsiambaratelo fonosin'ireo zava-boahary ireo.

(قَتَلَ أَصْحَابُ الْأَخْدُودِ النَّارَ ذَاتِ الْوَقُودِ إِذْ هُمْ عَلَيْهَا قُعُودٌ وَهُمْ عَلَى مَا يَفْعَلُونَ بِالْمُؤْمِنِينَ شُهُودًا)

Ny **الأخدود** dia hantsana nohadiana mitomandavana ary ny nampanao azy io dia ny vahoaka mpitsipika nanana fahefana sy

natanjaka, fa misy ny milaza koa fa ny nampanao an'io hantsana io dia ny iray tamin'ireo mpanjakan'i Yémen. Na izany na tsy izany dia tsy idirana lalina ny tena marina amin'izay nampanao azy io; fa ny zavatra tian'ireto andininy ireto hambara fotsiny dia ny firesahana an'ireo andian'olona mpanageja izay nihady an'ily hantsana ary nampirehitin'izy ireo afo miredareda be ao aminy, avy eo nosamborina ireo mpino marina ka navorin'izy ireo teo amoron'ily hantsana mirehitr'afo. Koa izay manaiky miala amin'ny finoany an'i Allah sy vonona hanaraka ny finoan'izy ireo dia nomena fahafahana; fa izay mitazona hatrany ny finoany amin'ny fo madio dia nodoran'izy ireo ao amin'ily hantsana. Ireo mpandoro ireo dia nipetraka nanodidina an'ily hantsana mitazana am-pifaliana sy amin'ny fahafinaretana ny vatan'ireo mpino main'ny afo.

(وَمَا نَقَمُوا مِنْهُمْ إِلَّا أَنْ يُؤْمِنُوا بِاللَّهِ الْعَزِيزِ الْحَمِيدِ الَّذِي لَهُ مَلِكُ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضِ وَاللَّهُ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ شَهِيدٌ)

Eny, izany “fahotan'ireo mpino voalohany sady farany” izany dia ny finoana an'i Allah, Tompon'ny fanjakana, Ilay Mahefa ny zava-drehetra, Ilay Tsy Refesi-mandidy, Ilay Mahalala ny zava-drehetra, izay Izy Irery ihany no mendrika deraina. Tsara ny mahalala fa i Allah dia midera ny Tenany amin'ireo toetra voalaza teo ireo mba hanambarana fa tsy misy fandosirana ho an'ireo mpanageja ireo amin'ny fanjakan'i Allah sy ilay saziny. Ary ny andininy milaza tahak'izany dia ilay tenin'i Allah ao amin'ny sourat Ghàfir andininy faha-28 manao hoe:

“**Hamono olona ve ianareo satria izy niteny hoe i Allah no Tompoko.**”

(إِنَّ الَّذِينَ فَتَنُوا الْمُؤْمِنِينَ وَالْمُؤْمِنَاتِ لَمْ يَكُنْ لَهُمْ جَهَنَّمُ وَلَهُمْ عَذَابُ الْحَرِيقِ)

Aorian'ny filazan'i Allah mikasika an'ireo olona mpanageja tompon'ily hantsana dia nilaza ihany Izy koa mikasika an'ireo lehiben'ny Qouraish izay tena nampijaly an'ireo mpino silamo

tokoa mba hampisy fakam-panahy ratsy amin'ny finoan'izy ireo sy hamerina azy ireo ho mpitsipaka aorian'ny fananam-pinoana. Koa nampitandreman'i Allah izy ireo raha tsy miala amin'izany fitsipahan'izy ireo izany sy nampatahoriny amin'ilay sazy henjana ... Ary ny tohin'ilay teny hoe : **عَذَابُ الْحَرِيقِ** amin'ilay teny hoe : **عَذَابُ جَهَنَّمَ** dia nohon'ny fanazavana bebe kokoa fotsiny, koa ny tanjona amin'izany dia ny fanamafisana ny fampitahorana amin'ilay sazin'i Allah.

(إِنَّ الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ لَهُمْ جَنَّاتٌ تَجْرِي مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ ذَلِكَ الْفَوْزُ الْكَبِيرُ)

Hamafisina fa ireo izay mino sy manao asa soa kosa dia hahazo ireo Paradisa misy renirano mikoriana eo ambaniny, izany no fahatafitana lehibe. Ary misy andininy maromaro ao amin'ny Qour'an no mitovy amin'ity andininy ity. Fa matetika manko ny Qour'an dia manana toetra manao fampitahana ny faharendrehan'ireo olona meloka amin'ny fanavatona an'ireo olona vontom-pinoana sy ny fahasoavana azon'ireo andaniny amin'ny sazy azon'ireo ankilany.

(إِنَّ بَطْشَ رَبِّكَ لَشَدِيدٌ)

Ny teny hoe **بَطْشَ** dia midika ho fisamborana mahery vaika, koa ahoana raha mbola nampiana ny teny hoe **لَشَدِيدٌ** izay midika ho tena mafy tokoa, ary avy amin'Ilay Tsitoha Mpahary ny lanitra sy ny tany? Ny iresahana eto dia ilay Irak'i Allah (s.a.w); ny tanjona amin'izany dia ny fampitahorana an'ireo olona nampijaly an'ilay Iraka (s.a.w) sy ireo mpino miaraka aminy.

(إِنَّهُ هُوَ يُبَدِّئُ وَيُعِيدُ)

Eny, izay mahefa mamorona ny voahary sy mahefa mamerina azy indray, dia mora aminy ny manao fisamborana mahery vaika an'ireo mpanao ratsy ireo.

(وَهُوَ الْعَفُورُ الْوَدُودُ)

Rehefa i Allah avy nanambara ny mampahery vaika ny saziny dia nampitaha izany koa amin'ny maha-Mpamela heloka sy maha-Be Fiantra Azy, mba hiverenan'ireo mpanota Aminy amin'ny alalan'ny fibebahana sady tsy ho kivy amin'ny Indrafony. Eny, ny fahatezeran'i Allah amin'ireo mpanota dia tsy manakana ny Famindrampony amin'izy ireo.

(ذُو الْعَرْشِ الْمَجِيدُ)

Ilay Tompon'ny seza fiandrianana be voninahitra. Izany hoe, Ilay Tompon'ny fanjakana sy ny fahefana.

(فَعَالٌ لِّمَا يُرِيدُ)

Ny sitrapon'Ilay Avo Indrindra dia tanteraka eo noho eo rehefa tiany ka tsy ilàna ny fanampiana avy amin'ny zavatra hafa.

قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): "فَاعِلٌ لَا يَاضْطِرَابُ آلَةً مُقَدَّرٌ لَا بِحَوْلَةٍ فِكْرٍ ... يُرِيدُ وَ لَا يَضْمِرُ... يَقُولُ لِمَنْ أَرَادَ كَوْنَهُ : كُنْ فَيَكُونُ لَا بِصَوْتٍ يُفْرَعُ، وَ لَا بِنِدَاءٍ يُسْمَعُ ، وَإِنَّمَا كَلَامُهُ سُبْحَانَهُ فِعْلٌ مِنْهُ".

Niteny ny Imàm Ali (a.s) midera an'i Allah sy ny fihetsiny manao hoe: **“Mpanao tsy amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana; Mpandahatra tsy amin'ny alalan'ny fieritreretana; ... mila tsy amin'ny alalan'ny fikasana; ... miteny amin'izay tiany ho tanteraka manao hoe: Misa dia misy tokoa izany tsy amin'ny alalan'ny feo maneno, na tsy amin'ny alalan'ny antso heno; fa kosa ny tenin'Ilay Be Voninahitra dia fihetsika avy Aminy.”**

Ary Ilay Be Fahendrena dia efa nila nandrendrika ireo vahoaka taloha izay nampandainga ireo Irany ary dia tanteraka tokoa ny sitrapony.

(هَذَا آتَاكَ حَدِيثُ الْجُنُودِ فِرْعَوْنَ وَثَمُودَ)

Efa tonga taminao ve ny tantaran'ireo tafika dia ny tafak'i Firaona sy ny an'i Thamoud. Izy ireo no anisan'ny narendrik'i

Allah noho izy ireo nampandainga ny Irany. Ary ny dikan'ny هَلْ eto dia hoe “efa”, ny mitovy amin'izany dia ny andininy milaza manao hoe "هَلْ أَتَى عَلَى الْإِنْسَانِ"; ary ny dikan'ily andininy moa dia hoe: “efa henonao sy ireo vahoakanao ve ry Mouhammad ny zavatra nitranga tamin'i Thamoud izay vahoakan'ny Mpaminany Swàlih (a.s) sy nitranga tamin'i Firaona sy ireo vahoakany ka nanao ahoana ny valifatin'i Allah tamin'izy ireo noho izy ireo nampandainga ireo Iraka ary torak'izany koa i Allah dia hamalifaty an'ireo olona izay mampandainga Anao amin'ny fotoana izay tiany.”

(بَلِّغِ الَّذِينَ كَفَرُوا فِي تَكْذِيبِ)

Misy andian'olona mpitsipaka anisan'izany ireo lehiben'ny Qouraish no mandà ny fahamarinana tsy amin'antony afa-tsy noho izy ireo te hampandainga fotsiny sy hankahala izany na avy amin'iza na avy amin'iza no misy izany fahamarinana izany. Fa raha tsy izany kosa moa, dia mba inona àry no fialan-tsin'izy ireo amin'ny fankahalana ny fahamarinana nefa efa mazava miharihary ny porofo sahala amin'ny fahazavan'ny masoandro?!

(وَاللَّهُ مِنْ وَرَائِهِمْ مُحِيطٌ)

Izy ireo dia eo am-pelatanan'i Allah ka avadibadiny arak'izay tiany, ary afaka mandrendrika azy ireo amin'ny fotoana izay sitrany ... Izany andininy izany dia manambara fa izy ireo dia tsy hiala mihitsy amin'ny fampandaingàna ny fahamarinana mandrapahitan'izy ireo ny sazy mivantana.

(بَلِّغِ هُوَ قُرْآنٌ مَجِيدٌ)

Eny, fa izy io dia ny Qour'an manam-boninahitra satria ny zava-misy rehetra ao amin'ny Qour'an dia ny fahamarinana sy ny rariny, miaraka amin'ny fijoroana sy ny fahazavan'ny porofo ka tsy misy afaka mandà izany afa-tsy ireo olon-dratsy.

(فِي لَوْحٍ مَّحْفُوظٍ)

Ny Qur'an dia voaro amin'ny satana sy ny fanovàna ao amin'ny tabilao masina; ary ireo manam-pahaizana mpanao tafsîr ireo dia manana resaka lava mikasika ny لَوْحٍ مَّحْفُوظٍ fa ny cheikh Mouhammad Djawad Moughniyyah dia niteny hoe: isika dia tsy tompon'andraikitra amin'ny fahafantarana ny tena dikany lalina sy ny maha-izy azy an'izany لَوْحٍ مَّحْفُوظٍ izany. Fa ireo izay manana fahalalana mafy orina dia mino izany na dia zava-tsy hitamaso aza ka tsy mba miditra amin'ny fanazavana antsipiriany.

Lohahevitra ny andininy faha-3

يَوْمُ الْجُمُعَةِ

Ny andro Zoma

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): يَوْمُ الْجُمُعَةِ سَيِّدُ الْأَيَّامِ وَأَعْظَمُ عِنْدَ اللَّهِ مِنْ يَوْمِ الْأَضْحَى وَيَوْمِ الْفِطْرِ . (البحار ج 89 ص 268)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Ny andro Zoma dia lehiben'ireo andro ary tena manan-danja eo anatrehan'i Allah mihoatra ny andro amin'ny Eid-n'ny Oulw'hà sy ny Eid-n'ny Fitwr.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): أَطْرَفُوا أَهَالِيكُمْ فِي كُلِّ يَوْمٍ جُمُعَةٍ بِشَيْءٍ مِنْ الْفَاكِهَةِ كَيْ يَفْرَحُوا بِالْجُمُعَةِ . (البحار ج 104 ص 73)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ampitomboinareo ny anjaran'ny fianakavianareo isaky ny andro Zoma amin'ny alalan'ny voankazo mba hahafaly azy ireo amin'ny Zoma.”

- قَالَ الْإِمَامُ الْبَاقِرُ (ع): الْخَيْرُ وَالشَّرُّ يُضَاعَفُ يَوْمَ الْجُمُعَةِ. (البحار ج 89 ص 283)

Niteny Imàm Bàqir (a.s)hoe: “Ny tsara sy ny ratsy dia ampitomboina avo heny amin’ny andro Zoma.”

- قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): الصَّدَقَةُ يَوْمَ الْجُمُعَةِ تُضَاعَفُ أضعافاً. (البحار ج 96 ص 180)

Niteny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Ny swadaqah amin’ny andro Zoma dia tena ampitomboina betsaka (ny valisoany).”

- فِي تَفْسِيرِ الْآيَةِ (وَشَاهِدِ وَ مَشْهُودٍ) الشَّاهِدُ يَوْمَ الْجُمُعَةِ وَ الْمَشْهُودُ يَوْمٌ عَرَفَةَ. (البحار ج 89 ص 270)

Ao amin’ny famakafakana ny andininy hoe (وَشَاهِدِ وَ مَشْهُودٍ), dia ny andro Zoma no tiana hambara amin’ilay شَاهِدٍ fa ny tiana hambara amin’ilay مَشْهُودٍ kosa dia ny andron’i Anrafah.

* * * * *

سُورَةُ الطَّارِقِ

NY SOURAT AL-TWARIQ

Ny voninahitry ny sourat al-Twàriq

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ كَانَتْ قِرَاءَتُهُ فِي فَرَائِضِهِ بِالسَّمَاءِ وَ الطَّارِقِ كَانَتْ لَهُ عِنْدَ اللَّهِ يَوْمَ الْقِيَامَةِ جَاهًا وَمَنْزِلَةً ، وَكَانَ مِنْ رُفَقَاءِ النَّبِيِّينَ وَأَصْحَابِهِمْ فِي الْجَنَّةِ . - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: Izay matetika mamaky ny الطَّارِقِ وَ السَّمَاءِ ao amin'ireo swalàt wadajib, eo anatrehan'i Allah izy dia manana voninahitra amin'ny andro Fitsanganana, ary ho anisan'ny naman'ireo Mpaminany sy ny mpanaradian'Izy ireo ao am-Paradisa.

Ny dikan'ny sourat al-Twàriq ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- وَالسَّمَاءِ وَالطَّارِقِ

1- Mianiana amin'ny lanitra, sy amin'ny kintana fitarik'andro Aho.

2- وَمَا أَدْرَاكَ مَا الطَّارِقِ

2- Moa mba fantatrao ve izany kintana fitarik'andro izany?

3- النَّجْمِ الثَّاقِبِ

3- Izy io dia ilay kintana izay mampisava ny haizin'ny alina amin'ny alalan'ny hazavany.

4- إِنَّ كُلَّ نَفْسٍ لَمَّا عَلَيْهَا حَافِظٌ

4- Eny, ny olona tsirairay dia manana mpiambina.

5- فَلْيَنْظُرِ الْإِنْسَانُ مِمَّ خُلِقَ

5- Koa aoka ny olombelona handinika tamin'inona no nahariana azy.

6- خُلِقَ مِنْ مَّاءٍ دَافِقٍ

6- Nohariana avy amin'ny rano mifantsitsitra izy.

7- يَخْرُجُ مِنْ بَيْنِ الصُّلْبِ وَالتَّرَائِبِ

7- Izay mivoaka avy eo anelanelan'ny valahana sy ny taolan-tehezana.

8- إِنَّهُ عَلَى رَجْعِهِ لَقَادِرٌ

8- Marina dia marina fa Izy amin'ny famerenana azy dia Mahefa.

9- يَوْمَ تُبْلَى السَّرَائِرُ

9- Amin'ny andro hampisehoana ny zava-miafina rehetra ao am-po.

10- فَمَا لَهُ مِنْ قُوَّةٍ وَلَا نَاصِرٍ

10- Koa tsy hisy na iza na iza hanana hery na mpamonjy.

11- وَالسَّمَاءِ ذَاتِ الرَّجْعِ

11- Mianiana Aho amin'ny lanitra miteraka orana izay miverina amin'ilay tany.

12- وَالْأَرْضِ ذَاتِ الصَّدْعِ

12- Sy amin'ny tany vakivaky ivoahan'ny zavamaniry.

13- إِنَّهُ لَقَوْلُ فَصْلٍ

13- Marina dia marina fa izy io (ny Qour'an) dia teny fanavahana ny marina sy ny diso.

14- وَمَا هُوَ بِالْهَزْلِ

14- Ary tsy mba vazivazy akory izany (fa tena matotra).

15- إِنَّهُمْ يَكِيدُونَ كَيْدًا

15- Tena marina fa izy ireo - mpitsipaka - dia manao hafetsen-dratsy.

16- وَأَكِيدُ كَيْدًا

16- Nefa hovaliako izany hafetsena izany.

17- فَمَهْلُ الْكَافِرِينَ أَمْهَلُهُمْ رُوَيْدًا

17- Koa omeo fe-potoana ireo mpitsipaka, fe-potoana kely ihany.

Famakafakana ny sourat al-Twàriq

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(وَالسَّمَاءِ وَالطَّارِقِ وَمَا أَدْرَاكَ مَا الطَّارِقُ النَّجْمُ النَّاقِبُ)

Izay rehetra eo amboninao dia antsoina hoe سَمَاءُ ary izay tonga amina amin'ny alina no antsoina hoe طَارِقٍ. Fa ny tiana hambara amin'ny الطَّارِقِ eto dia ilay kintana noho izy tsy miseho raha tsy amin'ny alina ; ary ny tiana holazaina amin'ny النَّاقِبُ dia ilay manome hazavana.

Misy fitenin'ireo Arabo manao hoe : أَتَقِبُ نَارَكَ “**ampireheto ny afontao**” ka nomena izany toetra izany ilay kintana nohon'ny hazavany mandoaka ny haizina, heverina ho toy ny hoditra mainty ny haizina ka ilay kintana no mandoaka azy amin'ny alalan'ny hazavany. Ary ny teny hoe وَمَا أَدْرَاكَ dia maneho ny fahalehibeazana sy ny voninahitr'io kintana io. Fa ny vokatr'ilay fifantàna kosa dia ilay notondroin'i Allah amin'ilay teniny manao hoe : **إِنْ كُلُّ نَفْسٍ لَمَّا عَلَيْهَا حَافِظٌ** .

(إِنْ كُلُّ نَفْسٍ لَمَّا عَلَيْهَا حَافِظٌ)

Eny, ny olona tsirairay dia manana mpiambina hitahiry ny resany sy ny asany ary mirakitra ny fihetsiny sy ny fikasany hatramin'ny fahataperan'ny fiainany ka hifanena amin'ny

Tompony izy ary hahita eo anatrehany ny zava-drehetra nataony na tsara na ratsy. Amin'ny andininy hafa dia niteny i Allah nanao hoe :

وَكَفَىٰ بِرَبِّكَ بِذُنُوبِ عِبَادِهِ خَبِيرًا بَصِيرًا “**Fa ampy ny Tomponao amin'ny fahalalana sy ny fahitana ny fahotan'ireo mpanompony.**”³⁶

(فَلْيَنْظُرِ الْإِنْسَانُ مِمَّ خُلِقَ خُلِقَ مِنْ مَّاءٍ دَافِقٍ يُخْرَجُ مِنْ بَيْنِ الصُّلْبِ وَالتَّرَائِبِ)

Ny tiana hambara amin'ny مَاءٍ دَافِقٍ dia ny ranon'aina ary ny tiana hambara amin'ny الصُّلْبِ dia ny taolan-damosina rehetra izay ahitana ny hazon-damosina eo amin'ny lehilahy, fa ny tiana hambara amin'ny التَّرَائِبِ kosa dia ny faritra itoeran'ny firavaka eo amin'ny tratran'ny vehivavy. Ary izy roa ireo no fototra ipoiran'ny ranon'aina izay avy amin'ny alalan'ny no iforonan'ny olombelona. Ny siansa taty aoriana dia vao tsy ela akory nahita izany fahalalana izay avy tamin'ny lelan'ilay olona arabo tsy nahay taratasy. Koa ny dikan'io andininy io dia mila manambara fa ianao olombelona raha mba fantatrao fa i Allah izay mahalala ny ao am-ponao sy ny ety ivelany dia tokony hananana adidy ianao ny hijery ny tenanao sy handinika ny fisiana fa ianao dia noforonina avy amin'ny ranon'aina izay nivoaka avy tamin'ny lamosin'ny rainao sy ny taolan-tratran'ny reninao. Avy eo ianao napetraka tao amin'ny toerana voaro mandritra ny fe-potoana voafaritra ...ka hatramin'ny ianao lasa manana endrika lavorary feno fiainana sy fahangorahampo sy fahatakarana. Koa noho izany dia mandiniha sy mieritrereta izany ianao mba hahafantaranao fa izay nahary sy nanoro lâlana anao dia mahefa mamerina anao indray aorian'ny fahafatesana. Izany no tiana hambara amin'ny tenin'Ilay Avo Indrindra manao hoe:

³⁶ Sourat al-Isràè 17:17

(إِنَّهُ عَلَىٰ رَجْعِهِ لَقَادِرٌ)

Marina dia marina fa Izy amin'ny famerenana azy dia Mahefa satria ny fahariana voalohany no porofon'ny faharoa.

(يَوْمَ تُبْلَى السَّرَائِرُ فَمَا لَهُ مِنْ قُوَّةٍ وَلَا نَاصِرٍ)

Ny **السَّرَائِرُ** dia teny manondro maro amin'ny سريرة izay midika hoe zava-miafina toy ny fikasana ao am-po, ary ny tiana hambara amin'ny hoe **تُبْلَى** dia ny fanehoana ivelany, ka ny tiana hambara amin'izany dia i Allah no hampitsangana ny olombelona amin'ny andro iray izay tsy misy zava-miafina intsony no sady tsy hisy fifandirana intsony ary tsy hisy na iza na iza hanana hery sy tanjaka ho an'ny tenany na ho an'ny hafa afa-tsy ny herin'ilay fananam-pinoana sy ny asa soa.

(وَالسَّمَاءِ ذَاتِ الرَّجْعِ وَالْأَرْضِ ذَاتِ الصَّدْعِ)

Ny tiana hambara amin'ny **الرَّجْعِ** dia ny rano ary ny **الصَّدْعِ** dia ny zava-maniry. Allah eto dia nifanta amin'ny lanitra izay iavian'ny rano fivelomana sy nifanta ihany koa amin'ny tany izay ipoiran'ny anjara masoandro sy ireo fahasoavana.

(إِنَّهُ لَقَوْلٌ فَصْلٌ وَمَا هُوَ بِالْهَزْلُ)

Ny mpisolon-tena **هُ** amin'ny **إِنَّهُ** dia manondro an'ilay Qur'an ary izy io dia manana ny fahamatorana fa tsy misy vazivazy ao aminy ary koa fahamarinana tsy ahitana hadisoana na tany aloha na taty aoriana. Ary izany dia famaliana an'ireo izay nilaza azy io ho mazika sy angano.

(إِنَّهُمْ يَكِيدُونَ كَيْدًا وَأَكِيدُ كَيْدًا فَمَهْلِكُ الْكَافِرِينَ أَهْمَهُمْ رُويداً)

Ny mpisolon-tena **هُمْ** amin'ny **إِنَّهُمْ** dia miverina amin'ireo nampanainga an'ilay Iraka be voninahitra (s.a.w).

Ary ny tiana hambara amin'ny يَكِيدُونَ dia manao tetika feno fitaka hamelezana an'ny Mpaminany sy ireo mpino namany. Ny tiana hambara amin'ny وَأَكِيدُ dia hoe ataoko mandamoka ny tetik'izy ireo, ary ny dikan'ny رُوَيْدًا dia hoe tsikelikely. Koa ny tian'i Allah hambara amin'izany andininy izany dia hoe : ry Mouhammad, Izaho dia manaramaso ny rehetra izay manao teti-dratsy hanimba ny raharahanao ... ary mila miandry kely ianao fa hisy zavatra hanjo azy ireo amin'ny fahafahambaraka sy ny sazy.

Misy maromaro moa ireo andininy mitovy hevitra amin'izany ao amin'ny Qour'an, toy ny andininy faha-54 ao amin'ny sourat al'Imràn : **“Ary dia nanomana tetika izy ireo fa i Allah koa dia nanao ny Azy, fa hain'i Allah tokoa ny mandrava ny teti-dratsy.”**

Lohahevitra ny andininy faha-9

السَّرِيرَةُ

Ny miafina ao am-po

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ أَسَرَ مَا يُرْضِي اللَّهَ عَزَّوَجَلَّ أَظْهَرَ اللَّهُ لَهُ مَا يَسْرُهُ وَمَنْ أَسَرَ مَا يُسْخِطُ اللَّهَ تَعَالَى أَظْهَرَ اللَّهُ مَا يُخْزِيهِ . (البحار ج 71 ص 365)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Izay manafina ao am-pony izay mahafaly an'i Allah Be Voninahitra dia asehon'i Allah aminy izay mahafaly azy ary izay manafina ao am-pony izay mahatezitra an'i Allah Ilay Avo Indrindra dia asehon'i Allah izay manala baraka azy.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): صَلَاحُ السَّرَائِرِ بُرْهَانُ صِحَّةِ الْبَصَائِرِ. (غرر

الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny hatsaran’izay miafina ao am-po dia porofon’ny fahasalaman’ny saina.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): طُوبَى لِمَنْ صَلَّحَتْ سَرِيرَتُهُ وَحَسُنَتْ عَلَانِيَتُهُ وَعَزَلَ عَنِ النَّاسِ شَرَّهُ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Sambatra izay tsara ny ao am-pony sy tsara izay miharihary aminy ary nampiala amin’ny olona ny haratsiany.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): مَنْ حَسُنَتْ سَرِيرَتُهُ لَمْ يَخَفْ أَحَدًا. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Izay tsara ny ao am-pony dia tsy matahotra na iza na iza.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): صِحَّةُ الضَّمَائِرِ مِنْ أَفْضَلِ الدَّخَائِرِ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny fahasalaman’ny fieritreretana dia anisan’ny tahiry tena tsara.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): مَنْ حَسُنَتْ سَرِيرَتُهُ حَسُنَتْ عَلَانِيَتُهُ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Izay tsara ny ao am-pony dia tsara ny miharihary aminy.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): عِنْدَ فَسَادِ الْعَلَانِيَةِ تَفْسُدُ السَّرِيرَةَ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Eo amin’ny fahasimbana an’izay miharihary dia simba izay ao am-pony.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): مَنْ صَلَّحَ مَعَ اللَّهِ سُبْحَانَهُ لَمْ يَفْسُدْ مَعَ أَحَدٍ، مَنْ فَسَدَ مَعَ اللَّهِ لَمْ يَصْلُحْ مَعَ أَحَدٍ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Izay nanatsara ny fiarahany amin’i Allah Ilay Madio, dia tsy ho simba ny fiarahany na amin’iza na amin’iza; fa izay nanimba ny fiarahany amin’i Allah dia tsy ho tsara ny fiarahany na amin’iza na amin’iza.

* * * * *

سُورَةُ الْأَعْلَى

NY SOURAT AL-A'ANLA

Ny voninahitry ny sourat al-A'anlà

عَنْ أَبِي عَبْدِ اللَّهِ (ع) قَالَ: - مَنْ قَرَأَ " سَبَّحَ اسْمَ رَبِّكَ الْأَعْلَى " فِي فَرِيضَةٍ أَوْ نَافِلَةٍ قَبِلَ لَهُ يَوْمَ الْقِيَامَةِ: أُدْخِلَ الْجَنَّةَ مِنْ أَيِّ أَبْوَابِ الْجَنَّةِ شِئْتَ إِنَّ شَاءَ اللَّهُ . - ثواب الأعمال -

Voaray avy tamin'i Abī Abdillāh (a.s) izay nilaza hoe:

Izay mamaky ny سَبَّحَ اسْمَ رَبِّكَ الْأَعْلَى ao amin'ny swalāt wadjib na moustahab dia misy ny miteny aminy any amin'ny andron'ny Fitsanganana manao hoe: Midira ao am-Pardisa amin'ireo varavaran'ny Pardisa izay tianao, raha sitrak'i Allah.

Ny dikan'ny sourat al-A'anlà ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- سَبَّحَ اسْمَ رَبِّكَ الْأَعْلَى

1- Derao ny anaran'ilay Tomponao, Ilay Avo Indrindra.

2- الَّذِي خَلَقَ فَسَوَّى

2- Izay nahary sy nandavorary.

3- وَالَّذِي قَدَّرَ فَهَدَى

3- Sy izay nandahatra sy nitari-dàlana.

4- وَالَّذِي أَخْرَجَ الْمَرْعَى

4- Sy izay nampitsiry ny vilona.

5- فَجَعَلَهُ غَنَاءً أَحْوَى

5- Ka nampalazo sy nanamaina izany.

6- سَنُقَرِّبُكَ فَلَا تَنْسَى

6- Hampamakianay anao mba tsy hohadinoinao.

7- إِلَّا مَا شَاءَ اللَّهُ إِنَّهُ يَعْلَمُ الْجَهْرَ وَمَا يَخْفَى

7- Afa-tsy izay sitrak'i Allah; fa mahalala ny miharihary sy ny miafina Izy.

8- وَنَيْسِرُكَ لِلْيَسْرَى

8- Ary hamorainay ny làlana ho anao.

9- فَذَكِّرْ إِنْ نَفَعَتِ الذِّكْرَى

9- Fa mampahatsiahiva raha toa ka mahasoana ny fampahatsiahivana.

10- سَيَذَكِّرُ مَنْ يَخْشَى

10- Dia hahatsiaro izany izay mana-pahatahorana.

11- وَيَجَنَّبُهَا الْأَسْقى

11- Ary hihataka izany kosa izay tsy valahara.

12- الَّذِي يَصَلَّى النَّارَ الْكُبْرَى

12- Izay hiditra ao amin' ilay Afobe.

13- ثُمَّ لَا يَمُوتُ فِيهَا وَلَا يَحْيَا

13- Avy eo sady tsy ho faty izy ao no tsy ho velona.

14- قَدْ أَفْلَحَ مَنْ تَزَكَّى

14- Nandresy kosa izay nanadio ny fitondrantenany.

15- وَذَكَرَ اسْمَ رَبِّهِ فَصَلَّى

15- Sy nahatsiaro ny anaran'ny Tompony ary nanatanteraka ny swalât.

16- بَلْ تُؤْتِرُونَ الْحَيَاةَ الدُّنْيَا

16- Eny, fa aleonareo kokoa ny fiainana eto an-tany.

17- وَالْآخِرَةُ خَيْرٌ وَأَبْقَى

17- Nefa ny fiainana any ankoatra no tena tsara sy maharitra.

18- إِنَّ هَذَا لَفِي الصُّحُفِ الْأُولَى

18- Marina dia marina fa izany dia efa voalaza tamin'ireo raki-tsoratra teo aloha.

19- صُحُفِ إِبْرَاهِيمَ وَمُوسَى

19- Dia ny raki-tsoratr'Ibrahim sy an'i Moussà.

Famakafakana ny surat al-A'anlà

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(سَبِّحْ اسْمَ رَبِّكَ الْأَعْلَى)

Ny olona resahina eto dia ilay Irak'i Allah (s.a.w) manokana; fa ny didy kosa dia mandrakotra ny olon-drehetra; koa ny dikan'io andininy io dia hoe: diovy i Allah amin'ny fikambanany amin'ny hafa sy namana sy zanaka sy ireo zavatra rehetra izay tsy mahamendriky ny voninahiny sy ny fahalehibeazany, ary tsy misy zavatra manondro amin'ny fahadiovan'ily Mpahary mihoatra ilay teny manao hoe "Là ilàha ill'Allah". Ny tena marina dia i Allah eto dia nibaiko amin'ny fanadiovana ny anarany fa tsy ny tenany, amin'izay rehetra tsy mendrika Azy satria marina dia marina fa ny ezaka farany takatry ny olombelona dia ny fahafantarana an'i Allah amin'ny alalan'ireo anarany masina sy ireo toetrany henim-boninahitra fa ny fahafantarana ny tenany kosa dia tsy misy saina mahatakatra izany.

(الَّذِي خَلَقَ فَسَوَّى)

Noharian'i Allah izay nohariany rehetra ary nasiany fetranany sy nomeny endrika amin'ny endrika tena tsara.

(وَالَّذِي قَدَّرَ فَهَدَىٰ)

Nataon'i Allah ny zava-drehetra mba hanana ny tanjona sy nataony mora ny fahatongavana amin'izany.

Ary ny famakafakana tena tsara amin'ity andininy ity dia ny tenin'ny Imàm Ali (a.s) izay manao hoe: “**Nandahatra izay nohariany Izy ka nataony lafatra tokoa ny fandaharany sy nandrindra azy ka nataony tsara ihany koa ny fandrindrany ary natodiny ilay zavatra nohariany mitodika any Aminy ka tsy mandika ny fetran'ny voninahiny, no sady tsy afaka manao tsirambina fa tsy maintsy miafara amin'ny tanjony.**”

(وَالَّذِي أَخْرَجَ الْمَرْعَىٰ)

“Sy izay nampitsiry ny vilona” mba hanome fahafinaretana ho an'ny olombelona sy ho anjara masoandron'ireo biby.

(فَجَعَلَهُ غُثَاءً أَحْوَىٰ)

Ny dikan'ny الغُثَاءُ dia izay maina ary ny الأحْوَىٰ dia izay malazo ka lasa miloko mainty ; ary mazava ho azy fa ny zava-maniry mbola maintso dia ahazoana tombontsoa ary koa ahazoana tombontsoa ihany koa rehefa izy maina noho izy manjary ho sakafon'ny biby ... ary izany teny izany dia manondro fa ny zava-drehetra miaina dia manam-piafarany.

(سَنُقَرِّبُكَ فَلَا تَنْسَىٰ)

Ity andininy ity dia vaovao mahafaly ho an'ilay Mpaminany masina izay manambara fa ny Qour'an dia hidina ao am-pony ary voarakitra ao Aminy ka tsy misy hadinony na very na dia litera iray aza.

(إِلَّا مَا شَاءَ اللَّهُ)

Misy ny اساسany amin'ireo mpanao tafsir dia milaza fa ny dikan'io andininy io dia i Allah no tsy hampanadino ny Mpaminaniny ny zavatra ao amin'ny Qour'an afa-tsy izay andininy

nofafan'i Allah ; fa ny cheikh Moughniyyah dia nilaza nanao hoe : izahay kosa dia miaraka amin'ireo manam-pahaizana izay miteny fa ny tanjona amin'io fanavahana io dia fampahatsiahivana fa ny fitehirizana sy ny tsy fanadinoana dia fahasoavan'i Allah ho an'ilay Mpaminaniny fa tsy voatery zavatra tsy maintsy ho tanteraka, ary raha sitrak'i Allah ny mampanadino ny Mpaminaniny dia nataony izany fa tsy misy na inona na inona afaka manakana Azy hanao izany, ary ny mitovy amin'izany ny tenin'i Allah ao amin'ny surat Houd andininy faha-107 izay milaza manao hoe :

خَالِدِينَ فِيهَا مَا دَامَتِ السَّمَوَاتُ وَالْأَرْضُ إِلَّا مَا شَاءَ رَبُّكَ إِنَّ رَبَّكَ
فَعَّالٌ لِّمَا يُرِيدُ

“Koa hipetraka ao mandrakizay raha mbola misy koa ny lanitra sy ny tany afa-tsy izay sitraky ny Tomponao, marina tokoa fa ny Tomponao dia manao izay sitrany.” Izany hoe, ny fipetrahana mandrakizay ao amin'ny Afo dia sitrak'i Allah sy tiany fa raha te havoakany ao izy ireo dia tsy misy na inona na inona manakana Azy amin'izany.

(إِنَّهُ يَعْلَمُ الْجَهْرَ وَمَا يَخْفَى)

Tsy misy fisalasalana ny amin'ny fahalalan'i Allah ny zava-drehetra ary Izy nanambara izany eto aorian'ny filazany ny fanadinoana mba hitenenany amin'ilay Mpaminany henin-kaja amam-boninahitra hoe : Izahay dia mahalala izay ao am-ponao fa ianao teo dia natahotra mafy sao dia hanadino zavatra ao amin'ilay Qour'an ... tsia dia tsia fa ianao dia tsy hanadino zavatra ao amin'ny Qour'an velively, koa aoka ianao hanana fitoniana sy fahatokisana.

(وَأَنْتَ أَعْلَمُ الْغُيُوبِ)

Ny tiana hambara amin'ny اليسرى eto dia ilay “sharian” mora sy tsootra izay mifanaraka amin'ny natioran'ny olombelona ka ny

dikan'io andininy io dia hoe: i Allah dia hanatsotra ho Anao ry Mouhammad, ny lalan'ilay hafatra masina amin'ny alalan'ny andinin'ireo Qour'an sy ireo lalanany hatramin'ny fahafahanao manao tsianjery sy mampiely ary mampihatra azy ireo araka ny itiavan'i Allah azy.

(فَدَّكَرُ إِن نَفَعَتِ الذُّكْرَى)

Tsy misy fisalasalana fa ny fampahatsiahivana dia adidy tsy maintsy atao na dia fantatra aza fa tsy ahazoana tombontsoa mba ho porofo mipetraka ka tsy ahafahana miala tsiny any aoriana; fa raha tsy misy izany dia tsy mety ny fitsarana sy ny fanasaziana. Niteny i Allah Ilay Avo Indrindra ao amin'ny Qour'an, sourat al-Nisàe andininy faha-165 manao hoe :

رُسُلًا مُّبَشِّرِينَ وَمُنذِرِينَ لِئَلَّا يَكُونَ لِلنَّاسِ عَلَى اللَّهِ حُجَّةٌ بَعْدَ الرُّسُلِ

“Ho Iraka mpilaza vaovao mahafaly sy mpampitandrina mba tsy hananan'ny olona porofo fialan-tsiny eo anatrehan'i Allah aorian'ny fahatongavan'ireny Iraka ireny.” Koa, ilay kianteny **إِن** eto dia mifanalavitra amin'ny dikany mahafepetra azy, fa eto izy dia midika ho fanehoana ny zava-marina, izany hoe, ny fampahatsiahivana dia manome tombontsoa amin'izay mila ny fahitsiana ; fa izay mikiribiby ao amin'ny fahaverezany dia tsy misy zavatra na inona na inona ahazoany tombontsoa. Ary izay maneho ilay dikan'io fanazavana io dia ny tenin'i Allah manaraka azy avy hatrany, manao hoe:

(سَيَذَّكَّرُ مَنْ يَخْشَى وَيَتَجَنَّبُهَا الْأَشْفَى)

Dia hahatsiaro izany izay mana-pahatahorana. Ary hihataka izany kosa izay tsy valahara. Koa ny fampahatsiahivana dia tsy maintsy manome tombontsoa ho an'izay mety hofohazin'ilay fahatahorana ny sazin'i Allah ary tsy misy mandà izany afa-tsy ny tsy valahara izay jambenan'ny filàn-dratsiny ny sainy sady babon'ny haratsiany.

(الَّذِي يَصَلَى النَّارَ الْكُبْرَى)

Izay hiditra ao amin'ily Afobe ka hiatrika ny havesarany sy ny fampahoriany.

(ثُمَّ لَا يَمُوتُ فِيهَا وَلَا يَحْيَا)

Ny fanazavana an'io andininy io dia miverina amin'ily tenin'i Allah izay manao hoe: وَالَّذِينَ كَفَرُوا لَهُمْ نَارُ جَهَنَّمَ لَا يُقْضَىٰ عَلَيْهِمْ فَيَمُوتُوا وَلَا يُخَفَّفُ عَنْهُمْ مِنْ عَذَابِهَا “Fa ireo tsy mpino dia hahazo ny afon'ny gehena izy ireo, tsy vonoina ho faty izy ireo ary tsy hamaivanina mihitsy ho azy ireo ny fijaliany.”³⁷

Nilaza ny cheikh Mouhammad Abdouh rehefa nanazava an'ily andinin'ny Qour'an hoe فَذَكَّرْ إِنَّ نَعْتِ الدُّكْرَى، nanao hoe :

“Mitandrema ianao mba tsy ho voafitaka amin'izay lazain'ireo olona mitafy lamban'ireo manam-pahaizana ka mihevitra fa ireo olona kentrina dia tsy voatery hanaovana fampahatsiahivana noho izy ireny tsy mahazo tombontsoa avy amin'izany. Ary ny porofo entin'izy ireo amin'izany dia io andininy io. Marina dia marina fa izany dia fahaverezana sy fampahaverezana, fa raha marina izany tenin'izy ireo izany dia tsy natao antery amin'ny fotoana rehetra ny fampahatsiahivana satria tsy misy vanim-potoana ka tsy ahitana olona mpikomy na kentrina, ary tsy misy na iza na iza amin'ireo mpikomy ireo afaka miala tsiny ka hahazo fandriampahalemana. Fa misy ihany ny sasantsasany mahafantatra fa izy ireo dia miresaka araka ny sitrapony sy miaro ny hakanosany ary manaporofy ny hakamoany ka mitia mampiahaingo ny tenany eo anatrehan'ny be sy ny maro na dia hahazoany hatezeran'i Allah aza izany teniny izany.”

³⁷ Sourat Fâtîwir 35:36.

(قَدْ أَفْلَحَ مَنْ تَزَكَّى)

Ny tiana hambara amin'ny قَدْ أَفْلَحَ eto dia ny fanavotana amin'ilay hatezaran'i Allah sy ilay saziny. Fa ny tiana hambara amin'ny التزكية eto dia ny fahadiovana amin'ny fahotana.

(وَذَكَرَ اسْمَ رَبِّهِ فَصَلَّى)

Ny tiana hambara amin'ny الذكر eto dia ny zavatra rehetra mampanakaiky ny olona amin'ny hatsarana sy manalavitra azy amin'ny haratsiana. Fa ny fitenenana amin'ny lela fotsiny dia tsy izany no tena tanjona ... ary tsy misy na inona na inona amin'ny didy na fandraran'i Allah afa-tsy izany dia fitaovana mba hanaovana fihetsika tsara sy hanalavirana ny fihetsika ratsy. Ampy ho porofon'ny fahamarinan'izany ilay tenin'ny Iraka be voninahitra (s.a.w) manao hoe: **“Marina tokoa fa nalefa Aho mba hameno ireo fahalalam-pomba mendrika indrindra.”** Sy ny tenin'i Allah Ilay Avo Indrindra milaza manao hoe : **“Tsy nalefanay Ianao raha tsy ho famimndrampo ho an'izao tontolo izao.”**³⁸ Fa ny tiana hambara amin'ny الصلاة eto dia ireo swalât dimy fanao andavan'andro satria ireo no andrin'ilay finoana.

(بَلْ تُؤْتِرُونَ الْحَيَاةَ الدُّنْيَا)

Eto amin'ity andininy ity dia ahitana ny tena tsiambaratelo izay mahatonga ny olona mitsipaka ny fahamarinanana an-tsitrapo ... satria ny fiainana eto an-tany no manjaka aminy sahala amin'ny sefo izay manjaka amin'ny mpanompony, sy manatrika ny fiainana eto an-tany sahala amin'ny fiandrehan'ny ankizy amin'ny nonon-dreniny, ka manjary mampanadino azy an'i Allah sy mampanadino azy amin'ilay fahamarinana sy ny mah'olombelona azy.

³⁸ Sourat al-Ambiyâe 21:107

(وَالْآخِرَةُ خَيْرٌ وَأَبْقَى)

Eny, tsy misy fiainana tsara mihitsy eto an-tany afa-tsy izay fitaovana na mpanelanelana mitondra mankany amin'ily fiainana tsara any ankoatra, satria ny hatsarana eto an-tany dia mifara amin'ny fahasimbana sy ny fahefany dia mizotra mankany amin'ny faharavana ary ny harenany dia misy ny fahataperany ihany koa. Voalaza ao amin'ny Nahdj al-Balaghah ny teny manao hoe:

كُلُّ شَيْءٍ مِنَ الدُّنْيَا سَمَاعُهُ أَكْبَرُ مِنْ عِيَانِهِ، وَكُلُّ شَيْءٍ فِي الْآخِرَةِ عِيَانُهُ أَكْبَرُ مِنْ سَمَاعِهِ. وَاعْلَمُوا أَنَّ مَا نَقَصَ مِنَ الدُّنْيَا وَزَادَ فِي الْآخِرَةِ خَيْرٌ مِمَّا نَقَصَ مِنَ الْآخِرَةِ وَزَادَ فِي الدُّنْيَا.

“Ny zava-drehetra eto an-tany dia ny fihainoana azy no tena be noho ny fahitana azy, ary ny zava-drehetra any ankoatra dia ny fahitana azy no tena be noho ny fihainoana azy. Koa fantaronareo fa izay banga amin'ny eto an-tany kanefa manatombo amin'ny any ankoatra dia tena tsara noho izay banga amin'ny any ankoatra kanefa manatombo amin'ny eto an-tany.”

(إِنَّ هَذَا لَفِي الصُّحُفِ الْأُولَى صُحُفِ إِبْرَاهِيمَ وَمُوسَى)

Io andininy io dia manondro ilay tenin'i Allah milaza manao hoe: قَدْ أَفْلَحَ مَنْ تَزَكَّى ary ny dikan'izany dia hoe: ny antso nataon'ireo Irak'i Allah tsy ankanavaka amin'ny lafiny finoana dia iray, satria Andriamanitra iray ihany no naniraka Azy ireo ary ny teniny dia iray tsy ahitana fifanoherana. Fa raha ahitana fifanoherana any dia izany hita ao amin'ireo sasantsasany amin'ny rantsam-pinoana izay vokatry ny fivoaran'ny tany sy ny fiarahamonina. Raha toa ka izany no izy, dia antery amin'izay nino an'Ibrahim tahak'ireo Arabo sy nino an'i Moussa tahak'ireo Jiosy no mino ihany koa an'i Mouhammad (s.a.w), fa raha tsy izany, dia manjary amin'ny fotoana iray izy ireo no mino ny foto-pinoana iray sady koa mitsipaka izany.

* * * * *

سُورَةُ الْعَاشِيَةِ

NY SOURAT AL-GHASHIYAH

Ny voninahitry ny sourat al-Ghàshiyah

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ أَدَمَّنَ قِرَاءَةَ " هَلْ أَتَاكَ حَدِيثُ الْعَاشِيَةِ " فِي فَرِيضَةٍ أَوْ نَافِلَةٍ عَشَاهُ اللَّهُ بِرَحْمَتِهِ فِي الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ ، وَ آتَاهُ الْأَمْنُ يَوْمَ الْقِيَامَةِ مِنْ عَذَابِ النَّارِ - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Al-Swàdiq (a.s) hoe: izay matetika mamaky ny هَلْ أَتَاكَ حَدِيثُ الْعَاشِيَةِ ao amin'ny swalàt wadajib na moustahab dia rakofan'i Allah amin'ny famindrampony izy eto an-tany sy any ankoatra ary omeny fandriampahalemana amin'ilay sazin'ny Afo izy any amin'ny andron'ny Fitsanganana.

Ny dikan'ny sourat al-Ghàshiyah ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- هَلْ أَتَاكَ حَدِيثُ الْعَاشِيَةِ

1- Moa tonga taminao ve ny tantaran'ilay mpandrakotra.

2- وَجُوهٌ يَوْمَئِذٍ خَاشِعَةٌ

2- Hisy ireo tarehy hangaihay amin'izany andro izany.

3- عَامِلَةٌ نَاصِبَةٌ

3- Ho sahirana, ho torovana.

4- تَصَلَّى نَارًا حَامِيَةً

4- Hodorana ao anaty afo miredareda izy ireo.

5- تُسْقَى مِنْ عَيْنٍ أَنِيَّةٍ

5- Hampisotroina avy amin'ny loharano mangotraka.

6- لَيْسَ لَهُمْ طَعَامٌ إِلَّا مِنْ ضَرِيعٍ

6- Tsy hanan-tsakafo afa-tsy ny tsilo izy ireo.³⁹

7- لَا يُغْنِي عَنْهُ جُوعٌ

7- Ka sady tsy hampatavy azy ireo izany no sady tsy hanala ny hanoanana.

8- وَجُوهٌ يَوْمَئِذٍ نَاعِمَةٌ

8- Hisy ihany koa ny tarehy mirana amin'izany andro izany.

9- لِسَعْيِهَا رَاضِيَةٌ

9- Faly tamin'ny ezaka vitany.

10- فِي جَنَّةٍ عَالِيَةٍ

10- Ka hitoetra ao amin'ny Paradisa ambony voninahitra izy ireo.

11- لَا تَسْمَعُ فِيهَا لِأُغْيَةٍ

11- Tsy handre teny tsy maotina ianao ao.

12- فِيهَا عَيْنٌ جَارِيَةٌ

12- Ahitana renirano mikoriana.

13- فِيهَا سُرُرٌ مَرْفُوعَةٌ

13- Sy seza lava avo toerana.

14- وَأَكْوَابٌ مَوْضُوعَةٌ

14- Ary kaopy voaomana.

15- وَنَمَارِقُ مَصْفُوفَةٌ

15- Sy misy ondana fiankinana milahatra.

16- وَزَرَابِيٍّ مَبْنُوتَةٌ

16- Sy tsihy sarobidy mivelatra.

17- أَفَلَا يَنْظُرُونَ إِلَى الْإِبِلِ كَيْفَ خُلِقَتْ

17- Moa tsy mandinika ny rameva ve izy ireo ahoana no nahariana azy.

³⁹ Ny ضَرِيعٍ dia zavatra iray ao amin'ny Afo sahala amin'ny tsilo, tena mafaitra mihoatra ny vaona sy tena maimbo mihoatra ny fofom-paty ary tena mafana mihoatra ny afo.

18- وَالْأَلَى السَّمَاءِ كَيْفَ رُفِعَتْ

18- Sy ny lanitra ahoana no fomba nampiakarana azy.

19- وَالْأَلَى الْجِبَالِ كَيْفَ نُصِبَتْ

19- Sy ny tendrombohitra ahoana ny fomba nampitsatoka azy amin'ny tany.

20- وَالْأَلَى الْأَرْضِ كَيْفَ سُطِحَتْ

20- Sy ny tany ahoana ny fomba nampitovy tantana azy.

21- فَذَكَّرْ إِنَّمَا أَنْتَ مُذَكَّرٌ

21- Koa mampahatsiahiva fa tena marina Ianao dia Mpanpatsiahya.

22- لَسْتُ عَلَيْهِمْ بِمُسَيِّطِرٍ

22- Fa ianao eo amin'izy ireo dia tsy mpanjakazaka.

23- إِلَّا مَنْ تَوَلَّى وَكَفَرَ

23- Fa kosa izay niamboho sy nitsipaka.

24- فَيُعَذِّبُهُ اللَّهُ الْعَذَابَ الْأَكْبَرَ

24- Dia hosazin'i Allah amin'ny famaizana lehibe.

25- إِنَّ إِلَيْنَا إِيَابَهُمْ

25- Marina tokoa fa aty Aminay no fiverenan'izy ireo.

26- ثُمَّ إِنَّ عَلَيْنَا حِسَابَهُمْ

26- Koa tsy maintsy Aminay ny fitsarana azy ireo.

Famakafakana ny surat al-Ghàshiyah

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(هَلْ أَتَاكَ حَدِيثُ الْعَاشِيَةِ)

Ilay Irak'i Allah no resahina eto fa kosa ny antony mahatonga izany dia miverina amin'ny daholobe. Ary ny الْعَاشِيَةِ dia ilay andro Fitsanganana ka nantsoina ho toy izany izy io satria

ny andro izany dia mandrakotra ny olona amin'ny fahatahorana sy ny fijaliana, ary ny dikan'io andininy io dia hoe: Moa ve mahafantatra ianao ny zavatra mikasika ny andro Fitsanganana? ... Ny olona amin'izany andro izany dia mizara vondrona roa ka ny vondrona voalohany:

(وَجُوهٌ يَوْمَئِذٍ خَاشِعَةٌ)

Izany hoe, hibaribary amin'ny tarehin'izy ireo ny endriky ny fahafambaraka sy ny fahambaniana.

(عَامِلَةٌ نَاصِبَةٌ)

Ny نَاصِبَةٌ dia avy amin'ny fototeny النَّصَبُ izay midika harerahana; ka ny tiana hambara amin'izany dia ny olon'ny manana an'ireo endrika ireo dia nanao ezaka mafy tamin'ny fiainana teto an-tany ary reraka fatratra fa kosa tsy noho i Allah no nanaovany izany... Koa tsy misy tombontsoa azon'izy ireo tamin'izany ezaka izany afa-tsy ny harerahana amin'ny fiainana teto an-tany sy fanenenana ary ny sazy amin'ny fiainana any ankoatra, ka lasa ny hafa indray no nahazo sitraka fa ny havesaran'ily ezaka no nobaben'izy ireo. Ao amin'ny Nahdj al-Balaghah dia milaza toy izao:

إِنَّ أَخْسَرَ النَّاسِ صَفْقَةً ، وَ أَخْيَبَهُمْ سَعِيًّا رَجُلٌ أَخْلَقَ بَدَنَهُ فِي طَلَبِ مَالِهِ
وَلَمْ تُسَاعِدْهُ الْمَقَادِيرُ عَلَى إِرَادَتِهِ ، فَخَرَجَ مِنَ الدُّنْيَا بِحَسْرَتِهِ ، وَقَدِمَ عَلَى
الْآخِرَةِ بِتَبِعْتِهِ.

“Marina dia marina fa ny olona tena matiantoka amin'ny varotra, sy sasa-poana amin'ny ezaka nataony dia ny olona nikely aina tamin'ny fitadiavan-karenany kanefa tsy nambinin'ny vintana tamin'izay niriny izy, ka niala teto an-tany miaraka amin'ny fanenenana, ary nanatrika ny any ankoatra miaraka amin'ny fahotany.”

(تَصَلَّى نَاراً حَامِيَةً)

Hodorana ao anaty afo miredareda izy ireo fahavalon'i Allah, ary tsy misy hafanana mitovy amin'izany.

(تُسْقَى مِنْ عَيْنِ آيَةٍ)

Hampisotroina avy amin'ny loharano mangotraka izay farany mafana tafahoatra tsy misy mitovy amin'izany. Ny mitovy amin'izany dia ny andininy faha-44 ao amin'ny sourat al-Rahmàn manao hoe: **“Hivezivezy ao amin'ny afo sy ny rano mangotraka tena mahamay izy ireo.”**

(لَيْسَ لَهُمْ طَعَامٌ إِلَّا مِنْ ضَرِيحٍ)

Nilaza ilay tompon'ny diksionary antsoina hoe al-Qamous al-Mouhïtwe fa hoe: ny الضريح dia zava-maniry izay tsy misy na iza na iza amin'ireo biby no mihinana azy nohon'ny faharatsiany, fa na izany na tsy izany, izy io dia tena hazo ratsy izay ampy ho sakafon'ireo olon'ny Afo.

(لَا يُسْمِنُ وَلَا يُغْنِي مِنْ جُوعٍ)

Tsy hampatavy azy ireo izany no sady tsy hanala ny hanoanana, izany hoe tsy hanakana ny fiantrakany ratsy izany no sady tsy hampisy tombontsoa.

(وَجُودَةٌ يَوْمَئِذٍ نَاعِمَةٌ)

Amin'izany andro izany dia ahitana endrik'olona falifaly sy ravoravo sy feno hatsarana.

(لِسَعْيِهَا رَاضِيَةٌ)

Afa-po sy faly amin'ilay valisoa azon'izy ireo mikasika ny asa nataon'izy ireo teo an-tany, any amin'ny andro farany.

(فِي جَنَّةٍ عَالِيَةٍ)

Hitoetra izy ireo ao amin'ny Paradisa henim-boninahitra amin'ny lafiny rehetra. Ary ny mitovy amin'izany dia ny andininy faha-21 sy 22 ao amin'ny sourat al-Hàqah manao hoe:

“**Hiaina amin'ny fiainana mahafa-po izy any amin'ny Paradisa ambony.**”

(لَا تَسْمَعُ فِيهَا لِأَعِيَّةً)

Tsy handrenesanao teny tsy misy dikany ao amin'ny Paradisa. Ary ny mitovy amin'izany koa dia ny andininy faha-25 ao amin'ny al-Wàqianh: “**Tsy handre teniteny foana na teny ratsy izy ireo ao.**”

(فِيهَا عَيْنٌ جَارِيَةٌ)

Ao aminy dia ahitana jaridaina izay misy renirano mikoriana eo ambaniny.

(فِيهَا سُرُرٌ مَّرْفُوعَةٌ)

Sy ahitana seza lava avo toerana miala eo amin'ny tany.

(وَأَكْوَابٌ مَوْضُوعَةٌ)

Sy misy kaopy eo amin'ny sisin'ilay renirano, voamana ampisain'izay te hisotro rano avy aminy.

(وَنَمَارِقُ مَصْفُوفَةٌ)

Ny نَمَارِقُ dia teny manondro maro avy amin'ny hoe نَمْرَقَةٌ izay midika ho ondana fiankinana ka amin'izany andro izany dia ahitana an'io ondana fiankinana io voalamina milahatra.

(وَزَرَابِيٌّ مَبْنُوتَةٌ)

Ny زَرَابِيٌّ dia tsihy ary ny مَبْنُوتَةٌ dia miely patrana etsy sy èry. Ary ny zavatra rehetra ao amin'ireo andininy miisa folo teo

aloha, izay efa nolazaina na hisy hilaza ihany koa mikasika ny toetran'ny Paradisa, dia fanazavana ilay tenin'i Allah ao amin'ny sourat al-zouhrouf andininy faha-71 manao hoe:

“**Fa hisy izay rehetra irin'ny vatana sy ny hahafaly ny maso ao.**”

(أَفَلَا يَنْظُرُونَ إِلَى الْإِبِلِ كَيْفَ خُلِقَتْ)

Eto dia misy fanontaniana mipetraka manao hoe: nahoana no rameva no voalazan'i Allah eto fa tsy ny biby hafa ankoatr'azy?

Namaly izany ny cheikh M. Abdouh hoe: satria ny rameva dia biby manana maha-izy azy eo amin'ny Arabo izay feno tombontsoa tokoa ary koa noharian'i Allah amin'ny fahagagana lehibe, satria na dia matanjaka aza izy dia manana fanetrentena ho an'ny olona malemy, avy eo koa ny fomba nanamboarana azy dia efa voamana hitondrana ny entana mavesatra sy afaka mipetraka izy rehefa hampiakaran'entana. Avy eo izy dia miverina mitsangana mizioga entana miaraka amin'ny fiaretana eny ampandehanana ary miaritra ny hetaheta sy ny hanoanana sy ireo fahagagana hafa ankoatr'izany izay tsy misy biby hafa manahaka azy.

(وَإِلَى السَّمَاءِ كَيْفَ رُفِعَتْ)

Ary ahoana ny fomba nampiakarana ny lanitra miala amin'ny tany miaraka amin'ireo kintana manome hazavana sy feno tombontsoa?

(وَإِلَى الْجِبَالِ كَيْفَ نُصِبَتْ)

Sy ahoana koa ny nanaovana ireo tendrombohitra ho toy ny tsatokazo ho an'ny tany ka lasa manana fitoniana izy eo amin'ny fihodinany far aha tsy misy an'ireo tendrombohitra ireo dia lasa mianjera mivadibadika ny olona ao aminy, ary lasa mangovitra ny tany.

(وَإِلَى الْأَرْضِ كَيْفَ سُطِحَتْ)

Sy ny tany ahoana ny fomba nampitovian'i Allah tantana azy ka lasa azo honenana sy handehanana eo aminy.

Tsara homarihina eto fa ny tiana hambara amin'ny tany mitovy tantana dia amin'ny lafiny fahitan'ny maso azy toy izany fa tsy amin'ny lafiny tena izy, satria i Allah dia nanambara ny mahaborobory ny tany ao amin'ny surat al-Zoumar andininy faha-5. Miverena ao amin'ny al-Tafsir al-Kashif nosoratan'ny cheikh Mouhammad Djawad Moughniyah v.6 p.395.

Ary niteny ny cheikh Mouhammad Abdouh fa ny lafiny tsara amin'ny firesahana ny rameva sy ny lanitra ary ny tany dia noho ireo zava-boahary ireo izay hitan'ireo arabo misongadina eny antsaha sy an-tanànan'izy ireo.

(فَذَكِّرْ إِنَّمَا أَنْتَ مُذَكِّرٌ)

Izany andininy izany dia tena mazava sy mafonja amin'ny famaritana ny andraikitr'ilay Iraka (s.a.w) dia ny fampahatsiahivana. Ary ny mitovy amin'izany dia ilay voalazan'ny Qour'an masina ao amin'ny surat al-Nour, andininy faha-54 izay milaza manao hoe: **“Fa ny andraikitr'ilay Iraka dia tsy misy afa-tsy ilay fampielezana mazava.”**

(لَسْتَ عَلَيْهِمْ بِمُصَيِّرٍ إِلَّا مَنْ تَوَلَّى وَكَفَرَ فَيُعَذِّبُهُ اللَّهُ الْعَذَابَ الْأَكْبَرَ إِنَّ
إِنَّا إِيَابَهُمْ ثُمَّ إِنَّ عَلَيْنَا حِسَابَهُمْ)

Ianao ry Mouhammad dia tsy natao hanjakazaka amin'izy ireo ka hanery azy ireo amin'ny fananam-pinoana, fa kosa tsy midika izany fa ireo mampandainga Anao dia havela amin'izao fotsiny... Tsia dia tsia, izy ireo dia tsy maintsy hiverina Aminay ary ny asa sy ny fikasan'izy ireo dia hotsaraina ka tsy hisy valiny azon'izy ireo afa-tsy ny fahafahambaraka sy ny sazy mamirifiry.

* * * * *

سُورَةُ الْفَجْرِ

NY SOURAT AL-FADJR

Ny voninahitry ny sourat al-Fadjr

قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ قَرَأَهَا فِي لَيْلِ عَشْرِ غُفْرٍ لَهُ وَمَنْ قَرَأَهَا فِي سَائِرِ الْأَيَّامِ كَانَتْ لَهُ نُورًا فِي الْقِيَامَةِ - مجمع البيان -

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: Izay mamaky azy ao amin'ireo alina folo dia voavela ny helony ary izay mamaky amin'ireo andro rehetra dia ho lasa fahazavana ho azy izy io amin'ny andron'ny Fitsanganana.

Ny dikan'ny sourat al-Fadjr ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- وَالْفَجْرِ

1- Ianiavana amin'ilay maraina mangiran-dratsy sy ny swalàt ao aminy.

2- وَلَيَالٍ عَشْرٍ

2- Sy amin'ireo alina folo. (Dia ireo folo voalohany amin'ny volana Dhil-hadj na ireo folo farany amin'ny volana Ramadhàn).

3- وَالشَّفْعِ وَالْوَتْرِ

3- Sy amin'ny isa ankasa sy ny tsy ankasa. (Izany hoe, ny zavatra rehetra ankasa sy ny tsy ankasa na ny swalàt shaf'en sy ny witr atao amin'ny farany alina).

4- وَاللَّيْلِ إِذَا يَسْرٍ

4- Ary amin'ny alina rehefa tapitra ny haizina.

5- هَلْ فِي ذَلِكَ قَسَمٌ لِذِي حِجْرِ

5- Moa ve izany tsy fianianana ho an'ireo manan-tsaina?

6- أَلَمْ تَرَى كَيْفَ فَعَلَ رَبُّكَ بِعَادٍ

6- Moa tsy hitanao ahoana ny nataon'ny Tomponao tamin'ireo vahoaka ànd (vahoakan'ny Mpaminany Swàleh na Mpaminany Houd).

7- إِرَمَ ذَاتِ الْعِمَادِ

7- Tamin'ireo Iram -anarana foko- izay nanana fanorenana misy andry mijoalajoala.

8- الَّتِي لَمْ يُخْلَقْ مِثْلُهَا فِي الْبِلَادِ

8- Izay tsy nisy nanorina toy izany teo amin'ireo tanàna.

9- وَتَمُودَ الَّذِينَ جَابُوا الصَّخْرَ بِالْوَادِي

9- Sy tamin'ny vahoakan'i Thamoud izay nanao lava-bato teny an-dohasaha.

10- وَفِرْعَوْنَ ذِي الْأَوْتَادِ

10- Sy tamin'i Firaona ilay nanana an'ireo miaramila (na fanorenana goavana).

11- الَّذِينَ طَعَوْا فِي الْبِلَادِ

11- Izay nandika lalàna avokoa tao amin'ireo tanàna.

12- فَأَكْتَرُوا فِيهَا الْفُسَادَ

12- Ka nampielely haratsiana maro tao.

13- فَصَبَّ عَلَيْهِمْ رَبُّكَ سَوْطَ عَذَابٍ

13- Koa nandefasan'ny Tomponao sazy mamirifiry mandrakizay izy ireo.

14- إِنَّ رَبَّكَ لَبِالْمِرْصَادِ

14- Marina tokoa fa ny Tomponao dia fatra-panaramaso (ireo asa).

15- فَأَمَّا الْإِنْسَانُ إِذَا مَا ابْتَلَاهُ رَبُّهُ فَأَكْرَمَهُ وَنَعَّمَهُ فَيَقُولُ رَبِّي أَكْرَمَنِ

15- Koa ny olombelona rehefa notsapain'ny Tompony amin'ny fanomezan-karena sy ny hafa ankoatran'ny dia milaza hoe:

ny Tompoko dia nanome ahy izany nohon'ny voninahitro eo anatrehany.

16- وَأَمَّا إِذَا مَا ابْتَلَاهُ فَقَدَرَ عَلَيْهِ رِزْقَهُ فَيَقُولُ رَبِّي أَهَانَنِ

16- Fa kosa raha notsapain'ny Tompony izy amin'ny famerena ny anjara masoandrony dia milaza hoe: ny Tompoko dia nanao tsinontsinona ahy.

17- كَلَّا بَلْ لَا تَكْرُمُونَ الْيَتِيمَ

17- Tsia, fa ianareo dia tsy manao soa amin'ireo kamboty.

18- وَلَا تَحَاضُونَ عَلَىٰ طَعَامِ الْمِسْكِينِ

18- Ary tsy mifampirisika amin'ny fanomezan-tsakafo an'ireo mahantra.

19- وَتَأْكُلُونَ الثَّرَاثَ أَكْلًا لَمًّا

19- Sady manao ampihimamba ireo lova. (Izany hoe, izy ireo dia maka ny anjaran'izy ireo no sady mbola maka ny anjaran'ireo ankizy amam-behivavy).

20- وَتُحِبُّونَ الْمَالَ حُبًّا جَمًّا

20- Ary mitia harena tafahoatra ianareo.

21- كَلَّا إِذَا دُكَّتِ الْأَرْضُ دَكًّا دَكًّا

21- Tsia, fa rehefa vakivaky ny tany.

22- وَجَاءَ رَبُّكَ وَالْمَلَكُ صَفًّا صَفًّا

22- Koa ho avy ny baikon'ny Tomponao na ireo famantarana ny Fahefany- sy ireo Anjely mijoro milahatra.

23- وَجِيءَ يَوْمَئِذٍ بِجَهَنَّمَ يَوْمَئِذٍ يَتَذَكَّرُ الْإِنْسَانُ وَأَنَّىٰ لَهُ الذُّكْرَىٰ

23- Ary haseho amin'izany andro izany ny gehena ; amin'izany andro izany dia hahatsiaro (ny ratsy nataony) ny olombelona, fa aiza intsony moa no ahazoany tombontsoa amin'ilay fahatsiarovana ?!

24- يَقُولُ يَا لَيْتَنِي قَدَّمْتُ لِحَيَاتِي

24- Hiteny (am-panenenana) izy hoe: Indrisy anie aho, raha mba nanao ny tsara ho an'ity fiainako ity (na tamin'ny fiainako tany ambony tany).

25- فَيَوْمَئِذٍ لَا يُعَذِّبُ عَذَابَهُ أَحَدٌ

25- Amin'izany andro izany, dia tsy misy manasazy tahaka ny fanasaziany (izany hoe tsy misy na iza na iza no nosaziana teto an-tany tahaka ny fanasazian'i Allah ny olona mpitsipaka any amin'ny andro farany).

26- وَلَا يُوثِقُ وَثَاقَهُ أَحَدٌ

26- Ary tsy misy na iza na iza mamatotra (amin'ny rojovy eto an-tany) tahaka ny famatorany (any amin'ny andro farany).

27- يَا أَيَّتُهَا النَّفْسُ الْمُطْمَئِنَّةُ

27- Ô ry fanahy feno fitoniana (nohon'ny fananana finoana marina)..

28- ارْجِعِي إِلَىٰ رَبِّكِ رَاضِيَةً مَّرْضِيَّةً

28- Miverena ianao amin'ny Tomponao am-pifaliana sy am-pankasitrahana.

29- فَأَدْخُلِي فِي عِبَادِي

29- Koa mandrosoa ianao ho anisan'ireo mpanompoko.

30- وَادْخُلِي جَنَّتِي

30- Ary midira ao am-Paradisako.

Famakafakana ny surat al-Fadjr

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(وَالْفَجْرِ وَلَيَالٍ عَشْرٍ وَالشَّفْعِ وَالْوَتْرِ وَاللَّيْلِ إِذَا يَسْرُ)

Nilaza ny cheikh Moughniyah fa ny tiana hambara amin'ny teny hoe **الْفَجْرِ** eto dia ny maraina mangiran-dratsy rehetra raha ny dikan'ny ivelany no raisina; fa mikasika ny **لَيَالٍ عَشْرٍ** kosa dia tsy misy dikany ivelany manondro izany ho alina folo manokana no sady tsy misy porofo manambara izany ary koa tsy dia araka ny mahazatra antsika izany, ka noho izany dia aleo mangina amin'ny

zavatra tsy notenenin'i Allah. Fa ny resaka izay manambara fa izy io dia ny alina folo voalohany amin'ny volana Dhil-hadj na volana Mouharram na ireo alina folo farany amin'ny volana Ramadhàn dia ilaina porofo izany hoy ihany ny cheikh Moughnyah.

Ny mikasika ny **وَالشَّفَعِ وَالْوَثْرِ** dia misy fanazavana maromaro samihafa avy amin'ireo manam-pahaizana fa ny dikany ivelany tena akaiky dia ny fanondroan'ireo teny roa ireo amin'ny fanisana, ary i Allah dia ninianiana amin'izany fanisana izany mba hampahatsiahivana ireo tombontsoa lehibe azo avy aminy.

Ny tiana hambara amin'ny **وَاللَّيْلِ إِذَا يَسْرِ** dia ny fahataperan'ny alina. Koa arak'izany, dia nakamban'i Allah ny fianianana amin'ny fiatrehan'ny andro sy ny fiambohan'ny alina; izany moa dia sahala amin'ny andininy faha-33 ao amin'ny sourat al-Mouddathir manao hoe: **وَاللَّيْلِ إِذَا أَدْبَرَ**.

(هَذَا فِي ذَلِكَ قَسَمٌ لِّذِي حِجْرٍ)

Ity fanontaniana ity dia fijoroana vavolombelona amin'ny zava-misy marina. Koa ny tiana hambara amin'ny fianianana eto dia ny fanaporofonana satria ao amin'ily fiainanana dia misy ny fanamafisana mba hampitombona ny fahamarinana. Ary ilay teny hoe **حِجْرٍ** izay misy zanatsoratra kasrah amin'ny **ح** ary amin'ny **ج** misy soukoune dia manana dikany maro samihafa ka anisan'izany ny trano fivavahan'ny vahoaka thamoud na ny hidjr an'ily Kaanbah masina, fa ny dikan'ny teny **حِجْرٍ** eto amin'ity andininy ity dia ny saina, satria izy io dia avy amin'ny teny hoe **حَجَرَ** izay midika hoe **“manakana”** ary ny asan'ny saina dia manakana ny olona amin'ireo fihetsika ratsy. Koa ny dikan'ily andininy manontolo dia hoe: ireo zavatra izay entin'Ilay Avo Indrindra nifanta dia ampy ho porofo amin'ny Fisian'i Allah sy porofo amin'ny fananany Fahefana amam-pahendrena, satria ao amin'ireo zavatra ireo dia misy rindran-damina sy fahendrena izay

manambara tanteraka ny Fisiany sahala amin'ny voly amin'ny fisian'ny mpamboly.

(أَلَمْ تَرَى كَيْفَ فَعَلَ رَبُّكَ بِعَادِ إِرَمَ ذَاتِ الْعِمَادِ الَّتِي لَمْ يُخْلَقْ مِثْلَهَا فِي

الْبِلَادِ)

Ny Ànd dia vahoakan'ny Mpaminany Houd, ary ny Iram dia anarana fokon'ny vahoaka ànd avy amin'ny iray amin'ireo razamben'io foko io izay antsoina hoe Irm, ary ny cheikh Mouhammad Abdouh dia nilaza fa ny tiana hambara amin'ny الْعِمَادِ eto dia ireo andrin'ny tranolain'izy ireo na izany dia teny fanoharana maneho ny tanjaka sy ny hery nananan'izy ireo ... Fa ny tena akaiky amin'ny fahamarinana amin'ny tian'ity teny الْعِمَادِ ity hambara dia ireo fanorenana foto-drafitr'asa satria ny Mpaminanin'izy ireo dia niteny matetika tamin'izy ireo ao amin'ny sourat al-Shouànrà andininy faha128 sy faha-129 nanao hoe :

“Moa ve ianareo manorina tsangam-bato tsy amin'antony eny ambony havoana tsirairay sy manangana lapa lehibe toy ny haharitra mandrakizay ?!” Eny, izahay dia mitiovy hevitra amin'ny cheikh M. Abdouh amin'ilay teny nolazainy manao hoe :

رَوَى الْمُفَسِّرُونَ هُنَا جَوَايِبَ فِي تَصْوِيرِ إِرَمَ ذَاتِ الْعِمَادِ، كَانَ يَجِبُ أَنْ يُنَزَّرَ عَنْهَا كِتَابُ اللَّهِ، فَإِذَا وَقَعَ إِلَيْكَ شَيْءٌ مِنْ كُتُبِهِمْ، فَتَخُطْ بِبَصْرِكَ مَا تَجِدُهُ فِي وَصْفِ إِرَمَ وَإِيَّاكَ أَنْ تَنْظُرَ فِيهِ.

“Nilaza tantara maro ireo mpanao tafsir eto mikasika ny hevitr'ilay andininy manao hoe الْعِمَادِ إِرَمَ، kanefa ny tokony ho izy dia ny fanalavirana izany amin'ilay bokin'i Allah, koa rehefa ianao no tojo zavatra iray avy amin'ireo bokin'izy ireo, dia raiketo ao amin'ny sainao izay hitanao mikasika ny famaritana an'ilay Iram إِرَمَ fa mitandrema mba tsy hiditra lalina amin'izany.”

(وَتَمُودَ الَّذِينَ جَابُوا الصَّخْرَ بِالْوَادِي)

Ny **تَمُودَ** dia vahoakan'ny Mpaminany Swàleh ary ilay teny hoe **جَابُوا الصَّخْرَ** dia manondro izay voalazan'ilay andininy faha-149 ao amin'ny sourat al-Shouànrà izay manao hoe :

“**أرى** **ianareo** **dia** **mandavaka** **trano** **amim-pahakingana** **anatin'ny** **tendrombohitra.**”

(وَفِرْعَوْنَ ذِي الْأَوْتَادِ)

Ary i Firaona izay tompon'ireo fanorenana goavana toy ny pyramida.

(الَّذِينَ طَغَوْا فِي الْبِلَادِ فَأَكْثَرُوا فِيهَا الْفَسَادَ فَصَبَّ عَلَيْهِمْ رَبُّكَ سَوْطَ

عَذَابٍ)

Ny teny hoe **الَّذِينَ** sy izay teny manarak'azy dia mamaritra ireo toetran'ny vahoaka ànd sy thamoud ary i Firaona, fa nolazain'i Allah manokana ny teny hoe **سَوْطَ** satria izany dia maneho fa ilay sazy dia mitohy hatrany hatrany. Ary novonoin'i Allah ny vahoaka ànd tamin'ny alalan'ny rivo-mahery ; ny vahoaka thamoud kosa dia novonoiny tamin'ny alalan'ny kiaka fa i Firaona indray dia tamin'ny alalan'ny faharendrehana anaty rano.

(إِنَّ رَبَّكَ لَبِالْمِرْصَادِ)

Ity andininy ity dia valin'ilay fianianana teo ampiandohan'ilay sourat nefa misy milaza amin'ireo mpanao tafsir fa ny valiny dia nitakonana ary ny fandrafetana azy dia toy izao: “hamafisina fa tsy maintsy hahazo sazy ireo olon-dratsy ireo” na izany na tsy izany dia iray ihany ny vokatr'ireo valiny anankiroa ireo ary mazava ho azy ny dikany dia ny hoe: i Allah Ilay Avo Indrindra dia mahafantatra ny fikasan'ireo mponompo ireo sy ny fihetsik'izy ireo ka hanome valiny ho azy ireo arakaraka ny asan'izy ireo.

(فَأَمَّا الْإِنْسَانُ إِذَا مَا ابْتَلَاهُ رَبُّهُ فَأَكْرَمَهُ وَنَعَّمَهُ فَيَقُولُ رَبِّي أَكْرَمَنِ
وَأَمَّا إِذَا مَا ابْتَلَاهُ فَقَدَرَ عَلَيْهِ رِزْقَهُ فَيَقُولُ رَبِّي أَهَانَنِ)

Ny teny **الْإِنْسَانُ** eto amin'ity andininy ity dia anaran'ily natoran'ny olombelona, ary ny **أَكْرَمَهُ وَنَعَّمَهُ** dia midika hoe efa nataon'i Allah midadasika amin'ny olombelona ny anjara masoandro. Ary ny **عَلِيهِ** dia midika hoe nataon'i Allah tery aminy ny anjara masoandro. Fa ny teny **ابْتَلَاهُ رَبُّهُ** dia midika hoe notsapain'ny Tompony izy. Ary ny dikan'ny fitsapan'Ilay Tompo amin'ny mpanompony dia ny mametraka ho an'ny olombelona ny antony izay haneho ny maha-izy azy ny olona toy ny fananan-karena sy ny fahantrana. Izany hoe, raha ny olombelona no mahay mankasitraka amin'ny fananan-karena ary manam-paharetana amin'ily fahantrana dia mendrika ho azy tokoa ny valisoa; fa raha mitsipaka kosa izy ao anatin'ny fahantrana sy mandika lalàna ao anatin'ny fananan-karena dia mendrika ho azy kosa ny sazy.

Amin'ny fomba fiteny hafa ny fitsapana avy amin'i Allah Ilay Avo Indrindra dia ny fametrahany ny fitsipika izay ahafantarana ny fihetsika ny olon-tsara sy ny olon-dratsy mialohan'ny hanomezana ny tambiny ho an'izay nanao tsara sy izay nanao ratsy amin'ny sitrapony miaraka amin'ny fijoroana vavolombelona ho porofon'izany haratsiana nataony izany...

Izany no toetran'i Allah manoloana ny olombelona mpanompony. Fa ny toetran'ny olombelona izay very lalana kosa dia mampitaha ny toerana misy azy eo anatrehan'i Allah arakarak'izay fahasoavana nomen'i Allah azy, koa raha mahazo anjara masoandro maro izy dia mihevi-tena ho anisan'ny akaikin'i Allah sy mihevitra koa fa i Allah dia tsy hanontany na hanasazy azy amin'ny zavatra ataony no lazainy na inona na inona.

Izany toetra izany dia tena mifanandrify tamin'ny toetran'ireo lehiben'ny mpanompo sampy, satria izy ireo dia

nanaporofy ny fitiavan'i Allah azy ireo amin'ny alalan'ny fananan'izy ireo ny harena betsaka, sady koa nanaporofy ny fankahalan'i Allah an'ireo mpino amin'ny alalan'ny fahantrana sy ny fahasahiranany izy ireo ... Fa raha nataon'i Allah tery ny fahazoan'ny olona very lalana ny anjara masoandrony, amin'izay angamba izy mba hibe-baka sy hanakana ny tenany amin'ny haratsiana, dia heveriny fa mankahala sy manala Baraka azy i Allah. Ny fiahiahiana ratsy mikasika an'i Allah dia ampy amin'ny fanehoana ny haratsian'ny mpanompo sy ny fikomiany Aminy. Manamafy izany ity hadith izay voaray avy tamin'ny Imàm Ali (a.s) ity:

وَعَنِ الْإِمَامِ عَلِيِّ (ع) : "إِذَا ضَاقَ الْمُسْلِمُ فَلَا يَشْكُونَ مِنْ رَبِّهِ، وَلَيْشْكُ إِلَى رَبِّهِ الَّذِي بِيَدِهِ مَقَالِيدُ الْأُمُورِ."

“Rehefa sahirana ny silamo dia aoka tsy hitaraina (hanome tsiny) amin'ny Tompony izy, fa kosa izy aoka hitalaho amin'ny Tompony izay eo ampelatànany ireo fanalahidin'ny zava-drehetra.”

(كَلَّا)

Tsia, ny fananan-karena dia tsy voninahitra eo anatrehan'i Allah fa ny voninahitra eo anatrehany dia ny fananana ny fahatahoran'Azy na ny taqwà, ary ny fahantrana dia tsy midika ho fahambaniana eo Aminy, fa kosa ny fahambaniana eo anatrehany dia ny fanaovan'ny fikasana sy fihetsika ratsy.

(بَل)

Fa ianareo, dia tena olon-dratsy eo anatrehan'i Allah noho ireto antony manaraka ireto:

- 1- لَا تُكْرِمُونَ الْيَتِيمَ - Izany hoe, ianareo dia tsy nanasoana an'ireo kamboty sy ireo olona izay nahilikilika tsy misy havana na firenena mpiaro azy ireo, sady ianareo tsy niraharaha ny mikasika azy ireo.
- 2- وَلَا تَحَاصُّونَ عَلَى طَعَامِ الْمِسْكِينِ - izany hoe, ianareo samy

ianareo dia tsy nifamporisika amin'ny fanomezan-tsakafo sy fiahiana an'ireo olona mahantra.

3- **وَتَأْكُلُونَ التُّرَاثَ أَكْلًا لَمًّا**, ny dikan'ny التُّرَاثَ dia ny harena izay azo avy tamin'ny lova; ary ny dikan'ny لَمًّا dia mafy. Kanefa ny ankamaroan'ny harena izay nolovaina dia misy zo ho an'ny mpangataka sy ny tsy manana.

4- **وَتُحِبُّونَ الْمَالَ حُبًّا جَمًّا** - ianareo dia mitia harena tafahoatra na lova izany na tsia ary koa na halàl na tsia.

(كَلًّا)

Tsia, ny olombelona dia tsy tokony kahihitra amin'ny harena ka hanakana azy tsy hanao asa soa, tsarovy anefa fa mbola hanontaniana ny amin'izany izy.

(إِذَا دُكَّتِ الْأَرْضُ دَكًّا دَكًّا)

Ny teny hoe الدَّكُّ dia midika ho fikapokapohana, fa ny fiverimberenan'ilay teny dia manambara ny fitohizan'ny fikapokapohana; koa ny tiana hambara amin'izany dia ho rava ny hery fifanantonan'ireo singan'ny tany mampifikitra azy ireo any amin'ny andro Fitsanganana ary dia hifandona izy samy izy ireo ka hitohy foana izany fifandonana izany mandra-pahalevona ny zava-drehetra misy eto an-tany, toy ny vohitra sy ireo foto-drafitr'asa, ala, vatolampy ... sns.

(وَجَاءَ رَبُّكَ وَالْمَلَكُ صَفًّا صَفًّا)

Ny tiana hambara amin'ny hoe وَجَاءَ رَبُّكَ dia hoe: tonga ny didiny sy ny fandaharany sy ny voninahiny sy ny hasiny sy ny fahendreny ary ny fanjakany. Ary ny tiana hambara amin'ny hoe: صَفًّا صَفًّا dia milahatra manaraka ny filaharana maro samihafa.

(وَجِيءَ يَوْمَئِذٍ بِجَهَنَّمَ)

Haseho amin'ny andro farany ho an'ireo izay manatrika izany ny gehena izay ho lasa tontolo hita maso taorian'ny nahatontolo tsy hita maso azy.

(يَوْمِنِذٍ يَتَذَكَّرُ الْإِنْسَانُ وَأَنَّى لَهُ الذُّكْرَى يَقُولُ يَا لَيْتَنِي قَدَّمْتُ لِحَيَاتِي)

Niteny ireo mpananatra sy ireo mpampitandrina tamin'ireo olona babon'ny haratsiana sy mpikomy hoe: aoka ianao hiasa ho an'ny fiainanao eto an-tany sy ny any ankoatra. Namaly izy hoe: inona moa izany any ankoatra izany ... Izany dia nofinofy fotsiny ... Fa rehefa tonga ny andro Fanavahana ka hitany ny toerany any amin'ny gehena dia hilaza izy amin'izany fotoana izany hoe: Hé izany, eto no fiainako maharitra sy ny fipetrahako mandrakizay; fa hay ilay teny ambony tany dia fandalovana fotsiny ... Indrisy anie aho, mba nanao asa tany amin'ny toeran'ny fandalovana ho nentina mankany amin'ny toerana iainana mandrakizay ... Eny, tena hadinony ny andro farany tamin'izy tety an-tany izay toerana fahazoana tombon-tsoa rehefa mibebaka sy mahatsiaro an'i Allah ny olona, fa izy efa miatrika ilay andro farany vao mahatsiaro izany, koa aiza intsony moa no ahazoany tombontsoa amin'ilay fahatsiarovana ?!

(فَيَوْمِنِذٍ لَا يُعَذِّبُ عَذَابَهُ أَحَدٌ وَلَا يُوثِقُ وَثَاقَهُ أَحَدٌ)

Nisy amin'ireo manam-pahaizana no namaky ireo matoateny roa ireo amin'ny endriky ny fehezanteny takon'ila, izany hoe ny لا , ary koa noavakiana amin'ny kasrah tahaka izao hitantsika izao ; fa kosa ny tiany hambara amin'ireo famakiana roa ireo dia iray ihany izay manambara fa ny sazy lehibe amin'ireo sazy eto an-tany dia fahasalamana izy io raha hampitahaina amin'ny sazy tena tsotra any amin'ny andro farany.

(يَا أَيُّهَا النَّفْسُ الْمُطْمَئِنَّةُ ارْجِعِي إِلَىٰ رَبِّكِ رَاضِيَةً مَّرْضِيَّةً فَادْخُلِي فِي عِبَادِي وَادْخُلِي جَنَّاتِي)

Rehefa avy niresahan'i Allah Ilay Avo Indrindra ny mikasika ny fanahy babon'ny haratsiana izay tsy misy fitoniana mihitsy raha tsy amin'ny zavatra izay ahazoany tombon-tsoa sy

mifanaraka amin'ny sitrapony, dia niresaka indray Izy mikasika ny fanahy tony; ary izany fanahy tony izany dia ny fanahy mino an'i Allah sy mihaino ny fampahatsiaroavana ka mampihatra ny baikony sy ny fandraràny ary i Allah dia nanambara izay manana ny fanahy tahak'izany tamin'ny alalan'ny andininy faha-29 sourat al-Ra'and manao hoe :

الَّذِينَ آمَنُوا وَتَطْمَئِنُّ قُلُوبُهُمْ بِذِكْرِ اللَّهِ أَلَا بِذِكْرِ اللَّهِ تَطْمَئِنُّ الْقُلُوبُ الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ طُوبَى لَهُمْ وَحُسْنُ مَآبٍ

“Ireo izay mino sy manana fo tony amin'ny fahatsiarovana an'i Allah, moa ve tsy amin'ny fahatsiarovana an'i Allah no mampitony ny fo. Ireo izay mino sy manao asa soa dia sambatra izy ireo sady tsara fiverenana.”

Ary ny dikan'ny teny رَاضِيَةً مَرْضِيَّةً dia hoe: ilay fanahy feno fitoniana dia mankasitraka ny valisoa sy ny toerana azony avy amin'i Allah satria Inty farany dia nankasitraka ny ezaka sy ny fihetsika nataony.

Niteny ilay manam-pahaizana, ny cheikh Mouhammad Abdouh mikasika ny dikan'ilay fiverenana amin'ny Tompo sy fandrosoana ho anisan'ireo mpanompo araka ny voalazan'io andininy io hoe: ny fiverenana amin'i Allah dia fiatrehana ny voninahitra izay misy Aminy fa raha ny tena marina i Allah dia miaraka amintsika na aiza na aiza no misy antsika. Fa ny fandrosoana amin'ireo mpanompony dia mba ho anisan'izy ireo. Fa ireo mpanompo izay mendrika sy miaraka amin'i Allah manokana dia ireo olona izay matahotra an'i Allah. Ary ny tiana hambara amin'ny Paradisa dia ilay Paradisa efa iarahan'ny be sy ny maro mahalala.

Lohahevitra ny andininy faha-12

مَا يَدْفَعُ الْفَسَادَ

Izay miaro amin'ny fanimbàna

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): لَوْ لَا عِبَادُ اللَّهِ رُكَّعٌ، وَصَبِيَانُ رُضَّعٌ، وَبَهَائِمٌ رُتَّعٌ،
أَصُبَّ عَلَىكُمْ الْعَذَابُ صَبًّا. (تفسير نور الثقلين ج 1 ص 253)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Raha tsy ireo mpanompo ho an’i Allah be fiondrehana, sy ireo zazakely minono, sy ireo biby mihinana sy misotro izay sitrany, dia narotsaka mafy taminareo ny sazy.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): إِنَّ تَقْوَى اللَّهِ دَوَاءٌ دَاءِ قُلُوبِكُمْ ... وَصَلَاحُ فِسَادِ
صُدُورِكُمْ، وَطَهُورُ دَنَسِ أَنْفُسِكُمْ. (نهج البلاغة خطبة 198)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Marina dia marina fa ny fahatahorana an’i Allah dia fanafodin’ny aretin’ny fonareo ... sy fanamboarana ny fahasimban’ny tratranareo, ary fanadiovana ny loton’ny fanahinareo.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): لَوْ أَنَّ النَّاسَ حِينَ تَنْزَلُ بِهِمُ النَّعْمُ وَتَزُولُ عَنْهُمْ النَّعْمُ،
فَرَعُوا إِلَى رَبِّهِمْ بِصِدْقٍ مِنْ نَبَاتِهِمْ وَوَلَهُ مِنْ قُلُوبِهِمْ، لَرَدَّ عَلَيْهِمْ كُلَّ شَارِدٍ
وَاصْلَحَ لَهُمْ كُلَّ فَاسِدٍ. (نهج البلاغة خطبة 178)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Raha ny olombelona amin’ny fotoana irotsahan’ny valifaty amin’izy ireo sy ialan’ny fahasoavana amin’izy ireo, ka mila vonjy amin’ny Tompon’izy ireo amin’ny fahamarian’ny fikasan’izy ireo sy amin’ny fahatahoran’ny fon’izy ireo, dia naveriny amin’izy ireo izay very rehetra sy namboariny ho azy ireo izay simba rehetra.”

* * * * *

سُورَةُ الْبَلَدِ

NY SOURAT AL-BALAD

Ny voninahitry ny sourat al-Balad

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ كَانَ قِرَاءَتُهُ فِي فَرِيضَتِهِ (لَا أُقْسِمُ بِهِدَا
الْبَلَدِ) كَانَ فِي الدُّنْيَا مَعْرُوفًا أَنَّهُ كَانَ مِنَ الصَّالِحِينَ، وَكَانَ فِي الْآخِرَةِ مَعْرُوفًا
أَنَّ لَهُ مِنَ اللَّهِ مَكَانًا - تَوَابُ الْأَعْمَالِ -

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Izay zatra mamaky ny لا
أُقْسِمُ بِهِدَا الْبَلَدِ ao amin’ireo swalàt wadjib ataony dia malaza fa
anisan’ireo olon-tsara eto an-tany ary any ankoatra dia malaza fa
manana toerana avo avy amin’i Allah ...”⁴⁰

Ny dikan’ny sourat al-Balad ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be
Fiantrana.

1- لا أُقْسِمُ بِهِدَا الْبَلَدِ

1- Tsia, mianiana amin’ity tanàna ity Aho.

2- وَأَنْتَ حِلٌّ بِهِدَا الْبَلَدِ

2- Kanefa ianao -ry Mouhammad- dia mponina ao aminy.

3- وَوَالِدٍ وَمَا وَلَدٌ

3- Ary mianiana amin’ny ray sy izay naterany.

4- لَقَدْ خَلَقْنَا الْإِنْسَانَ فِي كَبَدٍ

4- Fa noharianay tokoa ny olombelona ao anatin’ny toe-
pahasahiranana.

⁴⁰ Miverena ao amin’ny boky antsoina hoe “Thawaboul-amal”

- 5- أَيْحَسَبُ أَنْ لَنْ يَفْدِرَ عَلَيْهِ أَحَدٌ
5- Mihevitra ve izy fa tsy hisy mahatohitra azy velively.
- 6- يَقُولُ أَهْلَكْتُ مَالًا لُبَدًا
6- Hiteny izy hoe: nandanilany harena tsy amin'antony aho.
- 7- أَيْحَسَبُ أَنْ لَمْ يَرَهُ أَحَدٌ
7- Moa ve mihevitra izy fa tsy misy na iza na iza mahita azy.
- 8- أَلَمْ نَجْعَلْ لَهُ عَيْنَيْنِ
8- Moa ve tsy nomenay maso roa izy.
- 9- وَلِسَانًا وَشَفَتَيْنِ
9- Sy lela iray ary molotra roa.
- 10- وَهَدَيْنَاهُ النَّجْدَيْنِ
10- Ary nampahitsianay izy amin'ireo lalana roa.
- 11- فَلَا اقْتَحَمَ الْعَقَبَةَ
11- Tsy niezaka tao amin'ny lalana sarotra anefa izy.
- 12- وَمَا أَدْرَاكَ مَا الْعَقَبَةُ
12- Moa ve fantatrao izany lalana sarotra izany.
- 13- فَكُ رَقَبَةٍ
13- Izany dia fanafahana andevo.
- 14- أَوْ إِطْعَامٍ فِي يَوْمٍ ذِي مَسْغَبَةٍ
14- Na fanomezana sakafo amin'ny andro mampisy mosary.
- 15- يَتِيمًا ذَا مَقْرَبَةٍ
15- Ny havana kamboty.
- 16- أَوْ مِسْكِينًا ذَا مَتْرَبَةٍ
16- Na mahantra fadiranovana.
- 17- ثُمَّ كَانَ مِنَ الَّذِينَ آمَنُوا وَتَوَاصَوْا بِالصَّبْرِ وَتَوَاصَوْا بِالْمَرْحَمَةِ
17- Koa mba ho anisan'ny mpino mifampitaona amin'ny faharetana sy amin'ny fifampihantrana.
- 18- أُولَئِكَ أَصْحَابُ الْمَيْمَةِ
18- Ireo no olon'ny ankavanana.
- 19- وَالَّذِينَ كَفَرُوا بِآيَاتِنَا هُمْ أَصْحَابُ الْمَشْأَمَةِ
19- Fa izay tsy mino ny andininy avy Aminay kosa dia izy ireo no olon'ny ankavia.

20- Ka hanemotra azy ireo ny Afobe.

Famakafakana ny surat al-Balad

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(لَا أُقْسِمُ بِهَذَا الْبَلَدِ)

Ny tiana hambara amin'io tanàna io dia ny tanàna masin'i Makka ahitana trano be voninahitra sy fahasoavana natokana ho an'ny olombelona, ary tao amin'io tanàna masina io no nahaterahan'ily Mpaminany be voninahitra indrindra izay nalefa ho an'izao tontolo izao.

(وَأَنْتَ حِلٌّ بِهَذَا الْبَلَدِ)

Ny resahina eto dia i Mouhammad (s.a.w). Ary ny dikan'ny حِلُّ dia monina; fa ilay وَ hita eo amin'ny fiandohan'ity andininy ity dia kianteny maneho ny toe-javatra, ka noho izany, ilay fifantàna amin'ny alalan'ny tanànan'i Makka dia nohon'ny fonenan'ily Iraka ao aminy, izay manambara fa mitombo ny voninahitr'ily tanàna tamin'ny fahaterahan'ily Iraka sy fonenany tao aminy.

(وَوَالِدٍ وَمَا وَلَدٍ)

Ity teny ity dia tafiditra ihany koa ao amin'ily fifantàna. Niteny ireo vondrona amin'ireo manam-pahaizana nanao hoe: ny tiana hambara amin'ny وَالِدٍ eto dia i Adama ary ny وَلَدٍ dia ny taranany amin'ireo mpaminany sy ireo mpitondra hafatra. Ary niteny Ilay Avo Indrindra hoe وَمَا وَلَدٍ fa tsy niteny hoe: وَمَنْ وَلَدٍ araka ny voalazan'ireo vondrona manam-pahaizana ireo mba hanehoana fa ilay nateraka dia tena be voninahitra tahaka ny tenin'i Allah ao amin'ny surat Al'Imràn andininy faha-36 milaza manao hoe: "وَاللَّهُ أَعْلَمُ بِمَا وَضَعَتْ" ary i Allah dia mahafantatra kokoa izay naterany (izay nateraky ny vadin'Imràn)".

Ireo hafa toa an'Ibn Abbàs sy i Twabari sy ny cheikh Mouhammad Abdouh dia niteny fa ny tiana hambara amin'ny hoe: **وَالِدٍ وَمَا وَلَدٌ** dia ny ray sy izay nateraka rehetra na olona izany na biby na zava-maniry ... Ary ny cheikh Djawad Moughniyyah dia nilaza fa ity fanazava farany ity dia tena akaiky amin'ny dikan'ily andininy ivelany mihoatra ilay fanazavana ny dikany teo aloha. Fa ny tanjona amin'ily fianianana momba ny ray sy izay nateraka dia fampahatsiahivana ny amin'ny fahariana ireo zava-boahary manan'aina sy ny fivoarany amin'ny fiovaovan'ny endrika, toy ny fiaingana amin'ny tsirinaina ka mivoatra lasa olombelona na biby na toy ny fiaingana amin'ny voa ka mitombo lasa hazomaniry sy ny ankoatr'izany amin'ny karazana zavamaniry hafa.

(لَقَدْ خَلَقْنَا الْإِنْسَانَ فِي كَبَدٍ)

Ity andininy ity dia valin'ily fianianana. Ny dikan'ily teny hoe **كَبَدٍ** dia ny harerehana sy ny fahasahiranana, koa ny tiana hambara amin'izany dia hoe: i Allah no nahary ny olombelona mba hiezaka sy hiady mafy amin'ny fiainany, avy eo dia hitaintaina ao amin'ny fangirifirian'ny fahafatesana sy ny fahamaizinan'ny fasana sy ny fahanginany, aorian'izany dia hiatrika ny fahatahorana amin'ily andro Fitsanganana sy ny fiatrehana amin'ily Fitsaran'i Allah amin'izay rehetra noresahina sy natao.

(أَيَحْسَبُ أَنْ لَنْ يُقَدِّرَ عَلَيْهِ أَحَدٌ)

Ao amin'ily matoateny hoe **يَحْسَبُ** dia misy mpisolontena manondro olona izay manambara ny singa iray amin'ireo olombelona, koa arak'izany, ny olombelona sasany dia mihevitra fa izy ireo dia tonga amin'ny sehatran'ny fahatanjahana ka tsy hisy na iza na iza mahatohitra azy ireo, ary hadinony fa izy ireo anie ka nohariana ao anatin'ny fahalemena, ka hitaintaina amin'ny fijaliana sy ny fahasarotam-piainana, tsy fantany akory rahoviana izy no maty ary koa tsy hainy izay aretina hahazo azy, ny asa ataony dia voatahiry na tsara na ratsy, ampijalian'ireo bibikely, mety ho

fatin'ny hakendàn-drano ary manamaimbo azy ny hatsembohany araka voalazan'ny Imàm Ali (a.s).

(يَقُولُ أَهْلَكْتُ مَالاً لُبْدًا)

Ny hevitra fonosin'ity andininy ity dia maneho fa ny matoateny hoe يَقُولُ dia misy mpisolontena miverina amin'ny mpanankarena izay mandany ny harenany nohon'ny laza fa tsy mandany izany noho i Allah, ka ny dikany dia hoe ; rehefa tenenina ilay mpandanilany ny harena hoe : maninona no tsy laniana noho i Allah ny harenanao? Mamaly izy hoe : izaho dia mandany harena betsaka mandra-pahalaniany fa kosa izaho tsy mandany azy amin'ny làlana iantsoanareo ahy !

(أَيَحْسَبُ أَنْ لَمْ يَرَهُ أَحَدًا)

Mihevitra ve io mpanankarena iharan'ny fitsapana mandany ny harenany nohon'ny laza io fa i Allah dia variana aminy sy amin'ny fihetsiny sy ny tanjony ? Voalaza ao amin'ny hadith ilay teny manao hoe :

"يُسْأَلُ الْمَرْءُ عَدًّا عَنْ جِسْمِهِ فِيْمَ أَبْلَاهُ وَعَنْ عُمْرِهِ فِيْمَ أَفْنَاهُ وَعَنْ مَالِهِ مِمَّ اكْتَسَبَهُ وَ فِيْمَ أَنْفَقَهُ؟"

“Anontaniana ny olona rahampitso mikasika ny vatany tamin'inona no nanimbany azy sy ny taonany tamin'inona no nandaniany azy ary ny harenany tamin'inona no nahazoany sy nandaniany azy”.

(أَلَمْ نَجْعَلْ لَهُ عَيْنَيْنِ وَلِسَانًا وَشَفَتَيْنِ وَهَدَيْنَاهُ النَّجْدَيْنِ)

Voalaza ao amin'ny tafsir nosoratan'i Fakhr Razi, fa ilay niteny hoe أَهْلَكْتُ مَالاً لُبْدًا dia niteny ihany koa amin'ny endrika ankolaka hoe iza moa no hitsara ahy amin'ny harenako na tazomiko izy na holaniako ? Ka namaly azy i Allah Ilay Tsitoha nanao hoe: hitsara anao Ilay nahary ho anao ireo ratsam-batana ireo! Ary izany tafsir izany hoy ch. Djawad Moughniyyah dia tena akaiky amin'ny toe-java-misy. Fa na izany na tsy izany, ireo maso anankiroa izay nolazain'ilay andininy dia fanondroana ny tombontsoa azo avy amin'ny fahitana, ny lela dia manondro ny tombontsoa azo avy

amin'ny firesahana sy ny fanazavana, ary ilay fahitsiana dia manondro ny tombontsoa azo avy amin'ny saina. Ny tiana hambara amin'ny النَّجْدَيْنِ dia ireo làlana anankiroa dia ilay làlana tsara sy ilay làlana ratsy, koa dia amin'ny alalan'ny saina no ahafahan'ny olona mitandrana amin'ilay anankiray farany ka hanaraka ilay anankiray voalohany. Voalaza ao amin'ny Nahdj al-Balaghah ny teny hoe:

"كَفَّاكَ مِنْ عَفَاكَ أَنَّهُ أَوْضَحَ لَكَ سَبِيلَ غِيَّكَ مِنْ رُشْدِكَ"

“Ampy amin'ny sainao ny hanazavany kokoa aminao ny làlana hitondra anao amin'ny fahaverezana noho ny làlana hitondra anao amin'ny fahitsiana.”

Arak'izany fanazavana izany, ny olombelona dia tompon'andraikitra amin'ireo teniny sy ny fihetsiny satria mbola hanontaniana izy amin'ireo rehetra ireo noho i Allah efa nanome tanjaka sy saina azy sady efa nandidy azy amin'izay tokony hataony sy ny tsy tokony hataony. Ary ny mitovy amin'io andininy io dia ilay tenin'i Allah ao amin'ny sourat al-Insàn andininy faha-3 manao hoe: **“Marina tokoa fa Izahay dia nitarika azy tamin'ilay làlana koa na izy hankasitraka na hitsipaka.”**

(فَلَا اقْتَحَمَ الْعَقَبَةَ وَمَا أَدْرَاكَ مَا الْعَقَبَةُ)

Ilay teny وَمَا أَدْرَاكَ dia fiteny ampiasaina mba hanehoana ny fahalehibeazan-javatra, ary ny matoanteny اقْتَحَمَ rehefa miaraka amin'ny zavatra dia ilay matoanteny no midika fa niditra ao amin'ilay zavatra saingy miaraka amin'ny fahasoratana. Ary ny teny hoe الْعَقَبَةُ amin'ny fiteny dia midika làlan-dratsy ao amin'ny vohitra, fa ny tiana hambara eto dia ireo asa soa satria izany asa soa izany dia mitaky ezaka sy fiaretana sy ady mafy amin'ny fiainana indrindra fa amin'ny famoaham-bola amin'ny làlana tsara ; ary anisan'ireo asa soa na anisan'ireo tena mavesa-danja amin'ireo asa soa ireo dia izay nolazain'i Allah Ilay Avo Indrindra amin'ilay teniny manao hoe :

(فَكُ رَقَبَةٌ أَوْ إِطْعَامٌ فِي يَوْمٍ ذِي مَسْغَبَةٍ يَتِيمًا ذَا مَقْرَبَةٍ أَوْ مَسْكِينًا ذَا مَتْرَبَةٍ ثُمَّ كَانَ مِنَ الَّذِينَ آمَنُوا وَتَوَاصَوْا بِالصَّبْرِ وَتَوَاصَوْا بِالْمَرْحَمَةِ)
 Ny teny رَقَبَةٌ فَكُ dia midika hoe fanafahana andevo satria ny

fiaraha-monina fahiny dia nisy ny fanadevozana. Ny مَسْغَبَةٍ dia midika ny fotoanan'ny mosary. Ary ny مَقْرَبَةٍ dia havana akaiky. Fa ny مَتْرَبَةٍ dia fahantrana lalina mahatonga ilay olona mahantra matory amin'ny tany. Ny teny وَتَوَاصَوْا بِالصَّبْرِ dia ireo mpino samy mpino no mifananatra amin'ny fiaretana ao anatin'ny djihad mba hijoroan'ny fahamarinana sy hahatonga tsy hankasitraka ny lainga sy ny fahadisoana. Ary koa ny teny hoe وَتَوَاصَوْا بِالْمَرْحَمَةِ dia mifananatra amin'ny fifampihantrana izy ireo, ary izany no fifandraisan'izy ireo samy silamo ka mahatonga ny olona iray mitia ny rahalahiny tahaka ny fitiavany ny tenany. Ny famintinana ny dikan'io andininy io dia toy izao: ny olona izay mandany ny harenany nohon'ny fitiavany laza sy fisehosehoana dia tsy tafita amin'ilay lalan-tsarotra izay manelanelana azy sy ny fanavotana amin'ilay famaizana sy ilay fahapotehana, indrindra fa olona tena matiantoka ara-barotra izy sy tena iharan'ny famaizana maro ; fa raha toa ka mandany izany ao amin'ny lalan'i Allah kosa izy no sady anisan'ireo izay mifananatra amin'ny fiaretana sy ny fifampihantrana, dia tafita amin'ilay lalan-tsarotra izy, ka ho ao anatin'ny fandriampahalemana izy sy voaaro amin'ny hatezeran'i Allah sy ny famaizany.

(أُولَئِكَ أَصْحَابُ الْمَيْمَنَةِ)

Ny أُولَئِكَ dia manondro an'ireo izay mino sy ireo izay nandany ny harena sy mifampitaona amin'ny fiaretana sy fifampihantrana, ary ny أَصْحَابُ الْمَيْمَنَةِ dia ireo olon-tsara izay rahampitso izy ireo dia hotolorana bokin'ny fandriampahalemana sy fiadanana nohon'ny fananam-pinoan'izy ireo.

(وَالَّذِينَ كَفَرُوا بِآيَاتِنَا هُمْ أَصْحَابُ الْمَشْأَمَةِ عَلَيْهِمْ نَارٌ مُّؤَصَّدَةٌ)

Ny أَصْحَابُ الْمَشْأَمَةِ dia ireo olon-dratsy izay hotolorana bokin'ny fahafaham-baraka eo ankavia sy an-damosin'izy ireo, ary taritarihina isaky ny vondrona izy ireo mankany amin'ny gehena fa rehefa tonga any izy ireo dia hosokafana ho azy ireo ny varavaran'ily gehena, koa nony tafidtra dia hidiana mandrakizay ao izy ireo.

Lohahevitra ny andininy faha-14

الْكَرَمُ وَالْجُودُ

Ny fahalalahan-tànana sy ny fahafoizana

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): أَجُودُ النَّاسِ مَنْ جَادَ بِنَفْسِهِ وَمَالِهِ فِي سَبِيلِ اللَّهِ .
(البحار ج 100 ص 15)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Ny olona tena mahafofy zavatra dia izay nahafofy ny tenany sy ny harenany tao amin'ny làlan'i Allah”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ أَكْرَمَ أَخَاهُ فَإِنَّمَا يُكْرِمُ اللَّهَ . (كنز العمال ح 25488)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Izay malala-tànana amin'ny rahalahiny, dia malala-tànana amin'i Allah.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): إِذَا أَنْتَكُمُ الزَّائِرَ فَأَكْرِمُوهُ . (كنز العمال ح 25485)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Rehefa tonga eo aminareo ny mpamangy dia malalaha tànana aminy ianareo.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): لَقَدْ أُنْعَبَكَ مَنْ أَكْرَمَكَ إِنْ كُنْتَ كَرِيماً . (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Efa nandrera anao ny olona izay nalala-tànana taminao raha toa ianao ka olona malala-tànana.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): إِحْدَرِ اللَّئِيمَ إِذَا أَكْرَمْتَهُ وَالرَّذِيلَ إِذَا قَدَّمْتَهُ
وَالسَّفِيلَ إِذَا رَفَعْتَهُ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Mitandrema amin’ny olona mahihitra raha toa ka nalala-tànana taminy ianao sy amin’ny olona tsinontsinona raha toa ka narosona eo aloha izy sy amin’ny olona tsy manam-bintana raha toa ka nasandratrao izy.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): إِحْدَرِ الْكَرِيمَ إِذَا أَهْنَأْتَهُ وَالْحَلِيمَ إِذَا جَرَحْتَهُ، وَ
الشُّجَاعَ إِذَا أَوْجَعْتَهُ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Mitandrema ianao amin’ny olona malala-tànana raha toa ka notsinontsiniavinao izy sy amin’ny olona malemy fanahy raha toa ianao ka niteny ratsy azy sy amin’ny olona mahery fò raha toa ianao ka nampahory azy.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): الْكَرِيمُ يَرَى مَكَارِمَ أَفْعَالِهِ دَيْنًا عَلَيْهِ يَقْضِيهِ،
اللَّئِيمُ يَرَى سَوَافٍ إِحْسَانِهِ دَيْنًا لَهُ يَقْضِيهِ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny olona malala-tànana dia mahita ny hatsaran’ireo fihetsiny ho trosa efainy, fa ny olona mahihitra dia mahita ny hatsarana nataony teo aloha ho trosa mila efainy aminy.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): الْكَرِيمُ مَنْ جَازَى الْإِسَاءَةَ بِالْإِحْسَانِ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny olona malala-tànana dia izay namaly ny haratsiana amin’ny hatsarana.”

* * * * *

سُورَةُ الشَّمْسِ

NY SOURAT AL-SHAMS

Ny voninahitry ny sourat al-Shams

قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ قَرَأَهَا فَكَأَنَّمَا تَصَدَّقَ بِكُلِّ شَيْءٍ طَلَعَتْ عَلَيْهِ الشَّمْسُ
وَ الْقَمَرُ..... - مجمع البيان -

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) hoe: “Izay namaky azy dia sahala amin’ny namoaka swadaqah isaky ny zavatra tarafin’ily masoandro sy ilay volana.”⁴¹

Ny dikan’ny sourat al-Shams ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- وَالشَّمْسُ وَضَحَاهَا

1- Mianiana amin’ny masoandro sy tara-pahazavany Aho.

2- وَالْقَمَرَ إِذَا تَلَاهَا

2- Sy amin’ny volana rehefa mandimby azy.

3- وَالنَّهَارَ إِذَا جَلَاهَا

3- Sy amin’ny andro rehefa miseho ny hazavany

4- وَاللَّيْلَ إِذَا يَغْشَاهَا

4- Sy amin’ny alina rehefa mandrakotra azy.

5- وَالسَّمَاءَ وَمَا بَنَاهَا

5- Sy amin’ny lanitra sy izay nanorina azy.

⁴¹ Miverena ao amin’ny boky antsoina hoe “Thawaboul-amâl”

6- وَالْأَرْضِ وَمَا طَحَّاها

6- Sy amin'ny tany sy izay nampidadasika azy.

7- وَنَفْسٍ وَمَا سَوَّاهَا

7- Sy amin'ny fanahy sy izay nandavorary azy.

8- فَأَلْهَمَهَا فُجُورَهَا وَتَقْوَاهَا

8- Koa nampahafantatra azy ny fitondrantena ratsy sy ny fahaiza-mitandrana.

9- فَذَاقَ فَلَاحَ مَنْ زَكَّاهَا

9- Efa sambatra tokoa izay nanadio ny fanahiny.

10- وَقَدْ خَابَ مَنْ دَسَّاهَا

10- Ary efa matiantoka kosa izay nanimba azy.

11- كَذَّبَتْ ثَمُودُ بِطَغْوَاهَا

11- Nampandainga i Thamoud nohon'ny fiara-pefiny.

12- إِذِ انْبَعَثَ أَشْقَاهَا

12- Rehefa nitsangana ilay tena tsy valahara tamin'izy ireo.

13- فَقَالَ لَهُمْ رَسُولُ اللَّهِ نَاقَةَ اللَّهِ وَسُقْيَاهَا

13- Dia hoy ilay Irak'i Allah tamin'izy ireo hoe: tandremo fa ramevan'i Allah io ka aoka izy hisotro rano fa aza elingelenina.

14- فَكَذَّبُوهُ فَعَقَرُوها فَذَمْدَمَ عَلَيْهِمْ رَبُّهُم بِذُنُوبِهِمْ فَسَوَّاهَا

14- Nefa izy ireo nampandainga azy ka novonoin'izy ireo izy (ilay rameva) ary naringan'ny Tompon'izy ireo ry zareo ka nihatra tamin'ny rehetra na olom-be na ny ankizy kely ny sazy.

15- وَلَا يَخَافُ عُقْبَاهَا

15- Tsy manam-panahiana amin'izay vokatr'izany i Allah.

Famakafakana ny surat al-Shams

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

Ninianiana Ilay Avo Indrindra amin'ity surat ity amin'ny alalan'ny hazavana sy ny haizina sy amin'ny alalan'ireo kintana eny

amin'ny lanitra sy ny rindran-damina nanaovany azy ireo, sy amin'ny alalan'ny tany sy ny fivelarany ary amin'ny alalan'ny fanahy sy ny fahefany, ninianiana Izy amin'izany rehetra izany mba hanambarany fa izay matahotra Azy no tafita, fa ny olon-dratsy kosa dia ho afa-baraka sy matiantoka, ary toy izao manaraka izao ny antsipiriany izany:

(وَالشَّمْسِ وَضُحَاهَا)

Ninianiana Ilay Avo Indrindra amin'ny alalan'ny masoandro na izy miposaka na tandrifin-drahona satria izy io dia zava-boahary goavana, ary ninianiana koa izy amin'ily hazavan'ny masoandro.

(وَالْقَمَرَ إِذَا تَلَاهَا)

Ny mpisolo tena ها dia miverina amin'ily masoandro ary ny dikany dia hoe: i Allah dia mianiana amin'ny alalan'ny volana rehefa mifanojo ny hazavany amin'ny hazavan'ily masoandro, ka tsy misy haizina afaka manasaraka azy roa, ary izany fotoana izany dia mitranga ao amin'ireo “alina fotsy” izany hoe ny alin'ny faha-13 sy faha-14 ary ny faha-15.

(وَالنَّهَارِ إِذَا جَلَّاهَا)

Ny mpisolo tena ها eto dia miverina ihany koa amin'ily masoandro, ary ny dikany dia hoe: i Allah dia mianiana amin'ny alalan'ny andro antoandro izay mampiharihary ny masoandro ka hahitan'ny maso azy mazava, fa ny tanjona amin'izany fiainiana amin'ny hazavany izany dia mba hampahatsiahivana ireo tombontsoa maro lehibe azo avy aminy, ka hahafahantsika hahay hisaotra sy hankasitraka an'i Allah.

(وَاللَّيْلِ إِذَا يَغْشَاهَا)

Ny mpisolo tena ها eto dia mbola miverina amin'ily masoandro ary mianiana Ilay Be Fahendrena amin'ny alalan'ny andro alina rehefa izy mandrakotra ny hazavan'ily masoandro ka tsy hita taratra mivantana toy ny amin'ny atoandro na amin'ny alalan'ny hazavan'ily volana izay mifanojo amin'ny hazavan'ily masoandro. Izany dia miseho amin'ny alina voalohany sy farany isam-bolana, satria ny tsinam-bolana dia tsy hita maso na hita ihany

fa malefaka... Ary ny andro alina dia manana tombon-tsoa maro ihany koa sahala amin'ny andro antoandro, ka anisan'izany tombon-tsoa azo amin'ny alina izany dia ny fahatoniana sy fialan-tsasatra.

(وَالسَّمَاءِ وَمَا بَنَاهَا)

Ninianana i Allah amin'ny alalan'ny lanitra sy ny fanorenana izay misy eny aminy, tahak'ireo kintana maro izay samy manana ny lalana izorany manokana sy ny hery mampifanintona azy ireo.

وَالْأَرْضِ وَمَا طَحَاهَا

Ny dikan'ny teny hoe طَحَاهَا dia mitovy amin'ny teny hoe دَحَاهَا ao amin'ny sourat النزاعات ka noho izany, i Allah Ilay Mahefa dia ninianana amin'ny tany sy izay nampidadasika azy.

(وَنَفْسٍ وَمَا سَوَّاهَا)

Ny fanahy dia zavatra izay amin'ny alalany nō maha-olona ny olona sy mahabiby ny biby fa isika dia tsy mahalala azy araka ny tena maha-izy azy, fa kosa amin'ny alalan'ny asany toy ny fitomboana sy ny fihetsika sy ny fihainona sy ny fahitana sy ny fahatsapana ny hotsoka amin'ny olona na amin'ny biby, toy izany koa ny fahalalan'ny olombelona ny fitsipika ankapobeny. Fa kosa ny fanahy resahina eto dia ny fanahin'ny olombelona fotsiny, noho ilay tenin'Ilay Avo Indrindra manao hoe:

(فَاللَّهُمَّهَا فُجُورَهَا وَتَقْوَاهَا)

Izay midika hoe: “**koa nampahafantatra azy ny fitondrantena ratsy sy ny fahaiza-mitandrina.**”

Satria ny fitondrantena ratsy sy ny fahaizana mitandrina dia anisan'ny toetran'olombelona fa tsy toetrana biby, noho izany, ny fanahy lavorary amin'ny fanahin'olombelona dia midika fa i Allah dia nahary ao amin'ny fanahin'ny olombelona ny fiomanana feno mba ahafahany manao ny tsara sy ny ratsy ka izany fahafahany

manatanteraka an'izy roa ireo dia mitovy tsy misy valaka. Avy eo, Izy nandrara azy amin'ny fanaovana ny ratsy ary nandidy azy amin'ny fanaovana ny tsara.

Ny porofo entitsika amin'izany fanazavana izany dia ilay andinin'ny Qur'an manao hoe: **إِنَّا هَدَيْنَاهُ السَّبِيلَ إِمَّا شَاكِرًا وَإِمَّا كَفُورًا** “**Marina tokoa fa Izahay dia nitarika azy tamin'ilay làlana koa na izy hankasitraka na hitsipaka.**”⁴²

Eny, marina tokoa fa i Allah dia nahary ao amin'ny fanahin'olombelona ny hery fiomanana mba hanao tsara sy hanao ratsy satria ny olombelona dia lasa olombelona amin'ny alalan'ny fahalalahany sy ny safidiny ary fahefany amin'ny fanaovana tsara sy ny ratsy, fa raha toa ka nahavita ny nanao ny anankiray fa tsy nahavita ny nanao ny hafa dia amin'izay fotoana izay izy dia lasa sahala amin'ny ravin-kazo raraka entin-drivotra ka tsy mendrika deraina na omen-tsiny ary koa tsy mendrika omena fahasoavana na sazy amin'ny zavatra nataony na ny tsy nataony.

(قَدْ أَفْلَحَ مَنْ زَكَّاهَا وَقَدْ خَابَ مَنْ دَسَّاهَا)

Ity andininy ity dia valin'ilay fianianana. Ny fototeny avy amin'ny **أَفْلَحَ** dia **فَلَاحٌ** izay midika hoe fahasambarana, ny avy amin'ny **زَكَّاهَا** dia **زَكَاةٌ** izay midika hoe fahadiovana, ny avy amin'ny **خَابَ** dia **خَيْبَةً** izay midika hoe fatiantoka, ary ny avy amin'ny **دَسَّاهَا** dia **تَدْسِيَةٌ** midika hoe fahabangana na fanaovana tsirambina...

Rehefa avy nanao fianianana Ilay Avo Indrindra tamin'ny alalan'ny hazavana sy ny haizina sy ireo kintana sy ny fomba nanorenana azy ireo, ny tany sy ny fomba nampidadasika azy, ny fanahy sy ny fampiomana feno azy, aorian'izany rehetra izany dia niteny arak'ilay andininy fa izay misafidy ny hatsarana ka namela ny haratsiana ary nanadio ny tenany amin'ireo fahotana, izany no olontsambatra. Fa ny olona izay nisafidy ny haratsiana ka namela ny hatsarana ary nandoto ny fanahiny tamin'ireo fahotana sy ireo haratsiana, izany olona izany no tena matiantoka.

⁴² Sourat al-Insàn 4 :3

(كَذَّبَتْ ثَمُودُ بِطَغْوَاهَا)

Ny teny fameno amin'ilay matoateny كَذَّبَتْ dia takon'ila ary lahatr'azy dia toy izao: Thamoud dia nampandainga an'i Swaleh, izay mpaminan'izy ireo. Thamoud dia anarana foko. Ny teny hoe طَغَى dia fototeny izay midika hoe mioha-pefy amin'ny fanaovana haratsiana.

(إِذْ أَنْبَعَتْ أَشْقَاهَا)

Rehefa izy, ilay tsy valahara no nanafaingana tamin'ny famonoana an'ilay rameva. Ary ity tsy valahara ity dia lasa natao fanoharana taty aoriana nohon'ny haratsiana nataony efa ho an'arivony taona maromaro.

(فَقَالَ لَهُمْ رَسُولُ اللَّهِ نَاقَةَ اللَّهِ وَسُقْيَاهَا)

Ny tiana hambara amin'ny رَسُولُ اللَّهِ eto dia ny mpaminany Swaleh, ary ny نَاقَةَ اللَّهِ dia ilay ramevany izay natao fahagagana ho azy, ny teny hoe وَسُقْيَاهَا dia manondro izay voalaza ao amin'ny andininy faha-155 ka hatramin'ny faha-158 ao amin'ny sourat al-Shouànrà:

"قَالَ هَذِهِ نَاقَةُ اللَّهِ لَهَا شِرْبٌ وَلَكُمْ شِرْبُ يَوْمٍ مَعْلُومٍ وَلَا تَمَسُّوهَا بِسُوءٍ فَيَأْخُذْكُمْ عَذَابٌ عَظِيمٌ فَعَقَرُوهَا فَاصْبِحُوا نَادِمِينَ فَأَخَذَهُمُ الْعَذَابُ "

Izany hoe: “**Hoy Izy** (Mpaminany Swaleh tamin'ny vahoakany): **indro rameva vavy anankiray manana andro fisetroana ary ianareo koa dia manana andro manokana fisetroana. Fa aza manao ratsy aminy ianareo raha tsy izany dia ho tonga aminareo ny sazy amin'ilay andro mahatsiravina. Nefa dia novonoin'izy ireo izy, noho izany dia nanenina izy ireo. Koa dia tonga amin'izy ireo ilay sazy.**”

(فَكَذَّبُوهُ فَعَقَرُوهَا فَذَمَّتْ عَلَيْهِمْ رَبُّهُم بِذَنبِهِمْ فَسَوَّاهَا)

Niteny Ilay Avo Indrindra hoe فَعَقَرُوهَا izay manondro olona maro kanefa dia olona iray ihany no namono, satria izy ireo dia faly tamin'izany fihetsika nataon'ilay mpamono izany, eny fa efa

namporisika azy mihitsy aza izy ireo tahaka ny voalaza ao amin'ny andininy faha-29 sourat al-Qamar manao hoe:

“Nantsoin’izy ireo ilay namany izay nandray -sabatra- ka namono azy.”

Ary ny teny hoe **فَدَمَدَمَ عَلَيْهِمْ** dia midika hoe: naringan’ny Tompon’izy ireo tamin’ny alalan’ny sazy izy ireo. Ny dikan’ny **فَسَوَّاهَا** dia hoe: namotika ny olona rehetra miaraka amin’ny tranon’izy ireo ka tsy nisy tavela izy ireo na ny lehibe na ny kely.

Niteny i Allah Ilay Avo Indrindra ao amin’ny sourat al-Anfal andininy faha-25 nanao hoe:

“**Ary aoka ianareo hatahotra ny loza izay tsy ireo mpanao tsy rariny ihany no ho voany.**”

(**وَلَا يَخَافُ عُقْبَاهَا**)

Niteny ny ankamaroan’ireo mpanao tafsir fa ny mpisolo tena amin’ilay matoateny **يَخَافُ** dia takon’ila izay miverina amin’i Allah, koa ny tiana hambara dia hoe: i Allah dia nanarendrika an’ireo Thamoud sady tsy matahotra velively ny fiafaran’ny faharendrehan’izy ireo. Fa misy ireo mpanao tafsir sasany miteny fa ilay mpisolo tena takon’ila dia miverina amin’ilay tsy valahara satria ao amin’ireo fehezanteny ireo dia misy teny famenony mialoha sy miafara, ka ny lahatr’azy dia toy izao:

إِذْ انبَعَثَ أَشْقَاهَا وَلَا يَخَافُ عُقْبَاهَا فَقَالَ لَهُمْ رَسُولُ اللَّهِ نَاقَةَ اللَّهِ وَسُقْيَاهَا

Fa ny cheikh Moughniah dia niteny nanao hoe: azo atao ny miteny fa ilay mpisolo tena takon’ila dia miverina amin’Ilay Avo Indrindra nohon’ny tsy fisian’ny na iza na iza afaka manohitra ny didiny, araka ny teniny ao amin’ny sourat Al’Imràn andininy faha-154 manao hoe: **“Koa lazao fa an’i Allah avokoa ny raharaha rehetra.”**

* * * * *

4- إِنَّ سَعْيَكُمْ لَشَتَى

4- Marina dia marina fa samihafa ny asa vitanareo.

5- فَأَمَّا مَنْ أَعْطَى وَاتَّقَى

5- Koa izay mahafoy manome sy manam-pahatahorana.

6- وَصَدَقَ بِالْحُسْنَى

6- Ary mahatoky ny valim-pahasoavana (ny finoana islam na ny Paradisa sy ny valisoa).

7- فَسَنُيَسِّرُهُ لِلْيُسْرَى

7- Dia hamorainay ho azy ny asan'ny fankatoavana.

8- وَأَمَّا مَنْ بَخِلَ وَاسْتَغْنَى

8- Koa izay mahihitra kosa sy miseho mahavita tena.

9- وَكَذَّبَ بِالْحُسْنَى

9- Ary mampanainga ny valim-pahasoavana.

10- فَسَنُيَسِّرُهُ لِلْعُسْرَى

10- Dia hamorainay ho azy ny tsy fananana fahombiazana amin'ny fanaovana asa soa.

11- وَمَا يُغْنِي عَنْهُ مَالُهُ إِذَا تَرَدَّى

11- Ary tsy afaka hiaro azy ny harenany rehefa maty sy rendrika izy.

12- إِنَّ عَلَيْنَا لَلْهُدَى

12- Marina dia marina fa (araka ny rariny eo Aminay dia) adidinay tokoa ny fitarihana amin'ny fahamarinana (amin'ny alalan'ny fandefasana ireo Iraka sy fanondroana ireo porofo).

13- وَإِنَّ لَنَا لَلْآخِرَةَ وَالْأُولَى

13- Ary hamafisina koa fa anay tanteraka ny fiainana any ankoatra sy ny eto an-tany.

14- فَأَنْذَرْتُكُمْ نَارًا تَلَظَّى

14- Fa efa nampitandremako anareo ny Afobe miredareda.

15- لَا يَصْلَاهَا إِلَّا الْأَشْقَى

15- Tsy hiditra ao mandrakizay afa-tsy ilay tsy valahara (mpitsipaka an'i Allah).

16- الَّذِي كَذَّبَ وَتَوَلَّى

16- Dia izay nampanainga (ny fahamarinana) sy niamboho (ny “imàn”).

17- وَسَيُجَنَّبُهَا الْأَتْقَى

17- Fa hanalavitra izany kosa ilay tena mpitandrina.

18- الَّذِي يُؤْتِي مَالَهُ يَتَزَكَّى

18- Izay mandany ny harenany amin’ny lafiny tsara.

19- وَمَا لِأَحَدٍ عِنْدَهُ مِنْ نِعْمَةٍ تُجْزَى

19- Ary tsy misy na iza na iza eo anatrehany ka hahazo valim-pahasoavana.

20- إِلَّا ابْتِغَاءَ وَجْهِ رَبِّهِ الْأَعْلَى

20- Afa-tsy izay mitady ny hafalian’ny Tompony Ilay Avo Indrindra sy ny valisoany.

21- وَلَسَوْفَ يَرْضَى

21- Eny, ho afa-po tokoa izy (amin’izay fahasoavana homena azy).

Famakafakana ny sourat al-Layl

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(وَاللَّيْلِ إِذَا يَغْشَى وَالنَّهَارِ إِذَا تَجَلَّى)

Ny teny hoe يَغْشَى dia midika hoe mandrakotra ireo zavatra, ny تَجَلَّى dia midika hoe miseho mazava. Ity fianianana avy amin’Ilay Avo Indrindra ity dia sahala amin’ny hita tamin’ily sourat teo ambony manao hoe وَاللَّيْلِ إِذَا يَغْشَاهَا . Ary efa nazavaintsika teo ambony fa ny tanjona amin’ny fianianana amin’ily hazavana sy ny haizina dia ny fampahatsiahivana amin’ireo tombontsoa misy amin’izy roa ireo.

(وَمَا خَلَقَ الذَّكَرَ وَالْأُنثَى)

Ny مَا eto dia antsoina amin'ny lafiny fitsipi-pitenenana hoe :

مَا مَصْدَرِيَّة , izany hoe io andininy io dia midika toy izao “**ary ny fahariana ny lahy sy ny vavy**”, ary io fahariana io dia mandrakotra ny zava-manan'aina rehetra na olombelona izany na biby na zavamaniry, ka amin'ny alalan'izany no tanteraka ny fananahana ary lavorary ny fahavelomana. Koa eto misy fanontaniana maromaro mety mipetraka, ka ireto avy izany:

Iza no nampisy ny fahavelomana amin'ity zava-boahary iray ity fa tsy avy amin'iry iray hafa iry?

Iza no namerina ny fahavelomana sy nanao azy ho mendrika manaranaka?

Nahoana ny zaza teraka dia indraindray izy lahy ary indraindray vavy nefa avy amin'ny fototra iray?

Moa ve ny zavatra tsy misy saina no nahavita izany fihetsika misy fandrindràna sy fahendrena lalina izany. Sa izany dia tonga tonga ho azy?

Sa ny siansa no nanao fikarohana ka nahita fa ny zavatra iray dia afaka ho antony amin'ny toe-javatra maromaro kanefa tsy misy singa hafa tafiditra ao aminy momba izany zavatra izany?

Eny, ny fiheverana fa ny zavatra tonga tonga ho azy dia fiheverana sy ezaky ny olona tsy mahavita. Noho izany dia tsy misy azo hamaliana an'ireo karazana fanontaniana ireo raha tsy ny filazana fa tsy maintsy misy ilay mpandrindra mahay izay manao lamina arakaraka ny fahendrena avo lenta ananany sy ny rindrandamina lavorary misy aminy.

(إِنَّ سَعْيَكُمْ لَشَتَى)

Ity andininy ity dia valin'ilay fianianana. Ary ny tiany hambara dia hoe: amin'ireo asa ataon'ny olombelona dia misy ny tsara ary misy koa ny ratsy ...

Eto dia misy fanontaniana mety apetraka: efa mazava fa misy ny tsara sy ny ratsy toy izany amin'ireo asa ataon'ny olombelona,

dia nahoana no mbola namafisin'i Allah izany amin'ny alalan'ny fianianana?

Valiny: Eny, ny teny **إِنَّ سَعْيَكُمْ لَشَتَّى** dia fehezanteny mazava raha jerena ety ivelany fa tsy jerena amin'ny vokany sy ny fiarany. Far aha amin'io vokany sy fiafarany io no ijerena azy, toy ny fanamorana ho an'ilay mpanao tsara ny asan'ny fankatoavana; ary ho an'ilay mpanao ratsy kosa dia hamoraina ho azy ny tsy fananana fahombiazana amin'ny fanaovana asa soa ... sns. Marina dia marina fa ny toy izany no ilàna ny fanamafisana na tsy maninona ny fisian'ny fanamafasina izany farafaharatsiny.

Ary ny zavatra iharan'ny fianianana eto dia ny fitambaran'ny tenin'i Allah Ilay Avo Indrindra hoe **إِنَّ سَعْيَكُمْ لَشَتَّى** sy izay teny manarak'azy, dia ilay teny hoe:

(فَأَمَّا مَنْ أَعْطَى)

Koa izay mahafoy manome amin'ny lafiny tsara sy amin'ny làlana tsara.

(وَاتَّقَى)

Ary mihataka amin'ny haram sy ny fahotana.

(وَصَدَّقَ بِالْحُسْنَى)

Ary mino ny Paradisa sy ilay Afo ary ny haram sy ny halàl, ka mampihatra an'izany arakaraka ny fananam-pinoany, fa raha tsy izany, ny fananam-pinoany dia toy ny helon-drano satria ny fananam-pinoana dia fitaovana entina hanatanterahana an'ilay asa fa tsy izy akory no tanjona kendrena.

(فَسَنُيَسِّرُهُ لِلْيُسْرَى)

Mifanohitra ireo mpanao tafsir amin'ny dikan'ilay teny hoe **الْيُسْرَى** fa misy mandika azy io ho Paradisa, misy koa ny milaza azy io ho hatsarana. Ny cheikh M. Abdouh indray dia nilaza fa izy io dia

“toetra izay mahafeno ny fanahy”. Fa ny cheikh Dj. Moughniyah kosa dia niteny hoe: izahay dia manazava ny **الْيُسْرَى** eto amin’ny alalan’ily tenin’i Allah manao hoe: **وَمَنْ يَتَّقِ اللَّهَ يَجْعَلْ لَهُ مِنْ أَمْرِهِ يُسْرًا**. “**Ho an’izay matahotra an’i Allah anefa dia hamorainay ny raharahany.**”⁴³ Izany hoe, arotsak’i Allah aminy ny fanampiany ary omeny fahombiazana amin’izay rehetra misy hatsarana ho azy.

(وَأَمَّا مَنْ بَخِلَ)

Fa izay mahihitra amin’ny fanomezana amin’ny lafiny tsara sy amin’ny lâlana tsara.

(وَأَسْتَعْنَى)

Ary mahita ho mahavita tena amin’ny alalan’ny harenany ka tsy mitady fanampiana avy amin’i Allah; ary koa mihevitra fa ampy ho azy ny fiainany eto an-tany ka tsy miraharaha ny any ankoatra.

(وَكَذَّبَ بِالْحَسَنَى)

Ary mampanainga ny valim-pahasoavana ka milaza fa tsy misy izany Paradisa sy ny Afobe izany na ny halâl sy ny haram.

(فَسْتَيْسِرُهُ لِلْعُسْرَى)

Ny tiana hambara amin’ny **عُسْرَى** eto dia ny filatsahana lalina ao anatin’ny hantsan’ny haratsiana sy ny fahaverezana, ka ny porofo fa izany dikany izany no tiana hambara eto dia ilay tenin’i Allah milaza hoe **إِذَا تَرَدَّى** izay midika hoe maty sy rendrika.

(وَمَا يُغْنِي عَنْهُ مَالُهُ إِذَا تَرَدَّى)

Ny teny **مَا** eto ara-pitsipi-pitenenana dia **إِسْتِفْهَام** "ma" izany hoe **مَا** miendrika fanontaniana, izay midika fitsiniavana ary azo atao ho **مَا** miendrika fandavana mihitsy. Ary ny dikan’ny **تَرَدَّى** dia ny filatsahana lalina amin’ny haratsiana.

⁴³ Sourat al-Twalâq 65 :4

Raha fintinina ny dikan'ireo andininy ireo, manomboka amin'ily tenin'i Allah manao hoe **فَأَمَّا مَنْ أُعْطِيَ** ka hatramin'ny **إِذَا تَرَدَّى** dia manambara fa ny sori-dàlan'i Allah amin'ireo zava-boahary dia manazava amin'izy ireo ny lâlana anankiroa dia ny tsara sy ny ratsy, ary manome ho azy ireo ny fahafahana manao na mamela azy anankiroa ireo, avy eo Izy dia hitsara ny arakaraka ny safidy noraisin'ny tsirairay. Raha nisafidy ny hatsarana ny olona dia hirotsaka aminy ny fahombiazan'i Allah sy ny fanampiany ; fa raha ny haratsiana no nosafidiny dia avelan'i Allah izy amin'ny sitrapony izay mitondra azy any amin'ny faharendrehana.

(**إِنَّ عَلَيْنَا لَلْهُدَى**)

Ity andininy ity dia valin'ny fanontaniana takon'ila toy izao: nahoana i Allah no toa mamela ny olon-dratsy amin'ny haratsiany ka napetrany hanao izay sitrapony? Moa ve izany dia tsy mifanohitra amin'ny Indrafo sy ny Fiantrany?

Namaly i Allah Ilay Lavorary fa ny anjarany dia ny manome fahafahana ho an'ny mpanompony amin'ny fanatanterahana ny asa sy ny saina izay ahafahana manavaka ny tsara sy ny ratsy, avy eo manazava sy manoro lâlana ho azy ary manome vaovao mahafaly sy mampitandrina azy. Koa efa vitan'i Allah izany rehetra izany amin'ny fomba tena lavorary; sady Izy no fiafaran'ily fiantrana sy ny famindrampo.

Fa ny fampiharana ny asa kosa sy ny fanarahana ny baiko dia anjaran'ny mpanompo samirery, fa i Allah dia tsy manery azy amin'izany satria ny faneriterena dia manaisotra ny olona ao anatin'ny fahalalahana sy ny fikasana; eny fa hatramin'ny mahaolombelona azy aza amin'izay fotoana izay dia tsy misy.

Tsara marihina eto fa ny teny **عَلَى** ao amin'ily andininy **إِنَّ عَلَيْنَا لَلْهُدَى** dia manondro hevitra “tsy maintsy” fa izany dia mifanohitra amin'ny fahitan'ny cheikh M. Abdouh sy ireo manampahaizana hafa izay milaza fa ny “tsy maintsy” raha hampiharina amin'ny olombelona dia midika fa ny ankoatra ny tenany no mandidy azy, koa raha tsy tanterahiny izany dia tompon'andraiktra

amin'izany izy. Fa raha hampiharina amin'Ilay Avo Indrindra ny “tsy maintsy” dia midika fa Izy Allah ihany no mandidy ny Tenany, izany hoe, nampanantena Izy ka izany fampanantenany izany dia tsy azony avela. Niteny Ilay Avo Indrindra ao amin'ny sourat al-An'am and.54 manao hoe: **كَتَبَ رَبُّكُمْ عَلَى نَفْسِهِ الرَّحْمَةَ** “**Nandidy ny Tenany amin'ny Fampindrampo ny Tomponareo.**”

(وَإِنَّا لَنَّا لِلْآخِرَةِ وَالْأُولَى)

Allah Irery ihany no tompon'ny fanjakana eto an-tany sy any ankoatra, ary tsy misy tombontsoa azony avy amin'ny fankatoavan'izay mankato Azy sady tsy misy fiantraikany Aminy ny fahotan'izay nanota ; ary tsy misy azon'ny mpanota handosirana ny amin'ny Fitsarana sy ny Fanjakana.

(فَأَنْذَرْتُكُمْ نَارًا تَلَظَّى)

Nandidy amin'ny hatsarana sy nandrara amin'ny haratsiana Ilay Avo Indrindra ary nampitandrina ny mpanota amin'ilay Afo miredareda, angamba izy mety hibe-baka amin'ny fahotany sy hiverina amin'ny Tompony.

(لَا يَصْلَاهَا إِلَّا الْأَشْقَى الَّذِي كَذَّبَ وَتَوَلَّى)

Ny **يَصْلَاهَا** dia midika hiditra ao amin'ilay Afo sy hosaziana ao aminy. Misy miteny fa ny tiana hambara amin'ilay teny hoe **الْأَشْقَى** eto dia ny tsy mpino ; fa ny cheikh M. Abdouh dia nilaza fa ny **الْأَشْقَى** dia izay tena olon-dratsy tafahoatra.

Ny marina anefa hoy ny cheikh Djawad Moughniyah dia tsy ny fampisongadinana ny tena olon-dratsy amin'ny olon-dratsy no tiana hambara eto mikasika amin'ny fidirana ao amin'ilay Afo satria tsy misy olon-dratsy ka tsy hanadrana izany Afo izany. Hoy indrindra i Allah ao amin'ny sourat Houd andininy faha-106 hoe: **“Fa kosa izay olon-dratsy dia ho ao amin'ny Afo, ao izy ireo no hahazo sento sy dradradradra.”** Ary ny fahasamihafana eo amin'ny teny **شَقِيٌّ** sy

ny أَشَقَى dia eo amin'ny fanamafisana an'ily sazy fa tsy eo amin'ny fototr'ily sazy. Koa noho izany, ny tiana hambara amin'ily الْأَشَقَى eto dia izay nanao fahotana amin'i Allah sy niamboho ny didiny na dia niamboho aza izy noho izy tsy mino an'i Allah sy ilay finoany, na mino an'i Allah sy ilay finoany ihany izy fa kosa nanao tsirambina. Tsy misy fahasamihafana amin'izy roa tonta ireo hoy hatrany ny cheikh Moughniyah satria ny fananam-pinoana dia fitaovana hanatanterahana ny asa fa tsy tanjona kendrena. Ary efa voaporofa amin'ny alalan'ny Qour'an fa izay mino kanefa tsy arahin'asa sy izay tsy mpino dia mitovy lenta. Niteny i Allah ao amin'ny sourat al-An'am andininy faha-158 milaza manao hoe: **“Tsy mampisy tombontsoa ho an'ny fanahy ny fananam-pinoany raha tsy efa nino izy teo aloha na izy nanao asa soa tamin'ny fananam-pinoana”**, izany hoe ilay fanahy dia tsy nino mihitsy na nino ihany fa tsy narahin'asa.

(وَسَيُجَنَّبُهَا الْأَتْقَى)

Ny هَا ao amin'ny سَيُجَنَّبُهَا dia miverina amin'ily Afo ary ny dikan'ny سَيُجَنَّبُ dia mihataka lavitra amin'ireo izay mahatonga ny fidirana ao amin'ily Afo ary izany dia ireo haràm, voararan'i Allah ka noho izany, ny tiana hambara amin'ny الْأَتْقَى eto dia ny النَّفِيُّ izany hoe ilay manana fahatahorana an'i Allah.

(الَّذِي يُؤْتِي مَالَهُ يَتَزَكَّى)

Ny يُؤْتِي dia avy amin'ny fototeny hoe الْإِبْنَاءُ izay midika hoe fanomezana, koa ny tiana hambara eto dia izy manome ny harenany sy mandany izany amin'ny lafiny tsara mba hanadiovany ny tenany amin'ny fahotana sy hanakaikezany an'i Allah, ary izany dia tsy itadiavany laza na fanjakazakana na varotra na rehareha.

(وَمَا لِأَحَدٍ عِنْدَهُ مِنْ نِعْمَةٍ تُجْزَى)

Ny fandaniana indraindray dia atao nohon'ny laza sy fisehosehoana na atao nohon'ny valisoan'ny hatsarana ve dia tsy ho hatsarana ? Sahala amin'ny fanomezanao fanomezana ho an'ny olona nanampy anao mba hamaliana ny hatsarana nataony ; fa indraindray koa ny fandaniana dia atao nohon'ny fikasana mba hahazoana tombontsoa sy tombom-barotra ka manome amin'ny tânana anankiray mba hakana amin'ilay tânana ilany, toy ny ataon'ireo mpanao politika amin'ireo fanomezana tetik'asa tsara sy ny ankoatr'izany sy toy ny fanomezana amin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana mba hamaboana ny fon'olona ... Fa ny mpino kosa dia tsy manana fikasana na inona na inona avy amin'izany voalaza izany na ankoatr'izany.

(إِلَّا ابْتِغَاءَ وَجْهِ رَبِّهِ الْأَعْلَى)

Afa-tsy ny fitadiavana ny valisoa avy amin'ny Tompony sy ny fahatahorana ny saziny. Niteny i Allah ao amin'ny surat al-Insàn andininy faha-9 sy faha-10 manao hoe:

إِنَّمَا نَطْعِمُكُمْ لَوَجْهِ اللَّهِ لَا نُرِيدُ مِنْكُمْ جَزَاءً وَلَا شُكُوراً إِنَّا نَخَافُ مِنْ رَبِّنَا يَوْماً عَبُوساً قَمْطَرِيرًا

“Marina dia marina fa izahay dia mampisakafo anareo nohon'ny fitadiavana hafalian'i Allah manokana, tsy mitady avy aminareo valisoa na fisaorana. Marina dia marina fa izahay dia matahotra avy amin'ny Tomponay ilay andro mampikentrona sy feno loza.”

(وَلَسَوْفَ يَرْضَى)

Allah hanome ny olona ny zavatra mahafaly azy rehetra noho izy nandany ny harenany ho an'i Allah, eny izany aza dia hihoatra izay iriny. Misy miteny fa ny mpisolo tena amin'ny matoateny الْأَنْفَى dia miverina amin'i Allah fa tsy miverina amin'ilay الْأَنْفَى kanefa raha dinihina ny dikany amin'izy roa ireo dia iray ihany, hoy

ny cheikh Moughnyah; satria i Allah rehefa faly amin'ny mpanompony dia tsy maintsy manao izay mahafaly azy.

Niteny ny cheikh Mouhammad Abdouh manam-pahaizana ao amin'ny antokom-pinoana sounnah, araka ny voalazan'ny cheikh Djawad Moughnyah fa ireo mpanao tafsir dia misy milaza fa ireto andinin'ny Qur'an ireto dia nidina ho fankalazana an'i Abou Bakr, fa ny cheikh Moughnyah dia niteny nanao hoe: isika dia tsy mandà izany raha toa ka misy porofo afaka manamarina izany, kanefa ny dikan'ireo andininy ireo dia hita fa milaza hevitra ankapobeny fa tsy voatokana ho an'olona iray.

Lohahevitra ny andininy faha-17

الرَّحْمَةُ وَالتَّرَاحُمُ بَيْنَ النَّاسِ

Ny famindrampo sy ny fifamindrampo eo amin'ny olombelona

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): إِنَّمَا يَرْحَمُ اللَّهُ مَنْ عِبَادَهُ الرَّحْمَاءُ . (كنز العمال ح 5968)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Marina dia marina fa ny omen'i Allah famindrampo amin'ireo mpanompony dia ireo mpamindrafo.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ رَحِمَ وَلَوْ ذَبِيحَةَ عَصْفُورٍ رَحِمَهُ اللَّهُ . (كنز العمال

ح 15614)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Izay mamindrafo na dia amin'ny alalan'ny fody efa notapaham-bozona aza dia hamindrafo aminy i Allah.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): اِرْحَمُوا عَزِيزاً ذَلَّ وَغَنِيًّا افْتَقَرَ وَعَالِمًا ضَاعَ فِي

زَمَانٍ جُهَالٍ . أَوْ (...عَالِمًا تَتَلَاَعَبُ بِهِ الْجُهَالُ) (البحار ج 74 ص 405)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Aoka ianareo hamindrafo amin’ny olona latsa-boninahitra sy amin’ny mpanarivo lasa nahantra ary amin’ny manam-pahaizana very ao amin’ny vanim-potoanan’ireo bado na (...manam-pahaizana adalain’ireo bado)”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ لَمْ يَرْحَمْ صَغِيرَنَا وَ لَمْ يَعْرِفْ حَقَّ كَبِيرَنَا فَلَيْسَ مِنَّا. (كنز العمال ح 5970)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Izay tsy mamindrafo amin’ny kelinay sy tsy mahalala ny zon’ny olobenay dia tsy anisanay.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): الرَّاحِمُونَ يَرْحَمُهُمُ الرَّحْمَنُ يَوْمَ الْقِيَامَةِ، إِرْحَمْ مَنْ فِي الْأَرْضِ يَرْحَمَكَ مَنْ فِي السَّمَاءِ. (البحار ج 77 ص 167)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Ireo mpamindrafo dia hamindrafo ho azy ireo Ilay Be Famindrampo amin’ny andron’ny Fitsanganana.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): إِرْحَمِ الْمَسَاكِينَ . (كنز العمال ح 5983)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Aoka ianareo hamindrafo amin’ireo mahantra.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): إِرْحَمْ مِنْ أَهْلِكَ الصَّغِيرَ وَوَقِّرِ الْكَبِيرَ. (البحار ج 78 ص 99)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Aoka ianareo hamindrafo amin’ny fianakavianao madinika ary hanaja ny lehibe.”

* * * * *

4- وَالْآخِرَةُ خَيْرٌ لَّكَ مِنَ الْأُولَى

4- Ary ny fiainana any ankoatra no tsara ho anao noho izao fiainana izao.

5- وَالسُّوفُ يُعْطِيكَ رَبُّكَ فَتَرْضَى

5- Ary mbola hanome ho anao -fahasoavana- ny Tomponao ka ho faly ianao.

6- أَلَمْ يَجِدْكَ يَتِيمًا فَآوَى

6- Moa ve tsy hitany kamboty ianao ka notsimbininy?!

7- وَوَجَدَكَ ضَالًّا فَهَدَى

7- Sy hitany sanganehana ianao ka notarihiny lâlana?!

8- وَوَجَدَكَ عَائِلًا فَأَغْنَى

8- Ary hitany nahantra ianao ka nomeny ny ampy?!

9- فَأَمَّا الْيَتِيمَ فَلَا تَقْهَرْ (9)

9- Koa ny kamboty kosa dia aza mba mamabo azy (aza mamabo ny zon'ny kamboty nohon'ny fahalemeny).

10- وَأَمَّا السَّائِلَ فَلَا تَنْهَرْ

10- Ary koa ny mpangataka dia aza mandroaka sy mitrerona azy.

11- وَأَمَّا بِنِعْمَةِ رَبِّكَ فَحَدِّثْ

11- Fa aoka ny fahasoavan'ny Tomponao dia mba tantarao.

Famakafakana ny sourat al-Lwouhà

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(وَالضُّحَىٰ وَاللَّيْلِ إِذَا سَجَىٰ)

Ny tiana hambara amin'ny الضُّحَىٰ eto dia ny tontolo andro rehetra ary ny porofon'izany dia ilay teny اللَّيْلِ izay mifanohitra

aminy. Fa nampiasain'i Allah ilay teny tontolo andro amin'ny alalan'ny teny hoe الضُّحَى satria izy io no fiandohan'ny andro araka ny voalazan'i Fakhr al-Ràzi, na tanoran'ny tontolo andro, araka ny voalazan'ny cheikh M. Abdouh. Ary ny dikan'ny سَجَى dia fahanginana, ary amin'ny fomba fiteny ny لَيْلٌ سَاحٍ dia alina mangina, nohon'ny fahanginan'ny rivotra amin'izany alina izany no sady mikitroka ny haizina. Fa ny tiana hambara amin'ny fahanginan'ny alina eto dia ny fahanginan'ny zava-drehetra tsy misy hetsika ataony, tahaka ny alina fahatorian'ny olona sy ny andro fifehezany. Allah dia ninianiana amin'ny alina sy ny tontolo andro satria izy roa ireo dia anisan'ireo famantarany lehibe ... Tsara marihina eto fa maro amin'ireo manam-pahaizana no milaza fa ny Mpaminany dia nanao fanompoam-pivavahana izay antsoina hoe صَلَاةُ الضُّحَى tamin'ny fotoanan'ny fanavotana ny tanànan'i Makka, ary izany swalàt izany dia misy rakanh roa arak any fahitan'ny sasany fa ny hafa kosa milaza fa misy rakanh mihoatra ny roa izy io. Ny rehetra dia milaza fa izy io dia swalàt moustahab na sounnah. Ny shian mpanaraka an'ireo Imàm miisa roa ambin'ny folo kosa dia nilaza hoe: ny swalàt moustahab dia tsy natao misy fetrany satria izy io dia zavatra entin'ireo matahotra an'i Allah manakaiky Azy, ka noho izany ny olona dia manan-tsafidy na izy manao vitsivitsy na izy manao izany betsaka; ary ny olona tsirairay dia afaka manao swalàt roa rakanh amin'ny fotoana sy toerana rehetra amin'ny fikasana mba hanakaikezana an'i Allah.

(مَا وَدَّعَكَ رَبُّكَ وَمَا قَلَى)

Ity andininy ity dia valin'ilay fianianana, ary ny dikany dia hoe tsy nandao na nankahala anao ny Tomponao. Ny manam-pahaizana mpanao tafsir dia mifanaraka fa nisy fotoana izay nampiato ny fahatongavan'ny hafatra tamin'ny Mpaminany (s.a.w)

nandritra ny andro maromaro, ka niteny ireo mpanompo sampy nanao hoe: Andriamanitr'i Mouhammad dia tezitra aminy sy nandao azy. Koa dia nampidin'ny Allah io andininy io. Fa ny cheikh M. Abdouh hoy ny cheikh Moughniyah dia niteny ary tsara ny teny nolazainy, nanao hoe: eo amin'ny firafitr'ilay surat dia tsy misy fanambarana mikasika izany. Ary avy aiza no ahafantaran'ireo mpanompo sampy ny fotoana fidinan'ny hafatr'i Allah? Fa raha ny tena marina, ny Mpaminany dia nangetaheta ny fidinan'ny hafatra taorian'ny nanandramany ny tsiron'izany, ka mazava ho azy fa ny tsiro rehetra dia arahin'ny tebiteby ary ny tebiteby dia mifangaro amin'ny fahatahorana. Efa voalaza amin'ny hadith fa ny Mpaminany (s.a.w) dia nanana tebitebim-pahatahorana lehibe tamin'ny fidinan'ireo hafatra.

(وَلِلْآخِرَةِ خَيْرٌ لَّكَ مِنَ الْأُولَىٰ وَلَسَوْفَ يُعْطِيكَ رَبُّكَ فَتَرْضَىٰ)

Ny resahina eto dia ilay Iraka be voninahitra (s.a.w) ary ny tiana hambara amin'ny لِلْآخِرَةِ eto dia ny fiainana any ankoatra; ary ny fiainana eto an-tany nanomboka tamin'ny fidinan'ny hafatra tamin'ilay Iraka ka hatramin'ny andro Fitsanganana dia tsy misy andro iray aza mandalo ka tsy misy amin'ireo silamo no tera-bao maromaro. Ankoatr'izany, amin'ireo vahoaka sasany dia misy tafiditra silamo. Izany rehetra izany dia tombony ho an'i Mouhammad sy ny finoana nentiny.

Koa ny dikan'ilay andininy dia hoe: ry Mouhammad, i Allah dia hanampy anao avy amin'ny fahasoavany, isan'andro isan'andro hatramin'ny andron'ny Fitsanganana, ary ambonin'izany rehetra izany ianao amin'ny andro farany dia ho tena be voninahitra; koa moa ve mahafaly anao izany?! Ary moa ve mbola misy ilinao koa ankoatr'izany?! Avy eo Ilay Avo Indrindra dia nanambara ny fahasoavana natao tamin'ny Mpaminany nialohan'ny nahazoany faminiana, tahaka hoe Izy nilaza taminy nanao hoe: efa nomeko fahasoavana tsy manam-petra ianao nanomboka tamin'ny

voalohan'ny andronao. Ary ireto manaraka ireto ny fahasoavana sasantsasany nomena an'ily Mpaminany (s.a.w) talohan'ny Faminaniana:

Voalohany dia ilay andininy hoe:

(أَلَمْ يَجِدْكَ يَتِيمًا فَآوَى)

Ity fanontaniana ity dia mba ho fanekena ny zava-nisy marina, izany hoe i Allah dia mila manambara fa ianao teo dia sahala amin'izany.

Niteny ny cheikh M. Abdouh nanao hoe: “Ny Mpaminany dia efa kamboty sahadry fony Izy mbola tao ambohoka satria ny rainy dia nodimandry tao Madina. Ary nandray andraikitra Azy tamin'ny fandraisana tsara ny raibeny, i Abdoul-Mouttwalib, avy eo dia nodimandry ity raibeny ity tamin'ny fahavalon'ny taonany, ka nandray andraikitra Azy ilay dadatoany araka ny hafatry ny rainy, i Abdoul-Mouttwalib ka tena nikarakara sy niahy Azy fatratra tamin'ny fahazazany, ary tamin'ny fahalehibeazany dia nanana fitiavana tafahoatra Azy ilay dadatoany; fa izy mandra-pahafatiny dia mbola niaro sy nanavotra Azy ihany koa rehefa nomen'i Allah faminaniana Izy. Taorian'ny fahafatesan'ity dadatoany ity vao nasahy nampahory Azy ireo Qouraish mpanompo sampy tao Makka, ka nahatonga Azy nifindra monina tao Madina. Izany no fitsimbinan'i Allah an'ily Mpaminaniny tamin'Izy kamboty.”

Faharoa dia ilay andininy hoe:

(وَوَجَدَكَ ضَالًّا فَهَدَى)

Mifanohitra ireo mpanao tafsir mikasika ny dikan'ily teny hoe ضَالًّا eto, ary araka ny voalazan'i Fakhr al-Razi dia miisa roapolo ireo hevitra mifanohitra..! Fa ny tena manakaiky ny fahamarinana amin'izy ireo dia ny hevitra milaza hoe: ny Mpaminany dia sanganehana Izy teo mikasika ny raharahan'ireo vahoakany sy ny fahaverezan'izy ireo tanteraka amin'ny finoana sy

ny fomba amam-panaon'izy ireo sy ny fihetsika ratsy sy ny habadoan'izy ireo sy ny fifandirana misy eo amin'izy ireo... Ary tsy hainy inona ny fomba atao mba hitarihana azy ireo amin'ny làl-mahitsy mandra-pidinan'ily hafatra taminy izay nanazava ny zava-drehetra sady fahitsiana sy famindrampo ho an'izao tontolo izao. Koa ny ضَالًّا izay mihatra amin'ny Mpaminany (s.a.w) eto dia fahasanganehana izany hoe amin'ny fomba ahoana ahafahany mampahitsy an'ireto vahoaka mpitsipaka ireto, ka ilay الْهُدَى na ny fahitsiana azony dia ny fidinan'ily Qour'an taminy.

Fahatelo dia ilay andininy hoe:

(وَوَجَدَكَ عَائِلًا فَأَغْنَى)

Ilay teny عَائِلًا dia midika ho mahantra na dia manana ankohonana izy na tsia. Ny mpitantara hadith dia milaza manao hoe: marina tokoa fa ilay Iraka (s.a.w) dia tsy nandova ny rainy afa-tsy rameva iray sy mpanompovavy iray. Fa i Allah kosa dia nanome ny ampy Azy tamin'ny alalan'ny fikarakaran'ily dadatoany Azy sy tamin'ny alalan'ny harenan'i Khadidjah Bint Khouwailid ary koa tamin'ireo harena babo an'ady.

(فَأَمَّا الْيَتِيمَ فَلَا تَقْهَرْ وَأَمَّا السَّائِلَ فَلَا تَنْهَرْ)

Mazava ho azy fa izay avy kamboty sy nahantra dia mendrika mba hikarakara tokoa an'ireo mahantra sy kamboty sy hanana firaharahana fatratra mikasika azy ireo... Ary tsy misy fisalasalana fa izany dia famporisihana sy fampianarana fahalalam-pomba ho an'izay rehetra nanana tetika na te hanana tetika hamabo ny kamboty na handroaka sy hitrerona ny mpangataka; fa ny tena marina ilay Iraky ny famindrampo dia olona manana fahambonian-toetra tsara tafahoatra ary Izy dia manana fiantrana sy indrafo amin'ireo olona malemy.

(وَأَمَّا بِنِعْمَةِ رَبِّكَ فَحَدِّثْ)

Fa aoka ny fahasoavan'ny Tomponao dia mba tantarao ho fisaorana an'i Allah sy ho fankasitrahana Azy, satria voalaza ao amin'ny hadith masina fa ny firesahana an'ireo fahasoavan'i Allah dia fisaorana Azy.

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): "فَحَدِّثْ بِمَا أَعْطَاكَ اللَّهُ وَ فَضَّلَكَ وَ رَزَقَكَ وَ أَحْسَنَ إِلَيْكَ وَ هَذَاكَ."

Nilaza ny Imàm Swadiq (a.s) mikasika ny dikan'ity andininy ity manao hoe: **“Tantarao izay nomen'i Allah anao sy ny fanomezany voninahitra anao sy ny anjara masoandro nomeny anao sy ny hatsarana nataony taminao ary ny fahitsiana notarihany anao.”**

* * * * *

سُورَةُ الشَّرْحِ

NY SOURAT AL-SHARH

Ny voninahitry ny sourat al-Sharh

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ أَكْثَرَ قِرَاءَةَ وَالشَّمْسِ وَضُحَاهَا وَاللَّيْلِ إِذَا يَغْشَى وَالضُّحَى وَالْمَنْ نَشَرَخَ فِي يَوْمٍ أَوْ لَيْلَةٍ لَمْ يَبْقَ شَيْءٌ بِحَضْرَتِهِ إِلَّا شَهِدَ لَهُ يَوْمَ الْقِيَامَةِ حَتَّى شَعْرَهُ وَبَشْرَهُ وَلَحْمِهِ وَدَمِهِ وَعُرْوَقِهِ وَعَصْبِهِ وَعِظَامِهِ وَجَمِيعَ مَا أَقْلَتِ الْأَرْضُ ... - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Swadiq (a.s) hoe: “Niteny ny Imàm Swadiq (a.s) hoe: “Izay mamaky matetika ny وَالشَّمْسِ وَضُحَاهَا وَاللَّيْلِ إِذَا يَغْشَى وَالضُّحَى amin’ny andro iray na alina iray dia tsy misy zavatra ao aminy ka tsy hanao vavolombelona ho azy amin’ny andron’ny Fitsanganana eny fa hatramin’ny volony sy ny hodiny sy ny nofony sy ny ràny sy ny hatsembohany sy ny hozany sy ny taolany ary izay rehetra eo ambonin’ny tany”

Ny dikan’ny sourat al-Sharh ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- أَلَمْ نَشْرَحْ لَكَ صَدْرَكَ

1- Moa tsy efa novelarinay ve ny tratranao.

2- وَوَضَعْنَا عَنكَ وِزْرَكَ

2- Ary nesorinay ny zioga mavesatra teo Aminao.

3- الَّذِي أَنْقَضَ ظَهْرَكَ

3- Izay nanavesatra ny lamosinao.

4- وَرَفَعْنَا لَكَ ذِكْرَكَ

4- Ary nasandratray ho ambony ny lazanao.

5- فَإِنَّ مَعَ الْعُسْرِ يُسْرًا

5- Koa marina dia marina fa mifanindran-dàlana ny fahasoratana sy ny fahamorana.

6- إِنَّ مَعَ الْعُسْرِ يُسْرًا

6- Eny fa mifanindran-dàlana ny fahasarotana sy ny fahamorana.

7- فَإِذَا فَرَغْتَ فَانصَبْ

7- Koa rehefa nahavita (ny swalàt na ireo adidy) Ianao dia mikiriza (amin'ny fanaovana douan sy ireo asa soa).

8- وَإِلَىٰ رَبِّكَ فَارْغَبْ

8- Ary any amin'ny Tomponao no anetrenao tena (amin'ny fangatahana).

Famakafakana ny surat al-Sharh

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

Niteny ilay manam-pahaizana sounnah antsoina hoe Fakhr al-Razī nanao hoe: “Voaray avy tamin'i Twawous sy i Omar ibn Abdoul-Aziz fa ity surat ity sy ny surat al-lwouhà dia iray ihany, ary izy roalahy ireo dia namaky ireo surat ireo ao amin'ny rakanh iray ka tsy nisy بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ manelanelana azy roa ireo. Ary ny nahatonga azy roa nanao izany dia nohon'ny teny hoe أَلَمْ نَشْرَحْ لَكَ sahala amin'ny mpampitohy, izay mampitohy amin'ilay andininy hoe : أَلَمْ يَجِدْكَ يَتِيمًا. Ary niteny ilay manam-pahaizana shianh tompon'ny boky tafsīr antsoina hoe مَجْمَعُ النَّبِيِّانِ nanao hoe: “Voaray avy tamin'ireo manam-pahaizanay (ireo shianh mpanaraka an'ireo Imàm roa ambin'ny folo), fa ireo surat roa ireo dia surat iray ihany, nohon'ny fifamatoran'ny anankiray amin'ny iray namany.

Ary izy roa ireo dia novakian'izy ireo ao amin'ny rakanh iray amin'ny swalàt wadjib. Torak'izany koa ny sourat **أَلَمْ تَرَى كَيْفَ** sy ny sourat **لِإِيلَافِ قُرَيْشٍ**.”

Ny manam-pahaizana, cheikh al-Maràghī dial nilaza nanao hoe: “Nidina ity sourat ity taorian'ny sourat al-Lwouhà ary izy io dia nanana fifandraisana fatratra amin'ilay sourat teo alohany.”

Niteny ihany koa ny tompon'ny boky tafsir **الطَّلَال** nanao hoe: “Ity sourat ity dia nidina taorian'ny sourat al-Lwouhà, ary sahala amin'ny famenony izy io.”

(أَلَمْ نَشْرَحْ لَكَ صَدْرَكَ)

Sempotra ny Mpaminany (s.a.w) nohon'ny haratsiana nisy teo amin'ny fiaraha-monina niainany ary sanganehana Izy amin'ny fitadiavana ny vahaolana hanatsarana ny vahoakany sy hitari-dàlana azy ireo amin'ny lāla-mahitsy, hany ka nidina taminy ilay Qour'an sy nanazava taminy ilay lālana izay nokatsahiny amin'ny fanatsarana sy fampahitsiana. Koa tony ny fony ary nivelatra ny tratrany. Novelarina ny tratrany amin'ny fametrahan'i Allah ireo fahalalana sy ny fahendrena ary ny fanesorana ny fahasemporana sy ny fahaterena nisy taminy.

(وَوَضَعْنَا عَنكَ وِزْرَكَ الَّذِي أَنْقَضَ ظَهْرَكَ)

Ny atao hoe **الْوِزْر** dia zioga mavesatra fa ny tiana hambara eto dia ny alahelon'ny Mpaminany (s.a.w) nohon'ny toetra ratsy nisy tamin'ireo vahoakany toy ny fanompoan-tsampy sy ny fanaovana zavatra haràm, ka nampitony ny Mpaminaniny tamin'ny alahelony i Allah tamin'ny alalan'ny fampidinana ny Qour'an taminy.

Koa noho izany, ny tiana hambara amin'ny teny ... **وَوَضَعْنَا عَنكَ** dia mitovitovy amin'ny tiana hambara tamin'ilay andininy manao hoe **أَلَمْ نَشْرَحْ لَكَ صَدْرَكَ**. Tsy misy ny fahasamihafana amin'ny fomba sy

ny fanononana fa ny tanjona amin'izany dia ny fanamafisana sy ny fanazavana bebe kokoa.

(وَرَفَعْنَا لَكَ ذِكْرَكَ)

“Ary nasandratrany ho ambony ny lazanao.” Inona koa moa ny voninahitra tena avo sy ambony indrindra mihoatra ny fiarahan'ny anaran'i Mouhammad amin'ny anaran'i Allah, fankatoavan'i Mouhammad amin'ny fankatoavan'i Allah araka ny voalazan'ny Qour'an ao amin'ny sourat al-Nisàe andininy faha-80 manao hoe : مَنْ يُطِيعِ الرَّسُولَ فَقَدْ أَطَاعَ اللَّهَ “Izay mankato an'ilay Iraka dia efa nankato an'i Allah.”

Nilaza koa ny Qour'an ao amin'ny sourat al-Ahzàb andininy faha-36 manao hoe : وَمَنْ يَعْصِ اللَّهَ وَرَسُولَهُ فَقَدْ ضَلَّ ضَلَالًا مُّبِينًا “Ary izay manohitra an'i Allah sy ilay Irany dia efa very amin'ny fahaverezana miharihary.” Midika izany fa ny tenin'i Mouhammad (s.a.w) dia teny avy amin'i Allah avokoa.

(فَإِنَّ مَعَ الْعُسْرِ يُسْرًا إِنَّ مَعَ الْعُسْرِ يُسْرًا)

Ny dikany dia mazava fa ny fahasoratana dia arahin'ny fiadanana na ho ela na ho haingana, satria ny tiana hambara amin'ilay teny hoe مَعَ eto, dia fanamafisana ny fanantenana amin'ny fiavian'ny fahamorana na ny fiadanana na dia ho ela aza izany; fa tsy midika akory io teny io ho fiarahana.

Eto ny olona dia mety hanontany hanao hoe: inona no tanjona amin'ny famerimberenana ireo andininy roa ireo?

Namaly ny cheikh Djawad Moughniyah nanao hoe: Isika dia tsy mahita valin'izany afa-tsy ny hoe, fanamafisana ity hevitra ity ao amin'ny fanahin'olombelona sy mampitony ny fon'izy ireo amin'izany, satria ity hevitra ity dia zavatra mampisy fisalasalana tokoa amin'ny olona na amin'ny ankamaroan'ny olona.

Misy amin'ireo manam-pahaizana no miezaka manazava ireo andininy ireo ka manavaka ny dikan'ny الْعُسْرُ voalohany amin'ny faharoa, fa ny cheikh Moughniyah dia milaza fa ny fahazoana aratsaina ny hevitra ny الْعُسْرُ voalohany dia mitovy amin'ny hevitr'ilay

faharoa ihany, ka tsy misy ny mahasamihafa azy ireo na amin'ny firafitra na amin'ny dikany.

Ny olona dia mety hanontany ihany koa hanao hoe: efa hitanay ny ankamaroan'ny olona fa tsy misaraka aminy ny fahasarotana mandra-pahafatiny, koa raha izany no raisina dia hita fa tsy mifanaraka amin'ny dikan'ily andininy ara-bakiteny, koa inona no azo hamalianareo izany?

Valiny: marina tokoa fa ny lalàna ao amin'ity andininy ity dia raisina amin'ny hevitra ankapobeny fa tsy raisina amin'ny hevitra ankamaroany ... izany no voalohany, fanampin'izany, ilay andininy dia mampiditra fanantenana ao amin'ny fon'olombelona sy mamporisika azy mba hiasa ho afaka amin'ny fahasarotana mianjady aminy, saingy ilaina ny fiankinany amin'i Allah sy ny fanavotany.

(فَادَا فَرَعَتْ فَانصَبْ)

Ny tiana hambara amin'ny النَّصْبُ eto dia ny harerahana, koa ny dikan'ily andininy dia hoe: Ry Mouhammad, rehefa nahavita ny asa Ianao nohon'ny fiainana dia mikiriza sy miezaha ho an'ny fiainana amin'ny andro farany.

Tsara marihina fa misy sasany amin'ireo karamaina mba hanao sy hanaparitaka “fitna” amin'ireo samy silamo, no milaza fa ny shian dia manazava ny teny فَانصَبْ voalaza ao amin'io andininy io fa fanendrena an'i Ali (a.s) amin'ny khilâfah na fitondrana taorian'ily Iraka (s.a.w) ... Fa ampy ho valin'izany fampandaingana ny shian izany, hoy ny cheikh Djawad Moughniyah, ny teny izay nolazain'ny manam-pahaizana shian tompon'ily boky tafsir مَجْمَعُ النَّبِيِّينَ no sady anisan'ireo manam-pahaizana lehibe mpanao tafsir amin'ireo shian, mikasika ny fanazavana an'ity andininy ity nanao hoe: “Ny dikan'ny انصب dia avy amin'ny teny hoe النَّصْبُ izay midika hoe harerahana, izany hoe toy ny milaza Aminy ny Tompony manao hoe: **aza miala sasatra Ianao.**”

(وَإِلَى رَبِّكَ فَارْغَبْ)

Ny fonao dia aza avela hitodika amin'ny hafa ankoatr'i Allah ary aza mitalaho na amin'iza na amin'iza ankoatr'Azy.

قَالَ الرَّسُولُ الْأَعْظَمُ (ص): "إِذَا سَأَلْتَ فَاسْأَلِ اللَّهَ، وَإِذَا اسْتَعْنَيْتَ فَاسْتَعِنْ بِاللَّهِ، وَاعْلَمْ أَنَّهُ لَوْ اجْتَمَعَتِ الْإِنْسُ وَالْجِنُّ عَلَى أَنْ يَنْفَعُوكَ بِشَيْءٍ لَمْ يَنْفَعُوكَ إِلَّا بِشَيْءٍ قَدْ كَتَبَهُ اللَّهُ لَكَ، وَلَوْ اجْتَمَعَتْ عَلَى أَنْ يَضُرُّوكَ لَمْ يَضُرُّوكَ إِلَّا بِشَيْءٍ قَدْ كَتَبَهُ اللَّهُ عَلَيْكَ".

Niteny ilay Iraka lehibe indrindra (s.a.w) nanao hoe: “**Rehefa mangataka ianao dia mangataha amin'i Allah, ary rehefa mitalaho ianao dia mitalahoa amin'i Allah, ary fantaro fa na dia hitambatra ny olona sy ny jiny mba hanasoa anao amin'ny zavatra iray dia tsy afaka hanasoa anao amin'ny zavatra iray izy ireo raha tsy zavatra efa voasoratr'i Allah ho anao; ary koa na dia hitambatra izy ireo mba hanao ratsy aminao dia tsy afaka hanao ratsy aminao izy ireo raha tsy amin'ny zavatra efa voasoratr'i Allah hianjady aminao.**”

Lohahevitra ny andininy faha-7

الْفَرَاغُ

Ny fotoana malalaka

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): جَلَّتَانِ كَثِيرٌ مِنَ النَّاسِ فِيهِمَا مَفْتُونٌ: الصَّحَّةُ وَالْفَرَاغُ. (فروع الكافي ج 2 ص 152)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Misy toetra anankiroa, ny ankamaroan'ny olombelona dia ten ate hanana azy roa: dia ny fahasalamana sy ny fotoana malalaka.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): إِعْلَمْ أَنَّ الدُّنْيَا دَارٌ بَلِيَّةٌ لَمْ يَفْرُغْ صَاحِبُهَا فِيهَا قَطُّ سَاعَةً إِلَّا كَانَتْ فَرَّغَتْهُ عَلَيْهِ حَسْرَةٌ يَوْمَ الْقِيَامَةِ ... (شرح نهج البلاغة ج 17 ص 145)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Fantaro fa tena marina ny eto an-tany dia toeran’ny loza izay tsy manam-potoana malalaka mihitsy ny tompony raha tsy hoe ny fotoanany malalaka dia ny fanenenana ho azy any amin’ny andron’ny Fitsanganana.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): مِنْ الْفَرَاغِ تَكُونُ الصُّبُوَةُ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Avy amin’ny fisian’ny fotoana malalaka ny habadoana tamin’ny fahatanorana.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): إِنْ يَكُنِ الشُّغْلُ مَجْهَدَةً فَاتَّصَالَ الْفَرَاغُ مَفْسَدَةً.

(البحار ج 77 ص 419)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Raha toa ka ny tsy fananam-potoana no fahazoana hasasarana dia ny fandraisana ny fotoana malalaka no fahazoana ny fahasimbana.”

- قَالَ الْإِمَامُ الْكَاطِمُ (ع): إِنْ اللَّهُ لَيُبْغِضُ الْعَبْدَ النَّوَامَ، إِنْ اللَّهُ لَيُبْغِضُ

الْعَبْدَ الْفَارِغَ . (من لا ينصره الفقيه ج 3 ص 103)

Niteny ny Imàm Kàzwim (a.s) hoe: “Marina tokoa fa i Allah dia tena mankahala ny mpanompo be torimaso, marina tokoa fa i Allah dia tena mankahala ny mpanompo tsy misy asa atao.”

وَ مِنْ أَدْعِيَةِ الْأَيْمَةِ (ع) بِخُصُوصِ الْفَرَاغِ

Anisan’ny tonombavak’ireo Imàm (a.s)

Mikasika manokana ny fananam-potoana malalaka

- قَالَ الْإِمَامُ زَيْنُ الْعَابِدِينَ (ع): وَاشْغُلْ قُلُوبَنَا بِذِكْرِكَ عَنْ كُلِّ ذِكْرٍ،

وَالسِّنَّتْنَا بِشُكْرِكَ عَنْ كُلِّ شُكْرٍ، وَجَوَارِحَنَا بِطَاعَتِكَ عَنْ كُلِّ طَاعَةٍ فَإِنْ قَدَّرْتَ لَنَا فَرَاغًا مِنْ شُغْلٍ، فَاجْعَلْهُ فَرَاغًا سَلَامَةً لَا نُذْرِكُنَا فِيهِ تَبِعَةً، وَلَا نُلْحِقُنَا فِيهِ سَأْمَةً، حَتَّى يَنْصَرِفَ عَنَّا كِتَابُ السِّيَّاتِ بِصَحِيفَةٍ خَالِيَةٍ مِنْ ذِكْرِ سَيِّئَاتِنَا، وَيَتَوَلَّى كِتَابَ الْحَسَنَاتِ عَنَّا مَسْرُورِينَ... (الصحيفة السجادية دعاء 11)

Niteny ny Imàm Zàinoul-‘Abidine (a.s) (tamin’ny tonombavaka nataony) hoe: “Ampiasao ireo fonay amin’ny fahatsiaroavana Anao ka miala amin’ny fahatsiarovana rehetra, sy ny lelanay amin’ny fisaorana Anao ka miala amin’ny fisaorana rehetra, sy ireo rantsam-batanay amin’ny fankatoavana Anao ka miala amin’ny fankatoavana rehetra. Koa raha nalahatrao ho anay ny fahavitan’ny asa iray dia ataovy izany mba ho fotoana malalaka hanjakan’ny fahasalamana fa tsy hihatra aminay ao aminy ny fahotana, sady tsy hanarakanay ao aminy ny fahakiviana, mandrapialan’ny bokin’ny haratsiana aminay amin’ny alalan’ny takelaka tsy mirakitra ireo asa ratsinay, ary mandray ho anay ny bokin’ny hatsarana am-pifaliana”

* * * * *

سُورَةُ التِّينِ

NY SOURAT AL-TÏN

Ny voninahitry ny sourat al-Tin

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ وَالتِّينِ فِي فَرَائِضِهِ وَتَوَافَلِهِ أُعْطِيَ مِنْ الْجَنَّةِ حَبِثُ يَرُضَى... - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Swadiq (a.s) hoe: “Izay mamaky ny وَالتِّينِ ao amin’ireo swalat wadajib sy moustahab ataony dia homena ny ao am-Paradisa amin’izay mahafaly azy ...”

Ny dikan’ny sourat al-Tin ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- وَالتِّينِ وَالزَّيْتُونِ

1- Mianiana amin’ny hazon’aviavy sy ny oliva Aho.

2- وَطُورِ سِينِينَ

2- Sy amin’ny tendrombohitr’i Sinay.

3- وَهَذَا الْبَلَدِ الْأَمِينِ (3)

3- Ary amin’ity tanàna mandry fahalemana ity.

4- لَقَدْ خَلَقْنَا الْإِنْسَانَ فِي أَحْسَنِ تَقْوِيمٍ

4- Fa noharianay tamin’ny fomba lavorary tokoa ny olombelona.

5- ثُمَّ رَدَدْنَاهُ أَسْفَلَ سَافِلِينَ

5- Avy eo anefa naetrinay izy amin’ny toerana ambany indrindra.

6- إِلَّا الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ فَلَهُمْ أَجْرٌ غَيْرُ مَمْنُونٍ

6- Afa-tsy ireo izay nino sy nanao asa soa, fa izy ireo dia hahazo valisoa tsy manam-petra.

7- فَمَا يُكَذِّبُكَ بَعْدُ بِالذِّينِ (7)

7- Koa ahoana no ampandainganao aorian'izany, mikasika ilay andro fitsarana?

8- أَلَيْسَ اللَّهُ بِأَحْكَمَ الْحَاكِمِينَ

8- Moa ve tsy i Allah no mpitsara mendrika indrindra?

Famakafakana ny surat al-Tin

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(وَالتِّينِ وَالزَّيْتُونِ)

Nilaza ny cheikh Djawad Moughniyah fa mifanohitra ireo manam-pahaizana mikasika ny dikan'ireo teny hoe التِّينِ sy ny الزَّيْتُونِ. Fa ny farany lavitra amin'ny dikany ivelany amin'ireo teny ireo dia ilay nolazain'ny cheikh Mouhammad Abdouh fa ny التِّينِ sy ny الزَّيْتُونِ hoy izy dia manondro an'i Adama sy i Hawà (i Eva) tamin'izy ireo tao am-Paradisa : “**Ary rehefa nahatsiaro nitanjaka izy roa dia nanomboka nitafy tamin'ireo ravin-kazon'ny aviavy sy oliva**”...

Fa ny cheikh Moughniyah dia nilaza fa izahay dia tsy mahita ny antony ilazana mikasika io dikany ankolaka voalaza io satria ny fahazoana avy hatrany ny hevitr'ilay teny hoe التِّينِ dia ilay hazon'aviavy izay fihinana, ary ilay teny hoe الزَّيْتُونِ dia ilay hazona oliva izay fanaovana ranomboankazo sy menaka. Eny, ny fitsaran'ny saina ihany koa dia tsy mametraka olana amin'ny fianianan'i Allah Ilay Avo Indrindra amin'ny alalan'ireo zava-boahariny izay sitrany, fa ny cheikh M. Abdouh moa dia nanaiky izany koa. Ary matetika

anefa ny cheikh M. Abdouh no miankina amin'ny fahazoana ny hevitra ny teny amin'ny endrika ivelany rehefa izy manao tafsīr ny Qour'an ... Fa ny tsiamabaratelo avy amin'ilay fianianana dia angamba mba ho fampahatsiahivana ireo tombontsoa maro azo avy amin'ireo voankazo roa ireo, ary mety misy antony hafa ihany koa angamba ankoatr'izany, nefa firifiry moa ireo zavatra izay tsy haintsika.

(وَطُورِ سَيْنِينَ)

Ny طُور dia ilay tendrombohitra izay toerana noresahan'i Allah tamin'ny Mpaminany Moussà. Ary ny tiana hambara amin'ny hoe سَيْنِينَ dia i Sinay.

(وَهَذَا الْبَلَدِ الْأَمِينِ)

Ny tiana hambara amin'ilay tanàna mandry fahalemana dia ilay tanànan'i Makka izay nomen'i Allah voninahitra manokana nohon'ny fahaterahan'ny Mpaminany Mouhammad tao aminy sy nohon'ny fisian'ilay tranon'i Allah masina, ilay Ka'aba, ary ny mitovy hevitra amin'ity andininy ity dia ilay andininy milaza manao hoe : لَا أُقْسِمُ بِهَذَا الْبَلَدِ .

(لَقَدْ خَلَقْنَا الْإِنْسَانَ فِي أَحْسَنِ تَقْوِيمٍ)

Ity dia valin'ilay fianianana ary izany no tian'ilay surat manontolo hampitaina. Ny teny تَقْوِيم dia midika ho firindrana milamina tsara ... Koa i Allah dia ninianiana fa ny olombelona dia voarakotry ny fihantrany sy ny fiahiany tamin'ny fotoana nampiasiany azy ka nahary ny vatany amin'ny endrika tena mahatalanjona ary napetrany ao amin'ny fanahiny ireo hery amampaniriana izay mahatonga azy ho ambonin'ireo voahary rehetra raha toa ka mankasitraka sy mitia izany ny olombelona; na mahatonga azy ho latsaka farany ambany raha toa ka mivily làlana izy manaraka ny fanirian-dratsiny.

Raha i Allah no niraharaha ny olombelona amin'ny fiahiana tahak'izany ka nataony ho zava-boahary mendrika hananana fahamboniana sy fahafenoana, dia mendrika ihany koa ny olombelona mba hiraharaha ny tenany ka tsy tokony hamily tenany hiala amin'ny antony nanamboaran'i Allah azy; kanefa izy dia efa manana ny hatsarana sy ny fahalavorariana; ary ny andininy mitovy amin'izany dia ilay andininy faha-64 ao amin'ny sourat Ghàfir manao hoe: **“Ary nanome endrika anareo Izy ka nataony tsara ny endrikareo.”**

(ثُمَّ رَدَدْنَاهُ أَسْفَلَ سَافِلِينَ)

Ny **هُ** ao amin'ny رَدَدْنَاهُ dia miverina amin'ilay olombelona, noho izy anisan'ny olona iray ao amin'ny vondron'olombelona. Ny tiana hambara amin'ny أَسْفَلَ سَافِلِينَ eto dia ny Afobe Gehena ; fa raha tsy nohon'ny firafitry ny hevitr'ireo andininy ireo, hoy ny cheikh Moughniyah dia nolazainay fa ny tiana hambara amin'izany dia ny faharatsian'ny endrika nohon'ny fahanteran'ny olona ; fa kosa ny tenin'i Allah izay manao hoe: **إِلَّا الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ** dia profo mazava fa ny tiana hambara amin'ny أَسْفَلَ سَافِلِينَ dia ny Gehena ...

Noho izany ny dikan'ilay andininy dia toy izao: Efa noharianay ny olombelona amin'ny endrika tsara indrindra arabatana sy ara-panahy fa kosa ny sasany amin'ireo olombelona na ny ankamaroan'izy ireo dia nanota tamin'i Allah sy nitsipaka ireo fahasoavany ka napetrak'i Allah izy ireo ao amin'ny Afobe farany ambany indrindra.

(إِلَّا الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ فَلَهُمْ أَجْرٌ غَيْرُ مَمْنُونٍ)

Afa-tsy ireo izay nino sy nanao asa soa nohon'ny “imàn” nanan'izy ireo dia hahazo ny fahasoavana ao am-Paradisa mandrakizay izy ireo. Marina tokoa fa eo anatrehan'i Allah no ahitana ny valisoa lehibe indrindra.

(فَمَا يُكَذِّبُكَ بَعْدُ بِالذِّينِ)

Ny teny مَا eto dia miendrika fanontaniana fa kosa manana dikany ho fitsiniavana, ary ny teny يُكَذِّبُكَ dia midika hoe inona koa no nahatonga anao mampanainga ny finoan'i Allah taorian'ny fijoroan'ny porofo mazava mahamarina azy, anisan'izany porofo izany dia ny fahariana ny olombelona amin'ny endrika tsara sy lavorary.

(أَلَيْسَ اللَّهُ بِأَحْكَمَ الْحَاكِمِينَ)

Moa ve tsy i Allah no mpitsara mendrika indrindra? Eny, Izy no tena mahery noho ny rehetra amin'ny famoronana sy ny fandrindrana, sy tena mpanao rariny amin'ny firesahana sy fihetsika, ary Izy dia hitsara am-pahamarinana ireo izay nampanainga Azy nohon'ny fanambonian-tena sy fikomiana nataony.

* * * * *

سُورَةُ الْعَلَقِ

NY SOURAT AL-ANLAQ

Ny voninahitry ny sourat al-Anlaq

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ فِي يَوْمِهِ أَوْ لَيْلَتِهِ " أَقْرَأَ بِاسْمِ رَبِّكَ " ثُمَّ مَاتَ فِي يَوْمِهِ أَوْ لَيْلَتِهِ مَاتَ شَهِيداً وَ بَعَثَهُ اللهُ شَهِيداً وَ أَحْيَاهُ شَهِيداً وَكَانَ كَمَنْ ضَرَبَ بِسَيْفِهِ فِي سَبِيلِ اللهِ مَعَ رَسُولِ اللهِ (ص) - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Swadiq (a.s) hoe: "Izay mamaky amin'ny androny sy ny aliny ny sourat بِاسْمِ رَبِّكَ avy eo izy maty amin'io andro na alina io dia maty maritiora ary hatsangan'i Allah ho maritiora izy sady velominy ho maritiora ary izy dia tahak'izay niady tamin'ny alalan'ny sabany tao amin'ny làlan'i Allah miaraka amin'ilay Irak'i Allah (s.a.w)."

Ny dikan'ny sourat al-Anlaq ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- أَقْرَأَ بِاسْمِ رَبِّكَ الَّذِي خَلَقَ

1- Vakio amin'ny alalan'ny Tomponao izay nahary.

2- خَلَقَ الْإِنْسَانَ مِنْ عَلَقٍ

2- Izay nahary ny olombelona amin'ny alalan'ny vaingandra.

3- أَقْرَأَ وَرَبُّكَ الْأَكْرَمُ

3- Vakio fa ny Tomponao dia tena Lehibe Indrindra.

4- الَّذِي عَلَّمَ بِالْقَلَمِ

4- Izay nampianatra tamin'ny alalan'ny penina.

5- عَلَّمَ الْإِنْسَانَ مَا لَمْ يَعْلَمْ

5- Nampianatra ny olombelona izay tsy hainy.

كَلَّا إِنَّ الْإِنْسَانَ لَيْطَغَى

6- Tsia, marina tokoa fa ny olombelona dia mihoa-pefy.

7- أَنْ رَأَهُ اسْتَعْنَى

7- Rehefa mahita ny tenany ho mpanana (dia mitsipaka sy mihoa-pefy) .

8- إِنَّ إِلَىٰ رَبِّكَ الرُّجْعَى

8- Nefa tsy maintsy any amin'ny Tomponao no fiverenana.

9- أَرَأَيْتَ الَّذِي يُنْهَى

9- Lazao Ahy ilay mandrara? (Tsy iza izany fa i Abou Djahl izay ndrara an'ny Mpaminany (s.a.w) tamin'ny fanatanterahana swalàt).

10- عَبْدًا إِذَا صَلَّى

10- Ny mpanompo mba tsy hivavaka.

11- أَرَأَيْتَ إِنْ كَانَ عَلَىٰ الْهُدَىٰ

11- Lazao ahy raha toa ka (ilay mpandrara) no mizotra amin'ny làla-mahitsy?

12- أَوْ أَمَرَ بِالْتَّقْوَىٰ

12- Na koa maniraka amin'ny fahatahorana?

13- أَرَأَيْتَ إِنْ كَذَّبَ وَتَوَلَّىٰ

13- Moa ve efa nampandainga sy niamboho (ny fahamarinana) izy.

14- أَلَمْ يَعْلَم بِأَنَّ اللَّهَ يَرَىٰ

14- Moa ve tsy fantany fa i Allah dia mahita?

15- كَلَّا لَئِنْ لَمْ يَنْتَه لَنْسَفَع بِالنَّاصِيَةِ

15- Tsia, raha tsy mitsahatra amin'izany izy dia hosintoninay amin'ny sangany.

16- نَاصِيَةٍ كَاذِبَةٍ خَاطِئَةٍ

16- Dia ny sangan'ny mpandainga sy mpanota.

17- فَلْيَدْعُ نَادِيَهُ

17- Koa aoka izy hiantso ireo mpiandany aminy.

18- سَنَدْعُ الزَّبَانِيَةَ

18- Fa Izahay koa dia hiantso an'ireo mpiambina ny Afobe.

19- كَلَّا لَا تُطِيعُهُ وَاسْجُدْ وَاقْتَرِبْ

19- Tsia, aza mankato azy na oviana na oviana ianao fa miankohofa ary manatona an'i Allah.

Famakafakana ny surat al-Anlaq

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

Nisy nilaza fa ny voalohany nidina tamin'ily Irak'i Allah (s.a.w) dia ilay surat amin'ny fiandohan'ily boky, ary izany teny izany dia mifanaraka amin'ily anarana hoe “**fiandohana**”; nefa izany dia tena vitsy mpilaza. Misy ny milaza koa fa ny voalohany nidina dia ilay surat **يَا أَيُّهَا الْمُدَّثِّرُ** nefa ireo mpilaza izany dia vitsy. Fa ny ankamaroan'ny mpanao tafsir sy ireo mpandray hadith sy ireo manam-pahaizana dia nilaza fa ny voalohany nidina tamin'ily Irak'i Allah (s.a.w) dia ity surat hazavaintsika ity na ireo andininy voalohany. Nilaza ny cheikh Mouhammad Abdouh nanao hoe: voalaza ao amin'ireo hadith marina fa tamin'ny voalohany nahatongavan'ily Anjely mpitondra hafatra tamin'ny Mpaminany (s.a.w) dia nilaza taminy nanao hoe:

"أَفْرَأُ بِاسْمِ رَبِّكَ الَّذِي خَلَقَ - خَلَقَ الْإِنْسَانَ مِنْ عَلَقٍ - أَفْرَأُ وَرَبُّكَ

الْأَكْرَمُ - الَّذِي عَلَّمَ بِالْقَلَمِ - عَلَّمَ الْإِنْسَانَ مَا لَمْ يَعْلَمْ"

Fa na izany na tsy izany, ny wadjib amin'ny silamo dia ny manana finoana tsy am-pisalasalana mihitsy ao aminy fa izay rehetra

ao amin'ny Qour'an dia avy amin'i Allah, fa tsy takiana aminy ny fikarohana momba ny fotoana sy ny tantara nidinan'ireo andininy ireo.

Ary ny tsy mampisalasalala dia ny filazana fa ilay hafatra dia nidina tamin'ilay Iraka lehibe indrindra (s.a.w) ka tamin'izany ny taonany masina dia feno efaolo taona. Ary talohan'izany Izy (s.a.w) dia nino an'i Allah Tokana sady tsy nampitovy Azy amin'ny zavatra. Ary ny fahatokisany an'i Allah dia tsy mba voahozongoznona mihitsy mandrakizay. Fa ny fototr'izany finoana izany dia zavatra roa:

Ny voalohany dia miainga avy amin'ny tenany samirery, ary izany dia ny sainany sy ny nahariana Azy ara-boajanahary araka ny voalazan'ny Qour'an hoe **فِطْرَةَ اللَّهِ**.

Ny faharoa dia fandovàna avy amin'ny raibeny Ibrahim (a.s) ilay sakaizan'i Allah ... Ary izay nanaraka tsara ny fiainan'ny Mpaminany (s.a.w) sy ny tantarany dia mahita porofo maro mikasika ny fananany finoana an'i Allah Tokana. Anisan'izany porofo izany dia noho Izy tsy mbola niankohoka mihitsy tamin'ny sampy nanomboka fahakeliny ka hatramin'ny fahalehibeazany. Voaray avy tamin'ny mpanoratra hadith fa nisy mpanompo sampy iray izay nilaza taminy nialohan'Izy mbola tsy ampy taona, nanao hoe:

يَا غُلَامُ أَسَأَلُكَ بِحَقِّ اللَّاتِ وَالْعُزَّىٰ أَلَّا أَخْبَرْتَنِي عَنْ كَذَا...

“Ry ankizy, manontany anao aho amin'ny zon'i Làt sy i Onzà fa ianao ve tsy nanambara ahy toy izao sy izao ...”

فَقَالَ لَهُ مُحَمَّدٌ (ص) : لَا تَسْأَلْنِي بِاللَّاتِ وَالْعُزَّىٰ فَوَاللَّهِ مَا بَغَضْتُ شَيْئًا بُغْضَهُمَا .

Namaly azy i Mouhammad (s.a.w) hoe: **“Aza manontany ahy amin’ny anaran’i Làt⁴⁴ sy i Onzzà⁴⁵ fa tena mifanta amin’i Allah aho fa izaho tsy nankahala zavatra tahaka ny fankahalako azy roa ireo.”**

Nisy fotoana ny Mpaminany (s.a.w) dia nanana disadisa tamin’ny mpanompo sampy iray nialohan’ny nahavoairaka Azy ho Irak’i Allah, ka hoy ilay mpanompo sampy taminy hoe: **“Mifantà ianao amin’ny anaran’i Làt sy i Onzzà!”** Namaly ilay Mpaminany (s.a.w) nanao hoe: **“Izaho dia tsy mbola nifanta tamin’ny anaran’izy ireo mihitsy sady tsy te halala azy ireo.”**

Anisan’ny porofo ihany koa, dia ilay tenin’ny vadiny, i Khadidjah ilay be voninahitra, rehefa nitantara taminy ny Mpaminany (s.a.w) mikasika ny zavatra nanjo Azy tamin’ny fidinan’ily hafatra, nanao hoe: **“Mianiana amin’i Allah aho fa i Allah dia tsy hanala baraka anao mihitsy fa Ianao dia olona tsara fifandraisana amin’ny havana ...”** Koa izany fifantàna nataon’i Khadidjah izany dia maneho amintsika ny fomba izay tsy azon’iza na iza lavina mikasika ny fiheveran’Izy ireo amin’ny finoana an’i Allah Tokana, ary izany no malaza eo anivon’ny fianakavian’i Mouhammad (s.a.w) na dia talohan’ny fampielezana ny islam aza.

Isaky ny vanim-potoana na dia tamin’ny vanim-potoanan’ny habadoana aza, dia tsy maintsy ahitana olona izay mino an’i Allah Tokana tsy manam-paharoa nohon’ny fisainan’izy ireo manokana sy ny fahadiovan’ny fahariana azy ireo ara-boajanahary.

Izy ireo dia maro ka anisan’izany dia i Waraqah Ibn Nawfal وَرَقَّةُ بْنُ نَوْفَلٍ sy i Zaïd Ibn Amrou زَيْدُ بْنُ عَمْرٍو sy i Othmàn Ibn al-Hawirith عثمان بن الحويرث sy ny hafa ankoatr’azy ireo, fa raha te

⁴⁴ Anarana sampy tao Makka.

⁴⁵ Anarana sampy tao Makka.

halala izany bebe kokoa dia miverena amin'ny boky tafsir al-Kashif v.5 p.96. Koa noho izany, moa ve mavesatra amin'ilay lehiben'ny zava-boahary rehetra taloha sy taty aoriana ny mizotra amin'ny làla-mahitsy mankany amin'i Allah Tokana amin'ny alalan'ny sainy fotsiny?!

(اَفْرَأُ بِاسْمِ رَبِّكَ الَّذِي خَلَقَ)

Ity andininy ity no voalohany nidina amin'ny Qour'an tahaka ny efa voalazanay teo ambony, ary ny manampy izany fanazavana izany dia ilay baiko mandidy amin'ny fanombohana ny famakiana amin'ny Anaran'Ilay Avo Indrindra. Ary niteny Ilay Avo Indrindra nanao hoe: الَّذِي خَلَقَ izay midika hoe, izay nahary, fa ilay teny famenon'ilay matoateny خَلَقَ dia takon'ila, mba hilazana amin'ny ankapobeny fa ny fahariana dia avy Aminy ary Izy no Mpahary ny zava-drehetra. Niteny ireo manam-pahaizana amin'ny fomba fiteny arabo hoe: ny fanaovana ny fameno ho takon'ila dia manondro amin'ny hevitra ankapobeny.

Mety mipetraka fanontaniana manao hoe: ilay Mpaminany (s.a.w) dia olona tsy mahay mamaky teny sady tsy manoratra, ary i Allah dia mahalala izany teo amin'ny Mpaminaniny, koa ahoana ahoana no ahafahany mandidy Azy amin'ny famakian-teny? Moa ve izany tsy fandidiana amin'ny zavatra tsy zaka?

Namaly ny cheikh M. bdouh hoe: ilay baiko amin'ilay Tenin'Ilay Avo Indrindra manao hoe اَفْرَأُ بِاسْمِ رَبِّكَ dia baiko ara-boajanahary izay ohatra, lazain'ny Mpahary amin'ilay zavatra hoe: كُنْ فَيَكُونُ izany hoe “**misia dia misy izany**”; fa ilay baiko dia tsy baiko ara-pinoana tahaka ny hoe: اَقِمِ الصَّلَاةَ “**atsangano ny swalàt**”; noho izany ny dikan'ilay andininy dia hoe: aoka ianao izao mba ho olona mpamaky na dia tsy nahay namaky aza ianao teo aloha”. Marina tokoa fa Ilay Tompo nahary ny lanitra sy ny tany dia

mahefa mampanjary anao ry Mouhammad ho olona mahay mamaky teny tsy amin'ny alalan'ny fianarana ny famakiana.

(خَلَقَ الْإِنْسَانَ مِنْ عَلَقٍ)

Taorian'ny firesahan'i Allah fa Izy no Mpahary ny zava-drehetra amin'ny ankapobeny dia niverina notononiny manokana ny olombelona mba ho fanomezam-boninahitra azy. Tahaka ny voalazany ao amin'ny sourat al-Isrâe andininy faha70 hoe:

Ary efa nomenay voninahitra ny zanak'olombelona". Izany moa dia mba ho fampahatsiahivana amin'ny haben'ny fahafahan'Ilay Avo Indrindra izay nohariany avy amin'ny vaingan-drà ity olombelona lehibe izay mahagaga tokoa ny fanamboarana azy sy ny faniriana misy ao aminy, mba ahafahan'ny olombelona manaporofa amin'ny alalan'izany ny fisian'Ilay Mpahary Mahefa ny zava-drehetra. Niteny i Allah ao amin'ny sourat Maryam andininy faha-67 manao hoe:

Moa ve tsy tsaroan'ny olombelona fa Izahay no nahary azy teo taloha nefa dia tsy nisy izy."

(اقْرَأْ وَرَبُّكَ الْأَكْرَمُ الَّذِي عَلَّمَ بِالْقَلَمِ)

Ny matoateny mandidy اَقْرَأْ eto dia fanamafisana amin'ilay didy voalohany mikasika ny famakiana. Ary ilay teny hoe وَرَبُّكَ dia fiantombohan'ny fehezanteny vaovao ka ny dikany dia hoe: marina tokoa fa i Allah dia malala-tànana ary izany falalahan-tànany izany dia tsy manam-petra sahala amin'ny fahafahany sy ny fahalalany, ary ny porofa lehibe tena maneho ny fahalalan-tànany sy ny fahasoavany dia noho Izy Ilay Avo Indrindra sy madio amin'ny fahabangana izay nampiakatra ny olombelona niainga avy tamin'ny saranga farany ambany, dia ny vaingan-drà izany, mba ho tafakatra any amin'ny saranga farany ambony, dia ny fahaizana manoratra amin'ny penina izany. Koa amin'izany saranga ambony izany dia ahitana tombontsoa lehibe maro izay tsy

voatanisa. Anisan'izany tombontsoa maro izany dia ny fampifandraisana ny lasa amin'ny ho avy amin'ny alalan'ny fanoratana, sy mampifandray ny vazan-tany atsinanana amin'ny vazan-tany andrefana. Indrindra fa taorian'ny nivoahan'ny fitaovana fanotam-boky izay nahatonga ny fahalalana niely patrana ho an'ny rehetra, eny fa na dia ireo jamba aza dia afaka mamaky izany asa soratra izany amin'ny alalan'ny soratra vaventy natokana ho azy ireo. Ary raha toa ka ny lela no afaka miresaka amin'izay mbola am-bohoka, fa ilay teniny dia entin-drivotra; izany no mahatonga ny fitenenana manao hoe:

“Ny penina dia mahasolo ny lela fa ny lela dia tsy mahasolo ny penina”. Amin'ny fiteny Malagasy dia milaza manao hoe: **“Ny teny misavoana fa ny soratra mitoetra.”**

(عَلَّمَ الْإِنْسَانَ مَا لَمْ يَعْلَم)

Allah Ilay Avo Indrindra dia tsy manipy ny fahalalana ao anatin'ny fon'olombelona fa kosa nomeny saina izy izay loharanom-pahalalana. Ary ny saina dia tsy voafetra ny fiafarany, tsy voafetra amin'ny fiakarana mankany amin'ny volana na amin'ny planeta Martsa fotsiny. Tahak'izany koa ireo fahalalan'olombelona; fa tena marina ireo fahalalana ireo miampy sy mitombo hatrany hatrany tsy misy farany ... Ny ankamaroan'ireo mpano tafsîr dia mifanaraka fa ireo andininy ireo manomboka amin'ny voalohany hatreto amin'ity andininy ity dia naira-nidina indray mandeha; fa ny ambiny dia nidina taty aoriana.

كَلَّا إِنَّ الْإِنْسَانَ لَيْطَغَىٰ أَنْ رَأَاهُ اسْتَعْثَىٰ

Ny كَلَّا dia teny ampiasaina amin'ny fanoherana ary ny teny لَيْطَغَىٰ dia avy amin'ny fototeny طَغْيَان izay midika hoe fihoram-pefy. Ny lâlana mifehy ny olombelona hoy ny cheikh Djawad Moughniyah (famindrampon'i Allah anie ho azy) dia nilaza hoe: ny toetran'ny olombelona amin'ny ankabeazany sy ny ankamaroany (ary anisan'izany aho teo aloha) dia manaiky amin'ny alalan'ity

andininy ity fa ny olombelona dia mila manjakazaka sy manangeja rehefa manam-bola sy manan-karena mihoatra ny hafa ... Izany voalaza izany no fomba fahitan'ny ankamaroan'ireo mpanao tafsīr. Nilaza i Fakhr al-Razī nanao hoe: **“Voalohan'ity sourat ity dia maneho ny fiderana ny fahalalana ary ny farany dia maneho ny fanomezan-tsiny ny harena.”** Niteny ny manam-pahaizana tompon'ny boky tafsīr antsoina hoe مَجْمَعُ الْبَيَانِ nanao hoe: **“Izany hoe, ny olombelona rehefa mahita ny tenany ho manana ny ampy ara-pianakaviany sy ara-karenany sy ara-pahatanjahany dia tsy te halala ny Tompony.”** Fa ny niteny ny cheikh Mouhammad Abdouh nanao hoe: “Izany hoe, rehefa ny olombelona no mahita ny tenany -manan-katao- dia tsy te hijery ny talohan'izany izay nolazain'i Allah nanao hoe عِلْمَ الْإِنْسَانِ مَا لَمْ يَعْلَمْ **“nampianatra ny olombelona izay tsy hainy.”** Fa kosa ny cheikh M. Moughniyah dia nilaza hoe: rehefa jerena ny fitambaran'ireo andininy roa ireo, dia hita fa izy roa ireo dia tsy misy teny mpanelanelana ary izany dia tsy maintsy dinihina koa, rehefa ataontsika anefa izany dia lasa toy izao ny tiany hambara: marina tokoa fa ny olombelona dia miohapefy amin'ny fetra ara-pinoana nametrahana azy rehefa mahita ny tenany ho manana ny ampy amin'ny fahalalana sy amin'ireo fitaovam-pahalalana toy ny toeram-panandramana sy ireo orin'asa ka lasa manageja tafahoatra izay saranga eo ambaniny. Manamafy izany famakafakana natao izany, ankoatra ny firafitr'ireo andininy ireo, dia hoe: raha dinihina ny zava-misy iainan'olombelona ankehitriny dia hita mazava fa ireo manam-pahalalana dia miezaka mifehy ny tontolo rehetra mba hanjakazakan'izy ireo amin'ny alalan'ny fitodihan'izy ireo amin'ny fanamboarana fitaovampiadiana mahery vaika sy ireo tafika miaraka amin'ny toby miaramila; ka lasa manana fitaovam-piadiana izay vitan'izy ireo ny mamotika ity tany ity ao anatin'ny fotoana fohy ... Izany no tafsīr marina an'ilay andininy أَنْ رَأَهُ اسْتَعْنَى **“rehefa mahita ny tenany ho mpanana”**. Eny, isika dia milaza izany fa isika koa dia anisan'ireo mino ilay fahamarinana miharihary izay malaza dia ny hoe: “ny olombelona rehefa mpanana dia manageja sy manakorontana, ary rehefa mahantra izy dia kivy sy malemy; fa ny

marina araka ny tokony ho izy dia zavatra iray ary ny tiana hambara amin'ilay teny sy ny firafiny dia zavatra iray hafa.

(إِنَّ إِلَىٰ رَبِّكَ الرُّجْعَىٰ)

Aza mora voarebirebin'ny fiainana eto an-tany sy ny haingony r'ilay mpanao ratsy mpihoa-pefy, ary aza mora voarebireby amin'ny fitaovam-piadiana mahery vaika sy ny harena sy ny famitahan'ny siansa, satria ny fahatanjahan'ny fahamarinana no mahery mihoatra ny fitaovam-piadiana ara-tsimika ... Ny cheikh Moughniyah dia naka ohatra nanao hoe: jereo ny tolona nisy tamin'ireo firenena maromaro tahaka ny tao Inde sy ny hafa, fa nanome lesona tamin'ireo mpanjanatany izany eo amin'ny fiainana eto an-tany fa avy eo dia mbola haverina izy ireo any amin'Ilay Mahalala ny zava-miafina sy ny miharihary ka hampahafantarina azy ireo ny zavatra rehetra nataon'izy ireo.

(أَرَأَيْتَ الَّذِي يَنْهَىٰ عَبْدًا إِذَا صَلَّىٰ)

Ity andininy ity dia fitsiniavana amin'izay rehetra mandrara ny hatsarana amin'ny fomba rehetra.

(أَرَأَيْتَ إِنْ كَانَ عَلَىٰ الْهُدَىٰ أَوْ أَمَرَ بِالْتَّقْوَىٰ)

Lazao ahy ny mikasika an'ity olona very lâlana izay mandrara amin'ny hatsarana sy mibaiko amin'ny haratsiana ity, moa ve izy ao anatin'ny fahamarinana amin'izany fandrany sy fibaikoany izany?!

(أَرَأَيْتَ إِنْ كَذَّبَ وَتَوَلَّىٰ أَلَمْ يَعْلَم بِأَنَّ اللَّهَ يَرَىٰ)

Efa nampandainga sy niamboho an'ilay fahamarinana ity olona very lâlana ity, moa ve izy tsy mba matahotra ny sazin'i Allah izay mahalala ny zava-miafina sy miharihary nataony?!

(كَلَّا لَئِن لَّمْ يَنْتَهَ لِنَسْفَعْ بِالنَّاصِيَةِ نَاصِيَةٍ كَاذِبَةٍ خَاطِئَةٍ)

Ny النَّاصِيَةِ dia midika hoe sanga ary ny نَسْفَعُ dia avy amin'ny fototeny hoe السَّفْعُ izay midika hoe manintona mafy, ary ireo arabo dia tena nankahala fatratra ny fisontomana amin'ny sanga fa mihevitra izany ho tena fanambiana satria izany dia fihetsika atao amin'ny biby fa tsy fanao amin'ny olombelona. Ary ny tiana hambara amin'ny كَاذِبَةٍ خَاطِئَةٍ dia hoe: ny tompon'ily sanga izay hisontomina dia olona mpandainga sy mpanota, arak'izany, ny dikan'ily andininy dia hoe: aoka hitsahatra amin'ny fahaverezany ity olona very lâlana ity fa raha tsy izany dia sintominay amin'ny alalan'ny sangany izy mankany amin'ily Afo mavaivay.

(فَلْيَدْعُ نَادِيَهُ)

Ny نَادِيَهُ dia midika hoe fivoriana, ary amin'ity teny ity dia misy tovana nesorina, izay toy izao no dikany: koa aoka hiantso ilay olona very lâlana ireo namany mpiara-mivory aminy ka hiaro azy amin'ily sazy. Ary ny tiantsika hambara amin'io mpiara-mivory aminy io dia ireo mpanampy azy sy ireo havany.

Ny mitovy amin'izany dia ilay tenin'i Allah ao amin'ny sourat al-isràe andininy faha-56 manao hoe:

قُلْ ادْعُوا الَّذِينَ زَعَمْتُمْ مِنْ دُونِهِ فَلَا يَمْلِكُونَ كَشْفَ الضُّرِّ عَنْكُمْ وَلَا

تَحْوِيلًا

“Lazao hoe: antsoinareo ireo izay heverinareo ankoatr'Azy -Allah- fa tsy manana fahafahana hanafoana ny loza eo aminareo izy ireo na ny hampivily izany.”

(سَنَدْعُ الزَّبَانِيَةَ)

Ny الزَّبَانِيَةَ dia ireo Anjely mpanasazy. Ary io teny الزَّبَانِيَةَ io dia avy amin'ny fototeny hoe الزَّبْنُ izay midika hoe “fanosehana”, arak'izany, ireo Anjely dia hanosika ireo mpihoa-pefy ireo ho ao amin'ily afon'ny gehena. Ary ny fototry ny teny hoe “سَنَدْعُ” dia

niaraka tamin'ny “و” amin'ny faranteny fa nesorina izany araka ny fanoratana ao amin'ny Qour'an.

(كَلًّا)

Io teny io dia fandrarana amin'ny fanarahana ny mpihoa-pefy sy fihainoana ny fitaka sy ny laingany mpamerivery.

(لَا تُطْعَةُ وَاسْجُدْ)

Miankohofa amin'i Allah Tokana ary tsy ilaina ny matahotra na iza na iza amin'ny zava-boahary.

(وَاقْتَرِبْ)

Manakaikiza an'i Allah amin'ny alalan'ireo asa soa ary ny tena tsara indrindra amin'izany dia ny fanaovana “djihàd” ho fanoherana an'ireo mpanageja, mpihoa-pefy ireo.

Ireo manam-pahaizana fiqh dia nitsinjara maromaro ny soudjoud na ny fiankohofana amin'ny soudjoud ao amin'ny swalât izay efa mahazatra, sy ny soudjoud sah'wi, ka ny toerana fanaovana azy dia aorian'ny swalât tsy elanelanin'ny zavatra hafa ary ny antony hanaovana azy dia rehefa tojo olana ao amin'ny swalât nohon'ny fihoarana na fahambangana; fa ny fanazavana izany antsipiriany dia miverena any amin'ireo boky fiqh. Misy koa ny soudjoud shoukr rehefa nahazo fahasoavana na voasakana tamin'ny loza. Ary koa ny soudjoud tilâwah, fa ireo manam-pahaizana shian mpanaraka an'ireo Imâm roa ambin'ny folo dia nanao wadjib izany rehefa maheno ny famakiana ny andininy sadjidah ao amin'ny sourat manaraka ireto:

; سورة ألم تنزيل، سورة حم، فصلت، سورة النجم، سورة العلق fa ankoatr'ireo sourat voalaza ireo ny soudjoud dia moustahab fa tsy wadjib.

* * * * *

سُورَةُ الْقَدْرِ

NY SOURAT AL-QADR

Ny voninahitry ny sourat al-Qadr

قَالَ الْإِمَامُ الْبَاقِرُ (ع): مَنْ قَرَأَ إِنَّا أَنْزَلْنَاهُ فِي لَيْلَةِ الْقَدْرِ فَجَهَرَ بِصَوْتِهِ كَانَ كَالشَّاهِرِ سَيْفَهُ فِي سَبِيلِ اللَّهِ عَزَّ وَجَلَّ، وَمَنْ قَرَأَهَا سِرًّا كَانَ كَالْمُتَشَحِّطِ بِدَمِهِ فِي سَبِيلِ اللَّهِ، وَمَنْ قَرَأَهَا عَشْرَ مَرَّاتٍ مَحَا اللَّهُ عَنْهُ أَلْفَ ذَنْبٍ مِنْ ذُنُوبِهِ - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Bàqir (a.s) hoe:

“Izay mamaky ny sourat الْقَدْرِ فِي لَيْلَةِ الْقَدْرِ amin’ny famoahana ny feony dia toy ny olona nandrangaranga ny sabany tao amin’ny làlan’i Allah Ilay Avo Indrindra, izay mamaky azy mibitsibitsika dia toy ny olona nandatsaka ny ràny tao amin’ny làlan’i Allah, ary izay mamaky azy im-polo dia fafan’i Allah ny fahotana arivo amin’ireo fahotany.”

Ny dikan’ny sourat al-Qadr ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- إِنَّا أَنْزَلْنَاهُ فِي لَيْلَةِ الْقَدْرِ

1- Tena marina Izahay no nampidina Azy (ny Qour’an) tamin’ny alin’ny lahatra.

2- وَمَا أَدْرَاكَ مَا لَيْلَةُ الْقَدْرِ

2- Moa ve fantatrao izany alin’ny lahatra izany.

3- لَيْلَةُ الْقَدْرِ خَيْرٌ مِنْ أَلْفِ شَهْرٍ

3- Ny alin’ny lahatra dia tsara mihoatra ny arivo volana.

4- تَنْزَلُ الْمَلَائِكَةُ وَالرُّوحُ فِيهَا بِإِذْنِ رَبِّهِمْ مِنْ كُلِّ أَمْرٍ

4- Midina ireo Anjely sy ilay fanahy ao aminy avy amin'ny alalan'ny Tompon'izy ireo mba ho fanatanterahana ny baiko rehetra (amin'izany taona izany).

5- سَلَامٌ هِيَ حَتَّى مَطَلَعِ الْفَجْرِ

5- Fandriam-pahalemana no entiny mandra-piposahan'ny mangiran-dratsy.

Famakafakana ny sourat al-Qadr

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(إِنَّا أَنْزَلْنَاهُ فِي لَيْلَةِ الْقَدْرِ)

Ny mpisolo tena ^h ao amin'ily teny hoe أَنْزَلْنَاهُ dia miverina amin'ny Qour'an, nohon'ny rehetra izay mamaky an'io andininy io dia tonga ao an-tsainy avy hatrany fa ny Qour'an no tiany holazaina.

Mitovy hevitra ireo manam-pahaizana amin'ny famakafakana ny Qour'an mikasika ny “Laylatoul-Qadr” fa izy io dia alina iray ao amin'ireo alin'ny volana masina Ramalwan, ka porofoin'izy ireo izany amin'ny alalan'ireo hadith maro izay voaray avy tamin'ily Mpaminany (s.a.w) sy ny Fianakaviany masina, ary koa amin'ny alalan'ireo andininy masina ao amin'ny Qour'an, toy ny ao amin'ny sourat al-Baqarah andininy faha-185, manao hoe:

شَهْرُ رَمَضَانَ الَّذِي أُنزِلَ فِيهِ الْقُرْآنُ هُدًى لِّلنَّاسِ وَبَيِّنَاتٍ مِّنَ الْهُدَىٰ

وَالْفُرْقَانِ

“Volana Ramalwan izay nampidinina tao aminy ilay Qour'an, ilay Tari-dàlana ho an'ny olombelona sy Fanazavana ny tari-dàlana sady Fanavahana.”

Koa raha ny hevitr'io andininy io no haravona amin'ilay andininy ao amin'ny sourat al-Qadr milaza manao hoe: **إِنَّا أَنْزَلْنَاهُ فِي لَيْلَةِ الْقَدْرِ** izay midika hoe: **“Marina dia marina fa Izahay no nampidina azy (na ny Qour'an) tao amin'ny Alin'ny Lahatra (na Laylatoul-Qadr)”** dia fantatra mazava avy amin'izany fa, ny **“Laylatoul-Qadr”** dia iray amin'ireo alin'ny volana masina Ramalwan.

وَفِي رِوَايَةٍ عَنِ الْإِمَامِ جَعْفَرِ الصَّادِقِ (ع): **إِنَّ سَائِلًا سَأَلَهُ عَنْهَا فَقَالَ لَهُ: أَطْلُبُهَا فِي تِسْعِ عَشْرَةَ وَاحِدَى وَ عِشْرِينَ وَ ثَلَاثَ وَعِشْرِينَ** "

Voaray ao amin'ny hadith avy tamin'ny Imàm Swàdiq (a.s) milaza manao hoe: nisy olona iray nanontany mikasika izany, fa dia namaly azy nanao hoe:

“Tadiavo izany alina izany ao amin'ny fahasivy ambin'ny folo sy ny faharaika ambin'ny roapolo ary ny fahatelo ambin'ny roapolo.”

Fa ireo namana Ahlous-sounnah moa dia manana fahazarana mankalaza izany ao amin'ny alin'ny fahafito ambin'ny roapolo amin'ny volana Ramalwan.

Nitantara ilay manam-pahaizana, ny cheikh Djawad Moughniyah fa ny cheikh Mouhammad Abdouh dia nanambara hoe: **“Ny Laylatoul-Qadr dia alin'ny fanompoana sy ny fanetren-tena sy ny fahatsiarovana ireo fahasoavan'ilay fahamarinana sy ny finoana, nefa ireo silamo ankehitriny amin'io alina io dia miresadresaka zavatra izay tsy hijerevan'i Allah azy ireo, sy mihaino zavatra ao amin'ilay bokin'i Allah izay tsy mba jerevan'izy ireo akory, sady tsy maka lesona amin'ilay hevitra tiany hambara akory, fa kosa raha mba mihaino izy ireo dia ilay feo tsaran'ilay mpamaky ny Qour'an**

no henoiny, ary ny sasany amin'izy ireo dia manana fomba fijery hafahafa mikasika ny Laylatoul-Qadr izay fomba fijery tsy mifanaraka na dia amin'ny fomba fisainan'ireo zazakely aza, maika moa fa amin'ireo olon-dehibe efa matotra.”

Mifanohitra ireo manam-pahaizana, moa ve nidina indray mandeha ny Qour'an sa nidina tsikelikely? Ny marina hoy ny cheikh Moughniyah fa ny Qour'an dia nidina tsikelikely, ary ilay teny hoe **أَنْزَلْنَاهُ فِي لَيْلَةِ الْقَدْرِ** ny tiany hambara amin'izany dia hoe: “ny fiantombohan'ny fampidinana Azy dia tao amin'ity alina ity” fa kosa ny ankamaroan'ny manam-pahaizana dia milaza fa ny Qour'an dia nidina in-droa, ka indray mandeha tao amin'ny tratran'ilay Mpaminany (s.a.w) tamin'ny alin'ny qadr, avy eo nampidinina tsikelikely nanomboka tamin'ny fahafito ambin'ny roapolon'ny volana Rajab.

Ary mifanohitra ihany koa izy ireo, amin'ny antony iantsoana an'ity alina ity ho alin'ny qadr? Misy miteny fa izany no iantsoana azy satria i Allah Avo Indrindra dia mandahatra sy mizarazara ny anjara masoandro sy ny fotoana hahafatesana eo amin'ireo mpanompony ... sns; misy indray miresaka fa ny tiana hambara amin'ny alin'ny qadr eto dia midika ho “voninahitra” sy “fahasambarana”. Ity resaka ity hoy ny cheikh Mouhammad Djawad Moughniyah dia manakaiky amin'ny dikan'ilay teny **الْقَدْرِ** satria amin'ny arabo rehefa miteny hoe: **فُلَانٌ لَهُ قَدْرٌ** dia midika hoe “Ranona dia manam-boninahitra.” Ny manaporofa an'izany dia ilay tenin'i Allah izay midera an'ity alina ity ao amin'ny surat doukhàn andininy faha-3 manao hoe: **إِنَّا أَنْزَلْنَاهُ فِي لَيْلَةِ مُبَارَكَةٍ** ka ny dikan'ilay teny hoe **مُبَارَكَةٍ** eto dia ny fahasambarana sy ny fivoarana. Ary tsy misy fisalasalana fa ny mah'olombelona dia tsy maintsy miaina ao anatin'ny fivoarana sy ny fahasambarana raha toa ka manaraka ny sori-dàlan'ny Qour'an izay nidina tamin'ny alin'ny fahasambarana sy voninahitra.

(وَمَا أَدْرَاكَ مَا لَيْلَةُ الْقَدْرِ)

Ity andininy ity dia maneho ny lanja amam-boninahitry ny لَيْلَةُ الْقَدْرِ sy manambara fa izy io dia tsy takatry ny fieritreretany olombelona.

(لَيْلَةُ الْقَدْرِ خَيْرٌ مِنْ أَلْفِ شَهْرٍ)

Tsy azo ferana ny hatsarany fa raha tsy izany dia lasa manjary manavaka ny zavatra iray izay ao amin'ny tenany ihany, koa ny tiana hambara dia hoe : izay miari-tory ao anatin'ny fanompoana amin'ny لَيْلَةُ الْقَدْرِ sy manao asa soa dia sahala amin'ny nanompo an'i Allah nandritra ny arivo volana.

Niteny i Fakhr al-Razi ao amin'ny tafsi'r nosoratany nanao hoe: ao amin'ity andininy ity dia misy fanambarana vaovao tena mahafaly tokoa, sady koa misy fampitandremana tena goavana. Ny vaovao mahafaly dia toy izao: Allah Ilay Be Voninahitra dia nanambara fa misy hatsarana lehibe ao amin'ity alina ity, fa tsy nofaritany hatraiza ny fetran'izany hatsarana izany. Izany moa dia sahala amin'ny tenin'ily Mpaminany (s.a.w) tamin'i Ali (a.s) nanao hoe :

"الْمُبَارَزَةُ عَلَيَّ مَعَ عَمْرٍو بْنِ عَبْدِ وَدٍّ أَفْضَلُ مِنْ عَمَلِ أُمَّتِي إِلَى يَوْمِ الْقِيَامَةِ..."

“Ny fifanandrian'i Ali tamin'i Amr ibn Abd Woud dia tena tsara mihoatra ny asan'ny vahoakako hatrany amin'ny andron'ny Fitsanganana.”

Eto ny Mpaminany (s.a.w) dia tsy nilaza fa mitovy amin'ny asan'ny vahoakany fa kosa nilaza fotsiny hoe tena tsara. Sahala amin'ny te hilaza Izy fa ampy izany lanja izany ka ny ambiny dia tsy raharahaina intsony.

Famakafakana hafa

Iaraha-mahalala fa tsy misy na iza na iza amin’ireo silamo no manana fisalasalana amin’ny mahabe fahasoavana ny “Laylatoul-Qadr”, satria i Allah dia efa nidera an’io alina io ao amin’ny Qour’an masina manao hoe: **إِنَّا أَنْزَلْنَاهُ فِي لَيْلَةِ مُبَارَكَةٍ** izay midika hoe: **“Marina dia marina fa Izahay no nampidina azy tao amin’ny alina feno fahasoavana”**⁴⁶.

Maro ny resak’ireo manam-pahaizana manambara fa ao amin’ny volana masina Ramalwan no misy an’io “Laylatoul-Qadr” io, nohon’ny hamaroan’ireo hadith milaza izany; eny fa na dia nangina tsy nanambara izany daty izany aza ny Qour’an masina nohon’ny Fahendren’i Allah izay Fahendrena tsy takatry ny sain’olombelona velively; **koa dera anie ho Anao ry Allah Tompon’ny Fahendrena fa izahay olombelona anie ka tsy manam-pahalalana mikasika ny Fahendrenao sy ireo lalànanao afa-tsy izay nampianarinao anay ihany!**

Fa misy amin’ireo manam-pahaizana no milaza fa, angamba hoy izy ireo, ny antony tsy niresahan’i Allah mazava ny datin’io “Laylatoul-Qadr” io dia mba entiny hamporisihana ny olona hiaritory amin’ny fanompoana mandritra ny alina rehetra ao amin’ny volana masina Ramalwan. Eny, misy ireo manam-pahaizana sasany izay nanambara ihany koa ireo tsiambaratelo nahatonga an’i Allah nanafina izany alina izany arak’izao fanazavana manaraka izao:

Ny voalohany amin’izany, dia nafenin’i Allah ny datin’izany alina izany tahaka ny nanafenany ihany koa ireo zavatra sasantsany, toy ny:

⁴⁶ Sourat al-Doukhàn and.3

-Fanafenany ny hafaliany amin'ireo fankatoavana Azy mba hamporisika ny olona hitia ireo fankatoavana Azy rehetra.

-Fanafenany ny hatezerany amin'ireo fahotana mba hahatonga ny olona hitandrina amin'ireo fahotana rehetra.

-Fanafenany izay sakaizany amin'ireo olombelona mba hahatonga ny olona rehetra hifanaja.

-Fanafenany ny valim-bavaka mba hamporisika ny olona hanao tsara ny fivavahany rehetra.

-Fanafenany ilay Anarany **الإِسْمُ الأَعْظَمُ** izay tena be voninahitra mba hanomezan'ny olona voninahitra ireo Anarany rehetra.

-Fanafenany ilay **الصَّلَاةُ الوُسْطَى** amin'izay ny olona dia tsy hanao tsirambina amin'ireo swalât fanao andavan'andro.

-Fanafenany ny fanekeny ny fibebahana mba hahatonga ny olona hanohy hatrany ireo karazana fibebahana rehetra.

-Fanafenany ny fotoana hahafatesana mba hahatonga ny olona iharan'ny didy hanana fitandremana sy fahatahorana mandrakariva.

Dia torak'izany koa ny fanafenany ilay datin'ny “Laylatoul-Qadr”, amin'izay mba ho tsapan'ny olona ny mahazava-dehibe ireo alina rehetra mandritra ny volana masina Ramalwan.

Ny faharoa manarak'izany, dia sahala amin'ny te hanambara i Allah eto manao hoe: **“Efa haiko loatra ny fahasahianareo olombelona amin'ny fanaovana fahotana, koa raha fantatrareo izany alina masina izany nefa mbola manao fahotana ao amin'izany alina izany ianareo, dia izany no tena ratsy ho anareo mihoatra ny fanaovanareo fahotana tsy misy fahafantarana azy. Koa izany no nahatonga Ahy nanafina aminareo olombelona an'izany alina izany.”**

Voalazan'ny hadith fa indray andro ny Mpaminany (s.a.w) no niditra tao amin'ny masjid ka nahita olona natory tao, dia niteny

tamin'ny mpanaradiany iray Izy (s.a.w) hoe: **“Ndeha fohazo io olona io mba hanao woulwou!”** Rehefa avy namoha izany olona izany ilay mpanaradia dia niteny tamin'ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: **“Ry Irak'i Allah! Ianao no voalohany mifarombaka amin'ny fanaovana asa tsara, nefa nahoana no tsy Ianao no namoha an'io olona io?”** Namaly azy ilay Mpaminany (s.a.w) nanao hoe: **“Nanao izany Aho mba hampalefaka ny fahotany raha toa ka mitsipaka Ahy izy, satria raha ianao no toheriny dia tsy hahatonga azy ho lasa mpitsipaka na kâfir izany.”**

Hitantsika àry fa raha tahak'izany no famindrampon'ilay Mpaminany, dia ahoana izany raha ampitahaina amin'ny Famindrampon'i Allah, izay nandefa an'ilay Mpaminany?! Arak'izany, dia tsapa fa toa te hilaza Ilay Avo Indrindra hoe: **“Raha fantatrao ny Laylatoul-Qadr ary tamin'izany no nanaovanao ny fankatoavana an'i Allah dia hahazo fahasoavana volana arivo ianao; fa raha tamin'izany kosa no nanaovanao fahotana dia hahazo sazy volana arivo ianao, kanefa ny fihatahana amin'ny fahotana no tsara kokoa noho ny fakana tombon-tsoa.”** Araka ny tenin'ireo manam-pahaizana milaza hoe:

إِجْتِنَابِ الْمَحَاذِيرِ أَوْلَىٰ مِنْ جَلْبِ الْمُنْفَعَةِ **“Ny fiatahana amin'ireo zavatra voarara dia tsara kokoa noho ny fakana tombon-tsoa.”**

Ny fahatelon'izany, dia toa te hanambara ihany koa i Allah hoe: **“Nanafina izany alina izany Aho mba entiko hamporisika ny olona iharan'ny didy mba hanao fiezahana ao aminy, ka hahazoany fahasoavana amin'ilay ezaka nataony.”**

Ny fahefatra farany, dia raha ny mpanompo no tsy manana fahatokisana amin'ny tena datin'ny Laylatoul-Qadr, marina dia tsy maintsy hiezaka izy mba hankato an'i Allah mandritra ny alina rehetra ao amin'ny volana Ramalwan, nohon'ny fanantenàny isaky

ny alina fa hifanojo amin'ny Laylatoul-Qadr izy. Ary amin'izay fotoana izay, i Allah dia hirehareha amin'ireo Anjely ka hiteny amin'izy ireo hoe:

Ô ianareo izay nilaza ny olombelona fa hanao fanimbana sy hampandriaka ny rà, jereonareo anefa izao ezaka ataony izao isaky ny alina izay mbola ananany fiahiahiana ny maha-Laylatoul-Qadr izany alina izany na tsia; koa indrindra nanao ahoana ny fiezahany raha toa ka nampahafantariko azy izany?!

Eto àry dia miharihary ilay tsiambaratelon'ny tenin'i Allah izay nilazany tamin'ireo Anjely nanao hoe: **إِنِّي أَعْلَمُ مَا لَا تَعْلَمُونَ** “**Marina tokoa fa Izaho dia mahay izay tsy fantatrareo.**”⁴⁷

Ny tsara horesahina eto, voalohany indrindra dia, ny mampahatsiahy fa ireo manam-pahaizana dia miombon-kevitra amin'ny fanazavana fa ilay mpisolontena “**ع**” ao amin'ilay teny hoe **إِنَّا أَنْزَلْنَاهُ** dia manondro an'ilay **Qour'an** (araka ny efa nolazaina ihany teo aloha), fa navelan'i Allah tsy ho notononina mihitsy ilay teny hoe **Qour'an**, ka naleony ny nampiasa ilay mpisolontena, satria ny firafitr'io fehezanteny io dia maneho ny voninahitra lehibe ananan'ilay Qour'an masina.

Faharoa manarak'izany, i Allah dia nampiasa ao amin'ireo andininy sasantsasany ao amin'ny Qour'an, ny teny hoe: **إِنِّي** midika hoe: “**Marina dia marina fa Izaho ...**”, izany moa dia toy ny hita ao amin'ny sourat al-Baqarah andininy faha-30, izay milaza manao hoe: **إِنِّي جَاعِلٌ فِي الْأَرْضِ خَلِيفَةً**, sy any amin'ireo andininy hafa; ary nampiasa ihany koa Izy ny teny hoe **إِنَّا** izay midika hoe: “**Marina dia marina fa Izahay ...**” tahaka ny voalaza ao amin'ireo

⁴⁷ Sourat al-Baqarah and.30

andiny milaza manao hoe: **إِنَّا أَنْزَلْنَاهُ فِي لَيْلَةِ الْقَدْرِ** sy ny andiny hoe **إِنَّا أَعْطَيْنَاكَ الْكُوفْرَ** sy ny hoe **إِنَّا أَرْسَلْنَا نُوحًا** ... sy ny sisa.

Ny zavatra tokony ho fantatsika dia izao: indraindray ilay tenin'i Allah milaza hoe **إِنَّا** dia teny manambara fanomezam-boninahitra; fa ny dikany ara-bakiteny amin'ny mahateny milaza maro na “pluriel” azy dia tsy mitombona mihitsy nohon'ny fisian'ireo porofo mahatokana an'i Allah Ilay Mpahary ny zavadrehetra. Raha heverina manko fa misy maro Andriamanitra dia tsy maintsy ho latsa-boninahitra amin'ny maha-Andriamanitra azy ny tsirairay amin'izy ireo, satria izy ireo dia samy hahita ny tenany ho tongalafatra avy ka tsy hifampitavandra na tsy hifampiankina, koa raha tsy mifampitavandra na tsy mifampiankina toy izany izy ireo dia midika izany fa misy fahabangana na ny tsy fahalavorariany ny tsirairay amin'izy ireo ka samy tsy misy azo lazaina ho Andriamanitra avokoa. Arak'izany fanazavana izany, ilay tenin'i Allah hoe **إِنَّا** dia midika ho teny fanomezam-boninahitra fa tsy azo raisina velively ho teny milaza maro na “pluriel”.

Ny zavatra fahatelo tsara horesahina eto dia ny fifanoherana misy eo amin'ireo manam-pahaizana mikasika ny atao hoe “Laylatoul-Qadr” -araka ny efa natsidika teo aloha ihany koa-, ka apetraka ny fanontaniana manao hoe: **Nahoana izany alina izany no antsoina hoe “Laylatoul-Qadr” na Alin'ny Lahatra?**

Ireo manam-pahaizana dia misy milaza fa antsoina hoe “**Alin'ny Lahatra**” izany alina izany satria amin'izany i Allah no mitsinjara sy mandahatra ny anjara masoandro sy ny fahavelomana sy ny fahafatesana... sy izay rehetra hitranga amin'ny olona mandritra izany taona izany. Misy koa anefa ny milaza fa ny Lahatr'i Allah dia tsy zavatra vao halahatra amin'izany alina izany

akory, fa kosa izy io dia efa voalahatra nialohan'ny nahariana ny lanitra sy ny tany; ka ny hany sisa ataon'i Allah amin'izany alina izany dia ny mampiseho fotsiny ilay Lahatra amin'ireo Anjelin'ny mba hanoratan'izy ireo izany ao amin'ilay لَوْحٍ مَّحْفُوظٍ na “Solaitra voaaro”.

Misy koa ireo manam-pahaizana no milaza fa ny “**Laylatoul-Qadr**” dia midika hoe “**Alin'ny Voninahitra**” fa tsy “**Alin'ny Lahatra**” akory, ka manaporofa izany hoy izy ireo, dia ny fideran'i Allah an'izany alina izany ao amin'ilay andininy manao hoe:

إِنَّا أَنْزَلْنَاهُ فِي لَيْلَةِ مُبَارَكَةٍ araka ny efa voalaza teo aloha, satria ilay teny hoe لَيْلَةِ مُبَارَكَةٍ izay avy amin'ny fototeny hoe بَرَكَتٍ dia midika ho fananam-boninahitra ambony sy fivoarana, ary tsy misy ny mampisalasala fa ny olombelona dia hivoatra sy hanam-boninahitra tokoa, raha toa ka manaraka ny sori-dàlan'ilay Qour'an, izay nidina tamin'ny Alin'ny Voninahitra.

Arak'izany, ilay andininy milaza hoe:

لَيْلَةُ الْقَدْرِ خَيْرٌ مِنْ أَلْفِ شَهْرٍ “**Ny Laylatoul-Qadr dia tsara mihoatra ny arivo volana**”, dia manana fanazavana amin'ny fomba anankiroa toy izao:

Ny fanazavana voalohany dia manambara fa ny voninahitra dia ho an'ilay mpanompo, izany hoe, izay manao ny asa fanompoana amin'izany alina izany dia ho lasa olona manam-boninahitra.

Ny fanazavana faharoa dia manambara fa ny voninahitra dia ho an'ilay asa fanompoana fa tsy ho an'ilay mpanompo, izany hoe, ny asa fanompoana amin'izany alina izany dia misy tombontsoa manokana sy voninahitra lehibe.

Fa misy ihany koa ireo manam-pahaizana milaza fa antsoina hoe “**Alin’ny Voninahitra**” ny “**Laylatoul-Qadr**” satria tamin’izany alina izany no nidinan’ily boky izay heni-boninahitra avy tamin’ny lelan’ily Anjely be voninahitra ary nidina tamin’ny vahoaka izay manam-boninahitra. Ary mazava ho azy fa tsy misy ny manam-boninahitra mihoatra an’i Mouhammad (s.a.w) izay nitondra ny vahoaka silamo. Izany indrindra angamba no antony namerimberenan’i Allah in-telo ilay teny hoe “**al-Qadr**” ao amin’ily surat, dia nohon’ny voninahitr’ily boky sy ny voninahitr’ily Anjely ary ny voninahitr’i Mouhammad (s.a.w).

Raha fakafakaintsika ilay andininy milaza hoe:

“**لَيْلَةُ الْقَدْرِ خَيْرٌ مِنْ أَلْفِ شَهْرٍ**” **Ny Laylatoul-Qadr dia tsara mihoatra ny arivo volana**” dia ahitana fanazavana maromaro ihany koa, toy izao:

Voalohany: Ny fanompoana amin’io alina io dia tsara mihoatra ny arivo volana, izay mazava ho azy fa tsy miaraka amin’ny Laylatoul-Qadr, satria tsy mitombona raha mbola isaina miaraka amin’ireo arivo volana ireo ny Laylatoul-Qadr. Eny, izany moa dia vokatry ny fampitomboan’i Allah ao amin’izany alina izany ireo tombontsoa maro tsy voatanisa sy ireo anjara masoandro ary ireo karazam-pahasoavana rehetra.

Faharoa: Nisy tamin’ireo manam-pahaizana no milaza fa nisy olona iray avy amin’ny Bani Israël no nanao fiaretatory amin’ny fanompoana nandritra ny alina mandra-pahatongan’ny maraina mangirandratsy, avy eo izy dia mbola nanao djihād mandra-paharivan’ny andro; ary dia toy izany foana no nataon’io olona io nandritra ny arivo volana. Nahagaga an’ireo silamo izany fihetsika izany, ka izany hono no nahatonga an’i Allah nampidina an’io andininy io, izay manambara amin’ily Mpaminany (s.a.w) manao

hoe: “Ny Laylatoul-Qadr ho an’ireo vahoakanao dia tsara mihoatra ny arivo volana ho an’ily zanak’Israely izay nanao djihàd nitondra fitaovam-piadiana nandritra ny arivo volana”

Fahatelo: Nisy amin’ireo mpandray hadith no nilaza fa ilay Mpaminany (s.a.w) dia nampahitana ny faharetan’ny fotoana hiainan’ireo olombelona, ka hitany fa ny fe-potoana iainan’ireo vahoakany no fohy kokoa raha mitaha amin’ny vahoaka hafa taloha, ary dia natahotra Izy sao dia tsy tratran’ireo vahoakany ny manao asa fanompoana sahala amin’izay nataon’ireo vahoaka mpino taloha. Koa izany no nanomezan’i Allah ho Azy ny Laylatoul-Qadr, izay tena tsara mihoatra ny arivo volana ho an’ireo vahoaka taloha, ireo.

Fahefatra: Nisy koa ireo mpandray hadith no milaza fa ilay Mpaminany (s.a.w) dia nahita tamin’ny nofy fa ireo Bani Oumayah dia tonga nifandimby niakatra teo amin’ny minbar na polpitrany, eny fa misy hadith hafa aza dia milaza fa izy ireo dia mitsambikimbikina mihitsy teo ambon’ily polpitrany sahala amin’ny fitsambikinan’ny rajako, ka tena nampalahelo tokoa an’ily Mpaminany (s.a.w) izany, ka tamin’izany no nampidinan’i Allah an’ily andininy hoe **إِنَّا أَنْزَلْنَاهُ فِي لَيْلَةِ الْقَدْرِ** hatreo amin’ily andininy hoe **خَيْرٌ مِنْ أَلْفِ شَهْرٍ**. Ary io arivo volana io no fe-potoana hanjakazakan’ireo Bani Oumayah amin’ny finoana islàm, ka eto i Allah dia mila mampitony ny alahelon’ily Mpaminaniny (s.a.w) amin’ny alalan’ny fanambarana manao hoe: “**Aza malahelo ianao fa efa nomeko anao ny alina izay, ny fahasoavana ara-pinoana ao aminy dia tsara mihoatra ny arivo volana izay nanjazakan’ireo Bani Omayah ireo ao anatin’ny tsiron’ny fahasoavana teto an-tany.**”

Arak'izany ny tian'io andininy io hambara dia hoe: izay nanao fiaretatory amin'ny fanompoana sy fanaovana asa soa toy ny fikarohana amin'ny fianarana momba ny finoana, dia sahala amin'ny nankato an'i Allah nandritra ny arivo volana.

Tsara ny mahafantatra fa efa voalazan'ireo manam-pahaizana, fa izay namelona izany Laylatoul-Qadr izany amin'ny alalan'ny fanaovana asa fanompoana dia tahaka ny nanompo an'i Allah nandritra ny valopolo taona mahery; fa izay namela izany isan-taona kosa dia tahaka ny nomena anjara hiaina mandritra ny taona maromaro; ary izay namelona ny volana Ramalwan iray manontolo mba hananana fahatokisana fa nahatojo ny Laylatoul-Qadr dia tahaka ny namelona ny Laylatoul-Qadr telopolo.

Voalazan'ny tantara, fa amin'ny andro farany dia ho tonga ny olona iray avy amin'ireo zanak'Israely, izay efa nanompo an'i Allah nandritra ny efajato taona; ho avy eo koa ny olona iray vahoakan'ny Mpaminany Mouhammad (s.a.w), izay efa nanompo an'i Allah nandritra ny efapolo taona, dia hita fa ny fahasoavana azon'ity farany dia betsaka mihoatra ny fahasoavana azon'ilay zanak'Israely, ka hiteny amin'i Allah izy hanao hoe : Ianao ry Allah dia Mpanao ny rariny, kanefa hitako ny fahasoavana azony dia betsaka kokoa. Ary dia hamaly azy i Allah hanao hoe : Satria ianareo dia nanompo nohon'ny fahatahorana ny fahatongavan'ny sazy mialoha, fa ireo vahoakan'i Mouhammad kosa dia nanam-pitoniana, arak'ilay andininy milaza manao hoe :

وَمَا كَانَ اللَّهُ لِيُعَذِّبَهُمْ وَأَنْتَ فِيهِمْ وَمَا كَانَ اللَّهُ مُعَذِّبَهُمْ وَهُمْ يَسْتَغْفِرُونَ

“Tsy hanasazy azy ireo velively i Allah raha mbola eo amin'izy ireo ianao, ary tsy hanasazy azy ireo koa i Allah raha

mbola mangataka famelan-keloka izy ireo.⁴⁸, avy eo izy ireo vao nanompo, ka noho izany antony izany no mahatonga ny fanompoan'izy ireo ho be fahasoavana kokoa.

Fa ny mikasika ny fampitandremana dia toy izao: Allah Ilay Be Voninahitra dia nanambara fa ireo mpanao fahotana mahafaty dia hampidirina ao amin'ny Afobe, ka ny famelomana ny Laylatoul-Qadr miisa zato dia tsy hahavotra azy amin'ilay sazy ho azony, no sady tsy hahafaty na dia pitik'afô iray avy amin'ilay Afobe aza izany. Arak'izany, dia azo faritana fa tena goavana ny fahotana atao amin'izany alina izany.

Mety hisy ny hiteny sy hanontany hoe: ahoana ilay hadith izay voaray avy tamin'ny Mpaminany (s.a.w) izay milaza manao hoe: "أَجْرُكَ عَلَى قَدَرِ نَصَبِكَ" "**Ny valisoanao dia arakaraka ny harerahanao**", ary mazava ho azy fa ny fankatoavana atao mandritra ny arivo volana dia mandreraka tokoa noho ny fankatoavana atao mandritra ny alina iray, koa amin'ny fomba ahoana no aneken'ny saina fa mitovy izy roa ireo, na ity farany indray no tena tsara kokoa?!

Eto dia misy fomba maromaro no hamalian'ireo manampahaizana izany fanontaniana izany ka anisan'izany dia izao:

Voalohany dia tsara ny mahafantatra fa indraindray ny fihetsika iray dia mety hifanohitra ny toetrany amin'ny lafiny tsara sy ny lafiny ratsy nohon'ny fiovaovan'ireo antony mifandray aminy. Moa ve tsy hitanareo fa ny swalât atao miaraka na atao djamaan dia misy fahasoavana aman-jatony maro mihoatra ny swalât atao samirery; kanefa ny endriky ny swalât atao miaraka dia mety hisy fihenany ny isan'ireo raka'at raha toa ka tsy niara-nanomboka ilay swalât tamin'ny imam izy ...

⁴⁸ Sourat al-Anfal and.33

Faharoa, ny tanjon'i Allah Ilay Be Fahendrena dia mila mamporisika an'ireo zava-boahary amin'ilay fankatoavana ka indraindray Izy dia ampitomboiny in-droa avo heny ny valin'ilay fankatoavana araka ny voalazan'ilay andininy faha-6 sy faha-7 ao amin'ny sourat al-Sharh manao hoe:

“Koa marina dia marina fa mifanindran-dàlana ny fahasoratana sy ny fahamorana. Eny, fa mifanindran-dàlana ny fahasoratana sy ny fahamorana”, ary indraindray ampitomboiny im-polo heny, indraindray dia ampitomboiny fiton-jato heny, indraindray dia arakaraka ny fotoana hanatanterahana an'ilay fankatoavana, indraindray dia miankina amin'ilay toerana. Fa ny fototry ny tanjona amin'izany rehetra izany dia ny famporisihana ny olona iharan'ny didy hanao ilay fankatoavana sy hampiala azy amin'ny filibàna amin'ny fiainana eto an-tany; koa hita indraindray i Allah dia manome voninahitra ny tanànan'i Makka sy ilay Zamzam mihoatra ny tanàna hafa, ary indraindray dia manome voninahitra ny volana Ramalwan mihoatra ireo volana hafa; sy manome voninahitra ny andro Zoma mihoatra ireo andro hafa, ary manome voninahitra ny Alin'ny qadr mihoatra ny alina rehetra, koa ny tanjona tiany hahatongavana amin'izany rehetra izany dia araka ny efa voalaza teo ambony.

(تَنْزَلُ الْمَلَائِكَةُ وَالرُّوحُ فِيهَا بِإِذْنِ رَبِّهِمْ مِنْ كُلِّ أَمْرٍ)

Ny resaka mikasika ny famakafakana an'ity andininy ity dia tena lalina ihany koa, ka tsara hazavaina aloha ireo voamboalana ao aminy izay vao manazava ny dikany ankapobeny.

Ny teny hoe تَنْزَلُ dia efa mazava ny dikany, fa kosa i Allah dia tsy namaritra mazava aiza no idinan'ireo Anjely ireo amin'io alina io. Moa ve izy ireo dia midina eto amin'ity tany iainantsika ity sa any amin'ireo planeta hafa ankoatr'azy sa amin'ny toerana

rehetra, tahaka ny fahazoana ny hevitra amin'ny fanesorana ilay teny mamaritra ilay toerana ?

Fa ny teny hoe **الرُّوحُ** dia i Djibril (as) no tiana hambara eto hoy ny cheikh Djawad Moughniyah, ary ny mpisolo tena **هَا** ao amin'ny **فِيهَا** dia miverina amin'ny **لَيْلَةُ الْقَدْرِ**. Ary ilay teny hoe **بِأَمْرِ رَبِّهِمْ** dia midika hoe **“amin'ny alalan'ny didin'ny Tompon'izy ireo”**. Amin'ilay teny hoe **مِنْ كُلِّ أَمْرٍ** ny **مِنْ** dia manambara ny antony ka midika hoe nohon'ny antony, koa ny teny hoe **كُلِّ أَمْرٍ** dia mandrakotra ny zava-drehetra ao amin'ny lanitra sy tany ; ary ny dikany ankapobeny dia hoe : Allah no mandidy ireo Anjely amin'ny **لَيْلَةُ الْقَدْرِ** mba hidina amin'ny toerana rehetra nohon'ny antony zava-drehetra ... Koa raha hanontaniana izahay hoe: Inona no tiana hambara amin'ny hoe nohon'ny antony zava-drehetra ? Moa ve izy io dia ny fandrinrana ny zava-drehetra sy ny famaritana ny fiafaran'izy ireo ara-piainana sy ny isan'izy ireo, ...sns ? Koa raha misy no manontany anay toy izany, hoy ny cheikh Moughniyah dia valianay hoe: Allah no mahalala izany!

Misy fanazavana maromaro mikasika ny dikan'ilay teny hoe **الرُّوحُ**, araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana, ka ireto avy izany:

1-Izy io dia Anjely lehibe iray, koa raha nateliny ny lanitra sy ny tany dia ataony indray manelina.

2-Vondron'ireo Anjely izay tsy hitan'ireo Anjely hafa afa-tsy amin'ny **لَيْلَةُ الْقَدْرِ**, tahaka ireo olona mpitokamonina izay tsy hita raha tsy amin'ny andro fety.

3-Anisan'ireo zava-boaharin'i Allah izay mihinana sy mitafy fa tsy anisan'ireo Anjely no sady tsy anisan'ireo olombelona fa angamba izy ireo dia ireo mpikarakara an'ireo olon'ny Paradisa.

4-Mety ho ilay Mpaminany Issà (a.s) izy io satria izany no anarany, avy eo Izy dia midina miaraka amin'ireo Anjely mba hijery ny vahoakan'i Mouhammad (s.a.w).

5-Izy io dia ny Qour'an, hoy indrindra i Allah Ilay Tsitoha ao amin'ny surat al-shourà andininy faha-52 milaza manao hoe:

Ary toy izany no nanambaranay taminao ny fanahy (na ny Qour'an) **avy amin'ny baikonay.**"

6-Famindrampo: araka ny fandikan'ireo manam-pahaizana sasany amin'ity andininy ity: **“Ary aza kivy amin'ny famindrampon'i Allah”** (sourat Youssouf and.87), sahala amin'ny te hilaza i Allah hoe: nidina ireo Anjely sy ny famindrampoko, ka ny fiantraikan'izy ireo dia ahazoan'ny zava-boahary ny fahasambarana eto an-tany sy ny any ankoatra.

7-Izy io dia ilay be voninahitra amin'ireo Anjely.

8-Araka ny voaray avy amin'i Abi Nadjih fa izy ireo dia Anjely be voninahitra mpanoratra ny asan'ny olombelona ka ilay ankavanana dia manoratra izay asa wadjib ataon'ny olona, ary ilay ankavia dia manoratra izay asa ratsy.

Fa ny cheikh Fakhr al-Razi dia nilaza nanao hoe: ny tena marina ny **الرُّوحُ** eto dia ny Anjely Djibril. Ny fanavahana Azy manokana eto dia mba ho fampiakarana ny voninahiny, tahaka ny hoe, i Allah dia manambara manao hoe: ny Anjely rehetra dia etsy ankilany fa ilay **الرُّوحُ** kosa dia etsy andaniny.

(سَلَامٌ هِيَ حَتَّى مَطَلَعِ الْفَجْرِ)

Ny mpisolo tena **هِيَ** eto dia miverina amin'ny **لَيْلَةُ الْقَدْرِ**, fa kosa moa ve ny tiana hambara amin'ny **سَلَامٌ** na fandriam-pahalemana hatramin'ny fiposahan'ny mangiran-dratsy dia misy ao amin'ireo **لَيْلَةُ الْقَدْرِ** rehetra, ka tsy misy haratsiana na olana na loza isaky ny **لَيْلَةُ الْقَدْرِ** sa ny fandriam-pahalemana hatramin'ny fiposahan'ny mangiran-dratsy dia nisy fotsiny tamin'ny alina izay nidinan'ny Qour'an tao amin'ny tratran'ilay Irak'i Allah (s.a.w)? Raha jerena ety ivelany ny fanazavan'ireo mpanao tafsir dia manambara an'ireo **لَيْلَةُ الْقَدْرِ** rehetra, fa araka ny fanazavan'ny cheikh M. Abdou dia manambara ny fisian'izany tamin'ny alina nidinan'ny Qour'an fotsiny.

* * * * *

سُورَةُ الْبَيِّنَةِ

NY SOURAT AL-BAYINAH

Ny voninahitry ny sourat al-Bayinah

قَالَ الْإِمَامُ الْبَاقِرُ (ع): مَنْ قَرَأَ سُورَةَ " لَمْ يَكُنْ " كَانَ بَرِيئاً مِنَ الشَّرِّكَ وَأُدْخِلَ فِي دِينِ مُحَمَّدٍ (ص) وَبَعَثَهُ اللَّهُ عَزَّ وَجَلَّ مُؤْمِناً وَحَاسَبَهُ حِسَاباً يَسِيراً. ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Bàqir (a.s) hoe: “Izay mamaky ny sourat لَمْ dia mihataka lavitra amin’ny fanompoan-tsampy sy ampidirina ao amin’ny finoan’i Mouhammad (s.a.w) ary antsangan’i Allah Ilay Avo Indrindra ho mpino sy hotsarainy amin’ny fitsarana mora.”

Ny dikan’ny sourat al-Bayinah ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- لَمْ يَكُنْ الَّذِينَ كَفَرُوا مِنْ أَهْلِ الْكِتَابِ وَالْمُشْرِكِينَ مُنْفَكِينَ حَتَّى تَأْتِيَهُمُ

الْبَيِّنَةُ

1- Ireo mpitsipaka amin’ireo mpanaraka an’ily Boky sy ireo mpanompo sampy dia tsy nisaratsaraka raha tsy efa tonga tamin’izy ireo ilay porofo mazava.

2- رَسُولٌ مِنْ اللَّهِ يَتْلُو صُحُفًا مُطَهَّرَةً

2- Dia ilay Iraka avy amin’i Allah izay mamaky ireo takelaka voadio.

3- فِيهَا كُتُبٌ قَيِّمَةٌ

3- Ao amin’izy ireo dia misy ireo rakitsoratra mijoro amin’ny fahamarinana.

4- وَمَا تَفَرَّقَ الَّذِينَ أُوتُوا الْكِتَابَ إِلَّا مِنْ بَعْدِ مَا جَاءَتْهُمْ الْبَيِّنَةُ

4- Ary tsy nizarazara ireo izay nomena ilay Boky raha tsy taorian'ny fahatongavan' ilay porofo mazava teo amin'izy ireo.

5- وَمَا أَمْرُوا إِلَّا لِيَعْبُدُوا اللَّهَ مُخْلِصِينَ لَهُ الدِّينَ حُنَفَاءَ وَيُقِيمُوا الصَّلَاةَ وَيُؤْتُوا الزَّكَاةَ وَدَلِكِ دِينُ الْفَيْمَةِ

5- Ary tsy nodidiana izy ireo afa-tsy ny hanompo an'i Allah amin'ny fo madio izay Tompon' ilay finoana, ka miala amin'ireo finoana diso mankany amin'ny finoana islam, sy ny hananganan' izy ireo ny swalat ary hanomezan' izy ireo ny zakat, fa izany no finoana izay mijoro amin'ny fahitsiana.

6- إِنَّ الَّذِينَ كَفَرُوا مِنْ أَهْلِ الْكِتَابِ وَالْمُشْرِكِينَ فِي نَارِ جَهَنَّمَ خَالِدِينَ فِيهَا أُولَئِكَ هُمْ شَرُّ الْبَرِيَّةِ

6- Tena marina fa ireo izay mpitsipaka avy amin'ireo mpanaraka an' ilay Boky sy ireo mpanompo sampy dia ao amin'ny Afo gehena mandrakizay, izy ireo no ratsy indrindra amin'ny zava-boahary.

7- إِنَّ الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ أُولَئِكَ هُمْ خَيْرُ الْبَرِيَّةِ

7- Tena marina fa ireo izay nino sy nanao asa soa kosa dia izy ireo no tsara indrindra amin'ny zava-boahary.

8- جَزَاؤُهُمْ عِنْدَ رَبِّهِمْ جَنَّاتٌ عَدْنٌ تَجْرِي مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ خَالِدِينَ فِيهَا أَبَدًا رَضِيَ اللَّهُ عَنْهُمْ وَرَضُوا عَنْهُ ذَلِكَ لِمَنْ حَسِبَ رَبَّهُ

8- Ny valisoan' izy ireo eo anatrehan'ny Tompon' izy ireo dia ireo Paradisan'i Edena, izay mikoriana eo ambaniny ireo renirano ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo ; i Allah dia faly amin'izy ireo ary izy ireo dia faly Aminy. Izany no ho an'izay olona matahotra ny Tompony.

Famakafakana ny surat al-Bayinah

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(أَمْ يَكُنُ الَّذِينَ كَفَرُوا مِنْ أَهْلِ الْكِتَابِ وَالْمُشْرِكِينَ مُنْفَكِينَ حَتَّى تَأْتِيَهُمُ
الْبَيِّنَةُ)

Ny tiana hambara amin'ny أَهْلِ الْكِتَابِ dia ireo jiosy sy ireo kristiana ; fa ny الْمُشْرِكِينَ dia ireo arabo mpanompo sampy ; ny مُنْفَكِينَ dia midika hoe misaratsaraka ... Ireo أَهْلِ الْكِتَابِ teo aloha dia namaky tao amin'ny bokin'izy ireo fa i Allah dia handefa Mpaminany hitari-dàlana amin'ny fahamarinana, ary ireo mpanompo sampy ihany koa dia naheno izany fanambarana izany. Noho izany, eo amin'ireo vondrona roa ireo dia misy fitovizankevitra mikasika ny fiavian'ily Mpaminany izay nampanantenaina ; kanefa matetika ireo mpanaraka an'ily Boky sy ireo mpanompo sampy teo aloha dia mifanohitra sy miady ka ny andaniny dia mahita ny ankilany ao anatin'ny fahadisoana fa izy ihany no marina. Avy eo mifanaraka indray izy ireo amin'ny fahatongavan'ily Mpaminany izay nampanantenaina mba hitsara ny disadisa misy eo amin'izy ireo, fa rehefa tonga Izy dia hino sy hanaiky ny fitsarany izy ireo. Ary izany no tiana hambara amin'ily fanazavana nazavain'i Allah amin'ny alalan'ny teniny manao hoe :

(رَسُولٌ مِنَ اللَّهِ يَتْلُو صُحُفًا مُطَهَّرَةً فِيهَا كُتُبٌ قَيِّمَةٌ)

Ny tiana hambara amin'ny رَسُولٌ مِنَ اللَّهِ eto dia i Mouhammad (s.a.w), ary ny صُحُفًا dia ny Qour'an. Fa natao milaza “pluriel” ilay teny صُحُفًا dia noho ireo sourat maro misy ao aminy na noho ireo takelaka maro, satria izay takelaka mirakitra soratra dia antsoina swahîfah amin'ny teny arabo. Fa ny مُطَهَّرَةً dia midika hoe madio amin'ny fahadisoana sy ny fahaverezana. Ny mpisolo tena هَا amin'ny فِيهَا dia miverina amin'ny صُحُفًا “ireo takelaka”. Ary ny tiana hambara amin'ny teny كُتُبٌ dia ny Qour'an izay misy fanazavana maro mikasika ireo Boky masina taloha izay nampidin'in'i Allah, tahak'ireo Souhouf Ibrâhim sy Taourat sy Injil ary Zabour. Eny, ao amin'ny Qour'an dia misy fanazavana an'ireo izay nampidinina tamin'ireo Mpaminany rehetra tsy ankanavaka mikasika ny tari-dàlana sy ireo foto-pinoana. Ny tiana hambara

amin'ny قِيَمَةٌ dia ny fijoroana amin'ny fahamarinana. Koa ny tian'ity andininy ity hambara dia hoe, ilay Mpaminany Mouhammad (s.a.w), rehefa tonga Izy miaraka amin'ilay Qour'an izay nazavaina ny zava-drehetra ao aminy, dia niamboho Azy ireo mpanompo sampy sy ireo mpanaraka an'ilay Boky, sady notsipahin'izy ireo ilay fifanarahana fa hanaiky ny hotsarain'ilay Mpaminany izay nampanantenaina.

(وَمَا تَفَرَّقَ الَّذِينَ أُوتُوا الْكِتَابَ إِلَّا مِنْ بَعْدِ مَا جَاءَتْهُمْ الْبَيِّنَةُ)

Ny الْبَيِّنَةُ ilay porofo mazava dia efa tonga teo amin'ireo mpanaraka an'ilay Boky, tamin'ny alalan'ireo Mpaminan'izy ireo, fa ny tiany hambara eto dia tsy mitovy amin'ny tiany hambara tamin'ilay andininy teo aloha. Fa ny dikany eto dia hoe : ireo mpanaraka an'ilay Boky dia manohy ny haratsiana sy ny fandehanana amin'ny fahaverezana amin'ny alalan'ny fiambohoana an'ilay Mpaminany Mouhammad (s.a.w), izay tonga teo amin'izy ireo nitondra ireo porofo mazava, izany moa dia mitovitovy amin'ny fanohozin'izy ireo nandeha tamin'ny fahaverezana taorian'ireo Mpaminanin'izy ireo, izay efa nitondra teo amin'izy ireo, ireo porofo mazava sy mahitsy; satria ireo jiosy dia nizarazara vondrona maromaro taorian'ny Mpaminany Moussa (a.s), ary toy izany koa ireo kristiana dia nizarazara antoko maro taorian'ny Mpaminany Inssa (a.s). Eny, izany fanoherana sy fizarazarana misy eo amin'izy ireo izany, dia tsy noho izy ireo tsy mahalala ny finoana akory fa kosa ny sitrapon'izy ireo sy ny fitadiavana tombontsoa manokana no nampisaratsaraka azy ireo. Miverena ao amin'ny tafsir andininy faha-105 surat Al'Imràn sy andininy faha-17 ao amin'ny surat al-jathiyah raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika izany.

(وَمَا أُمْرُوا إِلَّا لِيَعْبُدُوا اللَّهَ مُخْلِصِينَ لَهُ الدِّينَ حُنَفَاءَ وَيُقِيمُوا الصَّلَاةَ وَيُؤْتُوا الزَّكَاةَ وَذَلِكَ دِينُ الْقَيِّمَةِ)

Ny teny hoe حُنَفَاءَ dia teny milaza zavatra maro fa raha milaza zavatra tokana izy dia hoe حَنِيفٌ ary izany dia ny olona izay mijoro amin'ily fahamarinana ka miala amin'ny fahadisoana rehetra. Ny tian'ily andininy hambara dia hoe : ireo mpanaraka ny Boky dia nisaratsaraka tamin'ny finoan'izy ireo kanefa ny finoan'i Allah Ilay Avo Indrindra dia tokana sady mazava, ary izany dia ny fananana fahadiovam-po tanteraka ho an'i Allah Ilay Tokana sy fijoroana amin'ily fahamarinana sy ilay fahitsiana sy fanatanterahana ny swalât ary ny famoahana ny zakât. Ny finoan'ireo Bokin'i Allah izay mijoro amin'ny fahamarinana dia samy mitari-dâlana avokoa amin'ny làla-mahitsy. Koa avy aiza àry izany no nahaterahan'ireo finoana sy antokom-pinoana maro samihafa ireo? Nilaza ny cheikh Mouhammad Abdouh fa izany no antony nanomezan'i Allah tsiny an'ireo mpanaraka ny Boky avy amin'ny fomban'izy ireo; fa inona kosa no lazaintsika mikasika ny fombantsika? Moa ve ny bokintsika izay vavolombelona ho antsika dia tsy manome tsiny ihany koa amin'ny haratsian'ny fihetsika ataontsika nohon'ny fisaraham-bazana amin'ily finoana ka mahatonga ny fisian'ireo madh'hab maromaro, ary lasa niforona ireo zava-baovao maromaro ao amin'ny finoantsika, ka lasa mifanaratsy isika samy isika amin'ny filazana ny hafa ho kâfir, nefa ny bokintsika dia miantso antsika mba hifikitra amin'ny tady iray ihany... ?

(إِنَّ الَّذِينَ كَفَرُوا مِنْ أَهْلِ الْكِتَابِ وَالْمُشْرِكِينَ فِي نَارِ جَهَنَّمَ خَالِدِينَ فِيهَا أُولَئِكَ هُمْ شَرُّ الْبَرِيَّةِ)

Ny tiana hambara amin'ny kâfir eto amin'ity andininy ity dia ny olona rehetra izay mitsipaka ny fahamarinana kanefa efa nisy porofo nijoro teo aminy. Na dia nitsipaka izany izy nohon'ny fialonana taorian'ny nahafantarany azy, na noho izy tsy mitia mikaroka mba hotojo amin'ily fahamarinana sy ny porofony. Ireo manam-pahaizana silamo dia efa miombon-kevitra fa ny lalàna

mifehy ny bado izay nanao tsirambina tamin'ny fikarohana ilay fahamarinana dia mitovy amin'ny lalàna mifehy ny olona mahalala ny fahamarinana nefa tsy narahiny izany nohon'ny sitrapony. Ary tsy misy fisalasalana fa izay miamboho an'ilay fahamarinanan tsy misy fialan-tsiny mitombona dia olona farany ratsy eto an-tany mitovy amin'izay nanao an'i Allah ho manana namana, ary tsy misy valisoa azon'inty farany sy iry voalohany afa-tsy ny fahafaham-baraka sy sazy mahery vaika. (Isika dia mangataka fiavrovan'i Allah amin'izany !)

(إِنَّ الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ)

Marina tokoa fa ireo izay mino an'ilay fahamarinana sy mampihatra arakaraka ny fananam-pinoan'izy ireo dia ...

(أُولَئِكَ هُمْ خَيْرُ الْبَرِيَّةِ)

...Izy ireo no tsara indrindra amin'ny zava-boahary. Eny, na iza na iza no mikaroka an'ilay fahamarinana sy mampihatra azy amin'ny fomba marina ka tsy matahotra ny tsiny avy amin'ireo mpanome tsiny, marina dia marina fa tsy misy na iza na iza no tsara mihoatr'azy, afa-tsy ireo izay nofidin'i Allah sy nodioviny ary natokisany hitondra ilay hafatra sy ny finoany.

(جَزَاءُ لَهُمْ عِنْدَ رَبِّهِمْ جَنَّاتٌ عَدْنٍ تَجْرِي مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ خَالِدِينَ فِيهَا أَبَدًا رَضِيَ اللَّهُ عَنْهُمْ وَرَضُوا عَنْهُ)

Ny valisoan'izy ireo eo anatrehan'ny Tompon'izy ireo dia ireo Paradisan'i Edena, izay mikoriana eo ambaniny ireo renirano ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo ; i Allah dia faly amin'izy ireo ary izy ireo dia faly Aminy. Eny, i Allah dia faly amin'izy ireo noho izy ireo nanao asa izay nahafaly an'i Allah ka nomeny valisoa hanjaka mandrakizay izy ireo sy fahasoavana maharitra; ary izy ireo ihany koa dia faly amin'i Allah nohon'ny valisoa nomen'i Allah azy ireo avy amin'ny hatsarany sy ny fahasoavany.

(ذَلِكَ لِمَنْ حَشِيَ رَبَّهُ)

Izany no ho an'izay olona matahotra ny Tompony. Eny, i Allah dia efa nampiomana ny valisoa ho an'izay matahotra Azy amin'ny tsy fahitana Azy, no sady miteny ny marina. Nilaza ny cheikh M. Abdouh hoe: ny tian'i Allah hambara amin'ity teny tena ambony ity dia ny fampitandremana an'ny ankamaroan'ireo olona izay manana fahazoan-kevitra diso, izany moa dia ny finoana izay lovaina avy amin'ny ray aman-dreny sy ny fahaizana sombintsombiny mikasika ireo lalàna sasantsasany sy ny fanatanterahana ireo fanompoana vitsivitsy izay heverin'izy ireo fa izany rehetra izany dia efa ampy amin'ny fahazoan'izy ireo ny valisoa izay nampioamin'i Allah an'ireo mpino amin'ny andro farany, nefa ny fon'izy ireo aza dia feno fialonana sy ny fanambonian-tena sy ny fireharehana ary ny vavan'izy ireo dia tsy mitsahatra amin'ny filazana lainga sy ny fifosana ary ny tati-dresaka ...sns, ary koa ny fikasan'izy ireo dia ny hanompo ireo mpitondra sy ireo mpanjaka, eny fa na ireo olona ambany voninahitra noho izy ireo aza ...sns. Tsia dia tsia, izy ireo dia tsy hahazo valisoa satria ny fahatahorana an'i Allah dia tsy misy ao am-pon'izy ireo ary ny fanahin'izy ireo dia tsy misy fahalalam-pomba tsara, fa ny valisoa amin'ny andro farany dia ho an'izay matahotra ny Tompony sy izay mahatsapa ny fahatahorana Azy ao am-pony.

* * * * *

سُورَةُ الزُّلْزَلَةِ

NY SOURAT AL-ZILZALAH

Ny voninahitry ny sourat al-Zilzalah

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): لَا تَمْلُوا مِنْ قِرَاءَةِ " إِذَا زُلْزِلَتِ الْأَرْضُ " فَإِنَّهُ مَنْ كَانَتْ فِي نَوَافِلِهِ لَمْ يُصِيبْهُ اللَّهُ عَزَّ وَجَلَّ بِزُلْزَلَةٍ أَبَدًا وَلَمْ يَمُتْ بِهَا وَلَا بِصَاعِقَةٍ وَلَا بِآفَةٍ مِنْ آفَاتِ الدُّنْيَا فَإِنْ مَاتَ أَمَرَ بِهِ إِلَى الْجَنَّةِ ... - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Sàdiq (a.s) hoe: “Aza kamo amin’ny famakiana ny إِذَا زُلْزِلَتِ الْأَرْضُ fa tena marina izy io ho an’izay mamaky azy ao amin’ny swalât moustahab dia tsy hampisedrain’i Allah Ilay Avo Indrindra aminy mihitsy ny horohoron-tany no sady tsy ho fatin’izany izy ary koa tsy ho fatin’ny varatra sy ny loza amin’ireo loza misy eto an-tany, fa nony maty izy dia omena baiko mba halefa ao am-Paradisa ...”

Ny dikan’ny sourat al-Zilzalah ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- إِذَا زُلْزِلَتِ الْأَرْضُ زَلَزَالَهَا

1- Rehefa ny tany hihorohoro mafy izaits’izy.

2- وَأَخْرَجَتِ الْأَرْضُ أَثْقَالَهَا

2- Ary havoakan’ny tany ireo vesatra ao aminy.

3- وَقَالَ الْإِنْسَانُ مَا لَهَا

3- Dia hiteny ny olombelona hoe fa inona no manjo azy?

4- يَوْمَئِذٍ تُحَدِّثُ أَخْبَارَهَا

4- Amin'izany andro izany, dia hanambara ny vaovaony izy.

5- يَا أَيُّهَا رَبِّكَ أُوْحَىٰ لَهَا

5- Ny Tomponao, tena marina no nandefa hafatra taminy.

6- يَوْمَئِذٍ يَصْدُرُ النَّاسُ أَشْتَاتًا لِّيُرَوْا أَعْمَالَهُمْ

6- Amin'izany andro izany dia hivoaka (avy amin'ireo fasany) ny olombelona misaratsaraka; mba hanehoana amin'izy ireo ny asan'izy ireo.

7- فَمَنْ يَعْمَلْ مِثْقَالَ ذَرَّةٍ خَيْرًا يَرَهُ

7- Koa na iza na iza nanao asa soa na dia bitika -mitovy amin'ny atoma- aza dia hahita izany.

8- وَمَنْ يَعْمَلْ مِثْقَالَ ذَرَّةٍ شَرًّا يَرَهُ

8- Ary na iza na iza nanao asa ratsy na dia bitika -mitovy amin'ny atoma- aza dia hahita izany ihany koa.

Famakafakana ny sourat al-Zilzalah

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(إِذَا زُلْزِلَتِ الْأَرْضُ زِلْزَالَهَا)

Ity dia fampatahorana amin'ny loza hitranga amin'ny andro Fitsanganana, izay amin'io andro io ny tany dia hikorontana no sady hihozongozona tena mafy; ary ny mitovy amin'izany ilay tenin'i Allah ao amin'ny sourat al-Hadj andininy voalohany izay manao hoe: يَا أَيُّهَا النَّاسُ اتَّقُوا رَبَّكُمُ إِنَّ زَلْزَلَةَ السَّاعَةِ شَيْءٌ عَظِيمٌ.

(وَأَخْرَجَتِ الْأَرْضُ أَثْقَالَهَا)

Havoaka ny zava-drehetra izay fonosin'ny tany ao an-kibony na ireo olona maty milevina ao aminy izany na ireo harena an-kibon'ny tany... sns.

(وَقَالَ الْإِنْسَانُ مَا لَهَا)

Hiteny ny olombelona hoe: nahoana ity tany ity no manonja tsy araka ny mahazatra? Fa inona no mahatonga azy manao izany?

(يَوْمَئِذٍ تُحَدِّثُ أَخْبَارَهَا)

Ny olombelona rehefa miresaka dia mampiseho ety ivelany izay zavatra miafina ao aminy; fa ny tany kosa rehefa hiresaka amin'ny andro Fitsanganana dia hampiharihary ho hitan'ny mason'ny olona izay zavatra rehetra nateliny amin'ireo zavatra tena mahagaga sy tsiambaratelo maro mbola tsy fantatra sy tsy hitan'ny olombelona miafina ao aminy hatramin'ny fahagola ... Nilaza ny cheikh Mouhammad Djawad Moughniyah nanao hoe: tsy haiko moa ve hahita ilay fampisehoana izay tena mahagaga sy mahasanganehana amin'izany andro izany ireo manam-pahaizana momba ny zavatra fahagola ?

(بِأَنَّ رَبَّكَ أَوْحَى لَهَا)

Ny zavatra rehetra izay hitranga amin'ilay tany amin'ny andron'ny Fitsanganana dia baiko izany avy amin'i Allah Ilay Avo Indrindra. Nilaza ny cheikh M. Abdouh nanao hoe: “Ny fahasimban'ny tany amin'ny faran'ny taonany dia tsy maintsy nohon'ny antony avy amin'ireo antony maromaro izay mamotika ny fanorenana eo amboniny sy mahatonga azy ho lasa potika tanteraka.” Ary ny cheikh Moughniyah dia manazava io tenin'ny cheikh M. Abdouh io manao hoe: toy ny te hilaza ny cheikh amin'io teniny io, mikasika ireny baomba atomika izay nipoaka teto an-tany sy tao ambaniny ireny kanefa aoka hofantatra fa ireo baomba atomika ireo dia tsy mbola nisy tamin'ny vanim-potoana niainany ... fa ny teniny io dia tena akaiky amin'ny fahamarinana satria ny taona iainan'ilay tany dia tsy ho tapitra nohon'ny fahelan'ny fotoana tahak'ireo zava-manan'aina ohatra; fa kosa tapitra nohon'ny olana mitranga ao aminy na ao amin'ny singa iray amin'ireo singa fototr'ilay tany.

(يَوْمَئِذٍ يَصُدُّرُ النَّاسُ أَشْتَاتًا لِيُرَوْا أَعْمَالَهُمْ)

Amin'ny andro farany i Allah dia hanova ny tontolo misy amin'ny tontolo hafa, ary hampihaona ny zava-boahary farany amin'ny nohariana voalohany; izy rehetra dia hifanena no sady hahita ny valin'ireo asany ny tsirairay.

(فَمَنْ يَعْمَلْ مِثْقَالَ ذَرَّةٍ خَيْرًا يَرَهُ وَمَنْ يَعْمَلْ مِثْقَالَ ذَرَّةٍ شَرًّا يَرَهُ)

Voalaza ao amin'ny tafsir nosoratan'i Fakhr Razi sy ny ankoatr'azy, fa ny الذَّرَّةُ dia ilay farany kely amin'ny vitsika, fa amin'ny boky antsoina hoe القرآن والعلم الحديث izay nosoratan'i Nawfal dia nilaza fa ny الذَّرَّةُ dia ilay singa farany kely amin'ny azo zaraina ara-batana ...Misy koa milaza fa ny الذَّرَّةُ dia tsy hitamaso mihitsy na dia amin'ny alalan'ny “microscope” aza fa fantatra kosa anefa ny fisiany amin'ny alalan'ny diany. Na izany na tsy izany, ny tiany hambara dia efa mazava, ary izany dia hoe, amin'ny andro farany ny olombelona dia hahita eo anatrehan'i Allah ny valin'asany, koa raha tsara ny asa natao dia tsara ny valiny fa raha ratsy kosa dia ratsy tahaka'izany koa ny valiny, ary na manao ahoana na manao akory ny habe sy ny hakelin'izany asa izany dia tsy maintsy ahazoana valiny avokoa...Ary mazava ho azy fa ny valin'asa dia arakaraka amin'ny habetsahany sy ny toetrany.

Eto dia mety hanontany ny olona hanao hoe:

Moa ve ny mpino sy ny tsy mpino dia hitovy amin'izany andro izany, sa izay tsy nino an'i Allah dia tsy ekena ny asa soa nataony ary tsy homena valisoa izy na dia nanao izany asa soa izany aza amin'ny lafiny tsara sy amin'ny mah'olombelona?

Valiny: Ny zava-drehetra dia samy manana ny fitsarana azy avy, koa raha toa ka ny tsy mpino no nanao asa soa dia hosaziana izy amin'ny maha tsy mpino azy fa kosa homena valisoa izy tamin'ilay asa soa nataony araka ny fahendren'i Allah, na eto an-tany no hanomezana azy valisoa mialoha ny fahafatesany, na hahena ny saziny any amin'ny andro farany.

Fanontaniana manaraka:

Misy andininy maromaro no milaza fa ny fitsipahana an'i Allah dia mahatonga ny fanafoanana ny asa tanteraka na dia asa soa aza ny asany rehetra?

Ireo manam-pahaizana sasany dia efa namaly izay fanontaniana izany nanao hoe: Ny dikan'ny fanafoanana ny asa eto dia hoe, ireo hatsarana vitan'ny tsy mpino dia tsy hahavotra azy amin'ilay sazin'ny maha tsy mpino azy; fa tsy midika anefa fa i Allah dia tsy hanome valisoa azy amin'izany, eny fa na dia eto antany aza.

* * * * *

سُورَةُ الْعَادِيَّاتِ

NY SOURAT AL-ANDIYATE

Ny voninahitry ny sourat al-Andiyàte

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ سُورَةَ الْعَادِيَّاتِ وَأَدَمَّنَ قِرَائَتَهَا بَعَثَهُ اللَّهُ عَزَّ وَجَلَّ مَعَ أَمِيرِ الْمُؤْمِنِينَ (ع) يَوْمَ الْقِيَامَةِ خَاصَّةً ... - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Sàdiq (a.s) hoe: “Izay mamaky ny sourat al-andiyàte sy mamaky azy matetika dia hatsangan’i Allah Ilay Avo Indrindra izy miaraka amin’ily Lehiben’ireo mpino (a.s) manokana amin’ny andron’ny Fitsanganana ...”

Ny dikan’ny sourat al-Andiyàte ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- وَالْعَادِيَّاتِ ضَبْحًا

1- Mianiana amin’ireo soavalin’ireo (mpanao Djihàd) izay haingam-pandeha misefosefo Aho.

2- فَالْمُورِيَّاتِ قَدْحًا

2- Izay mamoaka pitik’afô (avy amin’ny fidoboky ny kitrony).

3- فَالْمُغِيرَاتِ صُبْحًا

3- Ary manafika vao maraina.

4- فَاتَّرْنَ بِهِ نَفْعًا

4- Ka mampitorajofô ny vovoka ao amin’ny maraina.

5- فَوَسَطْنَ بِهِ جَمْعًا

5- Ary mitsofoka ao amin’ny maraina eo anivon’ireo andiam-pahavalo.

6- إِنَّ الْإِنْسَانَ لِرَبِّهِ لَكَنُودٌ

6- Tena marina fa ny olombelona amin'ny Tompony dia be fitsipahana.

7- وَإِنَّهُ عَلَىٰ ذَٰلِكَ لَشَهِيدٌ

7- Ary izy dia tena vavolombelona amin'izany tokoa.

8- وَإِنَّهُ لِحُبِّ الْخَيْرِ لَشَدِيدٌ

8- Fa fatra-pitia harena tokoa ny olombelona.

9- أَفَلَا يَعْلَمُ إِذَا بُعْثِرَ مَا فِي الْقُبُورِ

9- Moa ve tsy fantany fa rehefa hifongatra izay rehetra ao am-pasana.

10- وَحُصِّلَ مَا فِي الصُّدُورِ

10- Dia hiharihary izay rehetra nafenin'ireo tratra.

11- إِنَّ رَبَّهُم بِهِمْ يَوْمَئِذٍ لَّخَبِيرٌ

11- Tena marina fa ny Tompon'izy ireo amin'izany andro izany dia mahafantatra ny mikasik'azy ireo.

Famakafakana ny sourat al-Andiyàte

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

Voalaza ao amin'ny boky tafsir antsoina hoe مجمع البيان sy ireo boky hafa fa ilay Irak'i Allah (s.a.w) dia nandefa andian'olona nankany amin'ny foko iray antsoina hoe Bani Kinanah ka ela ny fiverenan'izy ireo, avy eo dia niteny ireo mpitsaravelatsihy nanao hoe : efa novonoina ny lehilahy tamin'izy ireo, ary teo noho eo dia nidina ity sourat ity izay manambara amin'ilay Mpaminany (s.a.w) fa mandainga ireo mpikomy ireo no sady manambara koa fa salama tsara ireo andian'olona nirahiny ireo.

(وَالْعَادِيَاتِ ضَبْحًا)

Ny الْعَادِيَاتِ dia teny milaza maro fa raha milaza tokana dia hoe العادية izay avy amin'ny fototeny hoe العَدُوُّ midika hoe fandehanana haingana ; fa ny tiana hambara amin'ny الْعَادِيَاتِ eto dia ireo soavaly, misy koa ny miteny hoe ireo rameva. Ary ny ضَبْحًا dia avy amin'ny teny hoe الضَّيْحُ izay midika ny fifosefofoan'ireo soavaly rehefa mandeha haingana izy ireo.

(فَالْمُورِيَاتِ قَدْحًا)

Ny الْمُورِيَاتِ dia avy amin'ny tenin'ireo Arabo manao hoe : أَوْرَى النَّارِ izay midika hoe “**narehitra ny afo**”. Ary ny قَدْحًا dia avy amin'ny fototeny hoe القَدْحُ izay midika hoe mikapoka mba hivoahan'ny afo, koa ny tiana hambara dia ireo soavaly rehefa mandeha haingana dia mikapoka ny vato amin'ny kitrony ka miteraka pitik'afo mitselatselatra.

(فَالْمُغِيرَاتِ صُبْحًا)

Manafika ny fahavalo vao maraina ireo soavaly mba hitampohana azy.

(فَأَثَرُنَّ بِهِ نَفْعًا)

Ny أَثَرُنَّ dia midika hoe nanaparitak'izy ireo, ary ny mpisolo tena هِ amin'ny بِهِ dia miverina amin'ilay fotoana ny vao maraina, fa ny بِي eto dia midika hoe فِي. Ny teny hoe نَفْعًا dia avy amin'ny teny hoe النَّفْعُ izay midika vovoka.

(فَوَسَطْنَ بِهِ جَمْعًا)

Ny وَسَطْنَ dia midika hoe nanelanelana. Ny mpisolo tena هِ amin'ny بِهِ dia miverina amin'ilay fotoana ny vao maraina ihany koa, fa ny tiana hambara amin'ny جَمْعًا eto dia ny andiam-pahavalo;

ary ny dikan'ily fehezanteny dia hoe : nanafika an'ireo fahavalo ireo soavaly tamin'ny fotoanan'ny maraina.

Nifanta i Allah amin'ny alalan'ireo soavaly mpiady ary indrindra fa nifanta amin'ily hatanjahana sy amin'ny fiomanana hiady mba hamporisika ireo mpino hanao ady masina amin'ny lalan'i Allah, sy mamporisika mba hanana tanjaka hanoherana ny fahavalon'i Allah sy olombelona ... Ny olona izay manaraka tsara Qour'an dia mahita fa i Allah dia matetika mamporisika ireo mpino amin'ny fomba maro samihafa ao amin'ireo andininy maromaro samihafa, mba hanana fitaovam-piadiana hampihorohoro an'ireo fahavalo mpanao ratsy ireo izay tsy misy zavatra hain'izy ireo afa-tsy ny fampiasan-kery amin'ny haratsiana ... Anisan'izany ny tenin'i Allah Ilay Avo Indrindra ao amin'ny sourat al-An'fâl andininy faha-60 milaza hoe:

وَأَعِدُّوا لَهُمْ مَا اسْتَطَعْتُمْ مِنْ قُوَّةٍ وَمِنْ رِبَاطِ الْخَيْلِ تُرْهَبُونَ بِهِ عَدُوَّ
اللَّهِ وَعَدُوَّكُمْ

“Ary aoka ianareo hiomana tsara arak'izay vitanareo amin'ny hery rehetra sy ireo soavaly voaomana hampivarahontsana ireo fahavalon'i Allah sy ireo fahavalonareo.”

Sy ny tenin'i Allah ihany koa ao amin'ny sourat al-Nisàe andininy faha-102 izay milaza manao hoe :

“Tian'ireo tsy mpino aza raha toa ianareo ka variana manao tsirambina amin'ny fitaovam-piadianareo.”

Sy ilay tenin'i Allah ao amin'ny sourat al-Nahl and.92 manao hoe : ... وَأَعِدُّوا لَهُمْ مَا اسْتَطَعْتُمْ مِنْ قُوَّةٍ... “Aza manao toy ny vehivavy izay mamaha tsirairay ny kofehy amin'ny fitaovam-panenomana ianareo rehefa avy namatotra azy mafy tsara ...”, sy ireo andininy hafa maro tsy voatanisa izay mibaiko amin'ny fanandratana ny maha ambony ny fahamarinana sy mampietry ny maha ambany ny lainga. Araka'izany dia mazava amintsika fa ny fanononana an'ireo soavaly haingam-pandeha misefosefo sy mamoaka pitik'afy ary mampitorajoko ny vovoka, dia

sarinteny manambara ny fiomanana amin'ny fitaovana entina hiarovana ny fahamarinana sy izay tompony. Ary i Allah dia nampiasa io sarinteny amin'ny alalan'ny soavaly mba hanehoana ny tanjaka satria ireo soavaly tamin'izany fotoana izany no hery tena matanjaka miharihary.

(إِنَّ الْإِنْسَانَ لِرَبِّهِ لَكَنُودٌ)

Ity andininy ity dia valin'ilay fianianana ary ilay teny كَنُودٌ dia midika hoe mpitsipaka ny fahasoavana, ka ny lalàna amin'ity andininy ity dia miantefa amin'ny olombelona mba hanambara fa ny ankamaroan'ny olombelona dia manadino an'i Allah rehefa izy ao anatin'ny fahasoavana, ary manadino ny mankasitrak'Azy amin'izany fahasoavana izany amin'ny alalan'ny fandaniana azy ao amin'ny lalàn'i Allah. Niteny ilay Iraka be voninahitra manao hoe : “Ny mpitsipaka ny fahasoavana dia izay mihinan-drery sy mikapoka ny andevony ary manakana ny fanampiana azy.”

(وَإِنَّهُ عَلَىٰ ذَٰلِكَ لَشَهِيدٌ)

Ary izy dia tena vavolombelona amin'izany tokoa. Izany hoe, ireo fihetsiky ny mpitsipaka ny fahasoavana dia manao vavolombelona ny tenany amin'ny alalan'ny fomba fanaony fa marina tokoa izy dia olona mpitsipaka ny fahasoavan'i Allah ... Ary ny tena ratsy amin'ireo karazana fitsipahana an'i Allah sy ireo fahasoavany dia ny fireharehana ataon'ny olombelona amin'ny alalan'ireo fahasoavan'i Allah ireo eo anatrehan'ireo mpanompon'i Allah.

(وَإِنَّهُ لِحُبِّ الْخَيْرِ لَشَدِيدٌ)

Nilaza ireo mpano tafsir fa ny tiana hambara amin'ilay teny الْخَيْرِ eto dia ny harena ... ary tsy misy fisalasalana fa izay mitia harena tafahoatra dia efa miala aminy ny maha olona azy ka mahasahy mitsipaka ny zavatra manan-danja rehetra raha tsy hoe angaha izany dia fitaovana entiny hanangonan-karena ... Ary raha manao fikarohana isika mikasika ny antony mitera-doza sy fahasahiranana amin'ny olombelona dia hita fa avy amin'ny

fifaninana amin'ny fananan-karena sy fanangonana azy. Milaza ny manampahaizana vahiny izay profesora filôzôfia amin'ny oniversite hoe: **“Aiza no hiavian’ny hatsarana ao amin’ny vanim-potoana izay tsy misy zavatra hamboarina afa-tsy ny ratsy ka manjary ny harena no manjaka izay manao ny olombelona ho lasa andevo ary ilay harena no manjary ho lehibe matanjaka mpitsara.”**

أَفَلَا يَعْلَمُ إِذَا بُعْثِرَ مَا فِي الْقُبُورِ وَحُصِّلَ مَا فِي الصُّدُورِ إِنَّ رَبَّهُمْ بِهِمْ
يَوْمَئِذٍ لَخَبِيرٌ

Ny solon-tena tampisaka amin’ilay matoateny hoe يَعْلَمُ dia miverina amin’ny الْإِنْسَانُ na الْكُنُودُ ary ny famenon’io matoateny io dia takon’ila, ka ny lahatr’azy dia tahaka’izao :

أَفَلَا يَعْلَمُ الْإِنْسَانُ مَصِيرَهُ؟ **“Moa ve tsy fantatry ny olombelona ny fiafarany ?”**

Ary ilay teny الْقُبُورِ مَا فِي الْبُعْثِرَ dia midika fa rehefa hifongatra ireo faty avy ao am-pasana ho any amin’ny fitsarana sy ny fahazoana valin’asa.

Ny الصُّدُورِ مَا فِي وَحُصِّلَ dia midika fa hiharihary ireo fikasana sy izay rehetra nafenin’ireo tratra.

Ary ny رَبَّهُمْ بِهِمْ يَوْمَئِذٍ لَخَبِيرٌ ny solon-tena هُمْ amin’ilay بِهِمْ dia miverina amin’ireo faty nofongarina avy ao am-pasana. Fa ny teny hoe لَخَبِيرٌ dia manambara fa i Allah Ilay Avo Indrindra dia mahafantatra tanteraka ny fikasana sy ny asa nataon’izy ireo ka Izy no mamaly izany arakaraka ny fahamendrehan’ny tsirairay. Ity andininy ity dia fampitandremana mafy ho an’izay rehetra mitsipaka ny fahasoavan’i Allah sy izay mirehareha amin’izany eo anatrehan’ireo mpanompon’i Allah, ka maromaro ireo andininy mitovy amin’izany ao amin’ny Qour’an.

* * * * *

سُورَةُ الْقَارِعَةِ

NY SOURAT AL-QARI'ANH

Ny voninahitry ny sourat al-Qàri'anh

قَالَ الْإِمَامُ الْبَاقِرُ (ع): مَنْ قَرَأَ وَ أَكْثَرَ مِنَ الْقَارِعَةِ آمَنَهُ اللهُ عَزَّ وَجَلَّ مِنْ فِتْنَةِ الدَّجَالِ أَنْ يُؤْمِنَ بِهِ وَمِنْ قَبِيحِ جَهَنَّمَ يَوْمَ الْقِيَامَةِ إِنْ شَاءَ اللهُ - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Bàqir (a.s) hoe: “Izay mamaky ny القارعة sy manao izany matetika dia arovan’i Allah Ilay Avo Indrindra izy amin’ny fakam-panahin’ny Dadjâl mba hino azy sy amin’ny haratsian’ny Gehena any amin’ny andron’ny Fitsanganana, raha sitrak’i Allah.”

Ny dikan’ny sourat al-Qàri’anh ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- الْقَارِعَةُ

1- Ilay Mpikotrokotroka.

2- مَا الْقَارِعَةُ

2- Iza izany Mpikotrokotroka izany?

3- وَمَا أَدْرَاكَ مَا الْقَارِعَةُ

3- Mba fantatrao ve ilay Mpikotrokotroka?

4- يَوْمَ يَكُونُ النَّاسُ كَالْفَرَاشِ الْمَبْتُوثِ

4- Andro izay hahatonga ny olona ho toy ny valala miparitaka.

5- وَتَكُونُ الْجِبَالُ كَالْعِهْنِ الْمَنْفُوشِ

5- Sy ireo tendrombohitra ho toy ny volon'ondry voasaratsaraka.

6- فَأَمَّا مَنْ ثَقُلَتْ مَوَازِينُهُ

6- Koa ho an'izay mavesa-danja ny asa vitany.

7- فَهُوَ فِي عِيشَةٍ رَاضِيَةٍ

7- Dia izy no hanana fiainana sambatra.

8- وَأَمَّا مَنْ خَفَّتْ مَوَازِينُهُ

8- Fa izay maivan-danja kosa ny asa vitany.

9- فَأَمَّهُ هَٰوِيَةٌ

9- Ny fialofany dia ilay lavaka mangitsogitsoka.

10- وَمَا أَدْرَاكَ مَا هِيَ

10- Ary moa mba fantatrao ve izany lavaka mangitsogitsoka izany?

11- نَارٌ حَامِيَةٌ

11- Afobe mamaivay izany.

Famakafakana ny sourat al-Qàri'anh

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(الْقَارِعَةُ)

Ny الْقَارِعَةُ dia anisan'ireo anaran'ny andro Fitsanganana satria izy io dia andro hampikotrokotroka ny fo amin'ny alalan'ireo loza mampatahotra hitranga amin'izany andro izany. Ny mitovy amin'io teny io dia ny ...السَّخَّاءُ، الطَّامَةُ، الْحَاقَّةُ، السَّخَّاءُ، الطَّامَةُ، الْحَاقَّةُ

(مَا الْقَارِعَةُ)

Ny tiana hambara amin'izany fanontaniana izany dia ny mahalehibe an'io andro io.

(وَمَا أَدْرَاكَ مَا الْقَارِعَةُ)

Tsy fantatrao ny tena maha-izy azy an'izany andro izany satria izy io dia andro tena mampahory amin'ny endrika tsy takatry ny saina ny mieritreritra azy.

(يَوْمَ يَكُونُ النَّاسُ كَالْفَرَاشِ الْمَبْتُوثِ)

Izany dia fanazavana sasantsasany fotsiny amin'ny zavatra hitranga amin'izany andro izany fa tsy araka ny tena maha-izy azy akory, ary ny **الْفَرَاشِ** dia efa fantatra ny dikany satria izy io dia ireny bibikely manidina ireny izay milatsadatsaka amin'ny toerana misy hazavana na afo amin'ny alina, fa ny teny **الْمَبْتُوثِ** dia midika izay zavatra miparitaka na misaratsaraka. Koa eto i Allah Ilay Avo Indrindra dia nanao fanoharana amin'ny toetra hanjo ny olombelona amin'ny andro Fitsanganana tahaka ny toetra manjo ireo bibikely manidina nohon'ny habadoana sy ny fisanganehanana ary ny filatsahana ny ankamaroan'izy ireo ao amin'ny Afo.

(وَتَكُونُ الْجِبَالُ كَالْعِهْنِ الْمَنْفُوشِ)

Ny dikan'ny **الْعِهْنِ** dia volon'ondry, ary ny dikan'ny **الْمَنْفُوشِ** dia ny volon'ondry nosaratsarahina, koa noho izany ireo tendrombohitra dia hanana toetra toy izany amin'izany andro izany.

(فَأَمَّا مَنْ ثَقُلَتْ مَوَازِينُهُ)

Ny tiana hambara amin'ity andininy ity dia izay manana fikasana madio ao am-pony ka nanao tsara ny asany.

(فَهُوَ فِي عَيْشَةٍ رَاضِيَةٍ)

Dia izy no hanana fiainana sambatra ka ho faly amin'izany izy sady hankasitraka.

(وَأَمَّا مَنْ خَفَّتْ مَوَازِينُهُ)

Ary ny tiana hambara amin'izany dia izay nanana fikasana maloto ka nanao asa ratsy.

(فَأَمَّهُ هَٰوِيَةً)

Ny fialofany dia ilay lavaka mangitsogitsoka satria ny fialofany ao aminy dia toy ny ankizy mialoka amin'ny reniny, fa ny tiana hambara amin'ny هَٰوِيَةً dia ny Gehena, satria ny olo-meloka dia halatsaka ao ary i Allah Ilay Madio dia efa nanazava an'ilay Gehena amin'ny teny manao hoe:

(وَمَا أَدْرَاكَ مَا هِيَ نَارٌ حَامِيَةٌ)

Ary moa mba fantatrao ve izany lavaka mangitsogitsoka izany? Afobe mamaivay izany. Izany no zavatra rehetra mety hofantatrao mikasika ny afo, fa ny fahafantarana araka ny tena maha-izy azy dia tsy takatry ny saina satria ny hantsany dia lalina tena lalina ary ny sazin'ny dia vaovao hatrany.

Lohahevitra ny andininy faha-2

أَعْمَالٌ لِلْقَبْرِ

Ireo asa ho an'ny fasana

- النَّبِيُّ (ص): مَرَّ النَّبِيُّ (ص) بِقَبْرِ دُفِنَ فِيهِ بِالْأَمْسِ إِنْسَانٌ وَأَهْلُهُ يَبْكُونَ فَقَالَ: لَرَكْعَتَانِ خَفِيفَتَانِ مِمَّا تَحْتَقِرُونَ أَحَبُّ إِلَيَّ صَاحِبِ هَذَا الْقَبْرِ مِنْ دُنْيَاكُمْ كُلِّهَا. (تنبيه الخواطر ص 453)

Ny Mpaminany (s.a.w): “Nandalo ny Mpaminany (s.a.w) teo amin’ny fasana nandevenan’olona vao omaly ary ny fianakaviany dia mitomany ka hoy Izy hoe: ny rakaanh anankiroa faran’izay hitanareo tsotra dia tena tian’io tompon’ny fasana io mihoatra ny fiainanareo rehetra eto an-tany.”

- قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): إِذَا دَخَلَ الْمُؤْمِنُ قَبْرَهُ كَانَتْ الصَّلَاةُ عَنْ يَمِينِهِ وَ الزَّكَاةُ عَنْ يَسَارِهِ، وَالْبِرُّ مُطَّلَّ عَلَيْهِ يَنْتَجِي الصَّبْرُ نَاحِيَهُ، فَإِذَا دَخَلَ عَلَيْهِ الْمَلَكَانِ اللَّذَانِ يُلْبِيَانِ مَسْأَلَتَهُ قَالَ الصَّبْرُ لِلصَّلَاةِ وَ الزَّكَاةِ وَالْبِرِّ: دُونَكُمْ صَاحِبُكُمْ فَإِنْ عَجَزْتُمْ عَنْهُ فَأَنَا دُونَهُ. (البحار ج 71 ص 73)

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Rehefa niditra tao am-pasany ny mpino iray dia ny vavaka swalàt dia eo an-kavanany ary ny zakat eo an-kaviany, ny asa soa no mitsingevana eo amboniny ary ny fiaretana miankina mihorirana eo aminy, koa rehefa tafiditra eo aminy ireo Anjely anankiroa izay mametraka aminy fanontaniana, dia hoy ilay fiaretana amin’ily swalàt sy ny zakat sy ny asa soa hoe: akaikezo ny sakaizanareo fa raha tsy vitanareo izany dia izaho no hanakaiky azy.”

* * * * *

سُورَةُ التَّكَاثُرِ

NY SOURAT AL-TAKATHOUR

Ny voninahitry ny sourat al-Takàthour

قَالَ رَسُولُ اللَّهِ (ص): مَنْ قَرَأَ أَلْهَاكُمُ التَّكَاثُرُ عِنْدَ النَّوْمِ وَقِيَ مِنْ فِتْنَةِ الْقَبْرِ - ثواب الأعمال -

Niteny ilay Irak'i Allah (s.a.w) hoe: "Izay mamaky ny sourat أَلْهَاكُمُ التَّكَاثُرُ dia voaro amin'ny fitsapana ao am-pasana."

Ny dikan'ny sourat al-Takàthour ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- أَلْهَاكُمُ التَّكَاثُرُ

1- Variana amin'ny fireharehana amin'ny fananan-karena sy ny fananan-drazana ary ny haitraitran'ny fiainana eto an-tany.

2- حَتَّىٰ زُرْتُمُ الْمَقَابِرَ

2- Mandra-pahatongan'ny fotoana hidiranareo ao am-pasana.

3- كَلَّا سَوْفَ تَعْلَمُونَ

3- Tsia, ho fantatrareo tsy ho ela.

4- ثُمَّ كَلَّا سَوْفَ تَعْلَمُونَ

4- Eny, ho fantatrareo tsy ho ela tokoa.

5- كَلَّا لَوْ تَعْلَمُونَ عِلْمَ الْيَقِينِ

5- Tsia, raha mba tena hanananareo fahalalana azo antoka izany.

6- لَتَرَوُنَّ الْجَحِيمَ

6- Dia ho hitanareo tokoa ny Afobe.

7- ثُمَّ لَتَرَوْهَا عَيْنَ الْيَقِينِ

7- Dia ho hitanareo tokoa izy amin'ny fahatokisana mihitsy.

8- ثُمَّ لَتُسْأَلُنَّ يَوْمَئِذٍ عَنِ النَّعِيمِ

8- Eny, tsy maintsy hanontaniana ianareo amin'izany andro izany mikasika ireo fahasoavana.

Famakafakana ny surat al-Takàthour

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(أَلْهَأْمُ التَّكَاثُرُ)

Variana ianareo ka nanadino nieritreritra momba ny fahamarinana sy ireo asa soa ary ny andro farany, ary ny tiana hambara amin'ny التَّكَاثُرُ dia ny fireharehana amin'ny hamaroan-karena sahala amin'ny tenin'ny olona tia mifaninana amin'ny namany manao hoe : izaho no be voninahitra sy manan-karena mihoatra anao.

(حَتَّى زُرْتُمُ الْمَقَابِرَ)

Lasa variana sy very ianareo mandra-pahatongavan'ny fahafatesana eo aminareo, na hatramin'ny hidiranareo ao am-pasana mihitsy mba hanisa ireo maty, araka ny fanazavan'ireo manam-pahaizana sasany. Fa ny Imàm Ali (a.s) dia manana resaka lavalava izay nolazainy rehefa avy namaky izany andininy masina izany Izy, ary efa voasoratra ao amin'ny boky Nahdjoul-balàghah izany. Anisan'izany teny nolazainy izany dia hoe :

"أَمْ بِمُصَارِعِ آبَائِهِمْ يَفْخَرُونَ ؟ أَمْ بِعَدِيدِ الْهَلْكِ يَتَكَاثِرُونَ ؟ وَلِأَنَّ يَكُونُوا عِبْرًا أَحَقُّ مِنْ أَنْ يَكُونُوا مُفْتَخِرًا"

“Moa ve amin'ny fifaninanan'ny razan'izy ireo no mampireharehan'izy ireo? Sa ny fitanisana ny efa maty no hahamaro azy ireo? Eny, ny fakan'izy ireo lesona no mendrika kokoa toy izay ny fireharehana.”

(كَلًّا)

Aoka hijanona ianareo amin'ny fireharehana amin'ny fananan-karena sy ny fananan-drazana ... satria izany dia tsy hahasoa anareo.

(سَوْفَ تَعْلَمُونَ)

Ho fantatrareo tsy ho ela ilay sazy hanjo anareo.

(ثُمَّ كَلًّا سَوْفَ تَعْلَمُونَ)

Naverimberina ireo andininy ireo mba ho fanamafisana an'ilay fampitandremana. Ilay andininy voalohany dia mitodika amin'ny fampitandremana ny zava-hitranga amin'ny fialan'aina na ao anatin'ny fasana; fa ilay faharoa kosa dia mitodika any amin'ny zava-hitrana amin'ny andron'ny Fitsanganana.

(كَلًّا لَوْ تَعْلَمُونَ عِلْمَ الْيَقِينِ)

Raha ianareo no nanana fahalalana marina mikasika ny fiafaran'ireo mpirehareha ireo dia hijanona amin'izany ianareo. Koa amin'ity andininy ity dia misy fanambarana ankolaka fa ny fahalalana tsy miaraka amin'ny fampiharana azy sy ny habadoana dia mitovy lenta. Ary izany no voalazan'ny Imàm Ali (a.s) amin'ny teniny manao hoe:

"الْعِلْمُ يَهْتَفُ بِالْعَمَلِ، فَإِنْ أَجَابَهُ وَ إِلَّا ارْتَحَلَ عَنْهُ"

“Ny fahalalana dia miantso ny asa, koa raha mamaly azy ilay asa dia (mipetraka aminy ilay fahalalana) fa raha tsy izany dia miala aminy.”

(لَتَرُونَ الْجَحِيمَ)

Ity andininy ity dia fampitandremana amin'izay mampanainga ny Afobe na mino azy fa tsy nanao asa mifanaraka amin'ilay finoany. Ary i Allah Tsitoha eto dia nanao sarinteny amin'ny fahitana ny Afobe amin'ny fidirana ao aminy.

(ثُمَّ لَتَرَوُنَّهَا عَيْنَ الْيَقِينِ)

Izany andininy izany dia fanamafisana amin'ilay fahalalana mikasika an'ilay Afobe, fa izy io dia fahalalana avy amin'ny fahitana mivantana. Tsara ny mampahatsiahy fa izay ara-kevitra rehetra tsy miankina amin'ny fahitana mivantana na fahitana misy mpanelanelana, dia tsy azo heverina ho fahalalana mihitsy izany. Eny, fa ny fahalalana tena izy dia ny fahitan'ny maso mihitsy an'ilay zavatra, na fahitana ny soritra izay manondro an'ilay zavatra. Koa ny voalohany no antsoina hoe **عَلِمُ الْعَيَانَ** na fahalalana ara-pahitana, fa ny faharoa kosa no antsoina hoe **عَلِمُ الْبُرْهَانَ** na fahalalana ara-porofa.

(ثُمَّ لَتُسْأَلُنَّ يَوْمَئِذٍ عَنِ النَّعِيمِ)

Ny tiana hambara amin'ny **النَّعِيمِ** eto dia ireo harena izay ifaninanana sy ireharehan'ireo tompony amin'ny alalan'ny lelany na amin'ny alalan'ny fihetsiny; kanefa izy ireo dia mbola hanontaniana amin'izany eo anatrehan'i Allah : avy taiza no nahazoan'izy ireo izany harena izany ary tamin'inona no nandanian'izy ireo azy ? Moa ve azon'izy ireo izany avy tamin'ny hatsembohan'ny tavan'izy ireo sa avy tamin'ny fandrohana sy fanambakana? Ary moa ve nolanian'izy ireo tamin'ny halâl izany sa tamin'ny harâm? Eny, ny harena izay tadiavin'ny olona amin'ny filàny toy ny fihinanana sy ny fitafiana sy ny trano fonenana sy ny hafa izay ilaina eo amin'ny fiainana andavan'andro, dia tsy ireo akory ilay fahasoavana izay voalazan'ity andininy ity, araka ny voalazan'ny manam-pahaizana Mouhammad Djawad Moughniyah.

Misy manam-pahaizana sasany mahita fa ny tiana hambara amin'io fahasoavana hanontaniana io dia ny fandriampahalemana sy ny fahasalamana, ary misy koa milaza fa izy io dia izay zavatra rehetra ahazoana fahafinaretana. Amin'ny hadith voaray avy amin'ny Ahloul-Baït (a.s) koa dia manambara fa izy io dia ny fanarahana ny Ahloul-Baït (a.s) sy ny fitiavana Azy ireo.

* * * * *

سُورَةُ الْعَصْرِ

NY SOURAT AL-ANSWR

Ny voninahitry ny sourat al-Answr

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ وَالْعَصْرَ فِي نَوَافِلِهِ بَعَثَهُ اللَّهُ يَوْمَ الْقِيَامَةِ مُشْرِقاً وَجْهُهُ ضَاكِكاً سِنَّهُ قَرِيراً عَيْنُهُ حَتَّى يَدْخُلَ الْجَنَّةَ - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Izay mamaky ny وَالْعَصْرِ ao amin’ny swalat moustahab ataony dia hatsangan’i Allah izy amin’ny andron’ny Fitsanganana miaraka amin’ny endriny miramirana, ny nifiny mitsikitsiky, ny masonry mibaliaka, mandrapidirany ao am-Paradisa.”

Ny dikan’ny sourat al-Answr ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- وَالْعَصْرِ

1- Ianiavana amin’ ilay fotoana.

2- إِنَّ الْإِنْسَانَ لَفِي خُسْرٍ

2- Fa tena marina ny olombelona dia ao anatin’ny fahaverezana tokoa.

3- إِلَّا الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ وَتَوَّصُوا بِالحَقِّ وَتَوَّصُوا

بِالصَّبْرِ

3- Afa-tsy ireo izay nino sy nanao asa soa ary nifampitaona amin’ny marina sy nifampitaona amin’ny fiaretana.

Famakafakana ny sourat al-Answr

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(وَالْعَصْرِ)

Mifanohitra ireo manam-pahaizana amin’ny fanazavana ny tiana hambara amin’ny teny hoe الْعَصْرُ “**ilay fotoana**”, ka misy hevitra maromaro mikasika izany, araka ny voalazan’ny cheikh Djawad Moughnyah.

Voalohany, i Allah dia nanao fianianana amin’ily Swalât al-answr fa tsy amin’ily fotoana mihitsy. Ny tanjony amin’io fianianana amin’ny Swalât al-answr io dia ny mba hanaitra ny olona ho tonga saina amin’ny Voninahiny, tahaka ny voalazan’ny andininy faha-238 ao amin’ny sourat al-Baqarah manao hoe:

“**Aoka ianareo hitandro mandrakariva ireo vavaka fanompoana Swalât fa indrindra ny vavaka fanompoana afovoany.**” Fa ity hevitra ity dia lavitry ny fahazoan’ny ankamaroan’ireo olona azy.

Faharoa, ny tiana hambara dia ny fotoana niainan’ily Irak’i Allah ary ity hevitra ity dia tena lavitra noho ilay hevitra voalohany.

Fahatelo, ny tiana hambara dia ny tendro farany amin’ily andro, fa i Allah dia mianiana amin’izany amin’ity andininy ity sahala amin’Izy ninianiana tamin’ily tendro voalohany amin’ily andro araka ny hita ao sourat al-shams izay milaza manao hoe:

وَالشَّمْسِ وَضُحَاهَا Ity hevitra ity dia tsy mifankalavitra amin’ily fanondroan’ny firafitry ny teny. Ary ny tena akaiky aminy dia ilay hevitra fahefatra izay milaza fa ny tiana hambara amin’ny الْعَصْرُ dia ny الدَّهْرُ izany hoe, ilay fotoana izay iharan’ireo fihetsika sy ireo

trangan-javatra ary ilay firafitry ny teny moa dia manondro izany tokoa, koa ilay tenin'i Allah Ilay Avo Indrindra tsy misy mpanelanelana izay milaza hoe: إِنَّ الْإِنْسَانَ لَفِي خُسْرٍ dia manambara fa ny matiantoka dia ny olombelona fa tsy ilay fotoana, satria ilay fotoana dia tsy azo heverina misy zavatra hahafatiantoka azy na hahazoany tombontsoa, na homenan-tsiny sy hoderaina!

Niteny ny cheikh Mouhammad Abdouh hoe: araka ny mahazatra an'ireo arabo taloha dia ny mivory amin'ny fotoanan'ny answr ka miresadresaka momba ny raharahan'izy ireo ary indraindray dia mitarika amin'ny zavatra tsy tian'izy ireo ny resaka ataon'izy ireo ka heverin'ny sasany fa ity fotoana ity dia fotoana tsy manambina azy ireo, ary dia ninianiana i Allah amin'ity fotoana ity mba hahatonga sain'izy ireo fa ny fotoana dia tsy manan-tsiny fa kosa izany dia fitaovana iray ho an'ny fanaovana hatsarana sy haratsiana sy ny fanaovan'i Allah ny raharaha lehibe toy ny fihariana sy ny fanomezana anjara masoandro sy voninahitra na koa fanambaniany ho an'izay tiany. Eny, tena marina fa ny tokony homenan-tsiny dia ny zavatra ratsy atao ao amin'ilay fotoana fa tsy ilay fotoana velively.

(إِنَّ الْإِنْسَانَ لَفِي خُسْرٍ إِلَّا الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ)

Ity fehezanteny dia valin'ilay fianianana ka ny tiana hambara amin'ny الْإِنْسَانَ dia ny olombelona rehetra iharan'ny didy sy tompon'andraikitra amin'ireo fihetsiny sy ny fitenenany ; ary izany olombelona izany dia matiantoka sy diso fanantenana araka ny lalànan'ny Qour'an na dia mpanarivo manan-karena aza izy sy manam-pahaizana mahavita manao fikarohana amin'ny tsiamabaraton'ny zava-boahary ka manjakazaka nohon'ny tombontsoany, sy matanjaka ka mahatonga ny olona rehetra miondrika eo aminy nohon'ny fanjakazakany, sy mahay miresaka ka tsara ny fomba firesahany sy ny fananarany, ...sns. Eny, izany olona izany dia diso fanantenana sady matiantoka raha tsy hoe nino an'i Allah izy sy ny halàl sy ny haràm ary ny Afobeny amam-Paradisa ka hita ity fananam-pinoany amin'ny alalan'ireo fiteniny sy ireo

fihetsiny. Fa raha tsy izany tena marina, ny fananam-pinoana tsy misy asa dia lasa fomba fijery sy fieritreratana fotsiny ... Nilaza ny cheikh Moughniyah nanao hoe : anisan'ny efa novakiko fa ireo mpamory fiaramanidina anankitelo izay nandatsaka ny baomba atomika tao Japana ka nahafaty sy nampiova ny endrik'ireo mponina maro an'arivony, ny tsirairay amin'izy ireo dia samy nitondra ny boky masina teo akaikin'ireo baomba izay mpamotika !!

Koa eto dia mety hanontany ianao hanao hoe : moa ve ilay tenin'i Allah manao hoe: إِنَّ الْإِنْسَانَ لَفِي خُسْرٍ dia manondro araka ny dikany ivelany fa ny olombelona dia matiantoka amin'ny mahavoajanahary azy ary ny olona tsirairay dia samy matiantoka avokoa ? Raha izany no fipetrany, dia tsy mety ny fanavakavahana atao amin'ny olombelona izay misy ny tsara, misy ny ratsy na ny matiantoka sy ny mahazo tombony... satria ny tena maha-izy azy ny zavatra dia tsy afaka miova. Arak'izany, inona moa no mahataonga ny tenin'i Allah milaza hoe: إِلَّا الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ?

Valiny: Allah dia tsy mitsara amin'ny mahatoetra voajanahary ny olombelona fa hoe tsy maintsy matiantoka, sy amin'ny lafiny isam-batan'olona rehetra ...tsia dia tsia, fa ny tena marina Izy dia mitsara amin'ny lafiny ankapobeny amin'ireo isam-batan'olona; ary ny mitovy amin'izany dia betsaka ao amin'ny Qour'an tahaka ny tenin'i Allah manao hoe: إِنَّ الْإِنْسَانَ لَظَلُومٌ كَفَّارٌ
“**Marina tokoa fa ny olombelona dia mpanao tsy rariny sy mpitsipaka.**”⁴⁹

Arak'izany, ny olombelona amin'ny mahavoajanahary azy dia tsy azo heverina ho matiantoka na mahazo tombony satria izy dia manana fahafahana sy fiomanana hahazo izy roa ireo ka ny fitsarana azy amin'ny iray amin'izy roa dia fitsarana mampisalasala; fa ny tena marina dia tsaraina ny olombelona amin'iray amin'ireo toetra roa ireo amin'ny fijerena ny fananam-pinoany sy ny fihetsiny fa tsy amin'ny fijerena ny tenany sy mahavoajanahary azy.

Efa nolazain'ny cheikh Moughniyah matetika fa i Allah dia nanome saina sy ny fahafahana ny olombelona mba hahavita manao

⁴⁹ Sourat Ibràhim 14 :34

ny tsara sy ny ratsy ary Izy dia nandidy azy amin'ny andaniny fa nandrara azy koa amin'ny ankilany, ka navelany hanan-tsafidy ny olombelona, ary i Allah dia tsy nahary ny finoana sy ny asa ao amin'ny olombelona ho antery tahaka ny nahariany ny zava-boahary hafa, fa raha nataony izany dia nendahiny ny maha-olombelona ny olombelona satria tsy misy ny maha-olombelona raha tsy amin'ny alalan'ny fananana fahafahana sy ny safidy. Noho izany, ny olombelona dia tsy ho matiantoka na hahazo tombony afa-tsy amin'ny alalan'ny fananam-pinoana ao amin'ny finoany sy amin'ny lalan'ny fihetsiny.

Koa ilay tenin'i Allah milaza hoe: **إِنَّ الْإِنْسَانَ لَفِي خُسْرٍ إِلَّا الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ** dia midika fa izay tsy nino na nino ihany fa tsy arahin'asa soa no diso fanantenana sy matiantoka; fa izay nino kosa sy nanao asa soa dia izy ireo no ho tafita sy hahazo tombony.

(وَتَوَاصَوْا بِالْحَقِّ وَتَوَاصَوْا بِالصَّبْرِ)

Ity fehezanteny ity dia mampitohy amin'ireo matoateny **آمَنُوا** sy **عَمِلُوا** ary ny tiany hambara dia hoe, ireo tafita rahampitso dia izay mino an'i Allah sy ny finoany ary mampihatra izay mifanaraka amin'ilay fananam-pinoana, sy ireo mifananatra amin'ny marina sy amin'ny fiaretana. Ary ilay cheikh M. Abdouh dia namaritra an'ilay haqq na ilay marina amin'ny fiteny manao hoe: **الْحَقُّ مَا أُرْشَدَ إِلَيْهِ دَلِيلٌ** “**Ny marina dia izay tarihin'ny porofo maharesy lahatra na hitan'ny maso mivantana.**”

Fa ny cheikh M. Moughniyah kosa dia mahita fa izany famaritana izany dia ho an'ilay haqiqah na ilay fahamarinana fa tsy ho an'ilay haqq na ilay marina, ary ny mahasamihafa azy roa ireo dia ny haqiqah dia mitaky porofo fa ny haqq kosa na dia misy porofo manamarina azy na tsia dia efa mijoro amin'ny tenany izy. Eny, ny ankamaroan'ny olombelona dia tsy mahavita manaporofa ny marina hananan'izy ireo amin'ny alalan'ny porofo maharesy lahatra na hitan'ny maso mivantana... Fa na izany na tsy izany hoy cheikh Moughniyah, ny asa rehetra izay misy fifalian'i Allah ary misy tombontsoa ho an'ny olombelona, izany asa izany no marina sy tsara

sy rariny. Fa ny الصَّبْر na ny fiaretana indray ny tiana hambara eto dia ny mba hampifikitra an'ily haqq na ily marina ka isika hiteny amin'ireo mpanao diso hoe, tsia na inon-kidona na inon-kitranga.

Fehiny: tena marina fa ny zavatra manan-danja misy ao amin'ny olombelona sy ny tena zava-dehibe amin'ny fahasoavana nomen'i Allah azy dia ily fahefana izay ampy hahatonga azy ho lasa Anjely na ho lasa Satana, sy hahatonga azy hahazo tombony na ho matiantoka ary Ilay Manam-pahendrena Lehibe dia nanome fahafahana ihany koa ho an'ny olombelona irery ihany mba hisafidy izay sitrany ho an'ny tenany na amin'ny haratsiana sy ny fatiantoka na ny fahazoana tombony sy ny fahasambarana, taorian'ny nampahatsiany azy tamin'ireo lalana anankiroa Koa inona no fahasoavana tena goavana mihoatra an'izany fahasoavana izany, ary inona no rariny tena lehibe mihoatra izany rariny izany!?!

* * * * *

سُورَةُ الْهُمَزَةِ

NY SOURAT AL-HOUMAZAH

Ny voninahitry ny sourat al-Houmazah

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ وَيْلٌ لِكُلِّ هُمْزَةٍ لَمْزَةٍ فِي فَرَائِضِهِ أَبْعَدَ اللَّهُ عَنْهُ الْفَقْرَ وَجَلَبَ إِلَيْهِ الرِّزْقَ وَيُدْفَعُ عَنْهُ مِيتَةَ السُّوءِ - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Izay mamaky ny وَيْلٌ لِكُلِّ هُمْزَةٍ لَمْزَةٍ ao amin’ny swalat wadjib ataony dia halavirin’i Allah amin’ny fahantrana izy sy ampanatoniny azy ny anjara masoandro ary arovany amin’ny fahafatesana ratsy.”

Ny dikan’ny sourat al-Houmazah ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- وَيْلٌ لِكُلِّ هُمْزَةٍ لَمْزَةٍ

1- Loza sy fahafaham-baraka ho an’ny mpanendrikendrika mpanala Baraka.

2- الَّذِي جَمَعَ مَالًا وَعَدَّدَهُ

2- Izay mpangoron-karena sy fatra-panisa izany.

3- يَحْسَبُ أَنَّ مَالَهُ أَخْلَدَهُ

3- Mihevitra fa ny harenany no hampaharitra azy mandrakizay.

4- كَلَّا لَيُنْبَذَنَّ فِي الْحُطَمَةِ

4- Tsia, hatsipy ao anaty Afo mamotika tokoa izy.

5- وَمَا أَدْرَاكَ مَا الْحُطَمَةُ

5- Ary moa ve fantatrao izany Afo mamotika izany?

6- نَارُ اللَّهِ الْمُوقَدَةُ

6- Afon'i Allah miredareda.

7- الَّتِي تَطَّلِعُ عَلَى الْأَفْنَدَةِ

7- Izay miantefa hatrany am-po.

8- إِنَّهَا عَلَيْهِمْ مُّوَصَّدَةٌ

8- Tena marina fa izany dia hanemitra azy ireo.

9- فِي عَمَدٍ مُّمَدَّدَةٍ

9- Amin'ny alalan'ny andry mijoalajoala.

Famakafakana ny sourat al-Houmazah

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(وَيْلٌ لِّكُلِّ هُمَزَةٍ لُّمَزَةٍ)

Ny وَيْلٌ dia fahafaham-baraka, ary misy fiteny arabo milaza hoe: هُمَزَةٌ لُّمَزَةٌ izany hoe olona mpanendrikendrika sy mpanala baraka, fa misy fiteny hafa milaza hoe الُّمَزُ izay fototeny avy amin'ny هَمَزٌ dia tanteraka amin'ny alalan'ny tondromaso na tondromolotra na amin'ny fikitihan-tànana; fa ny teny اللَّمَزُ kosa dia tanteraka amin'ny alalan'ny lela. Na izany na tsy izany ireo toetra roa ireo dia misy hevitra iombonana, dia ny fampijaliana sy fanalam-baraka ny olombelona amin'ny alalan'ny fitenenana na fihetsika ... ary izany dia toetran'ny olona ambany tsy manjary izay mialona ny olona manan-kaja ary tsy misy antony hanaovany izany afa-tsy ny fahatsapany ny fahabangana sy ny kilema ao amin'ny tenany; ka miezaka izy manafina izany amin'ny fanaovana haratsiana sy fanalam-baraka ny hafa. Niteny indrindra ny Imàm Ali (a.s) nanao hoe : «أَسْوَأُ النَّاسِ مَنْ لَمْ يَتَّقْ بِأَحَدٍ لِسُوءِ ظَنِّهِ، وَلَا يَتَّقُ بِهِ أَحَدٌ لِسُوءِ فِعْلِهِ : Ny olona tena ratsy dia izay tsy matoky na iza na iza nohon'ny

fiahiahiany ratsy, ary tsy misy na iza na iza matoky azy nohon'ny asany ratsy.”

(الَّذِي جَمَعَ مَالًا وَعَدَّدَهُ)

Izay manangona ny harena na izany halàl na haràm ka mitanisa azy matetika nohon'ny fitiavan-karena tafahoatra, ary izany no mahatonga azy mahasahy manondro molotra sy tànana amin'ny olona, ka hadinony fa tsy ho ela dia hisaraka amin'izany harena izany izy ary ho tavela miaraka aminy ny fahotana sy ny fitsarana azy.

(يَحْسَبُ أَنَّ مَالَهُ أَخْلَدَهُ)

Mihevitra izy fa izany heranany izay nanogoniny sy tanisainy izany no hanakana azy amin'ny fahafatesana rehefa tonga ny fotoana, na hanavotra azy amin'ny fitsaran'i Allah sy ny saziny.

(كَلًّا)

Tsia, ny harena dia tsy mahavita manakana azy amin'ny fahafatesana sy manavotra azy eo anatrehan'i Allah.

(لِيُنْبَذَنَّ فِي الْحُطَمَةِ)

Hatsipy ao anatin'ny Gehena izay tena mamotika ireo olondratsy mpihetraketraka. Ary ny teny لِيُنْبَذَنَّ dia maneho hevitra feno fanambaniana sy fanaovana tsinontsinona amin'ny fampidirana azy ireo ao amin'ny Gehena.

(وَمَا أَدْرَاكَ مَا الْحُطَمَةُ)

Ary moa ve fantatrao izany Afo mamotika izany? Izany hoe tsy takatry ny fieritreretana io Afo mamotika io.

(نَارُ اللَّهِ الْمَوْقَدَةُ)

Izy io dia Afon'i Allah fa tsy an'ny olombelona; Afon'ny hatezerana fa tsy afon'ny kitay.

(الَّتِي تَطَّلِعُ عَلَى الْأَفْنِدَةِ)

Ny tiana hambara amin'ny teny hoe تَطَّلِعُ dia ny fiposahana sy miambony tahaka ilay fiteny manao hoe طلع الجبل rehefa tazan'ny maso ambony ilay tendrombohitra. Misy anefa miteny fa ny tiana hambara amin'izany dia ny fahalalana sy ny fahafantarana; nefa izany hevitra izany dia lavitra amin'ny fahazoan'ny be sy ny maro azy. Ary ilay teny الْأَفْنِدَةُ dia sarin-teny izay manambara fa ny afo dia mandrakotra eo ambony sy mandoro ny singa tsirairay amin'ireo rantsam-batan'ireo olon-dratsy ireo. Notononin'i Allah manokana ilay teny hoe الْأَفْنِدَةُ satria izy io no fitoeran'ny koufr sy ny haratsiana.

(إِنَّهَا عَلَيْهِمْ مُوَصَّاةٌ)

Tena marina fa izany dia hanemitra azy ireo. Izany hoe voafefin'ily Afo ao izy ireo ka tsy afa-miala ao.

(فِي عَمَدٍ مُمَدَّدَةٍ)

Amin'ny alalan'ny andry mijoalajoala. Izany dia sarin-teny fanamafisana ny fanidiana azy ireo ao amin'ily Afo. Ary ny andininy mitovy amin'ity andininy ity dia ilay ao amin'ny sourat al-Balad andininy faha-20.

Lohahevitra ny andininy voalohany

الْعَيْبُ وَالتَّعْيِيرُ

Ny kilema sy ny fanimbazimbana

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): طُوبَى لِمَنْ مَنَعَهُ عَيْبُهُ عَنْ عُيُوبِ الْمُؤْمِنِينَ مِنْ إِخْوَانِهِ. (البحار ج 77 ص 126)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Fahasambarana ho an’izay ny kilemany dia nanakana azy tsy hijery ny kileman’ireo mpino rahalahiny.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ عَيَّرَ أَخَاهُ بِدَنْبٍ لَمْ يَمُتْ حَتَّى يَعْمَلَهُ. (الترغيب و الترهيب ج 3 ص 110)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Izay nanimbazimba ny rahalahiny amin’ny fahotana iray dia tsy ho faty izy mandrapanaovany an’izany -fahotana izany-.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ مَقَّتْ نَفْسَهُ دُونَ مَقَّتِ النَّاسِ أَمَنَهُ اللَّهُ مِنْ فِرَاحِ يَوْمِ الْقِيَامَةِ. (البحار ج 75 ص 48)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Izay nankahala ny tenany -tamin’ny asa ratsy nataony- fa tsy nisy fankahalana ny olona dia arovan’i Allah izy amin’ny fahatahoran’ny andro Fitsanganana.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): إِذَا زَنْتَ خَادِمَهُ أَحَدِكُمْ فَأَلْجِدْهَا أَحَدًا وَلَا يُعَيِّرُهَا. (تنبيه الخواطر ص 46)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Rehefa nijangajanga ny mpanompovavin’iray aminareo dia mikapoka azy izy amin’ilay sazy fa tsy manimbazimba azy.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): يَجِبُ لِلْمُؤْمِنِ عَلَى الْمُؤْمِنِ أَنْ يَسْتُرَ عَلَيْهِ سَبْعِينَ كَبِيرَةً. (البحار ج 74 ص 322)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Antery ho an’ny mpino amin’ny mpino ny manafina ho azy an’ireo fahotana lehibe fitopolo.”

- قَالَ النَّبِيُّ (ص): الْعِلْمُ وَالْمَالُ يَسْتُرَانِ كُلَّ عَيْبٍ وَالْجَهْلُ وَالْفَقْرُ يَكْشِفَانِ كُلَّ عَيْبٍ. (كنز العمال ح 28669)

Niteny ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: “Ny fahalalana sy ny harena dia manafina ny kilema rehetra ary ny habadoana sy ny fahantrana dia mampiseho ny kilema rehetra.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): أَعْقَلُ النَّاسِ مَنْ كَانَ بِعَيْنِهِ بَصِيرًا وَعَنْ عَيْبِ غَيْرِهِ ضَرِيرًا. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny olona tena manan-tsaina dia izay mahita ny kilemany fa ny kileman’ny hafa dia ananany fiaretana.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): مَنْ نَظَرَ فِي عَيْبِ نَفْسِهِ اشْتَغَلَ عَنْ عَيْبِ غَيْرِهِ. (البحار ج 75 ص 48)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Izay mijery ny kileman’ny tenany dia tsy mahita ny kileman’ny hafa.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): يَا عَبْدَ اللَّهِ لَا تَعْجَلْ فِي عَيْبِ أَحَدٍ بِدَنْبِهِ فَالْعَلَّهُ مَغْفُورٌ لَهُ، وَلَا تَأْمَنْ عَلَى نَفْسِكَ صَغِيرَ مَعْصِيَةٍ فَالْعَلَّكَ مُعَذَّبٌ عَلَيْهِ ... (البحار ج 75 ص 215)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ry mpanompon’i Allah, aza maika ao amin’ny kileman’ny olona iray nohon’ny fahotany fa mety angamba izy voavela amin’izany, ary aza matoky ny tenanao amin’ny fahotana kely fa mety angamba ianao ho voasazy amin’izany.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): الْبُخْلُ جَامِعٌ لِمَسَاوِي الْعُيُوبِ، وَهُوَ زِمَامٌ يُقَادُّ بِهِ إِلَى كُلِّ سُوءٍ. (نهج البلاغة حكم 378)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Ny fahihirana dia fitambaran’ny haratsian’ireo kilema, ary izy io dia lamboridy izay

amin’ny alalany no hitarahin’azy mankany amin’ny haratsiana rehetra.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): مَنْ تَتَبَعَ حَفَيَّاتِ الْعُيُوبِ حَرَمَهُ اللَّهُ سُبْحَانَهُ مَوَدَّاتِ الْقُلُوبِ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Izay mitsikilo ireo kilema miafina dia i Allah Be Voninahitra no manakana azy tsy hotiavin’ireo fo.”

- قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): لَا تَعْبُ غَيْرَكَ بِمَا تَأْتِيهِ وَلَا تُعَاقِبْ غَيْرَكَ بِذَنْبٍ تُرَخِّصُ لِنَفْسِكَ فِيهِ. (غرر الحكم)

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Aza manome kileman’ny hafa ianao amin’ny zavatra ataonao ary aza manasazy ny hafa ianao amin’ny fahadisoana izay nomen’ny tenanao alalana amin’izany.”

- قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ أَنْبَأَ مُؤْمِنًا أَنََّّهُ اللَّهُ فِي الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ. (الكافي ج 2 ص 356)

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Izay manome tsiny ny mpino dia i Allah no hanome tsiny azy eto an-tany sy any ankoatra.”

- قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): أَحَبُّ إِخْوَانِي إِلَيَّ مَنْ أَهْدَى عُيُوبِي إِلَيَّ. (البحار ج 74 ص 282)

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Ny tena tiako amin’ireo rahalahiko dia izay mampahitsy ahy amin’ireo kilemako.”

* * * * *

سُورَةُ الْفِيلِ

NY SOURAT AL-FİL

Ny voninahitry ny sourat al-Fil

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ فِي فَرَائِضِهِ " أَلَمْ تَرَى كَيْفَ فَعَلَ رَبُّكَ " شَهِدَ اللَّهُ لَهُ يَوْمَ الْقِيَامَةِ كُلَّ سَهْلٍ وَ جَبَلٍ وَ مَدْرٍ بِأَنَّهُ كَانَ مِنَ الْمُصَلِّينَ ...
- ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Izay mamaky ny sourat كَيْفَ فَعَلَ رَبُّكَ ao amin’ireo swalat wadajib ataony dia mijoro vavolombelona amin’i Allah ho azy ny tany lemaka sy ny tendrombohitra sy ny tanimanga rehetra fa tena marina izy dia anisan’ireo mpanao swalât.”

Ny dikan’ny sourat al-Fil ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- أَلَمْ تَرَى كَيْفَ فَعَلَ رَبُّكَ بِأَصْحَابِ الْفِيلِ

1- Moa tsy hitanao ve ny nataon’ny Tomponao tamin’ireo tompon’ny elefanta?!

2- أَلَمْ يَجْعَلْ كَيْدَهُمْ فِي تَضَلُّيلٍ

2- Moa tsy nataony hitarika ao amin’ny fahaverezana ve ny hevi-petsin’izy ireo?!

3- وَأَرْسَلَ عَلَيْهِمْ طَيْرًا أَبَابِيلَ

3- Ka nandefasany andiam-borona maro nifanesy izy ireo.

4- تَرْمِيهِمْ بِحِجَارَةٍ مِنْ سِجِّيلٍ

4- Izay mitoraka azy ireo vato avy amin’ny tanimanga.

5- فَجَعَلَهُمْ كَعَصْفٍ مَأْكُولٍ

5- Ka nanjary toy ny vilona sisa nohanin'ny (biby) izy ireo.

Famakafakana ny surat al-Fil

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

Famintinana ny tantara:

Ity tantara ity dia nitranga tamin'ny vanim-potoana nahaterahan'ilay Mpaminanintsika (s.a.w). Raha fintinina ny tantara dia toy izao:

Rehefa ireo Etiopianina tamin'izany fotoana izany no avy nandresy an'ireo vahoakan'i Yémen dia nitodi-doha ho any Makka indray izy ireo mba hanimba sy hamotika ilay Ka'aba araka ny fikasan'izy ireo. Dia niainga izy ireo izay nialohavan'ny elefanta iray na maromaro mandra-pahatongavan'izy ireo tamin'ny toerana manakaiky an'i Makka izay antsoina hoe الْمُعَمَّسُ ka nidina teo izy ireo ary ny lehiben'izy ireo antsoina hoe Abraha araka ny voalazan'i hadith dia naniraka olona nankany amin'ireo Qouraïsh mba hanambara fa izy ireo dia tsy tonga mba hiady fa kosa tonga mba hamotika ilay Ka'aba fotsiny. Koa raha tsy misy amin'ireo Qouraïsh no manohitra azy ireo dia tsy ilaina ny mandatsa-drà azy ireo ... Rehefa vonona ny hamotika an'ilay Ka'aba izy ireo dia tampoka teo i Allah dia nandefa vorona marobe izay nandatsaka vato kely teo amin'izy ireo ka izay voan'ilay vato dia azon'aretina lagaly avy hatrany ary dia niraraka niala amin'ny vatana ny nofon'izy ireo ka lasa raiki-tahotra ireo miaramila sy ilay lehiben'izy ireo ary dia nandositra. Fa i Abraha dia voan'izany aretina izany ka maty tao amin'ny tanàna iray antsoina hoe سِنَاء.

Fa misy manam-pahaizana antsoina hoe dokotera Twaha Yasīn nilaza tao amin'ny bokiny antsoina hoe “Mir’atoul-islām” nanao hoe: “Ary amin’ity raharaha ity i Abdoul-Mouttalib dia naneho ny fiaretany sy ny fahatanjahany sy ny hafanam-pony ary ny fitokisany an’i Allah izay tsy nisy na iza na iza nahavita naneho izany, ankoatr’azy tamin’ireo lehiben’ny Qouraīsh. Izany dia nohon’ny famelan’izy ireo ny tanànan’i Makka fa izy kosa dia nijanona tsy niala tao Makka ary nipetraka teo amin’ily Ka’aba izy nitalaho sy niantso vonjy tamin’i Allah. Nilaza ireo mpanoratra hadith fa ireo miaramilan’i Abraha dia nanafika ary nandroba ny ramevan’ireo Qouraīsh. Tonga i Abdoul-Mouttalib nanatona an’i Abrah, ary rehefa tonga teo anatrehany dia tsy nitaky taminy izy afa-tsy ny ramevany. Tamin’izany dia gaga i Abraha ary niteny tamin’i Abdoul-Mouttalib nanao hoe: Heveriko fa tonga ianao mba hiresaka amiko mikasika an’i Makka sy ity Ka’aba izay omenareo voninahitra ity?! Fa namaly azy i Abdoul-Mouttalib hoe: Izaho hiresaka aminao mikasika ny harena izay fananako fa mikasika ilay Ka’aba dia tena marina izy io manana Tompo hiaro azy raha sitrany. Teo noho eo i Allah dia nandefa ireo vorona izay nanipy vato tanimanga tamin’izy ireo ka nanjary toy ny vilona sisa lanin’ny - biby- izy ireo. Avy eo dia niverina tao Makka ireo Qouraīsh ary tamin’izany dia nihanitombo ny fanajan’ireo Qouraīsh an’i Abdoul-Mouttalib sady nitombo ihany koa ny hafanam-pony sy ny fahatokisany an’i Allah ary ny fifikirany.”

(أَلَمْ تَرَى كَيْفَ فَعَلَ رَبُّكَ بِأَصْحَابِ الْفِيلِ)

Ny iresahana eto dia ilay Irak’i Allah ary ny fanontaniana dia maneho ny fanekena ny fisian’ily zava-nitranga marina, izany hoe, Ianao ry Mouhammad dia mahafantatra ny zava-nitranga nataon’i Allah tamin’ireo tompon’ny elefanta, dia ireo Etiopianina izay niresahantsika teo amin’ily tantara. Ny tiana hambara amin’ity andininy ity dia ny fampitoniana an’ily Iraka mba hanambarana Aminy fa Ilay nandrendrika an’ireo tompon’ny elefanta dia mahavita mandrendrika ihany koa an’ireo izay mampandainga ny finoana nentin’i Mouhammad (s.a.w).

(أَلَمْ يَجْعَلْ كَيْدَهُمْ فِي تَضْلِيلٍ)

Ny teny hoe كَيْدٍ sy ny teny hoe مَكْرٌ dia manana dikany iray ihany, dia ny fanaovana teti-dratsy miafina. Ary ny tiana hambara amin’ny تَضْلِيلٍ eto dia hoe fitarihana mankany amin’ny fahaverezana. Misy fomba fiteny manao hoe : “Nitarika tany amin’ny fahaverezana ny teti-dratsiny raha toa ka nahatonga azy very izany”. Fa ny tian’ily andininy hambara dia hoe : ry zareo Etiopianina dia nanao teti-dratsy mba hamotika ilay tranon’i Allah masina fa kosa Izy Ilay Avo Indrindra dia nanao ny teti-dratsin’izy ireo ho fitarihana mankany amin’ny fahaverezana, ka nandiso fanantenana azy ireo izany ezaka nataon’izy ireo izany.

(وَأَرْسَلْ عَلَيْهِمْ طَيْرًا أَبَابِيلَ)

Ny teny hoe أَبَابِيلٍ dia midika hoe andian-javatra maromaro. Milaza ireo mpanao tafsir sy mpandray hadith fa tonga mandeha mifanesy mitsitokotoko ireo voron-kely maromaro avy any andranomasina.

(تَرْمِيهِمْ بِحِجَارَةٍ مِنْ سِجِّيلٍ)

Ireo vorona ireo dia nitoraka azy ireo tamin’ny alalan’ny vato avy amin’ny tanimanga. Fa ny tiana hambara amin’ny سِجِّيلٍ dia ilay tany mivaingana lasa vato.

(فَجَعَلَهُمْ كَعَصْفٍ مَأْكُولٍ)

Ny teny hoe الْعَصْفُ dia ravin-kazomaniry, ary nantsoina izany izy satria ny rehefa mihintsana izy dia entin-drivotra. Ary ny teny hoe مَأْكُولٍ dia sahala amin’ny ravin-kazo nohanin’ny biby.

Niteny ny cheikh Mouhammad Abdouh araka voalazan’ny cheikh Djawad Moughnyah, nanao hoe :

“Azonao atao ny mino fa io vorona io dia anisan’ny karazana moka na lalitra izay mitondra otrik’aretina sasantsasany, ary ireo vatokely avy amin’io tany mivaingana io dia vato misy poizina izay

nentin-drivotra ka mihantona amin'ny tongotr'ireo biby ireo. Rehefa mahakasika amin'ny vatana izany dia miditra ao amin'ny mason-koditra ilay poizina ka mahatonga ny fery izay miafara amin'ny fahasimban'ny vatana sy ny firaradraraky ny nofo.”

Fa ny cheikh Moughniyah dia mitsikera an'io teny io ka hoy izy hoe : “Ilay fiteniny manao hoe : fa azonao atao ny mino fa io vorona io dia anisan'ny karazana moka na lalitra ... ary ireo vatokely avy amin'io tany mivaingana io dia vato misy poizina ”, izany teny izany dia mitaky porofo satria ny finoana zavatra dia tsy ho fahamarina raha tsy miankina amin'ny porofo maharesy lahatra na hita maso mivantana araka ny voalazan'ny tenany ihany. Fa raha niteny izy hoe: azonao atao ny mihevitra, dia izany no mba manakaiky kokoa ny fahamarinana ... fa izahay kosa hoy cheikh Moughniyah, dia mandray ny dikan'ilay andininy masina avy ety ivelany tahaka ny nataon'ireo silamo taloha raha toa ka mbola tsy manohitra izany ny saina.

* * * * *

سُورَةُ قُرَيْشٍ

NY SOURAT AL-QOURAYSH

Ny voninahitry ny sourat al-Qouraysh

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ أَكْثَرَ قِرَاءَةَ " لِإِيلَافِ قُرَيْشٍ " بَعَثَهُ اللَّهُ
يَوْمَ الْقِيَامَةِ عَلَى مَرْكَبٍ مِنْ مَرَكَبِ الْجَنَّةِ ... - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: “Izay matetika mamaky ny sourat قُرَيْشٍ لِإِيلَافِ قُرَيْشٍ dia hatsangan'i Allah izy amin'ny andron'ny Fitsanganana eo ampitaingenana amin'ireo fitaingenan'ny Paradisa.”

Ny dikan'ny sourat al-Qouraysh ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- لِإِيلَافِ قُرَيْشٍ

1- Nohon'ny fifanarahan'ireo Qouraish.

2- إِيْلَافِهِمْ رِحْلَةَ الشِّتَاءِ وَالصَّيْفِ

2- Fifanarahan'izy ireo amin'ny fandehanana amin'ny ririnina sy ny fahavaratra.

3- فَلْيَعْبُدُوا رَبَّ هَذَا الْبَيْتِ

3- Dia aoka izy ireo hanompo an'Ilay Tompon'ity Trano masina ity.

4- الَّذِي أَطْعَمَهُمْ مِنْ جُوعٍ وَأَمَّنَّهُمْ مِنْ خَوْفٍ

4- Dia Ilay nampisakafo azy ireo tamin'ny hanoanana sy nampitony azy ireo tamin'ny tahotra.

Famakafakana ny sourat al-Qouraysh

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

Moa ve ity sourat ity dia mahaleo tena amin'ny سورة الفيل sa izy roa ireo dia sourat iray ihany? Mifanohitra ny valiteny omen'ireo manam-pahaizana mikasika izany.

Milaza ny manam-pahaizana sounnah antsoina hoe al-Hafizou Mouhammad Ibn Ahmad al-Kalbi ao amin'ny boky tafsir antsoina تفسير التسهيل manao hoe:

"وَيُؤَيِّدُ الْقَوْلَ بِأَنَّهَا سُورَةٌ وَاحِدَةٌ أَنَّهُمَا فِي مَصْحَفِ أَبِي بِنِ كَعْبٍ
كَذَلِكَ لَا فَصْلَ بَيْنَهُمَا، وَقَدْ قَرَأَهُمَا عُمَرُ فِي رَكْعَةٍ وَاحِدَةٍ مِنَ الْمَغْرِبِ"

“Ny manampy an'ilay teny fa izy roa ireo dia sourat iray ihany dia noho izy roa ireo ao amin'ilay Masw'haf an'i Oubayya Ibn Ka'ab, tahak'izany koa fa izy roa ireo dia tsy misy manelanelana, ary efa novakian'i Omar ireo sourat roa ireo tao amin'ny raka'at iray tamin'ny swalât al-Maghrib.” Ary mifanaraka izany teny izany amin'ny tenin'ireo shian mpanaraka an'ireo Imâm miisa roa ambin'ny folo. Niteny ny tompon'ilay boky tafsir في الظلال nanao hoe : “ity sourat ity dia maneho ny fitohizan'ilay سورة الفيل izay teo alohany amin'ny lafiny lohaheviny sy ny ventin-keviny.”

(إِيلَافِ قُرَيْشٍ)

Ny teny hoe الإيلاف dia midika hoe finaritra izay mifanohitra amin'ny fahasorenana. Ary ny قُرَيْشٍ dia anaran'ireo foko arabo taranak'i النَّضْرُ بْنُ كِنَانَةَ. Voalaza ao amin'ny boky tafsir sasany fa ny anarana قُرَيْشٍ dia anarana fihantahantana avy amin'ny teny

hoe الْقَرَشُ izay midika hoe fivarotana, noho ireo Qouraysh ireo nanao asa fivarotana. Manampy izany ilay andininy milaza hoe :

(إِيْلَافِهِمْ رِحْلَةَ الشَّتَاءِ وَالصَّيْفِ)

Ny mponin'i Makka tamin'ny taon-jato fahenina taorian'i Jesosy Kristy, dia nisy saranga telo : voalohany dia ny فُرَيْشُ, izay nanana zo rehetra ; faharoa dia ny mpikambana amin'izy ireo amin'ireo arabo ; ary ny fahatelo dia ny andevo izay tsy manana na inona na inona na dia ny tenan'izy ireo aza. Ireo Qouraysh ireo dia nanana fandehanana anankiroa ho an'ny varotra ataon'izy ireo ka ny iray nankany Yémen amin'ny fotoanan'ny ririnina, ary ny faharoa dia nankany Sham na Syrie amin'ny fotoanan'ny fahavaratra. Mandeha mitondra varotra izy ireo teo aloha miaraka amin'ny fandriam-pahalemana ary toy izany koa ny fiverenan'izy ireo avy nivarotra ka tsy nisy na iza na iza nanao ratsy azy ireo satria izy ireo dia mponin'i Makka no sady mpifanolobodirindrina amin'ilay Tranon'i Allah masina, tahaka ny voalazan'ireo manam-pahaizana amin'ny tafsir.

Ary nilaza ireo mpandray hadith fa nisy taona iray i Mouhammad (s.a.w) niara-dia tamin'ny dadatoany i Abou Twalib nitondra varotra tany Sham, ary roa ambin'ny folo taona ny taonany masina tamin'izany fotoana izany. Mbola tsy tonga tany Sham akory izy ireo dia naverin'ilay dadatoany haingana Izy, satria nisy iray amin'ireo evekan'ny kristiana no nanatra an'ilay dadatoany mba hiaro Azy amin'ny teti-dratsin'ireo jiosy sy ireo kristiana ... Ary nilaza ihany koa ireo mpandray hadith fa ny dadatoany, i Zoubayr no niaraka taminy nankany Yémen tamin'ny vanim-potoanan'ny ririnina ary ny taonany tamin'izany fotoana izany dia roa polo taona mahery teo ho eo. Izany moa dia talohan'ny nandehanany nankany Sham nitondra ny varotr'i Khadidjah (a.s).

(فَلْيَعْبُدُوا رَبَّ هَذَا الْبَيْتِ)

Ny mpisolo tena amin'ny matoateny فَلْيَعْبُدُوا dia miverina amin'ireo Qouraysh, ka i Allah Ilay Madio amin'ny fahambangana

dia nibaiko azy ireo mba hamela ny fanompoan-tsampy fa mba hanompo an'ily Andriamanitra Tokana.

(الَّذِي أَطْعَمَهُمْ مِنْ جُوعٍ وَآمَنَهُمْ مِنْ خَوْفٍ)

Eto i Allah dia mampahatsiahy amin'ny alalan'ity andininy ity an'ireo mpanao meloka amin'ireo Qouraysh, izay nanompo ireo sampy fa tsy i Allah, sady nampandainga ny Mpaminaniny masina, i Mouhammad (s.a.w), dia mampahatsiaro azy ireo mikasika ny tantaran'ny elefanta, amin'ny fomba ahoana Izy Allah nanavotra azy ireo tamin'i Abraha sy ireo miaramilany, eny, fa raha tsy ny Fahasoavan'Ilay Avo Indrindra dia izy ireo indray no nivadika tahaka ny ravi-kazo sisa nohanin'ny biby fa tsy mba ireo tompon'ny elefanta akory. Allah dia mampahatsiahy azy ireo ihany koa amin'ily fahasoavana anjara masoandro nomena azy ireo amin'ny alalan'ny fanaovan'izy ireo fandehanana amin'ny fotoanan'ny ririnina sy ny fahavaratra, ary raha tsy noho ireo fandehanana anankiroa ireo dia matin'ny hanoanana izy ireo satria izy ireo dia nonina tao an-dohasaha izay tsy nahitana fambolena mihitsy; ary ny fahasoavana mihoatra an'izany dia nataon'i Allah mandry fahalemana izy ireo, nanam-pitoniana izy ireo eo an-tanàna na eny am-pandehanana. Ary raha tsy ny Fahasoavan'i Allah Ilay Be Voninahitra ho azy ireo dia notafihin'ny olona izy ireo amin'ny toerana rehetra izay misy azy ireo ... ka moa ve eo anatrehan'izany rehetra izany dia mbola ho sahin'izy ireo ny manompo sampy sy ny mitsipaka sy ny manao fanelanelana amin'ireo sampy ireo sady nampandainga an'ily Irany lehibe? Marina dia marina fa ny olombelona dia tena mpanao tsy rariny sady tsy mahay mankasitraka tokoa!

* * * * *

سُورَةُ الْمَاعُونِ

NY SOURAT AL-MA'OUNE

Ny voninahitry ny sourat al-Mà'oune

قَالَ الْإِمَامُ الْبَاقِرُ (ع): مَنْ قَرَأَ " أَرَأَيْتَ الَّذِي يُكَذِّبُ بِالذِّينِ " فِي فَرَأَيْضِهِ وَ نَوَافِلِهِ كَانَ فِيْمَنْ قَبِلَ اللهُ عَزَّ وَجَلَّ صَلَاتَهُ وَ صِيَامَهُ ... - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Bàqir (a.s) hoe: “Izay mamaky ny sourat amin’ny swalàt wadjib sy moustahab ataony dia anisan’ireo izay eken’i Allah Ilay Avo Indrindra ny swalàt sy ny fifehezana nataony.”

Ny dikan’ny sourat al-Mà'oune ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- أَرَأَيْتَ الَّذِي يُكَذِّبُ بِالذِّينِ

1- Hitanao ve ilay olona izay nampandainga ilay andro farany?

2- فَذَلِكَ الَّذِي يُدْعُ الْيَتِيمَ

2- Fa izy indrindra no ilay nanosi-bohotanana ny kamboty.

3- وَلَا يَحْضُ عَلَى طَعَامِ الْمَسْكِينِ

3- No sady tsy namporisika tamin’ny fanomezan-tsakafo ny mahantra.

4- فَوَيْلٌ لِلْمُصَلِّينَ

4- Loza ho an’ireo izay mpanao fanompoana swalàt.

5- الَّذِينَ هُمْ عَنْ صَلَاتِهِمْ سَاهُونَ

5- Dia ireo izay ny swalàt fanompoan'izy ireo dia atao'izy ireo tsirambina.

6- الَّذِينَ هُمْ يُرَءُونَ

6- Dia ireo izay mirehareha (amin'ny fanompoana).

7- وَيَمْنَعُونَ الْمَاعُونَ

7- Sy manakana ny fanampiana.

Famakafakana ny sourat al-Mà'oune

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(أَرَأَيْتَ الَّذِي يُكَذِّبُ بِالذِّينِ)

Ny teny hoe أَرَأَيْتَ dia midika hoe: moa ve fantatrao. Ary ny fehezanteny miendrika fanontaniana eto dia manome dikany ho fanakianana amin'izay zava-nitranga, ka ny resaka eto dia miantefa amin'ny rehetra, satria ilay sourat manontolo dia manondro mazava ho azy ny firahalahian'ny finoana sy ny asa, ary ilay finoana dia mahita fa ny asa dia singa avy aminy na singa tsy afa-misaraka aminy. Koa eto ny finoana dia nandà tanteraka an'ny olona izay manana toetra ratsy manaraka ireto:

(فَذَلِكِ الَّذِي يَدْعُ الْيَتِيمَ)

Fa ny tiana hambara amin'ny يَدْعُ الْيَتِيمَ dia ny manosi-bohotanana amin'ilay zon'ny kamboty ankeriny na tsia. Na midika koa ho manala baraka sy mampijaly azy na manjakazaka aminy amin'ny fomba rehetra misy fanagejana sy fankahalana ; ary ny tiana hambara amin'ny kamboty eto dia ny olona marefo rehetra izay tsy miaro ny tenany na zaza na olon-dehibe fa i Allah dia

nisafidy manokana an'ily kamboty noho izy tena marefo amin'ireo marefo rehetra. Ny dikan'ily andininy dia izao : ny mpanageja rehetra dia mpitsipika no sady mpandainga amin'ny finoan'i Allah na dia manao swalât sy manao fifehezana aza izy, satria ny finoan'i Allah dia tsy mahampy azy ny endrika ety ivelany sy ny fihetsika raha tsy miaraka amin'ny fahatahorana an'i Allah sy ny fanakanan-tena amin'ireo zavatra haràm ...

Eny, izay miteny hoe: مُحَمَّدٌ رَسُولُ اللَّهِ ، لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ ، izany hoe: **tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allah, i Mouhammad dia Irak'i Allah**, dia efa mandray azy ho toy ny silamo amin'ny fiainana eto an-tany, fa kosa ny làlana mifehy azy any ankoatra dia ny làlana mifehy ny olona kàfir raha toa ka tsy manaja an'ireo fepetra ireo, dia ny fahatahorana an'i Allah sy ny miaro tena amin'ny zavatra voarara.

(وَلَا يَحْضُ عَلَى طَعَامِ الْمَسْكِينِ)

Ny teny hoe يَحْضُ dia avy amin'ny fototeny hoe الْحَضُّ izay midika hoe fanampiana ny hafa amin'ireo olona marefo sy tsy an'asa. Ary ny tiana hambara amin'ny الْمَسْكِينِ dia izay olona tsy mahita fomba ahafahany mivelona.

(قَوْلٍ لِلْمُصَلِّينَ الَّذِينَ هُمْ عَنْ صَلَاتِهِمْ سَاهُونَ)

Ny سَاهُونَ dia avy amin'ny fototeny السَّهْوُ izay midika hoe fanadinoana, fa tsy izany anefa no tiana hambara eto satria mazava ho azy fa ny zavatra hadino dia tsy anontaniana an'ily mpanadino izany raha jerena amin'ny lafiny ara-tsaina na amin'ny lafiny arapinoana.

قَالَ الرَّسُولُ الْأَعْظَمُ (ص): "رُفِعَ عَن أُمَّتِي الْخَطَأُ وَالنَّسْيَانُ"

Nilaza ilay Irak'i Allah lehibe (s.a.w.) nanao hoe : **“Voavela amin'ny vahoakako ny fahadisoana sy ny fanadinoana.”**

Noho izany, dia tsy maintsy adika ilay teny السَّهْوُ eto amin'ny dikany hafa ankoatra ny fanadinoana, ary i Allah Ilay Avo Indrindra dia efa nanazava izany dikany hafa izany amin'ilay teny manao hoe:

(الَّذِينَ هُمْ يُرَاءُونَ وَيَمْنَعُونَ الْمَاعُونَ)

Izany hoe, izy ireo dia tsy mizara ny fanampiana nohon'ny fanakaikezana an'i Allah fa kosa nohon'ny fireharehana ka ny dikany amin'ny ankapobeny dia hoe : ireo سَاهُونَ amin'ny swalât ataon'izy ireo dia olona mpanao swalât ihany izy ireo fa kosa manao izany amin'ny fitsarambelatsihy sy amin'ny fahatahorana ny olombelona fa tsy mba nohon'ny fahatahorana an'i Allah ... Eny izy ireo dia mampiseho ny fihetsika tsara ety ivelany mba hanafenana ny haratsiana ao am-pon'izy ireo ... Izany no fomban'izy ireo amin'izay fanompoana rehetra ataon'izy ireo, izany hoe, ny fanompoan'izy ireo dia ataon'izy ireo mba hanakaikezana ny olombelona ka manalavitra azy ireo amin'i Allah sy ny Fifaliany, eny fa na dia amin'ireo fanampiana ataon'izy ireo aza dia ataon'izy ireo am-pireharehana. Arak'izany, eto dia efa mazava fa i Allah Ilay Avo Indrindra dia nanonona ny teny hoe الْمَاعُونَ izay midika “fanampiana” mba hanomezana ohatra amin'ny fireharehan'izy ireo amin'ny zavatra rehetra fa tsy amin'ny swalât irery ihany, eny fa na dia amin'ny zavatra farany tsotra tahaka ny fizaram-panomezana ho an'ny mahantra aza.

* * * * *

سُورَةُ الْكَوْثَرِ

NY SOURAT AL-KAWTHAR

Ny voninahitry ny sourat al-Kawthar

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ كَانَ قِرَاءَتُهُ "إِنَّا أَعْطَيْنَاكَ الْكَوْثَرَ" فِي فِرَائِضِهِ وَ نَوَافِلِهِ سَقَاهُ اللَّهُ مِنَ الْكَوْثَرِ يَوْمَ الْقِيَامَةِ... - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: "Izay mamaky ny sourat ao amin'ny swalàt wadjib sy moustahab ataony dia i Allah no hampisotroin'i Allah azy avy amin'ny reniranon'ny al-Kawthar amin'ny andron'ny Fitsanganana ..."

Ny dikan'ny sourat al-Kawthar ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- إِنَّا أَعْطَيْنَاكَ الْكَوْثَرَ

1- Marina dia marina fa Izahay dia nanome Anao ny kawthar.

2- فَصَلِّ لِرَبِّكَ وَأَنْحِرْ

2- Koa manaova swalàt Ianao ho an'ny Tomponao ary manaova sorona.

3- إِنَّ شَانِئَكَ هُوَ الْأَبْتَرُ

3- Marina dia marina fa izay mankahala Anao, izy no tsy hanana taranaka.

Famakafakana ny sourat al-Kawthar

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(إِنَّا أَعْطَيْنَاكَ الْكَوْثَرَ)

Ny teny hoe الْكَوْثَرَ dia fihoa-pampana amin'ny hamaroana, saingy mifanohitra ireo manam-pahaizana amin'ny tiana hambara amin'ilay hamaroana. Fa ny tena akaiky amin'ny fahazoan-kevitra araka ny voalazan'ny cheikh Moughniyah dia ilay voaray avy tamin'Ibn Abbàs sy i Saind ibn Djoubaïr izay milaza fa ny tiana hambara amin'ilay teny kawthar eto dia ny fahasoavan'i Allah rehetra ho an'ilay Irany be voninahitra, satria tena marina ilay teny hoe الْكَوْثَرَ dia manana ny heviny izay tsy manam-petra. Misy niteny tamin'i Saind hoe:

“Misy olona milaza fa ny kawthar dia ny renirano ao am-Paradisa, fa namaly izy nanao hoe: إِنَّ هَذَا النَّهْرَ مِنَ الْخَيْرِ الْكَثِيرِ الَّذِي ”
“**Marina tokoa fa izany renirano izany dia anisan'ireo hatsarana maro izay nomen'i Allah an'i Mouhammad (s.a.w) ...**”

Ohatra amin'izany hatsarana maro izany dia ny fahalalana na ny faminiana sy ny Qour'an sy ny fanavotana nomena an'ilay Mpaminany (s.a.w) sy ireo fianakaviany masina any amin'ny andro farany, sy ny voninahitra eto an-tany sy any ankoatra na ilay renirano ao am-Paradisa na ireo taranany mba ho valin'ireo fankahalana nataon'ilay mpitsipaka antsoina hoe الْعَاصُ بْنُ وَائِلٍ fa i Mouhammad dia tsy manana taranaka, izany hoe i Allah dia nanome Azy taranaka izay tsy ho lany tamingana hatrany amin'ny andro farany.

Ary nampiasa matoateny amin'ny fotoana efa lasa i Allah eto mba hanehoana fa zavatra efa tanteraka izany. Eny marina fa efa

tanteraka izany araka ny efa voalaza satria efa maro tokoa ny taranany avy tamin'i Fâtwmah (a.s) izay mameno maneran-tany.

Fa ireo olon-dratsy manana ny ampy dia manamaivana izany hatsarana maro izany ary mahita izany ho tsy misy dikany ka mahasahy manao tsinontsinona an'ilay Mpaminany araka ny voalazan'ilay andininy faha-12 ao amin'ny sourat Houd manao hoe: **“لَوْلَا أَنْزَلَ عَلَيْهِ كَنْزٌ نَاهَوَانَا نُو تْسِي نَامْطِيْدِيْنِيْنَا تَامِيْنِيْنِيْنَا نِيْنَا هَارِيْنَا سَارُوْبِيْدِيْ”**

(فَصَلِّ لِرَبِّكَ وَأَنْحَرْ)

Rehefa avy nampahatsiahivin'i Allah an'ilay Mpaminaniny masina, ireo fahasoavana maro izay nomeny dia nodidiany indray Izy mba hanao fankasitrahana an'i Allah amin'ny alalan'ny fanaovany swalât sy fanompoana ho an'i Allah tokana, Tompony. Fa amin'ny hadith hafa dia milaza fa ny tiana hambara amin'ny أَنْحَرْ eto dia ny fampiakarana ny tânana roa tandrifin'ny handrina mitodika amin'ilay qiblah rehefa manao swalât.

(إِنَّ شَانِيْكَ هُوَ الْاَبْتَرُ)

Ity andininy ity dia fehezanteny mahaleo tena. Ny atao hoe olona شَانِيْ dia olona mpankahala satria avy amin'ilay teny hoe الشَّنَان izay midika hoe fifankahalana. Mifanohitra ireo manampahaizana amin'ny tiana hambara amin'ilay teny hoe الْاَبْتَرُ fa ny tena akaiky amin'ny fahazoan-kevitra araka ny voalazan'ny cheikh Moughniyah dia ilay milaza hoe ny fahavalon'i Mouhammad (s.a.w) dia vovoka tsy hita soritra no sady tsy ahitana fahatsiroavana azy, fa kosa ny soritra sy ny fahatsiarovana an'i Mouhammad (s.a.w) dia mbola tavela nohon'ny faharetan'i Allah mandrakizay. Ary ny ankamaroan'ireo mpanao tafsir dia nanambara fa nisy iray amin'ireo mpanompo sampy no nilaza fa i Mouhammad dia tsy manana taranaka, fa eto i Allah dia nanambara fa izany mpiteny izany no tsy hanana taranaka na dia nanan-janaka aza izy.

Nilaza ny cheikh Mouhammad Abdouh hoe: “marina tokoa fa ilay mpankahala an'ilay Iraka dia tsy nankahala Azy amin'ny

maha-olona Azy satria Izy dia mahate ho tia teo anatrehan'ny olona rehetra, fa kosa nankahala ny fahitsiana izay nentiny...ary anisan'ireo nankahala izay nentin'ilay Iraka ka voarakotry ny hevitr'ilay teny hoe الأبتَرُ dia ireo mamela ny bokin'i Allah ka manaraka ny ahiahy sy ny tenin'ireo olona tsy "maenswoum" izany hoe olona tsy voaaro amin'ny fahotana ary mampifangaro ny "bid'anh" na ny zavatra noforonina tsy anisan'ny finoana, ao amin'ilay finoan'i Allah. Koa rehefa noresahina amin'izy ireo ny mikasika ny Qour'an dia manodina ny loha izy ireo ... ka tsy mahagaga raha mahita ny hatezeran'i Allah manarak'azy ireo amin'ny toerana rehetra, manala baraka azy ireo sy mahatonga azy ireo latsa-boninahitra nefa tsy tsapan'izy ireo izany fa vao mainka aza izy ireo mihomehy."

* * * * *

سُورَةُ الْكَافِرُونَ

NY SOURAT AL-KAFIROUNE

Ny voninahitry ny sourat al-Kàfiroune

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ " قُلْ يَا أَيُّهَا الْكَافِرُونَ وَقُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ فِي فَرِيضَةٍ مِنَ الْفَرَائِضِ غَفَرَ اللَّهُ لَهُ وَلِوَالِدَيْهِ وَمَا وَلَدًا... - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe: "Izay mamaky ny sourat amin'ny swalàt ao amin'ny swalàt amin'ireo swalàt wadajib dia avelan'i Allah ho azy sy ho an'ny ray aman-dreniny sy izay nateraky ny ray aman-dreniny..."

Ny dikan'ny sourat al-Kàfiroune ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- قُلْ يَا أَيُّهَا الْكَافِرُونَ

1- Lazao hoe: ô ianareo tsy mpino.

2- لَا أَعْبُدُ مَا تَعْبُدُونَ

2- Tsy hanompo izay tompoinareo Aho.

3- وَلَا أَنْتُمْ عَابِدُونَ مَا أَعْبُدُ

3- Ary ianareo dia tsy mpanompon'izay tompoiko.

4- وَلَا أَنَا عَابِدٌ مَا عَبَدْتُمْ

4- Sady Izaho tsy mpanompon'izay notompoinareo.

5- وَلَا أَنْتُمْ عَابِدُونَ مَا أَعْبُدُ

5- Ary ianareo koa tsy mpanompon'izay tompoiko.

6- لَكُمْ دِينُكُمْ وَلِيَ دِينِ

6- Ho anareo ny finoanareo ary ho Ahy ny finoako.

Famakafakana ny sourat al-Kàfiroune

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

قُلْ يَا أَيُّهَا الْكَافِرُونَ لَا أَعْبُدُ مَا تَعْبُدُونَ وَلَا أَنْتُمْ عَابِدُونَ مَا أَعْبُدُ وَلَا
أَنَا عَابِدٌ مَا عَبَدْتُمْ وَلَا أَنْتُمْ عَابِدُونَ مَا أَعْبُدُ

Misy milaza fa nisy andian'olona tsy mpino no nandeha tamin'ny Mpaminany (s.a.w) ary nilaza taminy hoe: ianao no lehiben'ny Bani Hashim no sady zanak'ireo lehiben'izy ireo ka tsy tokony hanambanimbany ny sainan'ny vahoakanao; fa kosa izahay dia hanompo ny Andriamanitrao mandritra ny iray taona ary ianao koa dia hanompo ny andriamanitray mandritra ny iray taona; koa rehefa avy eo dia nidina ity sourat ity.

Mety hisy hanontany hoe: inona no tanjon'ny famerimberenana misy ao amin'ity sourat ity, satria ilay tenin'i Allah hoe: “لَا أَعْبُدُ مَا تَعْبُدُونَ” dia mbola izy ihany ilay teny manao hoe: “وَلَا أَنَا عَابِدٌ مَا عَبَدْتُمْ” ka tsy misy ny mahasamihafa azy roa ireo afa-tsy ilay faharoa dia fehezanteny manomboka amin'ny anarana fa ilay voalohany kosa dia manomboka amin'ny matoateny. Fa ilay tenin'i Allah hoe “وَلَا أَنْتُمْ عَابِدُونَ مَا أَعْبُدُ” dia naveriny in-droa arabakiteny mihitsy?

Ireo manam-pahaizana dia namaly izany arak'ireo valitenin'izy ireo izay samihafa, ka anisan'izany ny voalazan'ny

tompon'ily boky tafsiir البيان مجمع izay manao hoe: Ny tiana tondroina amin'ireto andininy voalohany ireto:

لَا أَعْبُدُ مَا تَعْبُدُونَ وَلَا أَنْتُمْ عَابِدُونَ مَا أَعْبُدُ dia hoe “**amin'izao sy amin'izao toe-javatra izao**”, ary ireto andininy faharoa manaraka ireto kosa: وَلَا أَنَا عَابِدٌ مَا عَبَدْتُمْ وَلَا أَنْتُمْ عَابِدُونَ مَا أَعْبُدُ dia manondro ny “**amin'ny ho avy**”. Koa ny fahasamihafana misy dia ny filazana ny fotoana ankehitriny sy ny ho avy.

Fa ny cheikh Moughniyah kosa dia mitsikera izany fanazavana izany manao hoe: tsy mitombona izany satria ny tsirairay amin'ireo fehezanteny ireo dia samy afaka manondro ny fotoana ankehitriny sy ny ho avy ka izany fanazavana nolazainy izany dia mitaky porofo.

Anisan'ireo valinteny ireo koa dia ilay nolazain'i Abou Mouslim izay nosafidin'ny cheikh M. Abdouh ihany koa izany, ary ny fanazavany dia hoe: ilay teny مَا voalohany dia teny mpampitohy izay midika hoe الذي ka ny tiana hambara amin'izany dia نَفْسُ الْمَعْبُودِ na “**ilay tompoina**” mihitsy; fa ilay مَا faharoa kosa dia antsoina hoe مَا izany hoe مَا maneho ny fotokevitra, ka ny tiana hambara amin'izany dia نَفْسُ الْعِبَادَةِ na “**ilay fanompoana**” mihitsy. Arak'izany, ny dikany dia toy izao: مَعْبُودِي غَيْرُ مَعْبُودِكُمْ izany hoe “**ilay tompoiko dia tsy izay tompoinareo**” sy وَعِبَادَتِي غَيْرُ عِبَادَتِكُمْ izany hoe “**ny fanompoako dia tsy ny fanompoanareo**”, ka toy izao ny tiana hambara: وَأَنَا لَا أَعْبُدُ مَعْبُودَكُمْ وَلَا عِبَادَتَكُمْ وَأَنْتُمْ كَذَلِكَ izany hoe, “**izaho dia tsy manompo izay tompoinareo sy ny fanompoanareo ary tahak'izany koa ianareo**”; fa mbola notsekarain'ny cheikh Moughniyah ihany koa izany fanazavana izany manao hoe: tsy mitombona izany satria tsy misy fanompoana

atao tsy misy izay tompoina, ka ny tena marina rehefa manonona ny iray amin'izy roa ireo dia ampy amin'ny fanononana ilay iray hafa.

Mbola anisan'ireo valiny koa ilay milaza hoe: ity famerimberenana ity dia manambara ny fanamafisan-kevitra, koa rehefa isaky ny ilaina ho mafimafy ny fanamafisan-kevitra dia ny famerimberenana no mahatsara kokoa. Ary mazava ho azy fa tsy misy zavatra tena ilaina ny fanamafisana azy mihoatra ny fandavana ny “**shirk**” amin'i Allah izany hoe ny fampitambarana an'i Allah amin'ny zavatra hafa. Koa eto dia mitombona tsara ny fanamafisana; ary hoy ny cheikh Moughniyah hoe: izahay dia manaraka an'ity hevitra ity.

(لَكُمْ دِينُكُمْ وَلِيَ دِينِ)

Nesorina ilay mpisolotena ي izay midika “-ko” amin'ilay teny ديني. Koa ny dikany tiana hambara amin'izany dia hoe: ho anareo ny “koufr” sy ny “shirk” fa ho ahy kosa dia ny “Ikhlàs” sy ny “Tawhīd”, ka tsy misy fifandraisana amiko aminareo sy izay tompoinareo ary tahak'izany koa ianareo ... Izany moa dia fampitahorana sy fampitandremana mafy. Ny mitovy amin'izany dia ilay andininy hafa ao amin'ny sourat Younous andininy faha-41 izay milaza manao hoe: أَنْتُمْ بَرِيُّونَ مِمَّا أَعْمَلُ وَأَنَا بَرِيٌّ مِمَّا تَعْمَلُونَ midika hoe “**Ianareo dia lavitra amin'izay ataoko ary izaho koa lavitra amin'izay ataonareo.**”

* * * * *

سُورَةُ النَّصْرِ

NY SOURAT AL-NASWR

Ny voninahitry ny sourat al-Naswr

قَالَ الْإِمَامُ الصَّادِقُ (ع): مَنْ قَرَأَ إِذَا جَاءَ نَصْرُ اللَّهِ وَالْفَتْحُ فِي نَافِلَةٍ أَوْ فَرِيضَةٍ نَصَرَ اللَّهُ عَلَى أَعْدَائِهِ - ثوب الأعمال -

Niteny ny Imàm Swàdiq (a.s) hoe : “Izay mamaky ny sourat amin’ny swalat moustahab na wadajib dia avotan’i Allah amin’ireo fahavalony izy ...”

Ny dikan’ny sourat al-Naswr ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- إِذَا جَاءَ نَصْرُ اللَّهِ وَالْفَتْحُ

1- Rehefa tonga ny famonjen’i Allah sy ilay fandresena.

2- وَرَأَيْتَ النَّاسَ يَدْخُلُونَ فِي دِينِ اللَّهِ أَفْوَاجًا

2- Ka hahita ianao olona hiditra ao amin’ny finoan’i Allah andiany maro.

3- فَسَبِّحْ بِحَمْدِ رَبِّكَ وَاسْتَغْفِرْهُ إِنَّهُ كَانَ تَوَّابًا

3- Koa alaviro amin’ny zavatra tsy mendrik’Azy ny Tomponao miaraka amin’ny fankasitrahana ary mangataha famelan-keloka Aminy, fa tena marina fatra-pandray fibebahana tokoa Izy.

Famakafakana ny sourat al-Naswr

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(إِذَا جَاءَ نَصْرُ اللَّهِ وَالْفَتْحُ)

Ny ankamaroan'ireo mpanao tafsir dia milaza fa ity andininy ity dia vaovao mahafaly avy amin'i Allah ho an'ilay Mpaminaniny masina mikasika ny fanavotana an'i Makka sy ny fandresena an'ireo fahavalon'i Allah sy ny fahavalony.

(وَرَأَيْتَ النَّاسَ يَدْخُلُونَ فِي دِينِ اللَّهِ أَفْوَاجًا)

Ny tiana hambara amin'ilay teny hoe دِينَ اللَّهِ dia ny finoana islam; ary ny teny hoe أَفْوَاجًا dia midika hoe vondron'olona maro. Eny, fa ireo Arabo tany amin'ny faritra dia efa niandry ny fanavotana an'i Makka foana mba hidiran'izy ireo ho silamo. Koa rehefa navotan'i Allah ny tanànan'i Makka ho an'ilay Mpaminany (s.a.w), dia nihanalaza sady nihitatra ny raharahan'ny islam teo amin'ilay nosy arabo manontolo nandritra ny fotoana fohy. Rehafa tonga ny finoana islam dia nanova an'ireo Arabo mba hanana toetra vaovao, ka nampiray azy ireo taorian'ny fisaraham-bazana nisy teo amin'izy ireo, sy nampiakatra ny voninahitra azy ireo taorian'ny fahambaniana nisy teo amin'izy ireo, ary nataon'i Allah izy ireo ho laharana voalohany amin'ireo vahoaka eto an-tany sy mpitarika azy ireo amin'ny hatsarana sy amin'ny hatsaram-panahy.

(فَسَبِّحْ بِحَمْدِ رَبِّكَ وَاسْتَغْفِرْهُ)

Allah dia mibaiko ny Mpaminaniny masina hankasitraka sy hidera, aorian'ny fahazoana ny fandresena mba ho fisaorana an'ireo fahasoavan'i Allah sy mba hanalavitra ny tenany amin'ny

fanambonian-tena sy hakevoahana nohon'ny fahazoana an'ilay fandresena. Ary tsy isalasalana fa ny tanjona amin'izany dia ny mba hananantsika ny toetran'ny Qour'an sy handray anatra avy amin'ilay fombany. Hoy ny Imàm Ali (a.s) hoe :

إِذَا قَدَّرْتَ عَلَىٰ عَدُوِّكَ فَاجْعَلِ الْعَفْوَ عَنْهُ شُكْرًا لِلْقُدْرَةِ عَلَيْهِ
“Raha manam-pahefana amin'ny fahavalonao ianao dia ataovy ny famindrampo ho azy mba ho fisaorana an'ilay fahafenao aminy.”

(إِنَّهُ كَانَ تَوَّابًا)

Ny faneken'i Allah ny fibebahana ataon'ny olona maenssoum dia midika famindrampom'i Allah ho azy sy fifaliana aminy ; fa amin'ny olona ankoatra ny maenssoum kosa dia midika fa i Allah no nanaiky ny fibebahana avy aminy.

Voaray avy amin'ny hadith fa ny Mpaminaninstika (s.a.w) tamin'ny fotoana nidinan'ity sourat ity dia nilaza hoe: efa nisy ny fanambarana mikasika ny fahafatesako, ary rehefa naheno izany i Fâtwmah zanany vavy dia nitomany, ka niteny taminy ny Mpaminany hoe: aza mitomany ianao, fa ianao no voalohany amin'ny fianakaviako hanarak'Ahy, ary rehefa naheno izany indray izy dia nitsikitsiky. Eto ilay Iraka dia sahala amin'ny nahafantatra tamin'ny alalan'ity sourat ity ny fanakaikezan'ny andro hahafatesany sy ny fiafaran'ny asany taorian'ny nahazoana ilay fandresena sy ilay fanavotana sy ny fidiran'ny olona andiana maro amin'ny finoan'i Allah.

* * * * *

سُورَةُ الْمَسَدِ

NY SOURAT AL-MASAD

Ny voninahitry ny sourat al-Masad

قَالَ النَّبِيُّ (ص): مَنْ قَرَأَهَا رَجَوْتُ أَلَّا يَجْمَعَ اللَّهُ بَيْنَهُ وَبَيْنَ أَبِي لَهَبٍ فِي دَارٍ وَاحِدَةٍ - ثواب الأعمال -

Niteny ny Mpaminany (s.a.w) hoe: “Izay mamaky azy dia iriko mba tsy hatambatr’i Allah eo amin’ny sy i Abou Lahab amin’ny toerana iray.”

Ny dikan’ny sourat al-Masad ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin’ny Anaran’i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- تَبَّتْ يَدَا أَبِي لَهَبٍ وَتَبَّ

1- Aoka ho levona ireo tànana anankiroan’i Abou Lahab, ary ho levona koa ny tenany.

2- مَا أَغْنَىٰ عَنْهُ مَالُهُ وَمَا كَسَبَ

2- Tsy hahavotra azy akory na ny harenany na izay nangoniny.

3- سَيَصْلَىٰ نَارًا ذَاتَ لَهَبٍ

3- Fa hodorana ao amin’ily Afobe miredareda izy.

4- وَأَمْرًا تُهْجِمُهَا حَمَلَةَ الْخَطَبِ

4- Toy izany koa ny vadiny izay mpitondra kitay.

5- فِي جِيدِهَا حَبْلٌ مِّن مَّسَدٍ

5- Eo amin’ny vozony dia misy tady mafy voarandranana.

Famakafakana ny sourat al-Masaf

بسم الله الرحمن الرحيم

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(تَبَّتْ يَدَا أَبِي لَهَبٍ وَتَبَّ)

Ilay teny hoe تَبَّتْ dia avy amin'ny fototeny hoe التَّبُّ izay midika hoe faharendrehana. Ary ny teny تَبَّتْ voalohany dia fangatahana ny faharendrehana sy fatiantoka ho an'i Abou Lahab; fa ilay teny تَبَّ faharoa dia fanambarana fa izy dia tsy maintsy ho rendrika sy ho matiantoka. Ireo t nana anankiroan'i Abou Lahab dia sarinteny manondro ny tenany. Ohatra amin'izany ilay fiteny hoe: **“Noraisiko an-t nana mandrapanatanterahanao”**, satria ny tena marina eo amin'ny t nana no isehoan'ny hery sy ny fanatanterahana ny asa. Ary i Abou Lahab dia i Abdoul-Inzza ibn Abdoul-Mouttalib ibn Hashim no tena anarany, arak'izany izy dia dadatoan'ily Mpaminany (s.a.w) nefa kosa izy dia anisan'ireo olona tena mpankahala sy fahavalony. Niteny ireo mpandika ny Qur'an sy ireo mpandray hadith nanao hoe:

قَالَ الْمُفَسِّرُونَ وَالرُّوَاةُ: " إِنَّ النَّبِيَّ (ص) صَعَدَ فِي ذَاتِ يَوْمٍ عَلَى الصَّفَا، وَنَادَى: بُطُونَ قُرَيْشٍ فَاجْتَمَعُوا وَمِنْ جُمَلَتِهِمْ أَبُو لَهَبٍ. فَقَالَ: أَرَأَيْتُمْ لَوْ أَخْبَرْتُكُمْ أَنَّ خَيْلًا بِالْوَادِي تُرِيدُ الْعَارَةَ عَلَيْكُمْ أَكُنْتُمْ تُصَدِّقُونَنِي؟ قَالُوا: نَعَمْ، مَا جَرَّبْنَا عَلَيْكَ إِلَّا صِدْقًا. فَقَالَ: أَنَا نَذِيرٌ لَكُمْ بَيْنَ يَدَيْ عَذَابٍ شَدِيدٍ. فَقَالَ أَبُو لَهَبٍ: أَلَهَذَا جَمَعْتَنَا، تَبَّ أَلَك. فَنَزَلَتْ هَذِهِ السُّورَةُ. "

“Indray andro ilay Mpaminany (s.a.w) dia niakatra teo amin'ny tendrombohitr'i Swaf , ka niantso Izy nanao hoe: Ry vahoakan'ny Qouraish. Ary dia nivory izy ireo, ka anisan'izany i Abou Lahab. Koa niteny ilay Mpaminany (s.a.w) nanao hoe: Ahoana

ny fahitanareo raha holazaiko aminareo fa ao an-dohasaha ao dia misy andiana soavaly izay te hanafika anareo, ka moa ve hino Ahy amin'izany ianareo? Dia namaly izy ireo hoe: Eny, tsy misy fanandramana nataonay taminao afa-tsy ny marina hatrany. Ary hoy Izy hoe: Izaho dia mampitandrina anareo eo anatrehan'ily sazy mahery vaika. Fa niteny i Abou Lahab hoe: Moa ve noho izany no namorianao anay, ny faharendrehana anie ho anao. Koa dia nidina ity sourat ity.”

(مَا أَغْنَىٰ عَنْهُ مَالُهُ وَمَا كَسَبَ)

Tsy ny harena na ny voninahitra na ny taranaka no hahazoany tombontsoa rahampitso, any amin'ny andro fitsarana sy fanomezam-balisoa; fa izany rehetra izany dia ho lasa vavolombelona hanohitr'azy sy ho fanenenana ho azy.

(سَيَصْنَعُ نَارًا ذَاتَ لَهَبٍ)

Ity no valin'asany sy fiafarany dia ilay Gehena, ary tena ratsy tokoa izany fiafarany izany.

(وَأَمْرَاتُهُ حَمَّالَةَ الْحَطَبِ)

Ny vadin'i Abou Lahab dia antsoina hoe Oumm Jamil, izy dia zanakavavin'i Harb izay anabavin'i Abou Soufiàn sy Nenitoan'i Mou'awiyah. Ary ny teny hoe حَمَّالَةَ الْحَطَبِ dia saritsarin-teny izay manambara ny haratsiana sy ny fahotana, izay hitarika azy mankany amin'ily Afobe. Eny, izy teo dia nampiseho fankahalana faratampony tamin'ily Irak'i Allah. Izy dia mpifosafosa an'ily Irak'i Allah (s.a.w) eo anatrehan'ny olona mba hamonoana ny fampielezam-pinoana sy ny antson'ily Irak'i Allah (s.a.w), ary ny fifandraisana misy eo amin'ily Afobe sy ny kitay dia efa mazava ... Izany dia fanazavana iray; fa ny fanazavana ankoatr'izany dia ireo Arabo dia tia manome anaram-bositra an'izay mpanao ratsy ilay

mpitati-dresaka ho mpitondra kitay satria noho izy mampirehitra ny afon'ny fanankoratanana. Ary misy milaza fa izy teo dia nanangona tsilo ka aparitany eo amin'ny làlana lalovan'ily Mpaminany masina (s.a.w).

(فِي جِيدِهَا حَبْلٌ مِّن مَّسَدٍ)

Ny **الجيدُ** dia midika hoe vozona, ary ny **المسد** dia tady ...Koa rehefa avy nomen'i Allah toetra ho mpitondra kitay ilay vadin'i Abou Lahab dia nomeny azy koa endrika mahatsiravina sy mahagaga: dia ny famatorana an'ily kitay eo amin'ny lohany amin'ny alalan'ny tady ary ny tendron'ily tady dia eo amin'ny vozony ka ilay kitay dia toy ny sanga ary ny tendron'ily tady dia toy ny firavaka. Ary mety hisy fanontaniana manao hoe: maro ireo olon-dratsy lehibe mpanao shirk nanohitra ny fampielezam-pinoana nataon'ily Iraka (s.a.w) sy nampijaly Azy toa an'i Anqaba Ibn Abi Mou'intw sy toa an'i Abou Djahl, sy i Al-walid Ibn Moughirah, i Al-'asw Ibn Wa'il ...sns, kanefa tsy voatonona ao amin'ny Qour'an anaran'izy ireny, fa nahoana àry i Abou Lahab irery no voatonona ao amin'ny Qour'an ary i Allah dia nampidina sourat iray mihitsy miresaka momba azy fa tsy misy hafa ankoatr'azy?

Namaly ny cheikh Mouhammad Abdouh araka ny voalaza ao amin'ny tafsir nosoratan'ny cheikh Moughniyah fa i Abou Lahab, izy teo dia tena mpanohitra mafy ny fampielezam-pinoana nataon'ily Irak'i Allah (s.a.w), ary izy no toy ny solon-tenan'ireo mpanompo sampy ireo. Ilay Mpaminany (s.a.w) dia nitebiteby tokoa tamin'ireo fihetsiny, ka izany no nanononan'i Allah ny anarany manokana fa tsy ny hafa ankoatrany ao amin'ny Qour'an.

Ary nofaranan'ny ch. Mouhammad Abdouh ny tafsir na ny famakafakanan'ity sourat ity amin'ny alalan'ny teny manao hoe: izay milaza aminao fa tsy azonao atao ny mampiankina amin'ny fitsarana iray amin'ireo fitsarana ao amin'ny bokin'i Allah sy ny

sori-dàlan'ny Mpaminany (s.a.w), na manao ahoana na manao akory ny fahaizanao fa ny tsy maintsy ataonao dia ny miverina amin'ny ranona sy amin'ny fomba fijeriny, ny milaza aminao ny toy izany dia tsy iza fa i Abou Lahab, ary ny vehivavy rehetra mandeha manao tati-dresaka sy manao fanakorantanana eo amin'ny fiaraha-monina dia tsy iza ny manao izany fa ilay mpitondra kitay izay eo amin'ny vozony dia misy tady voarandrana.

* * * * *

سُورَةُ الْإِخْلَاصِ

NY SOURAT AL-IKHLAS

Ny voninahitry ny sourat al-Ikhlàs

قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): مَنْ قَرَأَ قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ إِحْدَى عَشْرَةَ مَرَّةً فِي دُبُرِ الْفَجْرِ لَمْ يَتَّبِعْهُ فِي ذَلِكَ الْيَوْمِ ذَنْبٌ... - ثواب الأعمال -

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “Izay mamaky ny sourat **قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ** in-draika ambin’ny folo aorian’ny swalàt al-fadjr dia tsy hisy fahotana hanaraka azy amin’izany andro izany.”

عَنْ أَبِي عَبْدِ اللَّهِ (ع): مَنْ مَضَى بِهِ يَوْمٌ وَاحِدٌ فَصَلَّى فِيهِ خَمْسَ صَلَوَاتٍ وَ لَمْ يَقْرَأْ فِيهَا بِقُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ قِيلَ لَهُ: يَا عَبْدَ اللَّهِ لَسْتَ مِنَ الْمُصَلِّينَ... - ثواب الأعمال -

Voaray avy tamin’i Abi Abdillàh (a.s) dia hoe: “Izay nandalo taminy ny andro iray ka nanao swalàt dimy izy tamin’izany andro izany nefa tsy namaky ny **قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ** dia holazaina aminy hoe : ô ry mpanompon’i Allah, ianao dia tsy anisan’ireo mpanao swalàt.”

عَنْ أَبِي عَبْدِ اللَّهِ (ع): مَنْ مَضَتْ لَهُ جُمُعَةٌ وَلَمْ يَقْرَأْ فِيهَا بِقُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ ثُمَّ مَاتَ، مَاتَ عَلَى دِينِ أَبِي لَهَبٍ... - ثواب الأعمال -

Voaray avy tamin’i Abi Abdillàh (a.s) dia hoe: “Izay nandalo taminy ny andro Zoma iray kanefa izy tsy namaky ny **قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ** tao aminy avy eo izy maty, dia maty ao anatin’ny finoan’i Abou Lahab.”

عَنْ أَبِي عَبْدِ اللَّهِ (ع): مَنْ أَصَابَهُ مَرَضٌ أَوْ شِدَّةٌ وَلَمْ يَقْرَأْ فِي مَرَضِهِ أَوْ شِدَّتِهِ بِقُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ، ثُمَّ مَاتَ فِي مَرَضِهِ أَوْ فِي تِلْكَ الشِّدَّةِ الَّتِي نَزَلَتْ بِهِ فَهُوَ مِنْ أَهْلِ النَّارِ... - ثواب الأعمال -

Voaray avy tamin'i Abi Abdillàh (a.s) fa hoe:

“Izay tratan'ny aretina na fahasahiranana kanefa tsy namaky ny surat **قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ** tao amin'izany aretiny na fahasahiranany izany, avy eo izy maty noho izany aretiny na fahasahiranany izay nanjo azy izany dia izy no anisan'ny olon'ny Afobe.”

عَنْ أَبِي عَبْدِ اللَّهِ (ع): مَنْ كَانَ يُؤْمِنُ بِاللَّهِ وَالْيَوْمِ الْآخِرِ فَلَا يَدْعُ أَنْ يَفْرَأَ فِي دُبُرِ الْفَرِيضَةِ بِقُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ فَإِنَّهُ مَنْ قَرَأَهَا جَمَعَ اللَّهُ لَهُ خَيْرَ الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ ، وَغَفَرَ اللَّهُ لَهُ وَلِوَالِدَيْهِ وَمَا وَلَدًا ... - ثواب الأعمال -

Voaray avy tamin'i Abi Abdillàh (a.s) dia hoe: “Izay mino an'i Allah sy ilay andro farany dia tsy tokony hamela nny famakiana ny **قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ** aorian'ny swalât wadjib fa tena marina izay mamaky azy dia hangonin'i Allah ho azy ny hatsaran'ny fiainana eto an-tany sy ny any ankoatra, ary i Allah hamela heloka ho azy sy ho an'ireo ray aman-dreniny sy ireo taranak'izy roa.”

عَنْ أَمِيرِ الْمُؤْمِنِينَ (ع) قَالَ: قَالَ رَسُولُ اللَّهِ (ص): مَنْ قَرَأَ " قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ " مِائَةً مَرَّةً حِينَ يَأْخُذُ مَضْجَعَهُ غَفَرَ اللَّهُ لَهُ ذُنُوبَ خَمْسِينَ سَنَةً ... - ثواب الأعمال -

Voaray avy tamin'ilay Lehiben'ireo mpino (a.s) izay nilaza nanao hoe: “Niteny ilay Irak'i Allah (s.a.w) nanao hoe : izay mamaky ny **قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ** in-jato amin'ny fotoana izy mandray ny fandriany dia i Allah no hamela ho azy ny fahotana nandritra ny dimam-polo taona.”

Ny dikan'ny surat al-Ikhlàs ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ

1- Lazao hoe: Izy Allah dia Tokana.

2- اللَّهُ الصَّمَدُ

2- Allah dia Fianteharana amin'ireo filàna.

3- لَمْ يَلِدْ وَلَمْ يُولَدْ

3- Tsy niteraka Izy no sady tsy nateraka.

4- وَلَمْ يَكُنْ لَهُ كُفُوًا أَحَدٌ

4- Ary tsy misy na inona na inona mitovy Aminy.

Famakafakana ny sourat al-Ikhlàs

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

Ny fototry ny finoana islam dia misy anankitelo dia ny al-Tawhîd sy ny al-Noubowwah ary ny al-baenth. Ny al-Tawhîd dia ny fahatokanan'i Allah, ny al-Noubowwah dia faminiana avy amin'i Allah ary ny al-Baenth dia ny fitsanganana amin'ny maty.

Notsoahina avy tamin'ilay fototra voalohany ireo toetran'i Allah ary avy tamin'ilay faharoa ny Qour'an sy ireo lalàna ary avy tamin'ilay fahatelo ny fitsarana sy ny valisoa. Ary ity sourat masina ity dia miresaka mikasika an'ilay fototra voalohany, izany hoe ilay al-Tawhîd.

(قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ)

Lazao fa Izy Allah dia Tokana amin'ny Tenany sy amin'ireo Toetran'ny amin'ireo Fihetsiny. Izy dia tsy mikambana na amin'iza na amin'iza amin'ny zava-drehetra izay ataony ary koa Izy dia tsy nanao zavatra mba hahazoany tombontsoa na nanakana zavatra mba tsy hampisy fiantraikany Aminy.

(اللَّهُ الصَّمَدُ)

Ny teny hoe الصَّمَدُ raha jerena amin'ny lafiny fomba fiteny dia midika hoe ilay lehibe izay ianteherana sy tavandraina amin'ny filàna sy vahaolana, fa ny tiana hambara eto dia ilay tsy mitavandra na amin'iza na amin'iza no sady tsy miankin-doha na amin'inona na amin'inona; fa ny rehetra kosa no mila Azy satria Izy no Mpahary sy Fototry ny zava-drehetra.

(لَمْ يَلِدْ)

Ity teny ity dia famaliana ny hevitr'ireo izay mahita fa i Allah dia manan-janaka lahy na vavy. Ireo manam-pahaizana amin'ny lafiny finoana dia milaza manao hoe: raha nanana zanaka i Allah dia midika izany fa misy fitambaran-javatra Izy, ary ny zava-drehetra misy fitambaran-javatra dia tsy maintsy hanana fiasarana nohon'ny fahaloavan'ireo singa ao aminy.

Fa ny tena marina sy mazava mihoatra an'ilay fanazavana teo aloha araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana sasany, dia ny fitenenana manao hoe: raha nanana zanaka i Allah dia tokony hanana ny mitovy Aminy sy mpandova satria ny zanaka dia mitovy amin'ny rainy no sady mandova azy; kanefa Izy Allah dia tsy misy ny mitovy Aminy no sady tsy manana mpandova.

قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): "لَمْ يُولَدْ سُبْحَانَهُ فَيَكُونُ فِي الْعِزِّ مُشَارِكًا، وَلَمْ يَلِدْ فَيَكُونِ مَوْرُوثًا وَهَالِكًا"

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: “**Tsy nateraka Ilay Madio amin'ny fahabangana ka hanana mpikambana ao amin'ilay voninahitra, ary tsy niteraka Izy ka hanana mpandova sy ho faty.**”

(وَلَمْ يُوَلَّدْ)

Ity dia famaliana ny hevitr'ireo izay mahita fa eo amin'ny tontolo dia misy an'ireo Andriamanitra izay nateraka. Fa raha toa ka nateraka Izy dia lasa zava-baovao voahary, ka tsy maintsy nanomboka tamin'ilay daty izay nahaterahany no nampisy Azy.

قَالَ الْإِمَامُ عَلِيُّ (ع): " لَمْ يَلِدْ فَيَكُونَنَّ مَوْلُودًا، وَ لَمْ يُوَلَّدْ فَيَصِيرَ مَخْدُودًا "

Niteny ny Imàm Ali (a.s) hoe: **“Tsy niteraka Izy ka ho lasa zanaka, ary tsy nateraka ka ho lasa manam-petra.”** Izany hoe, ny voalohan'ny fisiany dia nanomboka tamin'ilay andro izay nahaterahany.

(وَلَمْ يَكُنْ لَهُ كُفُوًا أَحَدٌ)

Ary tsy misy na inona na inona mitovy Aminy na amin'ny Fisiany sy ny Tenany na amin'ireo Toetrany sy ny Fihetsiny.

Niteny ny cheikh Djawad Moughniyah izay niankinako bebe kokoa tamin'ity tafsir ity, nanao hoe: efa maromaro ireo loharano boky niveranako rehefa izaho mamakafafaka an'ity sourat ity, toy ny boky كِتَابُ الْأَسْفَارِ sy ny boky الْمَوَاقِفُ ary anisan'izany koa ireo boky tafsir farany tsotra sahala amin'ilay boky تَفْسِيرُ الْبَيَاضِي . Ary nodinihiko lalina tokoa ireo boky ireo mba hisafidianako ny tena mafonja amin'izy ireo nefa tsy nahita ny tena voafitina sy tena marina ary tena mazava mihoatra an'ilay tenin'ny Imàm Houssein (a.s) rehefa Izy avy nanontanian'ireo vahoakan'i Bassorah mikasika ny dikan'ny teny hoe الصَّمَدُ, fa namaly Izy nanao hoe: Allah dia efa nanazava ny dikan'ilay teny hoe الصَّمَدُ amin'ny alalan'ilay teniny izay milaza manao hoe: "لَمْ يَلِدْ وَلَمْ يُوَلَّدْ وَلَمْ يَكُنْ لَهُ كُفُوًا أَحَدٌ". Koa amin'io fanazavana voafintina izay misy tombony lehibe io dia sahinay ny miteny manao hoe: ny dikan'ilay teny hoe اللَّهُ أَحَدٌ dia ny

الصَّمَدِ, ary ny dikan'ily hoe الصَّمَدِ dia ny لَمْ يَلِدْ وَلَمْ يُولَدْ, ary ny dikan'ily teny hoe لَمْ يَلِدْ وَلَمْ يُولَدْ dia ny لَمْ يَكُنْ لَهُ كُفُوًا أَحَدٌ.

Ny antony nampidinana ny surat al-Ikhlàs

Misy resaka maromaro samihafa ny mikasika izany ka ireto ny sasantsasany:

1- Nampidinina ny surat al-Ikhlàs nohon'ny antony ireo mpanompo sampy nanontany an'ily Mpaminany (s.a.w) arak'izao famintinana ny tantara izao:

Ireo mpanompo sampy dia nandefa solontena iray antsoina hoe i Amir Ibn Twafil izay niteny tamin'ny Mpaminany (s.a.w) nanao hoe: **“Notapatapahinao ny tehinay sy nompainainao ireo andriamanitray ary notoherinao ny finoan'ireo razambena, fa raha toa ianao ka mahantra dia ataonay ho mpanarivo fa raha adala ianao dia hotsaboainay, raha misy vehivavy irinao dia hampanambadianay anao.”**

Namaly ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: **“Izaho dia tsy mahantra no sady tsy adala no sady tsy misy vehivavy iriko fa izaho dia Irak'i Allah ka antsoiko ianareo hiala amin'ny fanompoan-tsampy mankany amin'ny fanompoana Azy.”**

Nandefa an'ily solontena fanindroany ireo mpanompo sampy mba hanontany an'ily Mpaminany (s.a.w) hoe: **“Hazavao aminay ny karazan'ily Tompoinao, moa ve namboarina avy tamin'ny volamena Izy sa tamin'ny volafotsy?”** Koa tamin'izay dia nampidin'ny Allah ilay surat.

Niteny tamin'ny Mpaminany (s.a.w) ireo mpanompo sampy taorian'ny nidinan'ily surat nanao hoe: **“Ireo sampy miisa 360 aza dia mbola tsy mahavita manatanteraka ny filànanay ka nahoana Izy samirery no hahavita ny hanatanteraka ny**

filàn’ireo zava-boahary?” Tamin’izay dia nampidinina’i Allah ireo andininy ao amin’ny sourat al-Swàffàte ka hatramin’ny andininy faha-4, izay milaza hoe: **“Marina ny Andriamanitrareo dia Tokana.”**

2- Nampidinina ny sourat al-Ikhlàs nohon’ny antony ireo yahoud (na jiosy) nanontany an’ilay Mpaminany (s.a.w) toy izao:

Voaray avy tamin’Ibn Abbàs fa ireo jiosy dia tonga tamin’ny Mpaminany (s.a.w) ka nilaza izy ireo hoe: **“Ô ry Mouhammad, ity dia i Allah nahary ny zava-boahary fa iza kosa àry no nahary Azy?”** Koa tamin’izay dia nidina ilay **قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ**.

3- Nampidinina ny sourat al-Ikhlàs nohon’ny antony ireo kristiana nanontany an’ilay Mpaminany (s.a.w) toy izao:

Voaray avy tamin’Ibn Abbàs ihany koa fa tonga tamin’ny Mpaminany (s.a.w) ireo iraka kristiana ka niteny hoe: **“Tantarao aminay ny Tomponao, moa ve Izy vita tamin’ny vatosoa vatomazava (chrysolithe) sa avy amin’ny vatosoa safira (saphir) sa volamena sa volafotsy?”** Fa namaly ilay Mpaminany (s.a.w) hoe: **“Ny Tompoko dia tsy mba anisan’ny zavatra satria Mpahary ny zava-drehetra”**, ary dia nidina ilay sourat **قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ**.

(Mikasika an’ireo voalaza rehetra ireo dia miverena ao amin’ny boky مفاتيح الغيب izay nosoratan’ny manam-pahaizana sounnah antsoina hoe Fakhr al-Dine al-Razi).

* * * * *

سُورَةُ الْفَلَقِ

NY SOURAT AL-FALAQ

Ny voninahitry ny sourat al-Falaq

إِنَّ رَسُولَ اللَّهِ (ص) اسْتَكَى شَكْوَى شَدِيدَةً وَوَجَعَ وَجَعًا شَدِيدًا فَأَتَاهُ جَبْرَائِيلُ وَمِيكَائِيلُ (ع) فَقَعَدَ جَبْرَائِيلُ (ع) عِنْدَ رَأْسِهِ وَمِيكَائِيلُ عِنْدَ رِجْلَيْهِ فَعَوَّذَهُ جَبْرَائِيلُ بِقُلِّ أَعُوذُ بِرَبِّ الْفَلَقِ وَ عَوَّذَهُ مِيكَائِيلُ بِقُلِّ أَعُوذُ بِرَبِّ النَّاسِ... - مجمع البيان -

Ilay Irak'i Allah (s.a.w) dia nitaraina tamin'ny fitaraina mafy sy nangotsoka tamin'ny hotsoka mafy ka tonga taminy ny Anjely Djabràil sy Mikàil (a.s) ka nipetraka teo anatrehan'ny lohany i Djabràil ary teo amin'ny tongony i Mikàil. Fa nangataka fiarovana avy amin'i Allah ho Azy i Djabràil tamin'ny alalan'ny قُلِّ أَعُوذُ بِرَبِّ الْفَلَقِ ary i Mikàil dia nangataka fiarovana avy amin'i Allah ho Azy tamin'ny alalan'ny قُلِّ أَعُوذُ بِرَبِّ النَّاسِ.”

Ny dikan'ny sourat al-Falaq ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- قُلِّ أَعُوذُ بِرَبِّ الْفَلَقِ

1- Lazao hoe: Mangataka fiarovana avy amin'ny Tompon'ilay maraina mangiran-dratsy aho.

2- مِنْ شَرِّ مَا خَلَقَ

2- Avy amin'ny haratsian'ny zavatra izay nohariany.

3- وَمِنْ شَرِّ غَاسِقٍ إِذَا وَقَبَ

3- Sy avy amin'ny kitroky ny haizina rehefa alina tanteraka ny andro.

4- وَمِنْ شَرِّ النَّفَّاثَاتِ فِي الْعُقَدِ

4- Ary avy amin'ny haratsian'ireo mpitsoka (mpamosavy) ao amin'ny vona.

5- وَمِنْ شَرِّ حَاسِدٍ إِذَا حَسَدَ

5- Sy avy amin'ny haratsian'ny mpialona rehefa mialona.

Famakafakana ny surat al-Falaq

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(قُلْ أَعُوذُ بِرَبِّ الْفَلَقِ)

Raha miteny hoe فَالِقَ الشَّيْبِ dia midika hoe: nanapaka zavatra.

Ary indraindray ny tontolo rehetra dia antsoina الْفَلَقِ, satria i Allah dia namindra azy ireo avy tamin'ny tsy nisy nankany amin'ny fisiana; sahala amin'ny niafina izy ireo tamin'ny voalohany avy eo dia naseho. Antsoina koa ho maraina mangiran-dratsy ilay الْفَلَقِ satria ny maraina no mamafa ilay haizina ka maka ny toerany, ary izany no tiana hambara eto araka ny voalazan'ny ankamaroan'ireo mpanao tafsir. Ny manamafy izany dia ilay andininy faha-96 ao amin'ny surat al-An'âm, izay milaza manao hoe:

“Ilay Mpanapaka ny mangiran-dratsy ary nataony ny alina ho fotoana fialan-tsasatra”.

Fa na izany na tsy izany hoy ny cheikh Djawad Moughniah, hamafisina fa i Allah no Tompon'ilay maraina sy ny zava-boahary rehetra ... ary Izy dia efa nibaiko ny Mpaminaniny masina mba hangataka fiarovana avy Aminy...

(مِنْ شَرِّ مَا خَلَقَ)

...Avy amin'ny haratsian'ireo zavatra rehetra na olombelona izany na ireo hafa ankoatr'azy ...Ary tsy misy zava-boahary raha tsy misy ao aminy ny fetezana feno ho an'ny hatsarana sy ho an'ny haratsiana, dia ilay hery mahasoà sy ilay hery tsy mahasoà, ary koa tsy misy na inona na inona eo amin'ny tontolo no manana ny fahalavorariana araka ny maha-izy azy afa-tsy Ilay Mpahary ny tontolo irery ihany.

Rehefa avy nibaiko an'ilay Mpaminany masina i Allah mba hangataka avy Aminy fiarovana amin'ny haratsian'ireo zavatra rehetra misy haratsiana dia navahany manokana ihany koa ny fitenenana an'ireto zavatra manaraka ireto:

(وَمِنْ شَرِّ غَاسِقٍ إِذَا وَقَبَ)

Ny teny hoe **الغَاسِقُ** dia midika hoe alina maizina, ary ny teny **الْوَقْبُ** eto dia midika hoe fidirana. Koa ny tiana hambara amin'ny **شَرِّ غَاسِقٍ إِذَا وَقَبَ** dia ny zavatra rehetra izay tsy ankasitrahana mety hitranga amin'ny alina maizina, toy ny fanaovana teti-dratsy, sy ny halatra sy ny fitaka, sy ireo heloka be vava ... sy ny sisa amin'ireo asa ratsy araraotina atao amin'ny alina maizina.

(وَمِنْ شَرِّ النَّفَّاثَاتِ فِي الْعُقَدِ)

Ny tiana hambara amin'ny **النَّفَّاثَاتِ** eto dia tsy ireo mpanao majika na ny fikambanan'ireo mpamosavy lahy sy vavy ireo, toy ny voalazan'ny ankamaroan'ireo manam-pahaizana amin'ny tafsir ...tsia tsy akory; fa kosa ny tiana hambara amin'izany dia ny mpanao hafetsena rehetra sady mpamitaka sy mpivarotra ny fototra maha-olombelona azy na dia mitsoka amin'ny vona izy na tsia, ka misehoseho ho mahay mibaiko ny “jiny”, nefa izany dia lainga sy fitsarambelatsihy fotsiny ... fa nosafidin'i Allah manokana ny fanononana an'ireo mpitsoka amin'ny vona ireo satria amin'izy ireo

no hita miharihary ny hafetsifetsena sy ny fototry ny fitsarambelatsihy.

Ireo mpandray ny hadith dia nandray hadith avy tamin'i Aïsha izay nilaza nanao hoe:

“Misy jiosy iray antsoina hoe Labid ibn Answam izay namosavy an'ilay Mpaminany (s.a.w) ary nandaitra tamin'ity farany hono izany famosaviana izany ka lasa toy ny mahita ny tenany ho nanao zavatra Izy (s.a.w) kanefa tsy nanao akory. Koa voalaza fa ity sourat ity sy ilay sourat manaraka azy hono dia nidina noho izany antony izany.”

Ity hadith ity anefa dia antery ny fandavana azy amin'ny ara-pinoana sy amin'ny ara-tsaina. Koa fandavana azy amin'ny ara-tsaina dia nohon'ny finoana fa ny Mpaminany (s.a.w) dia olona maenswoum, izay tsy miresaka raha tsy amin'ny alalan'ny Hafatr'i Allah; noho izany dia tsy mitombona ny fahitany ny tenany ho nahazo Hafatra kanefa izany dia tsy marina akory. Fa ny mikasika ny ara-pinoana indray dia noho i Allah izay efa nampandainga ny famosaviana sy ny fanaovana majika arak'ilay teniny ao amin'ny sourat Twaha and.66-69 milaza manao hoe:

"يُخَيَّلُ إِلَيْهِ مِنْ سِحْرِهِمْ أَنَّهَا تَسْعَى فَأَوْجَسَ فِي نَفْسِهِ خِيفَةً مُوسَى قُلْنَا لَا تَخَفْ إِنَّكَ أَنْتَ الْأَعْلَى وَآلَقَى مَا فِي يَمِينِكَ تَلَقَّفَ مَا صَنَعُوا إِنَّمَا صَنَعُوا كَيْدٌ سَاجِرٌ وَلَا يُفْلِحُ السَّاجِرُ حَيْثُ أَتَى"

“Hitany noho ilay majika na famosaviana nataon'izy ireo fa toa mandeha ireo tady, ka raiki-tahotra tamin'ny tenany i Mosesy, dia hoy Izahay taminy: aza matahotra fa ianao no ambony, ary atsipazo izay eny amin'ny tanagera havanana, dia hitelina izay nataon'izy ireo izany. Marina dia marina fa ny zavatra nataon'izy ireo dia hafetsifetsen'ireo mpanao majika ihany ary tsy tafita ny mpanao majika na aiza na aiza no misy azy.”

Izy dia nampandainga ihany koa an'ireo mpanompo sampy izay milaza fa ilay Mpaminany (s.a.w) dia voan'ny famosaviana na majika, arak'ilay andininy ao amin'ny sourat al-Israè and-47 milaza hoe: **Tamin'ny** “إِذْ يَقُولُ الظَّالِمُونَ إِنْ تَتَّبِعُونَ إِلَّا رَجُلًا مَسْحُورًا”

filazan'ireo mpanao ny tsy rariny hoe: tsy manaraka afa-tsy ilay lehilahy voan'ny famosaviana ianareo.”

Fa anisan'ny zava-baovao tsara ho resahina dia izay nolazain'ny cheikh Mouhammad Abdouh avy tamin'ny ankamaroan'ireo mpanao taqlid araka ny filazany, satria ireo mpanao taqlid ireo dia miteny manao hoe: marina ny voalazan'ny hadith izay milaza fa ny tenan'ily Mpaminany (s.a.w) dia voan'ny famosaviana, ary izay mandà izany dia efa nanao famoronana ao amin'ily finoana satria ny Qour'an dia nanambara ny fahamarinan'ily famosaviana na ilay majika. Fa ny cheikh M. Abdouh dia mamaly izany amin'ny alalan'ily teniny manao hoe: jereo amin'ny fomba ahoana ny fivadihan'ily finoana marina ho lasa finoana foronina eo anatrehan'ireo mpanao taqlid, ary ny Qour'an izay mandà ny famosaviana no entin'izy ireo ho porofo manamarina izany famosaviana izany ka lazaina fa nahavoana an'ily Irak'i Allah; izany dia mitovy amin'ny voalazan'ireo mpanosampy ihany koa mikasika an'ily Mpaminany (s.a.w) fa Izy dia voan'ny famosaviana.

(وَمِنْ شَرِّ حَاسِدٍ إِذَا حَسَدَ)

Ny الحاسدُ dia ny olona izay maniry ny faharavan'ny fahasoavana eo amin'ny hafa ka maniry izany ho azy samirery.

Voalaza ao amin'ny hadith fa hoe: "المُنَافِقُ يَحْسُدُ وَالْمُؤْمِنُ يَغِيظُ" **“Ny mpitsaravelatsihy dia mialona ary ny mpino dia maniry te hahazo”**, izany hoe maniry te hahazo ny fahasoavana mitovy amin'ny rahalahiny fa tsy maniry izany horava eo aminy.

Ny fialonana dia anisan'ny loharanon'ireo haratsiana maro, toy ny lolom-po sy ny fanana toetra ratsy, ny lainga, ny fifosana, ny tati-dresaka, ny hafetsena, ny famitahana ... sns, ka izany no nahatonga an'i Allah nandidy ny Mpaminany (s.a.w), mba hangataka fiarovana avy Aminy nohon'ny haratsian'ily mpialona. Arak'izany, mazava fa ny tiana hambara amin'ny haratsian'ny mpialona, dia ny haratsian'ny fikasany sy ny fitenenany ary ny fihetsiny; fa tsy ny

fijeren'ny masonry sy ny fiantraikany izany amin'ilay ialonana araka ny voalazan'ny ankamaroan'ireo mpanao tafsir ... Ary anisan'ny zava-baovao tsara ho resahina ihany koa dia izay noresahin'ny sasany ao amin'ny boky tafsir nosoratan'izy ireo fa misy olona iray nalaza mahay mamely olona amin'ny fijery ratsy ka nahatonga ireo olona nanakarama azy mihitsy amin'izany tanjona izany ; koa indray andro nisy vehivavy iray nanakarama azy mba hialona ny fahavalony iray sy hamono azy amin'ny alalan'izany fijery ratsy izany, ary niaraka taminy ilay vehivavy nankany amin'ilay fahavalo, avy eo dia nambaran'ilay vehivavy taminy hoe : “**inty izy fa dia ataovy ny fialonana aminy**”. Fa niteny ilay mpialona tamin'ilay vehivavy hoe: “**Mba mahafinaritra izany masonao roa izany a!**” Ary mbola tsy tapitra akory ny tenin'ilay mpialona dia jamba avy hatrany ilay vehivavy.

* * * * *

سُورَةُ النَّاسِ

NY SOURAT AL-NAS

Ny voninahitry ny sourat al-Nàs

عَنْ أَبِي جَعْفَرٍ عَلَيْهِ السَّلَامُ قَالَ: مَنْ أَوْتَرَ بِالْمُعَوِّذَيْنِ وَقُلَّ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ قِيلَ لَهُ: يَا عَبْدَ اللَّهِ أَبَشِرْ فَقَدْ قَبِلَ اللَّهُ وَتَرَكَ. - ثواب الأعمال -

Voaray avy tamin'ny Rain'i Dja'anfar (a.s) izay nilaza hoe: "Izay nanao swalât witr ka namaky namaky ny المعوّذتين izany hoe ny sourat al-falaq sy ny sourat al-Nàs, ary koa namaky ny sourat al-ikhhlàs, dia lazaina aminy hoe : r'ilay mpanompon'i Allah, mifalia ianao fa efa neken'i Allah ny swalât witr nataonao."

Ny dikan'ny sourat al-Nàs ara-bakiteny

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

1- قُلْ أَعُوذُ بِرَبِّ النَّاسِ

1- Lazao hoe: Izaho dia mitady fiarovana avy amin'Ilay Tompon'ny olombelona.

2- مَلِكِ النَّاسِ

2- Ilay Mpanjakan'ny olombelona.

3- إِلَهِ النَّاسِ

3- Ilay Andriamanitry ny olombelona.

4- مِنْ شَرِّ الْوَسْوَاسِ الْخَنَّاسِ

4- Manoloana ny fakam-panahy ratsy izay mpiafina (rehefa misy fahatsiarovana an'i Allah).

5- الَّذِي يُوسُّوسُ فِي صُدُورِ النَّاسِ

5- Izay maka fanahy ao am-pon'ny olombelona.

6- مِنَ الْجَنَّةِ وَالنَّاسِ

6- Avy amin'ny jiny izany na avy amin'ny olombelona.

Famakafakana ny sourat al-Nàs

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny Anaran'i Allah Ilay Be Famindrampo, Ilay Be Fiantrana.

(قُلْ أَعُوذُ بِرَبِّ النَّاسِ مَلِكِ النَّاسِ إِلَهِ النَّاسِ)

Ny iresahana eto dia ilay Irak'i Allah (s.a.w). Fa ny tiana hambara eto dia ny olombelona satria ilay Mpaminany (s.a.w) dia tsy nialoka no sady tsy hitady fialofana mihitsy afa-tsy any amin'i Allah irery ihany. Ary ilay teny hoe الرَّبُّ dia ampiasaina iantsoana an'Ilay Tompo sy Lehibe ary Mpanome fahasoavana; ary ny teny hoe الْمَلِكُ dia ampiasaina iantsoana an'Ilay Mpanjaka sy Governora sy Mpahefa fa ny teny إِلَهُ dia ampiasaina iantsoana an'Ilay Mpahary sy Mpamorona sy Mpanome endrika ary Ilay Mpitazona sy Mpanome. Ary i Allah Ilay Avo Indrindra no Mpahary ny olombelona sy Mpanome fahasoavana sy Governoran'izy ireo ary Mpandrindra ny raharahan'izy ireo ka noho izany dia mendrika ho azy ireo ny manompo Azy Irery sy mialoka Aminy.

Mety hisy hanontany hanao hoe: moa ve tsy i Allah no Mpahary ny zava-drehetra sy Tompon'ny zava-drehetra koa nahoana ny olombelona irery ihany no voatonona?

Valiny: satria ny olombelona no nisalasala tamin'Ilay Mpahary azy sy nitsipaka an'ireo Fahasoavany ary nitalaho tamin'ny hafa ankoatra an'i Allah; na satria amin'ny ankapobeny izy ireo no tena maro mpitsipika sy mpanao ratsy mihoatra an'ireo zava-boahary hafa, noho izany dia notononin'i Allah manokana izy ireo mba hahatonga azy ireo angamba hanaraka ny fahitsiana.

(مِنْ شَرِّ الْوَسْوَاسِ)

Ny **شَرِّ الْوَسْوَاسِ** izay mitondra ny zanatsoratra “fat’hah” eo amin’ny “waou” dia “anarana fototeny” izay midika hoe “fakam-panahin’ny devoly” amin’ny alalan’ny feo mibitsibitsika izay tsy misy mahatsapa. Fa ny tiana hambara amin’ny fakam-panahy eto dia ny hevitra ratsy izay miorim-paka ao am-pon’ny olona ka manakana azy amin’ny fanarahana ny fahamarinana ... ary tsy misy na iza na iza avotra amin’izany fieritreretana-dratsy ao am-po sy ny fakam-panahy izany afa-tsy izay narovan’i Allah. Ary i Allah Ilay Madio amin’ny fahabangana dia tsy manasazy ny mpanompo amin’ny fakam-panahy raha tsy efa miseho amin’ny alalan’ny fitenenana sy ny fihetsika izany.

Niteny ilay Mpaminany be voninahitra (s.a.w) nanao hoe:

"إِكْلُ قَلْبٍ وَسْوَاسٌ، فَإِذَا فَتَقَ الْوَسْوَاسُ حِجَابَ الْقَلْبِ، وَ نَطَقَ بِهِ
اللِّسَانُ أَخَذَ بِهِ الْعَبْدُ، وَإِذَا لَمْ يَفْتَقِ الْحِجَابَ وَلَمْ يَنْطِقْ بِهِ اللِّسَانُ فَلَا حَرَجَ"

“Ny fo rehetra dia misy fakam-panahy; fa raha toa ka mandrovitra ny saron’ily fo ilay fakam-panahy, ka notononin’ny lela, dia tsaraina amin’izany ilay mpanompo; fa raha tsy mandrovitra an’ily sarena sady tsy notononin’ily lela kosa dia tsy misy ny olana.”

(الْخَنَاسِ)

Ny teny hoe **الْخَنَاسِ** dia avy amin’ny matoateny hoe **خَنَّسَ** izay midika hoe mihemotra. Ary ny tiana hambara amin’io toetra io eto dia ny olombelona rehefa tonga saina amin’ny fakam-panahy ratsin’ily satana ka nangataka fiarovana amin’ny fo madio avy amin’i Allah mikasika izany dia miala aminy avy hatrany ilay fakam-panahy ratsy.

(الَّذِي يُوسِّسُ فِي صُدُورِ النَّاسِ مِنَ الْجَنَّةِ وَالنَّاسِ)

Raha jerena ivelany ilay andininy dia mazava ho azy fa manondro fa karazana zava-boahary iray ihany no voan'ny fakam-panahy dia ny olombelona, fa ny mpampiditra an'ilay fakam-panahy kosa dia avy amin'ny karazana roa dia ny jiny sy ny olombelona. Ny fampidiran'ny olombelona ny fakam-panahy amin'ny olombelona tahak'azy dia ny mampihaingo ny haratsiana ho toy hatsarana sy mamporisika azy hanao izany, ary izany dia mazava no sady betsaka ny olona tratan'izany. Ary ny fomba fampidiran'ny jiny fakam-panahy ratsy amin'ny olombelona kosa dia Izy Allah irery ihany no mahalala izany ... Fa angamba ny tiana hambara amin'ny fakam-panahy avy amin'ny jiny ho an'ny olombelona dia ny fieritreretandratsy izay mipoitra avy ao am-pon'ny tenany ihany fa tsy avy amin'ny tenin'ny olon-kafa ... Na izany na tsy izany, na aiza na aiza no fiavian'ilay fakam-panahy ratsy, dia takiana ny mpanompo mba hitady fialofana amin'ny alalan'ny Tompony Irery ihany amin'ireo zavatra ratsy rehetra na dia avy amin'ny tenany izany na avy amin'ny hafa ankoatr'azy.

* * * * *

Vita androany Alakamisy faha-11 Jona 2020 izay mifanandrify amin'ny daty islamika faha-18 Shawwal 1441 H ity famakafakana ny djouz Amma ity. Nandritra ny efa-bolana ny fe-potoana nanoratana azy fa saingy tsy isan'andro no sady isaky ny tapak'andro maraina ihany.

Koa dera sy laza anie ho an'i Allah izay nanampy ahy tamin'ny fanoratana an'ity tafsir sourat al-Fàtihah sy ny Djouz Amma ity ary Izy Irery ihany anie no hangatahako mba hametraka ahy ho anisan'ireo mpifikitra amin'ilay tadiny sy hametraka izany ho tahiry ho ahy any amin'ny andro izay hitehirazana an'ireo tahiry rehetra, ary koa mangataka Aminy aho mba hanampy ahy amin'ireo fahasoavana sy ireo hatsarana; fa Izy tokoa no tena Mpanasoà sy tena Malala-tànana! Ny tso-drano sy ny firarian-tsoa anie ho an'i Mouhammad sy ireo Fianakaviany masina.

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ
وَ الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ.

* * * * *

Anaran'ilay boky: “Tafsīr sourat al-Hamd sy ny djouz fahatelo-polo”.

Nofakafakain'ny: Sheikh Salim Manrouf

Natonta: Voalohany

Navoaka: Teto Antananarivo, taona 1442H/2020.

Famoaham-boky: Print Express Tél: 22 697 62 Fax: 22 551 53

Imprimatur: INISMA

تفسير سورة الحمد و الجزء الثلاثين

Tafsir Sourat al-Hamd sy ny Djouz Fahatelopolo



مدرسة دار الحكمة

Madrasah Dâroul-hikmah